# IREO ALIN’NY PISHÂWAR

## (<u>BOKY VOALOHANY</u>)

1

**Fandikana :** Maka Nirina Nicolas (Sheikh Abou Mounir)

## SASIN-TENY

Tsy sarotra akory ny manaporofo, ho an’izay mitadyankitsim-po ny fahamarinana, fa ny loharano izay azo iankinana kokoa mikasika ny fanazavana ny soratra masina sy ny fitohizan’ilayhafatra nentin’ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) dia ilay zanaky ny rahalahin-drainy no sady vinantolahiny, i ‘Alî Ibn Abî Tâlib(s.a) sy ireo 11 hafa nifandimby voatendry taoriany, izay miisa ho “Imâm” roa ambin’ny folo. Nandritra ireo vanim-potoanasamihafa teo amin’ny tantara, dia nihanahazo vahana sy fantatry ny mpino silamo izany, na dia teo aza ny hamafin’nyfanafenan-kevitra nohon’ny antony ara-tantara sy politikan’ny fifampiandaniana nisy. Tamin’ny taona 1959 ihany koa ohatra, ny tompokolahy Cheikh Mahmoud Chaltoute, lehiben’ny anjerimanontolo al-Az’har tao Ejipta no sady mpitsara ambony ao amin’ny vondron’antokom-pinoana “sunnite”[1] dia namoaka didy fa ankoatr’ireo antokom-pinoana islamika efatra ao amin’ny vondrona “sunnite” (dia ny Hanafite sy ny Hanbalite, ny Mâlikite ary ny Châfi’ite), ny antokom-pinoana Ja’afarite (mpanara-dia ny Ahl-oul-Bayt, antsoina hoe Chiite) dia azo ekena, ho ao anatin’ny fianakaviamben’ny finoana islamika.Ny ventin-kevitra voalazan’izany didy izany dia nambara ampahibemaso tamin’ny alalan’ny fampirisihan’ny imâm Mouhammad Chirri, talen’ny toby islamikan’i Detroit ao Michigan, ao amin’ny bokiny mitondra lohateny hoe « Ireo “Chiites”[2]iharan’ny fanafihana ».

Ity boky ity ankehitriny dia miendrika fifanakalozan-kevitra vita an-tsoratra nifanaovan’ireo manam-pahaizana “sunnites”

---

[1]Teny frantsay avy amin’ny teny arabo hoe أهل السنّة « Ahl-ous-sounnat », izay entina iantsoana ny mpino silamo ao anatin’ny vondron’antokom-pinoana islamika izay lazaina fa mpandala ny سنّة « sunna » na ny fomba amam-panaon’ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

[2]Teny frantsay nadikana amin’ny teny arabo hoe شِيعَة «Chy’at » izay midika hoe « Mpanara-dia » ka entina iantsoana ny mpino silamo mpanaraka ny antokom-pinoana islamika tarihin’ireo Olomasina Fianakavian’ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) izay fantatra amin’ny anarana hoe « Ahl-oul-Bayt(a.s) ».

tetsy andaniny, sy Sayyed Mouhammad al-Mousawî Shîrazî izay manam-pahaizana vao 31 taona, nonina tao Iran no tetsy ankilany. Izany lahadinika izany dia naharitra nandritra ny folo alina izay notanterahina tao Pishâwar ao India, nanomboka tamin'ny faha-27 Janoary 1927. Ireo fifanakalozan-kevitra izay natao dia fakan-tahaka iray tokoa teo amin'ny fifanajan'ny andaniny sy ny ankilany. Fa na dia teo aza ny hamafin'ny ady hevitra sy ny fisian'ireo olona miisa 200 nanatrika izany, dia tsy nisy teo amin'izy ireo akory ny fandikana ny fitsipi-pitondrantena. Hita niharihary tanteraka ny fahombiazan'ilay lahadinika, fa nony tamin'ny faran'ny fifanakalozan-kevitra dia manam-pahaizana "sunnite" iray sy manam-boninahitra hafa miisa dimy izay anisan'ireo nanatrika izany no nanambara ampahibemaso ny fanarahan'izy ireo ny antokom-pinoana tarihin'ireo Olomasina "Ahl-oul-Bayt(a.s)".

Ny hany fepetra tokana napetraka mialoha ho an'ity fifanakalozan-kevitra ity dia ny mba tsy handraisana porofo avy amin'ireo boky izay tsy ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta. Ny resaka nifanaovana moa dia natao tamin'ny fiteny persianina, izay fiteny matetika fampiasa tao an-tanànan'ny Pishâwar. Mpanao gazety efatra no nandray izany an-tsoratra ka navoaka tamin'ny gazety iray, avy eo dia natonta ho boky tao Téhéran[3]. Taty aoriana, izany boky izany dia lasa foto-pampianarana. Izao fandikana an'ity boky ity izao dia niainga avy tamin'ilay boky natonta faninefany tao Téhéran tamin'ny taona 1971 izay fotoana nahafatesan'i Soultân-oul-Wâ'izîn, teo amin'ny faha-75 taonany (Allâh anie hanazava ny endriny!).

Na dia tampoka aza ny nanaovana izany fifanakalozan-kevitra izany, dia hita taratra hatrany ny fananan'i Soultân-oul-Wâ'izîn Chirâzî[4] fahaizana lehibe, izay nahatonga ireo fifanakalozan-kevitra voarakitra an-tsoratra ireo ho natao fakana porofo antsipiriany avy amin'ireo boky "sunnites" an-jatony izay tsy

[3]Anaran'ny renivohitran'ny Iran amin'izao fotoana izao.

[4]Ara-bakiteny izany anarana izany dia midika hoe : « Lehiben'ireo mpitory ara-pinoana ao Chiraz ».

dia fantatra loatra, kanefa manaporofo ny fahamarinan'ireo fototra iorenan'ny finoana “chiite”.
Arak'izany, dia maro ireo porofo noraisina avy amin'ny antokom-pinoana “Hanafite” izay notarihin'i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî, sy avy amin'ny antokom-pinoana “Chafi'ite” notarihin'i Sibt Ibn al-Jawzî al-Châfi'î, sy ny hafa koa.

## FAMPIDIRANA

Ao amin'ny teny fampidiran'ilay boky izay natonta faninefany amin'ny fiteny persianina, dia milaza toy izao ilay mpanoratra:

«... Mandiso fanantenana tokoa ny fitiavan-tenan'ireo manam-pahaizana sasany, izay tonga amin'ny fetra mahatonga azy ireo manaisotra ny tenan'izy ireo, hiala amin'ny fanoloran-tenany eo anatrehan'ny finoan'izy ireo ihany, noho ny fitsabahan'izy ireo ny asa goavana vitan'ireo razambe fahiny, amin'ny fomba fiheverana fa ny fanovana na ny fanakosehana ireo fampianarana sasany, dia hahatonga ny fahamarinana ho takona.

Noho ny antony toe-piainana natrehin'ilay nanankinan'i Allâh ny fiarovana sy ny fitehirizana ny fahamarinana anefa, dia tsy afaka nanoratra ny teny fanolorana manazava ny bokiny izy[5]; ny porofon'izany hetraketraka izany dia hanomezana ohatra etsy ambany manaraka izao.

Ao amin'ny pejy faha-301, fahatelon'ny boky fivoasan-tenin'ny soratra masina, nangonin'i al-Kach'châf, teo ambany fitarihan'ny Cheikh Moustafâ al-Halabi (natonta fanindroany tamin'ny taona 1319H, navoakan'ny governemantan'i Ejipta) dia ahitana andalan-tononkalo izay nanehoan'i Jaroullâh al-Zamakhshari, mpandika tenin'i al-Kach'châf, ampahibemaso ny finoany amin'ny mahamarina an'ireo “chiites”. Kanefa, ao amin'ilay boky natontan'i Istiqamat (tao “Le Caire”[6] tamin'ny taona 1373H),

---

[5]Tsy iza moa izany fa i Soultân-oul-Wâ'izîn, izay efa nanakaiky hifarana ny fiainany vao nanoratra izy.

[6]Anaran'ny renivohitran'ny Ejipta.

dia nanjavona ireo andalan-tononkalo voalaza tetsy ambony ireo.Izany dia santionany kely fotsiny amin'ireo asa ratsin'izy ireo.Torak'izany koa, ireo teny fanazavana fanampiny sasantsany, izay nosoratanay ato amin'ity boky ity dia tsy hita intsony ao amin'ireo boky vaovao natonta. Izany indrindra no antony, nanoratana manontolo ireo teny fanazavana fanampiny sasany mba hahafahanareo mamaky izany mazava ».

Renay fa mbola mitohy foana ankehitriny, izany fanovam-boky izany, amin'ny alalan'ny fanontana indray ireo boky tranainy, efa nosivanina izay namatsiam-bola fatratra (toy ny bokin'i Boukhârî, Mouslim, Tirmizhî, … sns), avy eo izany, dia natolotra ho an'ireo tranom-boky izay tsy manampo na inona na inona mihitsy, mba hanoloana an'ireo atonta boky tranainy nefa feno tanteraka ! Noho izany indrindra dia noraiketina an-tsoratrany lisitr'ireo boky maneho ny hevitra tena marina tamin'ny voalohany,na dia nahatonga ilay boky ho lava no sady tsy diaho mora vakiana aza izany.
(Ohatra, jereo ny "*Tahrîf*" ! Fandinihana ireo fiovana nisy teo amin'ireo boky islamika sahala amin'ny nianjady tamin'ny Sahîh al-Boukhârî, ny Tirmizhî sy ireo hafa tsy voatanisa).
Arak'izany, ity boky ity dia hanana ny anjara toerany eo anivon'ireo seha-pianarana tatsinanana rehetra na eo anivon'ireo antokom-pinoana rehetra izay mba miraharaha ireo olana mianjady amin'izao tontolo ankehitriny izao. Hianatra azy amim-pitandremanana fatratra tokoa ireo mpianatra matotra amin'ny taranja momba ny fahalalana ara-politika sy ara-tantaran'izao tontolo izao, izay manandrana ny hamantatra ny fisian'ny Islâm izay mipoitra eo anivon'ny tontolon'ny fandraharahana.Azo inoana ihany koa izy ity fa hanome tombontsoa lehibe ho an'ireo mpino silamo rehetra mampiasa teny malagasy, ka maniry ny te-hahazo ireo loharanom-pahalalana azo iankinana mba hahafantarana ny finoana Islâm.

Anisan'ireo lohahevitra fakafakaina antsipiriany ato, ireo zava-niseho nifandraika tamin'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fikasany mba hanoratra farahafatra izay nosakanan'i 'Omar ary ny fifidianana miafina an'i Abou Bakr, izy roa farany ireto moa dia olon-droa voalohany nisitraka ny ho mpandimby an'ilay

Mpaminany(s.a.s) izay antsoina hoe “khalîfat” eo amin’ny vondron’antokom-pinoana “Sunnite”. Ho resahina antsipiriany ato koa ny zava-niseho tao Ghadîr Khoum, fa tamin’izany no ilazan’ireo “Chiites” ny fotoana nanendrena mivantana an’i ‘Alî ho mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo no zava-niseho izay manana ny lanjany tsy azo tsinontsinoavina tokoa, mba hampirindra ny tantara sy hampifanaraka ireo hery misy ankehitriny.

Ireo lohahevitra hafa koa,ho resahina ato amin’ity boky ity, dia mikasika ny fanazavana diso an’ireo “hadith” nolazain’ilay Mpaminany(s.a.s), mba entina hilazana fa ireo “sahâbat”[7]rehetra dia tsy manao fahadisoana avokoa, ka hanomezana rariny ny fampahoriana mahatsiravina izay nahitan’ireo vahoaka loza, nampiharin’ny taranak’ireo “khalîfat”, mpitondra nifandimby samihafa. Ho resahina koa ny filazana ny fisian’i Abou Bakr niaraka teo anilan’ilay Mpaminany(s.a.s) tao anaty lavabato, tamin’ny fotoana nandaozany an’i Makkat, mba entina hanomezana toeram-boninahitra azy; sy ny fakan’i Abou Bakr tsy ara-drariny ireo tany lovan’ny zanakavavin’ilay Mpaminany(s.a.s); sy ireo fahadisoana amam-pahalemen’i “khalîfat” ‘Omar izay nahatonga azy niaiky ny hiankin-doha amin’i ‘Alî(a.s) amin’ny fanazavana ny lalàna islamika (charia); sy ilay didy nanafoana ny “Mout’at”[8] izay mifanohitra amin’ireo “hadith” voalazan’ilay Mpaminany(s.a.s), miainga avy amin’ny fanazavana marina ny soratra masina ao amin’ny Kor’âny; sy ny haratsiam-panahin’ny “khalîfat” ‘Othmân nanoloana an’ireo “sahâbat” izay niara-dia tamin’i ‘Alî(a.s) toa an’i Abou Zharr; ary ny fihetsika feno fanoherana nataon’i ‘Âïchâ, zanakavavin’i Abou Bakr no sady vadin’ilay Mpaminany(s.a.s), tanora indrindra izay nitari-tafika niady tamin’ny Imâm ‘Alî(a.s) vadin’i Fâtimat(a.s) zanakavavin’ilay Mpaminany(s.a.s), noho ny fialonany.

Ankoatr’izany, dia mipetraka ny fanontaniana lehibe indrindra momba ny famindrana sy ny fanazavana ny lalàna amam-pahalalana islamika izayazo ankatoavina. Ao amin’ny

[7]Midika hoe « sakaiza », fomba fiantsoana an’ireo mpino silamo niara-niaina na nifanerasera tamin’ilay Mpaminany(s.a.s).

[8]Fanambadiana misy fetra.

vondron'antokom-pinoana "sunnites" dia ireo voalohandohany mpino silamo miisa efatra tamin'ny taon-jato faharoa sy fahatelon'ny "Hijrat"[9] no tompom-pahefana amin'izany. Manana hevitra mifanipaka anefa izy ireo, mikasika ireo lalàna samihafa toy ny fahazoana misotro divay ary fihinana ny henan'alika, toy ny fahazoana manambady ny zanaka vavy. Etsy andaniny kosa, ny famindram-pahalalana eo amin'ireo "chiites" dia tsy manam-piovana no sady tsy misy fifanoherana ary mbola nambaran'ireo "sunnites" tany aloha ihany koa aza – zava-misy iray izay tsy fantatra hatramin'izao, na nadinoina na nesorina–.

## FIVORIANA VOALOHANY

(Ny alin'ny Alakamisy faha-23 Rajab 1345H[10].)

**Hâfiz** Mouhammad Rachîd, sy **Cheikh** Abd-ous-Salâm, sy **Sayyed** Abd-oul-Hayy ary ireo manam-pahaizana maro hafa avy amin'ny faritra, no nifanao adi-hevitra teo anatrehan'ny fivorian'olona maro.Tamin'izany adi-hevitra izany, dia nisolo tenan'ireo mpino "chiites" ilay manam-pahaizana antsoina hoe **Chîrâzî**, fa nisolo tenan'ireo mpino "sunnites" kosa dia i Hâfiz, Cheikh, Sayyed sy ny sisa.

**Hâfiz** : Faly isika fa nahazo fotoana tsara mba hifanakalozan-kevitra mikasika ireo hevi-dehibe mampifanohitra amin'ny finoana "chiite" sy ny finoana "sunnite", nefa tsy maintsy iarahantsika manapaka aloha ny fomba hanatanterahantsika izany.

**Chîrâzî** : Vonona ny handray anjara amin'izao adi-hevitra izao aho, raha toa ka halavirintsika ny fitompoana teny fantatra ary ny adi-hevitra dia hatao am-pahendrena, am-pirahalahiana.

**Hâfiz** : Mamelà ahy koa ianareo raha hametraka fepetra iray : aoka ny porofo izay omentsika mba hiainga avy amin'ny Kor'âny masina.

---

[9]Fifindramonin'ilay Mpaminany$^{(s.a.s)}$ avy tao Makkat nankany Madînat, izay niatombohan'ny fanisan-taona islamika, antsoina hoe taona « Hijriyat ».

[10]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-27 Janoary 1927.

**Chîrâzî** : Sarotra ny hionona fotsiny amin'izany fepetra izany, satria ny Kor'âny masina dia tena mifono hevitra midadasika ka tsy maintsy hazavaina amin'ny alalan'ny trangan-javatra hafa sy ny "hadith".

**Hâfiz** : Marina izany ! Fa tsy maintsy ilaina koa ny fiankinana amin'ireo "hadith" sy ireo trangan-javatra manome porofo tsy azo lavina. Tokony havelantsika ny fiankinana amin'ireo boky mampisalasala.

**Chîrâzî** : Ekena izany ! Ho an'ny olona tahak'ahy izay mihambo ho taranak'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s), dia tsy mendrika ny hanao fihetsika mifanohitra amin'ny fampianarana avy amin'ilay razako, dia ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s). Nilaza momba izany indrindra ny Kor'âny masina manao hoe : « … **Hamafisina, fa ianao dia ambony toetra tokoa.**»[11]. Voarara koa ny fanaovana fihetsika mifanohitra amin'ny voalazan'ireo soratra masina ao amin'ny Kor'âny milaza manao hoe : « ... **Miantsoa (ny olona) ho amin'ny làlan'ny Tomponao, amim-pahendrena sy amin'ny fananarana tsara. Ary miadia hevitra amin'izy ireo ianao, amin'ny fomba tsara indrindra**.…»[12].

## Fizarana voalohany

<u>Rohim-pirazanana misy</u>

<u>eo amin'ny Sayyed Soultân-oul-Wâ'izîn sy ilay Mpaminany masina.</u>

**Hâfiz** :Azafady fa ianao dia mihambo ho taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Mazava izany, nefa mba lazao amiko ny tetirazanao mba hahafantarako manao ahoana ny fitohizan'izany hatrany amin'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Ny firazanako dia mipaka hatrany amin'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny alalan'ny Imâm Mousâ al-Kâzim(a.s) toy izao manaraka izao : Mouhammad, zanak'i 'Alî Akbar (Achraf-oul-Wâ'izîn), zanak'Ismaïl Moujtahid-oul-Wâ'iz, zanak'Ibrâhim, zanak'i Sâlih, zanak'i Abi 'Alî Mouhammad, zanak'i 'Alî (fantatra

---

[11]Kor'âny 68/4.

[12]Kor'âny 16/125.

amin'ny anarana hoe Mardan), zanak'i Abi al-Qâsim Mouhammad Taqî, zanak'i (Maqboul-oud-Dîn) Housayn, zanak'i Abi 'Alî Hasan, zanak'i Mouhammad Bin Fat'houllâh, zanak'Is'hâq, zanak'i Hâchim, zanak'i Abi Mouhammad, zanak'Ibrâhim, zanak'i Abi al-Fityân, zanak'i Abdoullâh, zanak'i Hasan, zanak'i Ahmad (Abou Tayyib), zanak'i Abi 'Alî Hasan, zanak'i Abou Ja'afar Mouhammad al-Hâ'irî (Nazil-oul-Kirmân), zanak'Ibrâhim az-Zarîr (fantatra amin'ny anarana hoe Moujab), zanak'i Mouhammad al-'Âbid, zanaky ny Imâm Mousâ al-Kâzim, zanaky ny Imâm Mouhammad al-Bâqir, zanaky ny Imâm 'Alî Zayn-oul-'Abidîn, zanaky ny Imâm Housein (a.s), zanak'ilay "Lehiben'ireo mpino" 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s).

**Hâfiz** : Izany tetirazana izany dia miafara hatreo amin'ilay "Lehiben'ireo mpino" 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s). Nefa nolazainao fa izany dia mipaka hatrany amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Arak'izao tetirazanao izao dia tokony hilaza ianao fa taranaky ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) fa tsy mba taranaky ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy. Ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) manko dia tsy maintsy avy amin'ny tenany mivantana.

**Chîrâzî** : Ny firazanako dia avy amin'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny alalan'i Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s), izay renin'ny Imâm Housein(a.s). Fa tsy azoko nahoana ianao no miditra lalina amin'izany resaka izany.

**Hâfiz** : Tsy azonao angamba ny tiako hambara. Amiko, ny taranaka dia mipoitra avy amin'ny lahy ihany. Misy tononkira arabo izay manao hoe: « **Ireo zanako lahy, ireo zafiko lahy, sy ireo zanako vavy dia avy amiko, fa ny zanaky ny zanako vavy dia tsy mba avy amiko**». Raha afaka manaporofo amiko ny mifanohitra amin'izany ianao dia mba ataovy, azafady.

**Chîrâzî** : Misy tokoa ireo porofo matanjaka, na ao amin'ny Kor'âny masina izany, na ao amin'ireo "hadith" azo antoka ny fahamarinany, izay manamarina ny hevitro.

**Hâfiz** : Lazao raha sitrakao, mba hahafantaranay izany.

**Chîrâzî** : Raha miresaka izany aminay ianao izao, dia ahatsiarovako ny adi-hevitra nifanaovan'i Hâroun ar-Rachîd izay "khalîfat" avy amin'ny taranak'i 'Abbâs, sy ny lehibenay Imâm

Mousâ al-Kâzim(a.s) mikasika izany lohahevitra izany. Nahafa-po tokoa ny valinteny natolotry ny Imâm tamin'izany fotoana izany, ka nahatonga ny tenan'ilay "khalîfat" ho resy lahatra.

**Hâfiz** : Tiako ho fantatra sahady izany adi-hevitra izany.

**Chîrâzî** : Tamin'ny taon-jato fahaefatry ny "Hijrat", Abou Ja'afar Mouhammad Ibn 'Alî, antsoina hoe Cheikh Sadouq ao amin'ny boky "'Ouyoun Akhbâr ar-Ridhâ" sy Abou Mansour Ibn 'Alî Tabarsî ao amin'ny boky "Ihtijâj", dia samy nitantara izany adi-hevitra nifanaovan'i Hâroun ar-Rachîd sy ny Imâm Mousâ al-Kâzim izany(a.s), tao an-dapan'ny "khalîfat".

Nanontany an'ny Imâm, ilay "khalîfat" nanao hoe: « Ahoana no ahafahanao milaza fa taranak'ilay Mpaminany? Ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s dia tsy mba nanana taranaka na iray aza. Ny olona rehetra dia mahalala fa ny taranaka dia avy amin'ny lahy fa tsy avy amin'ny vavy velively. Ianao anefa dia avy amin'ny taranaky ny zanany vavy ».

Novakian'ilay Imâm ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Kor'âny izay milaza manao hoe: «**Ary dia nomenay azy i Ishaka sy Jakoba, ary notarihinay tamin'ny làla-marina izy roa ireo. Fa i Noa kosa, dia efa notarihinay tamin'ny làla-marina talohan'izany, ary tamin'ireo taranany, dia i Davida, sy Salômôna, Jôba, Josefa, Mosesy ary Harona. Ary dia toy izany no hamalianay soa ireo mpanao soa.Toy izany koa i Zakaria, Joany, Jesoa ary Elia, izy rehetra ireny dia isan'ireo olo-mendrika.**»[13].

Nametrahan'ilay Imâm fanontaniana ilay "khalîfat" nanao hoe: « Iza moa no rain'i Jesosy? ».

Namaly i Hâroun ar-Rachîd fa i Jesosy dia tsy mba manan-dray.

Niteny ilay Imâm nanao hoe: « Tsy manan-dray tokoa izy, kanefa Allâh dia mampiditra an'i Jesosy toy ny Irak'Andriamanitra avy amin'ny taranak'i Maria. Tahak'izany koa, izahay dia tafiditra ao anatin'ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) avy amin'ny razambenay, Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s) ».

---

[13]Kor'âny 6/84-85.

Ankoatr'izany, ny imâm Fakhr-oud-Dîn ar-Razi ao amin'ny bokiny "Tafsîr-oul-Kabîr" pejy faha-124, dia milaza fa arak'io andinin-tsoratra masina io, i Hasan sy Housein dia azo hambara ho taranak'ilay Mpaminan'ny Islâm(s.a.s); satria ao amin'io andininy io, i Allâh dia mametraka an'i Jesosy ho toy ny taranak'i Abrahama na dia tsy manan-dray aza izy, fa kosa taranak'i Abrahama avy amin'ny reniny. Torak'izany koa, i Hasan sy Housein dia taranak'ilay Mpaminany avy amin'i Fâtimat.

Nanontany ilay Imâm Mousâ al-Kâzim fa sao dia mbola mila porofo fanampiny i Hâroun ar-Rachîd.

Niangavy àry ilay "khalîfat" mba hanohizan'ilay Imâm ny fanazavany.

Ary dia novakian'ilay Imâm taminy ny andinin'ny Kor'âny masina manao hoe:« Fa izay mbola mifanditra aminao ny amin'izany, taorian'ny nahatongavan'ilay fanambarana teo aminao, dia lazao azy ireny hoe**:** **"Avia ianareo, izahay hitondra ny zanakay ary ianareo hitondra ny zanakareo, ny vehivavinay, ary ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo. Ary dia samy hiozona isika, ka halefantsika ho amin'ireo izay mpandainga amintsika ny hozon'Andriamanitra**."»[14].

Avy eo dia nanohy ny fanazavany Izy(a.s) niteny nanao hoe: Tamin'ny fotoan'ny fifanozonana (Moubâhalat) nanoherana an'ireo kristianin'i Najrân, dia tsy nisy mihitsy olona mba nampisongadina ny nahatongavan'ilay Mpaminany(s.a.s)niaraka tamin'i 'Alî Ibn Abi Tâlib sy Fâtimat sy Hasan ary Housein. Izany hoe, ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s)manao hoe "**ny tenanay**" (anfousanâ) dia manondro an'i "'**Alî Ibn Abi Tâlib**", "**ny vehivavinay**" (nisâ-anâ) dia manondro an'i "**Fâtimat**", ary "**ny zanakay**" (abnâ-anâ) dia manondro an'i "**Hasan sy Housein**" izay napetrak'i Allâh ho toy ny zanaka naterak'ilay Mpaminany(s.a.s) mivantana.

Naheno izany fanazavana izany, i Hâroun ar-Rachîd dia niteny ankafaliana nanao hoe: « Mankasitraka, ry Abou al-Hasan! ».

[14]Kor'âny 3/61.

Io fanaporofoana io dia manambara mazava tsara fa i Hasan sy i Housein dia zanak'ilay Mpaminany(s.a.s). Midika izany fa ny taranak'i Fâtimat dia mbola taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa.

## Ny taranak'i Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s) no taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Ibn Abi al-Hadîd Mou'tazalî**, iray amin'ireo manampahaizanareo lehibe, ao amin'ny boky "Charh Nahj-oul-Balâghat"**[15]**, sy **Abou Bakr ar-Razî** ao amin'ny bokiny fivoasan-teny, dia samy nampiasa io andininy io, ho porofo manamarina an'i Hasan sy i Housein fa zanak'ilay Mpaminany(s.a.s) avy amin'ilay renin'izy roa, sahala amin'ny nilazan'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina an'i Jesosy ho anisan'ny taranak'i Abrahama avy amin'i Maria reniny.

**Mouhammad Ibn Yousouf Ganji al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny "Kifâyat-out-Tâlib", sy **Ibn Hajar Makkî** ao amin'ny "Sawâ'iq-oul-Mouhriqah" pejy faha-74 sy faha-93 araka ny tantaran'i Tabarânî, sy **Jâbir Ibn 'Abdoullâh al-Ansârî**, ary koa ilay **Khatîb Khawârizmî** ao amin'ny bokiny "al-Manâqib" araka ny tantaran'i Ibn 'Abbâs, dia samy nanambara izao tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) manaraka izao: «**Allâh dia nanao ny taranaky ny Mpaminany tsirairay, avy amin'ny zanany mivantana, fa ny taranako kosa dia natao avy amin'ny zanak'i 'Alî**».

Ankoatr'izany, ilay **Khatîb Khawârizmî** amin'ny "al-Manâqib", sy **Atoa Sayyed 'Alî Hamadânî al-Châfi'î** ao amin'ny boky "Mawaddat-oul-Qourbâ", sy ny **imâm Ahmad Ibn Han'bal** ao amin'ny bokiny "Mousnad" ary i **Soulaymân al-Hanafî al-Balkhî** ao amin'ny bokiny "Yanâbî'-oul-Mawaddat", dia samy nanambara amin'ny fomba mitovitovy ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: «**Ireto zanako roalahy ireto no voninkazo anankiroa eto an-tany sy Imâm (Mpitarika) anankiroa, amin'ny fomba mivantana na amin'ny fomba fipetrahan'izy roa am-pahanginana ao an-trano**».

[15]Fanazavana ny bokin'ilay « Lehiben'ireo mpino » mitondra lohateny hoe « Nahj-oul-Balâghat » izay midika ara-bakiteny hoe « Fomba fahaizana mandahateny ».

**Soulaymân al-Hanafî al-Balkhî** ao amin'ny bokiny "Yanâbî'-oul-Mawaddat" toko faha-57, dia nanambara "hadith" maro mikasika io lohahevitra io,izay samy manana ny loharano niaviany avy, toa an'i **Tabarânî** sy **Hâfiz 'Abd-oul-'Aziz Ibn Abi Chaïbat** sy **al-Khatîb-oul- Baghdâdî** sy **al-Baïhaqî** sy **al-Baghawî** ary **Tabarî**, izy rehetra ireo dia samy nilaza amin'ny fomba tsy dia mifanalavitrananao hoe: «**Hasan sy Housein dia zanak'ilay Mpaminany**(s.a.s)».

Ao amin'ny faraparan'io toko io ihany, i Abou Sâlih no nanoratra toy izao: **Hâfiz 'Abd-oul-'Aziz Ibn al-Akhdhar** sy **Abou Nou'aïm** sy **Tabarî** sy **Ibn Hajar Makkî**, ao amin'ny "Sawâ'iq-oul-Mouhriqat" pejy faha-112, araka ny voalazan'i **Mouhammad Ibn Yousouf Ganji al-Châfi'î** amin'ny fiafaran'ny fizarana voalohany, aorian'ireo toko 100 misy ao amin'ny "Kifâyat-out-Tâlib", sy voalazan'i **Tabarî** ao amin'ny tantarany momba ny "fiainan'ny Imâm Hasan(a.s)", dia samy nanambara an'ilay **"khalîfat" faharoa, 'Omar Ibn al-Khattâb** izay nilaza nanao hoe: «**Reko avy tamin'ilay Mpaminany fa amin'ny Andro Fitsarana, isaky ny firazanana dia ho tapaka ny taranany afa-tsy ny firazanany. Isaky ny taranaka dia mifampitohy avy amin'ny ray afa-tsy ny taranak'i Fâtimat izay mifampitohy avy amiko. Izaho no rain'izy ireo sy razan'izy ireo**».

**Cheikh 'Abdoullâh Ibn Mouhammad al-Chabrâwî**, ao amin'ny bokiny "Kitâb-oul-Ittihâf bi-Houbb-il-Achrâf" dia nanambara io "hadith" io, avy tamin'i Baïhaqî sy tamin'i 'Abdoullâh Ibn 'Omar sy avy tamin'ilay rainy, tamin'ny fotoana nanaovana ny fanambadian'i Oumm Koulthoum.

Ireo rehetra ireo dia manaporofo fa ny taranak'i Fâtimat(a.s) dia taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa. Noho izany, ilay tononkira izay nolazainao tetsy aloha dia tsy manan-danja akory manoloana ireo porofo manohitra izany.**Mouhammad Ibn Yousouf Ganji al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny "Kifâyat-out-Tâlib", dia manamarina fa ireo zanaky ny zanakavavin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia zanak'ity farany.

Ny firazanako dia mifampitohy hatrany amin'ny firazanan'ny Imâm Housein[a.s]; arak'izany dia taranak'ilay Mpaminany[s.a.s] izahay.

**Hâfiz** : Ny porofo nomenao dia tena maharesy lahatra tokoa.

(Samy niala avokoa ireo olona mba hamonjy ny fotoam-pivavahana 'Ichâ. Nandritra izany fiatoana izany, i Nawwâb Abd-oul-Qayyoum Khân, iray amin'ny fianakaviana ambony "sunnite", nangataka alalana mba hametraka fanontaniana vitsivitsy amin'i Chîrâzî).

<u>Nahoana ireo "Chiite" no manambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary ny Maghrib sy 'Ichâ?</u>

**Nawwâb** : Nahoana ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr, sy ny Maghrib sy 'Ichâ, no natambatra? Izany dia lavitry ny fomba fanaon'ilay Mpaminany[s.a.s]!

**Chîrâzî** : Voalohany indrindra, dia misy amin'ireo manam-pahaizanareo ihany no miombon-kevitra amin'izany lohahevitra izany. Faharoa, milaza ianareo fa izahay dia miala amin'ny fomba fanaon'ilay Mpaminany[s.a.s]. Diso hevitra ianareo ny amin'izany: ilay Mpaminany[s.a.s] dia nivavaka amin'ny fomba anankiroa, indraindray Izy mampisaraka ny fotoam-pivavahana, indraindray koa Izy mampitambatra izany!

**Nawwâb** :(Nitodika nankany amin'ny manam-pahaizana hafa izy ka niteny hoe:) Mba marina ve fa ilay Mpaminany dia nanatanteraka ny fivavahana amin'ny fomba anankiroa?

**Hâfiz** : Marina izany, kanefa amin'ny fotoana Izy eny am-pandehanana lavitra ihany, na amin'ny fotoana misy zava-manahirana toy ny filatsahan'ny orana. Fa ankoatr'izany, eo an-tanàna, sy ao an-tranony Izy dia mampisaraka ny fotoam-pivavahana mandrakariva.

**Chîrâzî** : Arak'ireo "hadith" avy aminareo ihany, ilay Mpaminany[s.a.s] dia manana fahazarana mampitambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr sy ny Maghrib sy 'Ichâ ao an-tranony na dia tsy misy aza ny zava-manahirana.

**Muslim Ibn al-Hajjâj** ao amin'ny bokiny "**Sahîh**", toko mitondra lohateny hoe: "**Al-Jam'ou bayn-as-Salâtayn fî-al-Hadhar**" dia manambara araka ny tantaran'Ibn 'Abbâs manao hoe: «**Ilay Mpaminany(s.a.s) dia manana fahazarana mampitambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary koa ny Maghrib sy 'Ichâ, kanefa Izy dia ao an-tranony no sady tsy misy zava-manahirana**».

Nitantara toy izao Ibn 'Abbâs: «**Nanatanteraka valo "raka'at" izahay dia ny Zohr sy 'Asr, ary avy eo fito "raka'at" dia ny Maghrib sy 'Ichâ, niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s)** ».

Ireo "hadith" ireo dia nosoratan'ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**", fizarana voalohany, pejy faha-221. Torak'izany koa ny**imam Mouslim** dia manambara "hadith" maromaro, mikasika izany lohahevitra izany ao amin'ny bokiny "**Sahîh**". Hoy izy, araka ny tantaran'i 'Abdoullâh Ibn Chaqîq fa indray andro, 'Abdoullâh Ibn 'Abbâs dia teo ampamakiana ny Kor'âny masina taorian'ny vavaka 'Asr. Nony nilentika ny masoandro ary efa nipoitra sahady ireo kintana, dia naheno ireo olona niantsoantso izy, nanao hoe: « mandehana mivavaka, mandehanamivavaka!», fa tsy noraharahain'i Ibn 'Abbâs akory anefa izany. Avy eo, olona iray avy amin'ny Banî Tamîm niantso amin'ny feo avo nanao hoe: « vavaka, vavaka! ». Tamin'izay, Ibn 'Abbâs namaly azy ireo nanao hoe: «**Te hampahatsiahy amiko ny "sunna"[16] fanaon'ilay Mpaminany(s.a.s) angaha ianareo, nefa ny tenako mihitsy no nahita an'ilay Mpaminany nanambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary koa ny Maghrib sy 'Ichâ**». Tsy naharesy lahatra an'i 'Abdoullâh Ibn Chaqîq izany teny izany, ka lasa izy nandeha nanontany an'i Abou Houraïrat mikasika ny fahamarinan'izany.

Araka ny fiampitampitan'ny tantara hafa, Ibn Chaqîq dia nilaza araka ny fitantaran'i 'Aqîl, izao sombin-tantara izao: Raha mbola teo ampanaovana toriteny ambony polpitrany teo anatrehan'ny be sy ny maro i 'Abdoullâh Ibn 'Abbâs, dia tonga ny

---

[16]Fomba amam-panaon'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

hariva. Nisy niantsoantso in-telo nanao hoe: « Fotoam-pivavahana, ny fotoam-pivavahana, ny fotoam-pivavahana! ». Voatabataban'izany i 'Abdoullâh Ibn 'Abbâs ka namaly toy izao: «**Iza moa ianareo? Sahinaraeo ve ny mampahatsiahy amiko ny fotoam-pivavahana, nefa tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) izahay dia efa nanana fahazarana ny manambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary koa ny Maghrib sy 'Ichâ**».

**Al-Zarqânî** ao amin'ny bokiny "**Charh-oul-Mawatta**"[17]**,** fizarana voalohany, ao amin'ny toko mitondra ny lohateny hoe «**Al-Jam'ou bayn-as-Salâtayn**», pejy faha-263, dia manambara manao hoe: « Al-Nisâ'i dia mitantara araka ny voalazan'i 'Amr Ibn Haram izay nitantara izany araka ny voalazan'i Abi Cha'atha fa **Ibn 'Abbâs dia nanambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary koa ny Maghrib sy 'Ichâ tao Bassora, tsy nisy fahatapahana na fiatoana teo anelanelan'izy ireo. Nolazainy fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanao torak'izany**».

Tahak'izany koa, i **Mouslim** ao amin'ny bokiny "**Sahîh**" sy i **Mâlik** ao amin'ny bokiny "**Mawatta**", ao amin'ny tokomitondra ny lohateny hoe«**Al-Jam'ou bayn-as-Salâtayn**», ary ny **imam Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**", dia samy nanambara ny fitantaran'i Ibn 'Abbâs araka ny voalazan'i Sa'îd Ibn Jâbir fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr tao Madînat kanefa tsy nisy antony nanery Azy hanao izany, toy ny fahatahoran-javatra na faharatsian'ny toetr'andro. Abou Zoubayr nanontany an'i Abou Sa'îd amin'ny antony nahatonga an'ilay Mpaminany(s.a.s) nanambatra ny fotoam-pivavahana anankiroa. Niteny i Abou Sa'îd fa nametraka izany fanontaniana izany koa tamin'i Ibn 'Abbâs izay namaly azy nanao hoe: **ilay Mpaminany dia nanambatra ny fotoam-pivavahana anankiroa mba hiarovana an'ireo mpanara-diany amin'ny fahasahiranana sy fijaliana**.

Betsaka ireo "hadith" hafa izay nilaza araka ny fitantaran'i Ibn 'Abbâs fa nahita an'ilay Mpaminanin'ny finoana Islâm izy,

---

[17]Fanazavana ny bokin'ny Imâm Mâlik, mitondra ny lohateny hoe « al-Mawatta ».

nanambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy ‘Asr ary koa ny fotoam-pivavahana Maghrib sy ‘Ichâ, kanefa tsy nisy antony nanery Azy hanao izany akory. Ireo “hadith” notsongaina ao amin’ny bokinareo “Sahîh” sy ao amin’ireo boky hafa maro mahafatoky dia manaporofo fa azo atao ny mampitambatra ny fotoam-pivavahana tsiroaroa, na eo an-tanàna izany na eny ampandehanana lavitra.

**Hâfiz** : Fa kosa, tsy misy “hadith” tahaka izany na dia iray aza ao amin’ny “Sahîh” bokin’i Boukhârî.

**Chîrâzî** :Noho ireo mpanoratra ny “Sahîh” rehetra, toa an’i Mouslim, sy i Nisâ’i, ny imam Ahmad Ibn Hanbal, miaraka amin’ireo manam-pahaizana maro hafa avy ao amin’ny vondron’antokom-pinoana “sunnite”, no manambara ireo “hadith” izay manome alalana amin’ny fampitambarana ny fotoam-pivavahana Zohr sy ‘Asr ary koa ny Maghrib sy ‘Ichâ, dia tsy ilaina intsony ny hanehoana porofo hafa mba entina hanamarinana izao fomba amam-panao izao. Na izany aza anefa dia mba nanoratra an’ireo “hadith” ireo ihany koa i Boukhârî ao amin’ny bokiny “Sahîh”, fa kosa dia noraiketiny amin’ny fomba misy fihatsarambelatsihy izany ao amin’ny lohateny hafa tsy misy fifandraisany amin’ny fanakambanana ireo fotoam-pivavahana.

Ho hitanareo izany “hadith” rehetra izany ao amin’ny toko mitondra ny lohateny hoe: «**Ny fotoana fanatanterahana ny fanompoam-pivavahana Zohr, rehefa ny masoandro manomboka mitongilana mankany andrefana** » sy ao amin’ny hoe:«**Ny fanemorana ny fotoam-panatanterahana ny Zohr hatrany amin’ny fiatomboham-potoan’ny ‘Asr** » ary ao amin’ny hoe: «**Ny fotoana fanatanterahana ny fanompoam-pivavahana ‘Asr**».

Ny filazana an’ireo “hadith” ireo ho eo ambanin’ny zana-dohateny hoe: «**Famelàna sy fahazoan-dàlana manambatra ny fotoam-pivavahana anankiroa**» dia manamarina fa fomba efa nankasitrahan’ireo vondron’antokom-pinoana roa tonta izany. Ny fahamarinan’ireo “hadith” ireo ihany koa, dia efa nekena ao amin’ireo boky “**Sahîh**”. Izany no nahatonga ny manam-pahaizana, **al-‘Allâmat al-Nourî** ao amin’ny bokiny “**Charh Sahîh Mouslim**”, sy **al’Asqalâni**, sy **al-Qastalâni**, sy **i Zakariyyâal-Ansârî**, ao

amin'ny bokin'izy ireo tsirairay avy, mikasika ny famakafakana ny boky "**Sahîh al-Boukhârî**", ary **i Zarqâni** ao amin'ny fivoasan-tenin'ilay bokin'ny **imam Mâlik** "**al-Mawatta**", sy ireo hafa dia samy nanambara an'ireo "hadith" ireo avokoa.Taorian'ny nanambarana ny "hadith" araka ny fitantaran'i Ibn 'Abbâs, izy ireo vao nanaiky ny fahamarinan'izany "hadith" izany, sy ny fahamarinan'ny ventin-kevitr'ireo "hadith" ireo izay manaporofo ny fahazoana mampitambatra ireo fotoam-pivavahana.

**Nawwâb** :Fa amin'ny fomba ahoana no nahafahan'ireo manam-pahaizana ireo nisafidy fomba hafa kanefa ireto "hadith" ireto dia efa nampiharina hatramin'ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Ny fisafidianana fomba hafa dia tsy mampiala akory amin'ity lohahevitra ity. Ohatra maro mitovy amin'izany no ho hitanareo rehefa avy eo. Mikasika ity lohahevitra ity, ireo manam-pahaizana "Sunnite" momba ny lalàna, izay toa tsy matotra akory na noho ny antony hafa izay tsy dia mazava amiko angaha, dia manome fanazavana misafotofoto izaymifanohitra amin'ny voalazan'ireo "hadith" ireo. Ohatra amin'izany dia, ny filazan'izy ireo fa ireo "hadith" ireo dia mety milaza fisehoan-javatra amin'ny tranga misy fahatahorana, loza, orana na rivotra. Ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo tranainy, toa an'ny Imâm Mâlik, ny Imâm al-Châfi'î sy ireo mpahay lalàna hafa tao Madînat dia nanome fanazavana tahak'izany, eny fa na dia ny ventin-kevitr'ireo "hadith" notantarain'i Ibn 'Abbâs aza, dia manambara mazava tsara an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nanambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary koa ny Maghrib sy 'Ichâ, nefa tsy mba nisy zava-nanahirana Azy, na fahatahorana izany na ny firotsahan'ny orana kisendrasendra.

Ny sasany moa dia mamorona mihitsy, fa angamba hono feno rahona ny lanitra, ka tsy nahafahan'izy ireo naminavina ny fotoam-pivavahana. Raha vao vita angamba ny Zohr, dia nisava ireo rahona kanoheverin'izy reo fa efa tonga ny fotoam-pivavahana 'Asr. Noho izany dia lasa nampifanarakaraka tsy satry ny fotoam-pivavahana Zohr sy ny 'Asr izy ireo. Izaho manokana dia tsy mba afaka ny hamorona fomba fanazavana mampisalasala toy izany. Ireo manam-

pahaizana ireo angamba dia tsy mba nanontany tena akory, fa izany fomba fivavahana izany anie ka notanterahina niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Tsy mitovy mantsy ny fomba fahitany ny rahona sy ny fahitan'ireo olon-kafa izany. Fa Izy dia mahafantatra ireo antony rehetra mahatonga izany sy ny vokany. Ankoatr'izany, dia tsy maharesy lahatra io fomba fanazavana io, indrindra fa tena tsy eken'ny saina tsotra izao izany, raha hampiharina amin'ny fotoam-pivavahana amin'ny hariva izay natambatra ihany koa, satria ny fialan-tsiny momba ny fisian'ny rahona amin'ny alina dia tsy marim-pototra intsony.

Araka ny efa nolazaintsika hoe: Ny "hadith" araka ny fitantaran'i Ibn 'Abbâs dia milaza mazava tsara fa naharitra ela loatra ny toriteny izay nataony, ka nahatonga ny mpihaino azy ho niantsoantso tsy ankijanona nanao hoe: « vavaka, vavaka! ». Nampahatsiahy azy izy fa efa miseho hita maso ireo kintana ka efa tonga ny fotoam-pivavahana. Kanefa dia natarainy an-tsitrapo ny fivavahana Maghrib, mba hahafahany manatanteraka izany miaraka amin'ny 'Ichâ. Abou Houraïrat aza dia nanamarina ihany koa fa ilay Mpaminany dia nanao tahak'izany. Fomba fanazavana feno fiheverana sy fitaka toy izany dia hitondra anareo any amin'ny fanenenana.

**Cheikh-oul-Islâm al-Ansârî** ao amin'ny bokiny **Touhfat-oul-Bârî fî Charh Sahîh al-Boukhârî**, ao amin'ny toko mitondra lohateny hoe «**Salât-ouz-Zohr ma'a al-'Asr, wa al-Maghrib ma'a al-'Ichâ**», pejy faha-292, fizarana faha-II sy **al-'Allâmat Qastalânî**, ao amin'ny boky«**Irchâd-oul-Sârî fî Charh Sahîh-oul-Boukhârî**», ao amin'ny fizarana faha-II pejy faha-293, dia samy niaiky fa io fomba fanazavana io dia mifanohitra amin'ny hevitra miharihary voalazan'ireo "hadith", ka ny fiziriziriana amin'ny tsy maintsy hanasaratsarahana ny fotoam-pivavahana tsirairay dia hevitra tsy misy fotony.

**Nawwâb** : Nahoana àry ity tsy fitovian-kevitra ity no mitarika an'ireo vondron'antokom-pinoana roa tonta ireo, ho tonga amin'ny fifampihantsian'ny andaniny sy ny ankilany mba hifandatsa-drà?

**Chîrâzî** : Milaza ianareo fa misy ny fifampihantsiana eo amin'ireo antokom-pinoana islamika, fa izaho kosa dia tsy mba miombon-kevitra amin'izany. Izahay "chiite" dia manaja fatratra an'ireo rahalahinay "sunnite". Malahelo izahay amin'ny fampielezan-kevitra ataon'ireo "Khârijite" sy "Nâsibite" ary ireo "Oummayyade" izay manafitohina ny fon'ireo sasany. Ny mampalahelo dia ny fiheveran'ireo "sunnite" sasany, ny rahalahiny "chiite" ho toy ny "Râfidhî" (mpisara-kevitra amin'ny be sy ny maro), sy toy ny mpanompo sampy, ary toy ny jentilisa, kanefa dia mba tahak'azy ireo ihany, isika dia mivavaka mitodika amin'ny "Qiblat" (Ka'abat) iray, mamaky boky (Kor'âny masina) iray, ary samy mino an'ilay Mpaminany (fiadanana sy tso-dranon'i Allâh anie ho Aminy sy ireo Fianakaviany). Fa ilay fanontanianareo mikasika ny fototr'izao fahasamihafana izao, dia angamba hiresahantsika izany amin'ny fivoriana manaraka. Mikasika ireo fanompoam-pivavahana atao misaratsaraka na mitambatra, dia ireo manam-pahaizana "sunnite" ihany no milaza ireo "hadith" mamela ny fampitambarana ny fotoam-pivavahana Zohr amin'ny 'Asr, sy ny Maghrib amin'ny 'Ichâ mba hampisy fahamorana sy filaminana ary fahatokisana. Tsy haiko nahoana ny sasany no mihevitra izany ho toy ny voarara raha tsy misy antony manokana. Ny sasany amin'ireo lehiben'ny antokom-pinoana toa an'i Abou Hanîfat sy ireo mpiara-dia aminy dia mandrara izany amin'ny fomba rehetra, na misy antony na tsia, na tanterahina eny ampandehanana lavitra ny vavaka na ao an-tanàna ihany.

Ireo "Châfi'ite" sy "Mâlikite" ary "Hanbalite" dia manome alalana amin'ny fampitambarana ny fotoam-pivavahana, eny ampandehanana lavitra izay tsy maintsy hatao, na dia eo aza ireo fahasamihafam-pinoana misy eo amin'izy ireo.

Ireo manam-pahaizana "chiite" kosa, araka ny fampianaran'ireo olomasina mpitarika na "Imâm" no sady taranak'ilay Mpaminany masina(s.a.s), dia mamela ny fampitambarana ny fotoam-pivavahana tsy misy fepetra na dia iray aza. Ekena tokoa fa azo atao ny manatanteraka ny fivavahana amin'ny fotoana misaratsaraka, ary izany moa dia voasoratra mazava tsara ao amin'ireo bokin'ireo manam-pahaizana "chiite". Kanefa noho ny

olombelona izay matetika variana amin'ireo asa aman-draharahany, mety manana olana ara-pahasalamana, dia matahotra ny tsy hahavita ny fivavahana izy ireo. Koa mba hanomezana fahafaham-po sy isorohana ny fahasahiranana sy ny fijaliana, dia natambatr'ireo "chiite" ny fivavahana anankiroa, elanelanin'ny fotoana kely mba hitambaran'ireo fotoam-pivavahana anankiroa ireo. Ankehitriny dia heveriko fa ampy izany hanazavana ny sain'ireo rahalahinay "sunnite" izay mijery anay an-katezerana.

Angamba isika mila miverina amin'ny adihevitra mikasika ireo finoana fototra, amin'izay dia ho voavaha manaraka eo ihany, ireo olana eo amin'ny lafiny fomba amam-panao.

## Fizarana faharoa

### Fomba ahoana no nahitana ny fasan'ilay "Lehiben'ireo mpino", Imâm 'Alî(a.s)?

**Hâfiz** : Tamin'ny fomba nanao ahoana no nahitana ny fasan'ilay "Lehiben'ireo mpino", Imâm 'Alî(a.s) taorian'ny 150 taona nahafatesany?

**Chîrâzî** : Ny herim-pamoretana nasetrin'ireo "Omayyade" dia tena nahery vaika tokoa tamin'ny vanim-potoan'ny Imâm 'Alî(a.s) ka nahatonga Azy nilaza tao amin'ny farahafany, ny faniriany mba halevina amin'ny alina, tsy hisy hahalala no sady tsy asiana mari-pahafantarana eo amin'ny toeram-pandevenana. Ireo sakaizany akaiky sy ireo zanany irery ihany no niatrika ny fandevenana. Ny marainan'ny faha-21 volana Ramadhân, tamin'ny andro nandevenana dia vondron'olona anankiroa no nomanina mba handevina, ka ny vondron'olona iray nizotra nankany Makkat, ary ny iray nankany Madînat. Izany no antony tsy nahafantaran'ny olona ny toerana nilevenany nandritra ny taona maro, afa-tsy ireo sakaizany sasany sy ireo zanany manokana.

**Hâfiz** : Nahoana no notazomina ho tsiambaratelo ny toerana misy ny fasany hatramin'izay?

**Chîrâzî** : Mety noho ny fahatahorana ny hetraketrak'ireo "Omayyade" izay tsy matahotra an'Andriamanitra. Izy ireo manko

dia tena nankahala fatratra ireo olona taranak'ilay Mpaminany(a.s). Vitan'izy ireo noho izany ny manimbazimba ny fasana.

**Hâfiz** : Fa moa ve vitan'ny mpino silamo, eny fa na dia fahavalony aza, ny mametaveta ny fasan'ny rahalahiny silamo?

**Chîrâzî** : Ianareo ve mba efa nianatra ny tantaran'ireo "Omayyade" ireo? Raha vao tonga teo amin'ny fitondrana ity taranak'andriana iray mampalahelo ity, dia nisokatra ho an'ireo mpino silamo ny varavaran'ny famoretana. Andriamanitro ô! Fa inona moa no haratsiana tsy nataon'izy ireo?!Firy moa ny rà tsy nalatsak'izy ireo?! Firy ny voninahitra tsy nosihosen'izy ireo?! Tamin-kenatra lehibe no nitantaran'ireo manam-pahaizanareo ambony ireo heloka be vava vitan'izy ireo. **Al'Allâmat Maqrizî Abou al-'Abbâs Ahmad Bin 'Alî al-Châfi'î** dia nitantara ireo haratsiana maharikoriko ireo, ao amin'ny bokiny antsoina hoe «**Al-Niza'ou wa al-Takhâsoum fîmâ Bayna Banî Hâchim wa Banî Oumayyat**».

## Ny fametavetana fasana nataon'ireo "Omayyade"

Mba hanehoana ireo zava-doza vitan'izy ireo, dia tsy hilaza afa-tsy zava-nitranga anankiroa ihany aho: dia ny nahamaritiora an'i Zaïd Ibn 'Alî Ibn Housein, izay fantatra amin'ny anarana hoe **Zaïd l-Chahîd**[18] sy ny an'ilay zanany, **Yahyâ Ibn Zaïd**.

Ireo mpanao tantara "chiite" sy ny "sunnite" dia samy nitantara fa rehefa lasa "khalîfat" i Hichâm Ibn Abdoul-Mâlik, dia nahavita heloka betsaka. Izy dia nampihatra heritsetra manokana teo amin'ireo Banî Hâchim. Izany no nahatonga an'i 'Alî Ibn Zaïd, zanaky ny Imâm Zaïn-oul-'Âbidîn, izay fantatra ho toy ny manam-pahaizana lehibe iray no sady mpahay teolojia vontom-pinoana, nandeha tao amin'ny "khalîfat" mba hangataka onitra amin'ny fampahoriana natao tamin'ireo Banî Hâchim. Raha vao nahita an'i Zaïd anefa ilay "khalîfat", raha toa ka tokony hiarahaba azy am-panajana amin'ny mahataranak'ilay Mpaminany(s.a.s) azy, dia nanevateva azy tamin'ny vava ratsy izay sarotra amiko ny hamerina izany etoana. Noho i Zaïd nampiharana fihetsika mahamenatra, dia

[18] Ara-bakiteny dia midika hoe : Zaïd ilay Maritiora.

nanapa-kevitra ny handao an'i Syrie izy mba ho any Koûfa ka any izy no hanangana miaramila hiady amin'ireo "Omayyade" ireo. Ilay governoran'i Koûfa antsoina hoe Yousouf Ibn Omar al-Thaqafî dia tonga niaraka tamin'ny andiana miaramila maro nanohitra azy. Teo anatrehan'izany dia namaky tononkalo toy izao i Zaïd: «Ny fiainana feno henatra sy ny fahafatesana am-boninahitra dia samy mangidy avokoa; kanefa raha tsy maintsy hisafidy amin'izy roa ihany, dia aleko ny mifidy ny fahafatesana am-boninahitra ».

Koa na dia niady tamin-kerim-po tokoa aza i Zaïd dia lavo an'ady ihany. Ny zanany antsoina hoe Yahyâ no nitondra ny vatamangatsiakany tany ivelan'ny tanàna mba halevina eo amorondrano, ka hahatonga ilay rano hanondraka ny fasany. Na izany aza anefa dia nisy nahita ihany ny fasany ary tamin'ny alalan'ny baikon'i Yousouf no namokarana indray ny fatiny, avy eo dia notapahina ny lohany ka nalefa any amin'i Hichâm any Syrie.

Tamin'ny volana Safar taona 121H, dia nahanton'iHichâm tamin'ny hazo ilay faty henin-kajan'i Zaïd taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), izay nampitanjahana tanteraka. Nandritra ny efatra taona ilay faty no navela nihantona teo amin'ilay hazo foana.Ary rehefa tonga teo amin'ny fitondrana, lasa "khalîfat" i Walid Ibn Yazîd Ibn Abdoul-Mâlik Ibn Marwân tamin'ny taona 126H, dia nanome baiko izy mba hanesorana ny rikarikan-taolana nihantona teo amin'ilay hazo ka hodoroinaary ny lavenona dia haely eny amin'ny rivotra.

Io lehilahy tsy mataho-tody io dia nampihatra heritsetra tahak'izany koa tamin'i Yahyâ Ibn Zaïd tao Gourgan. Ity andriana ity moa dia nanohy ny fanoherana an'ireo Banî Oumayyat. Maty maritiora tao anatin'ny ady ihany koa izy; notapahina ny lohany ka nalefa any Syrie, ary sahala amin'ny nanaovana ny fatin-drainy dia nahantona tamin'ny hazo nandritra ny enina taona ihany koa ny fatiny. Na ireo sakaizany na ireo fahavalony dia samy latsadranomaso nahita izany fatiny izany. Waliouddîn Abou Mouslim al-Khourâsânî izay nijoro nanohitra an'ireo Banî Oumayyat ireo tamin'ny anaran'ny Banî 'Abbâs no nampidina ilay faty ka nandevina izany tao Gourgan, izay lasa toerana fanaovana fitsidihana masina izany ankehitriny.

Noho izany haratsian-toetran'io taranak'andriana tsy mataho-tody io izany, dia nalevina tamin'ny alina ny fatin'ilay "Lehiben'ireo mpino" ary ny fasany dia nafenina mba tsy hisy hahalala. Tsy nisy nahita ny fasany mihitsy hatramin'ny vanim-potoan'ny "khalîfat" Hâroun Rachîd.

Indray andro, Hâroun nanao fihazana nanodidina an'i Najaf, izay toerana nahitana serfa[19] betsaka. Rehefa nenjehin'ny andian'alika mpihaza ireo serfa dia vaky nandositra nandeha niery teny an-tampon-kavoan'i Najaf, havoana iray izay tsy afaka halehan'ireo alika. Isaky ny mitsahatra amin'ny fanenjehana ireo alika dia midina avy eny an-tampon'ilay havoana ireo serfa. Ary raha vao manomboka mihaza azy ireo indray ireo alika dia miverina miery eny an-tampon-kavoana ireo serfa ireo, nefa ireo alika dia tsy mba afaka manenjika azy ireo miakatra eny amin'izany havoana izany. Tonga saina avy hatrany i Hâroun fa tokony ho fantarina ny antony mahatonga ireo alika tsy afaka miakatra eny an-tampon'io havoana io, ka niangavy an'ireo mpiara-dia aminy izy mba hanontany ny anton'izany any amin'ireo mponina ao Najaf. Rangahy iray no nentin'izy ireo teo anatrehan'ilay "khalîfat", izay nanontanian'ity farany mikasika ny tsiambaratelo fonosin'ilay havoana. Nanaiky ny fahafantarany ny tsiambaratelon'ilay havoana, ilay rangahy fa kosa matahotra ny hanambara izany. Nanome toky azy mba tsy hanana fahatahorana ilay "khalîfat"; ary dia nitantara toy izao ilay rangahy: « Indray andro, izaho nanara-dia ny raiko izay niakatra tamin'io havoana io mba hivavaka. Rehefa nanontany azy aho fa misy inona eny amin'ny havoana eny, dia namaly ahy izy fa izy sy ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s)no niara-nandeha nanao fitsidihana masina**[20]** teo. Nambaran'ny Imâm tamin'izany fa eto no misy ny fasana masin'ny raibeny, ny Imâm 'Alî(a.s) ilay "Lehiben'ireo mpino", izay ho fantatry ny olona tsy ho ela». Nanome baiko ny "khalîfat" mba hiadiana an'ilay havoana, avy eo dia nitranga ireo mariky ny fasana izay nahitana talantalana misy soratra "syriaque" mivaky toy izao: «**Amin'ny anaran'i Allâh, Be**

[19] « Cerf ».

[20]« Zyârat ».

**Indrafo, Be Fiantrana. Ity fasana ity dia nohadian'ny mpaminany Nouh(a.s) ho an'ny Imâm 'Alî(a.s), izay mpandimby an'i Mouhammad(s.a.s), 700 taona nialohan'ny safo-drano**».

Ilay "khalîfat" Hâroun dia nanome voninahitra izany toerana izany sy nanome baiko mba hanorenana ilay fasana. Avy eo izy dia nanatanteraka fanompoam-pivavahana "raka'at" anankiroa. Nitomany fatratra izy vao niampatra natory teo ambonin'ilay fasana. Alalana avy aminy no nanambarana izany fasana izany tamin'ny Imâm Mousâ al-Kâzim(a.s) tao Madînat, izay nanamarina fa io tokoa no toerana nilevenan'ilay "Lehiben'ireo mpino". Namoaka didy àry i Hâroun mba hananganana trano vato eo amin'ilay fasana masina, izay fantatra amin'ny anarana hoe: "**Hajar Hârounî**"[21]hatramin'izay. Niely ara-potoana ny vaovao mikasika izany, ka mpino silamo maro dia maro no tonga amin'izany toerana izany mba hanao fitsidihana masina.

<u>Tsy fitovian-kevitra mikasika ny toerana</u>
<u>nilevenan'ilay "Lehiben''ireo mpino"</u>

**Hâfiz** : Na dia eo aza izany fanamarihana maharesy lahatra izany dia heveriko kosa fa tsy ao Najaf no misy ny fasan'ny Imâm 'Alî(a.s). Ireo manam-pahaizana dia tsy mitovy hevitra ihany koa mikasika izany. Ny sasany milaza fa ao amin'ny lapam-panjakana ao Koûfa no misy ny fasany, ny sasany mihevitra fa amin'ny "Qiblat" ao amin'ny Moske afovoan'ny tanànan'i Koûfa no misy izany, ny hafa dia miziriziry fa eo amin'ny vavahady izay fantatra amin'ny anarana hoe "Bâb-oul-Kinda" ao amin'ny Mosken'i Koûfa no ahitana izany, ao ny manambara fa ao amin'ny "Rahba" ao Koûfa, ao ny milaza fa eo akaiky ny fasan'i Fâtimat(a.s) ao amin'ny Baqî. Any Afghanistan akaikin'i Kaboul dia misy toerana iray antsoina hoe Fasan'ny Imâm 'Alî(a.s). Fa araka ny voalazan'ny tantara iray, dia natao tao anaty kesika ny nofo mangatsiakan'i 'Alî ary napetraka teo an-damosin'ny rameva mba halefa any Madînat. Nalain'ireo jiolahy ankeriny izany kesika izany fa noheverin'izy ireo ho zava-tsarobidy no tao anatiny. Nony nosokafan'izy ireo anefa ilay kesika dia fatin'olomasina no hitan'izy ireo, izay nentin'izy ireo nalevina tany Kaboul. Izany no mahatonga ny fanajan'ireo olona an'io toerana io.

[21]Midika hoe : « Trano narafitr'i Hâroun ».

**Chîrâzî** : Izany tsy fitovian-kevitra izany dia vokatry ny fanirian'ny Imâm 'Alî(a.s) mba halevina amin'ny fomba mampisafotofoto tsy hahafantaran'ny olona izany. Misy mitantara araka ny voalazan'ny **Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) fatamin'ny fotoana hahafatesany, ny Imâm'Alî(a.s) dia niteny tamin'ny Imâm Housein(a.s) mba hanomanana fasana miisa efatra ho azy amin'ny toerana efatra samihafa, aorian'ny fandevenan'Azy ao Najaf. Ireto avy izany toerana efatra izany: ao amin'ny Mosken'i Koûfa, ao "Rahba", ao an-tranon'i Jou'da Hîa ary ao Ghîra**. Ireo "chiite" rehetra dia mifanaraka fa ny tena fasany dia ao Najaf.

Ireo tantara avy amin'ireo Ahl-oul-Bayt no tena marina. Izy ireo no mahalala indrindra ny toerana misy ny fasany.

Fa manontany tena aho, nahoana ireo manam-pahaizanareo no manao tsirambina ireo teny nolazain'ireo taranaka masin'ny Mpaminany(s.a.s). Izy ireo dia tsy mba nanadihady ny toerana misy ny fasan'ny Imâm 'Alî(a.s) avy tamin'ireo zanany manokana mba hahafantarana ny marina. Inoana fa ny zanaka no mahay kokoa ny fasan-drainy noho ny olon-kafa. Raha ny iray amin'ireo vinavinanareo ireo no marina, dia efa nanambara izany tamin'ireo mpanara-diany ireo olomasina Imâm ireo. Ny fanamarinana avy amin'Izy ireo anefa dia milaza fa any Najaf no misy ilay fasana, izay nanaovan'ny tenan'Izy ireo fitsidihana masina ihany koa, ary tena nampirisihan'Izy ireo mihitsy ireo mpanara-diany mba hanao fivavahana any amin'io toerana io.

**Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny bokiny "**Tazhkirat**" dia nanambara izany tsy fitovian-kevitra izany nanao hoe: **« Ny fiheverana fahenina dia ny filazana ny fasany ho ao Najaf, toerana izay tena betsaka mpitsidika tokoa. Ity fiheverana ity no toa azo hamarinina**».

Tahak'izany koa ireo manam-pahaizanareo sasany toa an'i **al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin'ny bokiny "**Manâqib**" sy **Mouhammad al-Châfi'î** ao amin'ny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" sy **Ibn Abi al-Hadîd** ao amin'ny "**Charh Nahj-oul-Balâghat**" sy **Fîrouzâbâdî** ao amin'ny bokina voambolana notsongainy "**Qâmous**" eo ambanin'ny teny hoe "**Najaf**", sy ireo hafa ihany koa,

dia samy nanamafy fa ny fasan'ilay "**Lehiben'ireo mpino**" dia ao Najaf.

## FIVORIANA FAHAROA

(Ny alin'ny Zoma faha-24 Rajab 1345H[22].)

**Hâfiz** : Tena nahatalanjona ahy tokoa ny fanazavanao mifono fampianarana mikasika ny fifampitohizan'ny firazananao. Ekeko noho izany fa ianao dia taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa kosa mampanontany tena ahy, raha ny olona manana ny maha-izy azy toa anao izao no mora voasariky ny fitaoman-dratsin'ireo fahavalo. Taorian'ny nandaozanao ireo fomba tsaran'ireo razanao, dia nanaraka ny fomban'ireo tsy mpino ao Iran ianao. Ny tiako ho lazaina amin'ny fomba ratsin'ireo fahavalo dia ireo fomba vaovao nasisika ao amin'ny finoana Islâm tamin'ny alalan'ireo Israely.

**Chîrâzî** : Afaka hazavainao tsara ve ny tianao ho lazaina.

### Fizarana voalohany

Hevi-diso momba ny niandohan'ny finoana "Chy'at"[23].

**Hâfiz** : Ny tantaran'ireo Israely dia voaloton'ny fitapitaka: **'Abdallâh Ibn Saba** sy **San'â'î** sy **Ka'ab al-Ahbar** sy **Wahhab Ibn Mounabba** sy ny sisa, dia niditra ho silamo ka milaza ny tenan'izy ireo fa naheno "hadith" avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), izay entin'izy ireo manakorontana an'ireo mpino silamo. Ilay "khalîfat" fahatelo, 'Outhman Ibn 'Affân no nanenjika azy ireo ka lasa nandositra tany Ezypta izy ireo, ary tany no namoronan'izy ireo antokom-pinoana izay fantatra amin'ny anarana hoe "Chy'at". Nampiely tantara diso mikasika ilay "khalîfat" 'Outhman izy ireo no sady namorona "hadith" lazain'izy ireo fa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), izay manendry an'i 'Alî ho "khalîfat" sy "Imâm". Noho ny fiforonan'io antokom-pinoana io dia nahazo vahana ny

[22]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-28Janoary 1927.

[23]شيعة

herisetra izay nitarika tamin'ny famonoana an'ilay "khalîfat" 'Outhman sy ny fiheverana fa i 'Alî no tokony ho eo amin'ny fitondrana. Niforona ny antokon'olona nankahala an'i 'Outhman noho ny fitiavana an'i 'Alî.

Nandritra ny fitondran'ireo "khalîfat Omayyade", rehefa voahenjika ho vonoina ireo fianakavian'i 'Alî sy ireo mpanara-diany, dia lasa tsy hita intsony io antokon'olona io. Na izany aza anefa dia nisy ihany ireo sasany toa an'i Salmân al-Farsî sy Abou Zharr al-Ghifârî ary 'Ammâr Ibn Yâsir, no nanohana an'i 'Alî. Nitohy foana io ady io hatramin'ny fitondran'i Hâroun ar-Rachîd, indrindra fa tamin'ny fitondran'ilay zanany, Ma'moun ar-Rachîd 'Abbâsî. Izy dia namelo-maso indray ny rahalahiny tamin'ny alalan'ny fanampian'ireo iranianina, ary dia naparitak'izy ireo ny hevitra fa i 'Alî no mendrika kokoa noho ireo "khalîfat" hafa. Ireo iranianina, nankahala ireo arabo izay nanjanaka azy ireo dia nanararaotra mba hialoha làlana azy ireo amin'ny anaran'ny finoana. Lasa nihanatanjaka ireo "chiite" nandritra ny vanim-potoan'ireo mpanjaka "Daïlamites" sy "Safavides" ka nahazo fankatoavana nony farany. Taty aoriana izany finoana izany dia fantatra amin'ny anarana hoe "Chy'at". Ireo "zoroastriens" iranianina dia antsoina ihany koa hoe "Chy'at".

Raha fintinina, ny antokom-pinoana "Chy'at" dia naorin'ilay jiosy antsoina hoe 'Abdoullâh Ibn Saba. Ankoatra izany, dia tsy mba hita ao amin'ny Islâm izany voambolana "Chy'at" izany. Ny razambenao, ilay Mpaminany(s.a.s) dia mankahala io teny io. Raha ny tena marina ny "Chy'at" dia finoana jiosy.

Koa manontany tena aho, nahoana ianao no niala tamin'ny finoana marina narahin'ireo razanao fa nanaraka ny finoan'ireo talohanao izay nankato ny finoana jiosy. Ianao dia tokony hankato ny Kor'âny sy ny finoan'ny razambenao, ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

Tsy misy fifandraisany amin'i 'Abdoullâh Ibn Saba ny finoana "Chy'at".

## Hevi-dravina ny fampidirana an'i 'Abdoullâh Ibn Saba amin'ny fiforonan'ny finoana "Chy'at"

**Chîrâzî** :Hafahafa ihany raha ny olona avara-pianarana toa anao no miantehitra amin'ny hevi-dravina, diso tanteraka toy izany. Tsy misy antony na iray akory aza no ifandraisan'ny anaran'i 'Abdoullâh Ibn Saba amin'ny finoana "Chy'at". 'Abdoullâh Ibn Saba dia jiosy ary araka ny voalazan'ireo bokin'ireo "chiite" dia olona mpihatsaravelatsihy izy ka mendrika ny ho melohina tanteraka. Moa ve, nandritra ny fotoana fohy, izay niheveran'azy ho toy ny sakaizan'i 'Alî, no ahafahana milaza fa misy fifandraisany amin'ny fiforonan'ny "Chy'at" izy? Raha ny mpangalatra iray no misandoka manao fitafian'olona avara-pianarana, ka miseho eny an-dampihazo izy ary manaratsy ny finoana Islâm, dia moa ve ianao handeha hitsipaka ny fahalalana sy hanendrikendrika an'ireo manam-pahaizana rehetra ho mpangalatra?

Ny tena marina, ireo silamo "chiites" dia tsy nanangana afa-tsy antoko politika iray ihany! Izy ireo dia nanaraka ny antokom-pinoana izay tsy niforona nandritra ny fitondran'ilay "khalîfat" 'Outhmânaraka ny filazanao azy akory; fa kosa niforona avy tamin'ny alalan'ireo teny sy baikon'ilay Mpaminany(s.a.s). Raha ianao no miaro ny hevitrao amin'ny alalan'ny porofo namboamboarin'ireo fahavalo, dia izaho kosa hamaky ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Kor'âny sy ny sasantsasany voalazan'ireo bokinareo ihany, mba hanaparofoana ny marina.

## Inona no atao hoe "Chy'at"?

Ny teny hoe "**Chy'at**", araka ny efa fantatrareo dia midika ara-bakiteny hoe "**mpanara-dia**".

Iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe, antsoina hoe **Firouzâbâdî** dia nanambara ao amin'ny bokiny "**Qâmous-oul-Loughat**"[24] fa «**ny teny hoe "chy'at" dia manambara amin'ny**

[24]Midika hoe « Diksionarin'ny fiteny ».

**ankapobeny izay olona sakaizan'i 'Alî sy ny fianakaviany. Ity anarana ity dia voatokana ho azy ireo ihany**».

Sahala amin'izany tanteraka ihany koa no voalazan'**Ibn al-Athîr** ao amin'ny boky "**Nihâyat-oul-Loughat**". Araka ny voalazan'ireo mpanao fivoasan-teny mpiray finoana aminareo ihany, ny teny "Chy'at" dia midika hoe: « mpanara-dian'i 'Alî » ary izany dikany izany no nampiasaina nandritra ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny tena marina aza dia ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nampiasa io teny "Chy'at" io, nentiny niantsoana an'ireo izay "mpanara-dian'i 'Alî". Izany teny izany no nampiasain'ilay Mpaminany(s.a.s) izay voalazan'i Allâh fa: «**Izy dia tsy miteny araka ny sitrapony, fa izay fanambarana tonga taminy ihany no teneniny**»[25]. Ilay Mpaminany dia niantso an'ireo izay "mpanara-dian'i 'Alî" amin'ny anarana hoe: "**Chy'at**", sy "**ireo tafita**" ary "**ireo Avotra**".

**Hâfiz** : Avy aiza daholo izany? Izahay dia mbola tsy nahafantatrana inona na inona velively mikasika izany.

**Chîrâzî** :Anananay fahalalana izany ary izahay tsy mieritreritra akory ny hanafina ny marina momba izany. Allâh dia manome tsiny an'ireo mpanafina ny fahamarinana izay nantsoinymanokana ho "sakaizan'ny Afobe". Hoy indrindra Izy hoe: «**Marina dia marina fa ireo izay manafina an'ireo porofo miharihary sy tari-dalana nalefanay, taorian'ny nampahafantarinay izany ny olona tao amin'ilay Boky, dia hanozona azy ireo i Allâh, ary hanozona azy ireo koa ireo mpanozona** »[26]. « **Marina dia marina fa ireo izay manafina ny fanambarana nalefan'i Allâh tao amin'ilay Boky ary manakalo izany amin'ny zavatra mora vidy, dia izy ireo no tsy mihinana ao an-kibon'izy ireo afa-tsy ny afo...**»[27].

**Hâfiz** : Raha nahafantatra ny marina izahay kanefa nanafina izany, dia ekeko tokoa fa mendrika ho anay ny fanomezan-tsiny araka ny voalazan'ireo andinin-tsoratra masina ireo.

---

[25]Kor'âny 53/3-4.

[26]Kor'âny 2/159.

[27]Kor'âny 2/174.

**Chîrâzî** : Manantena aho fa ho tazominareo tsara ao an-tsaina ireo andininy anankiroa ireo, amin'izay mba tsy ny fahazarana na ny fankahalana be fahantany fotsiny no mibaiko anareo.

**Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** dia iray amin'ireo mpitantara "hadith" miavaka indrindra eo aminareo. **Ibn Khallikân** dia nidera azy manokana, ao amin'ny bokiny "**Wafâyat-oul-A'ayân**" ho anisan'ireo "**Houffâz**"[28] lehibe sy mpitantara ireo "hadith" tena manam-pahalalana tokoa. Nanambara ihany koa izy fa ireo boky nosoratany misy andiany folo mitondra ny lohateny hoe "**Hilyat-oul-Awliyâ**" dia anisan'ireo boky tena misy fahalalana betsaka**. Salâh-oud-Dîn Khalîl Bin Aïbak al-Safdi** dia nanoratra mikasik'azy ao amin'ny bokiny "**Al-Wâfî bil-Wafiyyât**" manao hoe: «**Al-Hâfiz Abou Nâ'im izay mitondra ny anaram-boninahitr'ireo mpitantara "hadith" dia tena manam-pahalalana tokoa sy manam-pinoana amam-pahendrena. Izy dia mitazona toerana lehibe eo amin'ny sehatry ny fitantarana sy ny fanazavana an'ireo "hadith". Ny misongadina indrindra amin'ireo boky nosoratany dia ilay mitondra ny lohateny hoe "Hilyat-oul-Awliyâ" izay misy andiam-boky folo** ».

**Mouhammad Ibn 'Abdoullâh al-Khatîb** dia midera azy ihany koa ao amin'ny boky "**Mishkât al-Masâbîh**" izay manambara azy ho anisan'ireo mpitantara "hadith" voalohany indrindra, azo itokisana tokoa.

Ity manam-pahaizana hajaina sy mpitahiry lovan-tsofina ity indrindra, izay reharehan'ireo manam-pahaizanareo, dia mitantara ao amin'ny bokiny "**Hilyat-oul-Awliyâ**", araka ny fifampitohizan'ny fitantarana nataony fa 'Abdoullâh Ibn 'Abbâs dia nilaza hoe: « Rehefa nidina ilay andinin'ny Kor'âny manao hoe: "**Marina dia marina fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin'ny zavatra nohariana. Ny valisoan'izy ireo avy amin'ny Andriamanitra Tompon'izy ireo dia ilay saha Edena misy renirano mikoriana, ka honina ao mandrakizay izy ireo. Hankasitrak'azy ireo i Allah ary izy ireo koa hankasitraka Azy. Izany no valisoa ho an'izay matahotra an'Andriamanitra**

[28] Olon-kendry, mpitahiry lovan-tsofina.

**Tompony**"[29], dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: Ô ry 'Alî, "**ny mendrika indrindra amin'ny zavatra nohariana**" voalazan'ity andininy ity dia tsy iza fa ianao sy ireo mpanara-dia anao (chy'at). Amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ianareo sy ny mpanara-dia anareo (chy'at) dia ho tonga amin'ny toeram-boninahitra izay hankasitrahan'i Allâh anareo sy hankasitrahanareo Azy ».

Sasantsasany amin'reo voninahitry ny "Chy'at"

**Abou Mou'ayyad Mouwaffaq Ahmad al-Khawârizmî** ao amin'ny bokiny "**Manâqib**" toko faha-17, **al-Hâkim Aboul-Qâsim 'Abdoullâh al-Haskâni** ao amin'ny "**Chawâhid-oul-Tanzîl**", **Mouhammad Ibn Yousouf Kanjî al-Châfi'î** ao amin'ny "**Kifâyat-out-Tâlib**" pejy faha-119, **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny "**al-Tazhkirat**" pejy faha-31, **Mounthir Ibn**a **Mouhammad Ibn Mounthir**, ary indrindra moa fa i **al-Hâkim**manokana, dia samy nanambara, araka ny filazan'i **Yazid Charaf al-Ansârî** mpanoratran'ilay "Lehiben'ireo mpino", i 'Alî Ibn Abou Tâlib(a.s), fa ity farany dia nilaza fa tamin'ny fotoana nahafatesany, ilay Mpaminany dia niankina teo amin'ny tratran'ny Imâm 'Alî(a.s) ka niteny hoe: «**Hitanao ilay andininy milaza manao hoe: "*Marina dia marina fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin'ny zavatra nohariana*"[30]. Tsy iza izy ireo fa ireo "chy'at" mpanara-dia anao. Any amin'ny loharanon'i Kawthar (any amin'ny Paradisa) isika no hihaona. Rehefa hangonina amin'ny toerana iray ireo zava-boahary mba ho tsaraina amin'ny asa vitan'ny tsirairay, dia hamirapiratra ny tavanao, ary ho fantatra amin'io andro io fa ianao no lehiben'ireo olona manana tava mamirapiratra**».

**Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny bokiny "**al-Dourr al-Manthour**" dia nanambara an'i **Aboul-Qâsim 'Alî Ibn Hasan** (fantatra amin'ny anarana hoe **Ibn 'Asâkir al-Demachqî**) izay

[29]Kor'âny 98/7-8.
[30]Kor'âny 98/7.

nanambara an'i **Jâbir Ibn 'Abdoullâh al-Ansârî**, iray amin'ireo tena sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay niteny nanao hoe: Izaho dia anisan'ireo niara-nipetraperaka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), no indro tonga i 'Alî Ibn Abou Tâlib(a.s). Ary dia nanambara toy izao ilay Mpaminany(s.a.s) : «**Mianiana amin'Ilay mitana ny fiainako aho, fa ity lehilahy[31] ity sy ireo "chy'at" mpanara-dia azy dia azo antoka fa ho tafita amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty** ». Tamin'io fotoana io indrindra no nampidinana an'ilay andininy voalaza tetsy ambony. Ao amin'izany fivoasan-teny izany ihany, **Ibn 'Ady** dia nanambara araka ny fitantaran'i Ibn 'Abbâs fa rehefa nidina io andininy io dia niantso an'ilay "Lehiben'ireo mpino", i 'Alî(a.s) ilay Mpaminany(s.a.s) ka niteny taminy nanao hoe: «**Ianao sy ireo "chy'at"mpanara-dianao, amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty no ho tojo ilay fepetra izay hankasitrahanareo an'i Allâh ary i Allâh koa hankasitraka anareo**».

Ao amin'ny bokiny "**Manâqib**", i **al-Khawârizmi** dia nanambara, niainga avy amin'ny fitantaran'i **Jâbir Ibn 'Abdoullâh al-Ansârî** izay nilaza nanao hoe: « Niaraka teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s) aho no indro fa tonga nanaraka anay i 'Alî(a.s). Ary dia nanambara toy izao ilay Mpaminany(s.as.): "**Indro ny rahalahiko fa tonga miaraka aminareo**". Avy eo dia sady nitodika nankany amin'ny Ka'abat ilay Mpaminany(s.a.s) no nandray ny tanan'i 'Alî(a.s) ka niteny hoe: "**Mianiana amin'Ilay mandidy ny fiainako aho fa i 'Alî sy ireo mpanara-diany (shy'at) no ho tafita amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty. 'Alî eo anatrehanareo rehetra dia tena mpino, tena mendrika teo amin'ny fanatanterahana ny fifanarahana tamin'i Allâh, tena marina eo amin'ny fitsarana ireo olana mitranga amin'ny fiainan'ny olona, tena mpizara ara-drariny ireo zon'ny vahoaka sy tena manam-boninahitra ambony indrindra eo anatrehan'i Allâh**". Tamin'io fotoana io indrindra no nampidinana an'ilay andininy ».

Ao amin'ny fizarana faharoan'ny bokiny "**Sawâ'iq**",**Ibn Hajar** dia manambara an'i **Yousouf Zarandi Madani** (manam-pahaizana lehibe iray ao amin'ny antokom-pinoana misy anareo)

---

[31] 'Alî(a.s) no tondroiny eto.

izay nilaza marina fa rehefa nampidinina ilay adininy voalaza tetsy ambony, dia hoy ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: «**Ô ry 'Alî, ianao sy ireo "chy'at" mpanara-dianao no mendrika indrindra amin'ireo zavatra nohariana.Ianao sy ireo "chy'at"mpanara-dianao, amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty no ho tojo ilay fepetra izay hankasitrahanareo an'i Allâh ary i Allâh koa hankasitraka anareo. Ireo fahavalonareo dia ho tezitra mafy ary ny tananan'izy ireo dia hafatotra manodidina ny tendany avy**». Avy eo i 'Alî(a.s) dia nanontany, iza ny fahavalony. Namaly Azy ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: «**Izay mifahavalo sy mankahala anao**».

**Al-'Allâmat al-Samhoudî** ao amin'ny boky "**Jawâhir-oul-'Iqdaïn**" teo ambany fifehezan'i **al-Hâfiz Jamâl-oud-Dîn Zarandi Madani** sy **Nour-oud-Dîn 'Alî Ibn Mouhammad Ibn Ahmed al-Mâlikî al-Makkî** fantatra amin'ny anarana hoe **Ibn al-Sabbâgh** izay noheverina ho anisan'iray amin'ireo manam-pahaizana sy mpahay telojia[32] miavaka indrindra eo aminareo, dia nanambara ao amin'ny bokiny "**Al-Fousoul-oul-Mouhimmat**" araka ny fitantaran'Ibn 'Abbâs fa rehefa nampidinina ilay andininy izay noresahina teo dia nanambara tamin'i 'Alî toy izao, ilay Mpaminany(s.a.s):«**Ianao sy ireo "chy'at" mpanara-dianao izany voalaza izany. Ho tojo fahasambarana sy fankasitrahana tanteraka ianareo amin'ny andro Fitsarana fa ireo fahavalonareo kosa dia hijaly sy hofatoran-tanana**».

**Sayyed 'Alî al-Hamadâni al-Châfi'î**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony, ao amin'ny bokiny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**" sy ilay manam-pahaizana malaza amin'ny fanoherana ny "chy'at", antsoina hoe **Ibn Hajar** ao amin'ny bokiny "**Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**", dia samy nanambara fa ilay "Oumm-oul-Mou'minîn", i Oumm Salma izay vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nitantara fa ity farany dia niteny nanao hoe:«**Ô ry 'Alî, ianao sy ireo "chy'at" mpanara-dianao dia hitoetra ao am-Paradisa, ianao sy ireo "chy'at" mpanara-dianao dia hitoetra ao am-Paradisa**».

32« Théologien »

Ao amin'ny bokiny "**Manâqib**" (toko faha-19), i **Mouwaffaq Ibn Ahmad** ilay manam-pahaizana malaza ao Khawârizm, dia nanambara avy amin'ny boky azo itokisana fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niresaka momba an'ny Imâm 'Alî(a.s) nanao hoe:«**Eo anatrehan'ny vahoakako, ianao dia toa an'ilay Mesia Jesosy zanak'i Maria**». Izany teny izany dia milaza fanoharana an'ireo mpanara-dian'ny Mpaminany Jesosy izay nizara ho vondrona telo, dia ireo mpino marina fantatra amin'ny anarana hoe "Hawâriyyoun" sy ireo jiosy ary ireo izay nametraka an'i Jesosy hitovy voninahitra amin'i Allâh. Torak'izany koa ireo mpino silamo izay nizara ho vondrona telo. Ny iray amin'izy ireo dia ny vondron'ireo "chy'at" mpino marina, ny faharoa dia ny vondrona izay mifahavalo amin'ny Imâm 'Alî(a.s), ary ny vondrona farany dia ireo izay diso mino Azy tafahoatra.

(Taorian'izany fanehoan-kevitra nataon'i Chîrâzî izany, dia lasa niparitaka ireo izay nanatrika ny fivoriana mba hiomana amin'ny fanatanterahana ny fanompoam-pivavahana 'Ichâ).

(Taorian'ilay fanompoam-pivavahana, dia tonga niverina i Moulla Abdoul-Hayy, nitondra boky fivoasan-tenin'ny soratra masina nosoratan'i **Souyoutî** sy ny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**" sy ny "**Mousnad**" bokin'i **Ahmad Ibn Hanbal** ary ny "**Manâqib**" bokin'i **Khawârizmi**. Namaky ireo boky ireo izy ary nanamarina an'ireo "hadith" izay nolazain'i Chîrâzî nandritra ny adihevitra.Manoloana ny fahamarinan'ireo toro-marika nolazain'i Chîrâzî ao amin'ireo boky ireo, dia niova endrika ny tarehin'ireo ao amin'ny vondron'antokom-pinoana mpanohitra azy. Tsy tapitapitr'izay anefa dia mbola tojo "hadith" iray hafa ihany koa izy ireo ao amin'ny boky "**Mawaddat-oul-Qourbâ**". Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Ô ry 'Alî, amin'ny andro Fitsarana ianao sy ireo "chy'at" mpanara-dianao dia hahazo fankasitrahana sy fahasambarana feno tanteraka eo anatrehan'i Allâh, fa ireo fahavalonareo kosa dia hijaly miaraka amin'ny tanana voafatotra**»).

**Chîrâzî** : Ireo no porofo mazava notohanan'ny bokin'i Allâh sy ireo "hadith" marina ary ny tantara. Ny finoana misy ahy dia namarinin'ireo boky nosoratan'ireo manam-pahaizanareo ambony, sy ao amin'ireo tantara maro izay hita ao amin'ireo bokinay sy ireo

boky fivoasan-tenin'ny soratra masina nosoratan'ireo manam-pahaizanay. Ireo boky eo anatrehanareo izao ireo ihany anefa, nohon'ny fahasoavan'i Allâh dia ampy iankinako amin'ny fanohizana ny famelabelarana momba ny adi- hevitra manaraka izay atao mandra-maraina. Heveriko anefa fa izay efa nambarako izay dia tokony ho ampy hampisinda ny ahiahinareo mikasika ny "Chiite". Izahay "Chiite", izahay dia tsy jiosy akory. Izahay no mpanara-dian'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) izay voalohany nampiasa ny teny hoe "Chy'at" mba hiantsoana an'ireo "mpanara-dian'i 'Alî(a.s)" fa tsy i 'Abdallâh Ibn Sabâ velively. Izahay dia tsy mba manaraka olona iray velively izay tsy manana porofo mari-pototra akory mikasika azy. Ianareo moa milaza fa ilay teny hoe "Chy'at" dia niforona taorian'ny nahafatesan'i Outhmân mba hanondroana an'ireo mpiara-dia amin'i 'Alî(a.s). Kanefa na dia tamin'ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s) aza, dia betsaka tamin'ireo "sahâbat" nanana ny lazany no efa nantsoina hoe "Chy'at" (Chiites) ihany koa.

**Al-Hâfiz Abou Hâtam al-Râzî** ao amin'ny "**Az-Zaïnat**" izay boky nosoratany mba hanazavana ny dikan'ireo voambolana sy fehezanteny nampiasain'ireo manam-pahaizana ara-pinoana, dia nanambara fa ny voambolana vaovao voalohanynankasitrahan'ny finoana Islâm tamin'ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny voambolana "Chy'at". Io teny io dia nampiharina tamin'ireo "sahâbat" efatra, dia i Abou Zharr al-Ghifârî sy i Salmân al-Fârisî sy al-Miqdâd Ibn Aswad Kindi ary i 'Ammâr Ibn Yâsir. Betsaka ireo "hadih" azo anampiana ny teo aloha mba hanamafisana izany voalaza izany.

Anjaranareo ankehitriny no mieritreritra nahoana no nahafahana niantso tamin'ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'ireo "sahâbat" efatra ireo ho "chiite". Raha noheverin'ilay Mpaminany(s.a.s) fa izany fomba fiantsoana izany dia zavatra noforonina, dia nahoana no tsy mba noraràny ny fampiasana izany teny izany? Ny zava-nisy anefa dia ny vahoaka mihitsy no naheno ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza fa ireo "Chy'at" mpanara-dian'i 'Alî(a.s) no ho vahoakan'ny Paradisa. Izy ireo dia mirehareha sy miantsoantso ankitsimpo fa "chy'at".

## Ireo voninahitra nananan'i Salmân al-Fârisî sy Abou Zharr al-Ghifârî sy al-Milqdâd Ibn Aswad ary 'Ammâr Ibn Yâsir

Ianareo teo moa nanambara ny "hadith" nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: «**Tena marina fa ireo "sahâbat" sakaizako dia tahak'ireo kintana; koa na iza na iza aminareo manaraka ny iray amin'izy ireo, dia ho voatarika amin'ny làla-mahitsy tokoa**».

Ao amin'ny boky tantarany (târykh), i **Aboul-Fidâ** dia nanoratra fa ireto "sahâbat" efatra sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireto dia nijanona niaraka tamin'i 'Alî(a.s) tsy nanao ny fanekempankatoavana an'i Abou Bakr tamin'ny andron'i Saqîfat. Nahoana ianareo no tsy nandray izany fandavan'izy ireo hanao ny fanekempankatoavana izany ho toy ny fifaninanana?

Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanambara fa izy ireo dia tian'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s). Izahay dia manaraka azy ireo amin'ny fanarahan'izy ireo an'i 'Alî(a.s). Koa araka ilay "hadith" nolazainareo teo dia voatarika amin'ny làla-mahitsy tokoa izahay.

Raha sitrakareo sy ho fanararaotana ny fotoana kely sisa hananantsika, dia holazaiko aminareo ireo tantara vitsivitsy izay manaporofo fa ireto lehilahy ireto dia tian'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s).

**Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny boky "**Hilyat-oul-Awliyâ**" voalohany, pejy faha-172 sy **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny "hadith" fahadimy amin'ireo "hadith" efapolo voarakitra ao amin'ny boky "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" mikasika ny fiderana an'i 'Alî(a.s), dia samy nanambara avy amin'ny fitantaran'i **Tirmizhî sy Hâkim**araka ny nolazain'i**Bouraïda** fa ilay Mpaminany dia niteny hoe: «**Tena marina fa Allâh dia nandidy ahy mba hitia olona efatra sady nanambara tamiko fa Izy dia mitia azy ireo**». Rehefa nisy nanontany, iza ireo olona efatra ireo, dia namaly Izy hoe: «**'Alî Ibn Abou Tâlib sy Abou Zharr sy Miqdâd ary i Salmân** ».

**Ibn Hajar** ao amin'ny "hadith" faha-39 dia nanambara avy amin'ny fitantaran'i **Tirmizhî** sy **Hâkim** araka ny nolazain'i **Anas Ibn Mâlik** fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: «**Ny Paradisa dia**

**tsy mahandry ny handray olona telo, dia i 'Alî sy Ammâr ary Salmân**».

Ny fihetsik'ireto "sahâbat" lehibe sakaizan'ny Mpaminany(s.a.s) ireto ve dia tsy midika ho modely ho an'ireo mpino silamo hafa?

Aminareo ve dia tsy mahamenatra, ireo "sahâbat" izay nandray anjara tamin'ny raharahan'i Saqîfat na ireo izay nankasitraka izany, kanefa ny sasany (izay irin'ny Paradisa) nanohitra izany tetik'ady tao Saqîfat izany indray no heverina ho tsy azo itokisana?

Fa raha izany tokoa no izy, ilay "hadith" nambaranareo dia tokony hiteny toy izao: «**Tena marina fa ny sasantsasany amin'ireo "sahâbat" sakaizako dia tahak'ireo kintana; ...**».

## Nahoana ireo Iranianina no nanaraka ny finoana "Chiite"?

Masiaka loatra ny fiheveranareo fa ny finoana "chiite" dia finoana ara-politika, ka ireo mpanompo sampy iranianina "Zoroastriens" no nankato izany mba ho afaka amin'ny fanjanahana nampiharin'ny arabo tamin'izy ireo. Manaiky izany an-jambany ianareo nohon'ny tantara napetrak'ireo razanareo. Efa noporofoiko fa izy io no ilay antokom-pinoana islamika nankasitrahan'ilay Mpaminany(s.a.s) ho an'ny vahoakany. Raha ny marina, dia ireo izay nanangana ny raharahan'i Saqîfat, izay tsy mba nankasitrahan'ilay Mpaminany(s.a.s) akory, no mpanao politika fa tsy ireo mpanara-dian'ireo fianakaviana masin'ilay Mpaminany(s.a.s)velively. Ireo iranianina dia manana toetra tia mandinika zavatra lalina izay ihany. Rehefa resy lahatra amin'ny fahamarinan'izany izy ireo dia nanaiky avy hatrany, sahala amin'ny naneken'izy ireo ny Islâm tamin'ny Iran izay resin'ireo arabo an'ady. Izy ireo dia tsy noterena akory ny hanaiky izany. Izy ireo dia nandao ny fanompoan-tsampy "Zoroastrisme" ka niditra tao amin'ny finoana Islâm amin'ny fo madio. Torak'izany, izy ireo rehefa resy lahatra nohon'ny lojika, sy ireo fihetsika ary ny herim-po tsy azo tombanana nananan'i 'Alî(a.s), dia nanaiky ny ho "chiite" ihany koa.

Ny fanambarana feno fitaka avy amin'ny ankamaroan'ireo bokinareo, izay milaza fa ireo iranianina dia nanara-dian'i 'Alî(a.s) nandritra ny fitondran'ny "khalîfat" Hâroun ar-Rachîd na ny fitondran'i Ma'moun dia tena fametavetana tanteraka. Izy ireo aza no efa nanara-dian'i 'Alî(a.s) nandritra ny fotoana mbola nahaveloman'ilay Mpaminany(s.a.s). Salmân al-Fârisî dia iray amin'ireo mpanara-dian'i 'Alî(a.s) tena manana fahadiovam-po tokoa. Tonga amin'ny dingana ambony indrindra ny fananany finoana. Ireo manam-pahaizana ao amin'ireo vondron'antokom-pinoana roa tonta (sounnite sy chiite) dia niara-nanaiky fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: «**Salmân dia avy aminay**[33]». Izany no antony nanomezana azy anarana hoe "**Salmân al-Mouhammadî**". Izy no tena mpiaro an'i 'Alî miharihary mendrika indrindra no sady mpanohitra izay tsy izy ny raharahan'i Saqîfat. Ireo bokinareo ihany no milaza fa, raha manaraka azy ireo isika dia voatarikaamin'ny làla-mahitsy tokoa. Henony avokoa ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) milaza mikasika an'i 'Alî(a.s). Noho izany dia mazava aminy tsara fa ny fankatoavana an'i 'Alî(a.s) dia midika ho fankatoavana ihany koa an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s). Henony ilay Mpaminany(s.a.s) namerimberina imbetsaka ny fanambarany nanao hoe: «**Izay mankato an'i 'Alî dia mankato ahy ary izay mankato ahy dia mankato an'i Allâh; izay mifahavalo aminy dia mifahavalo amiko ary izay mifahavalo amiko dia mifahavalo amin'i Allâh**».

Ny iranianina tsirairay izay tonga tao Madînat, izay niditra ho mpanaraka ny finoana Islâm nandritra ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s) na taty aoriana, dia samy nankato ny baikony avokoa. Izany no nahatonga an'ilay "khalîfat" faharoa ho nanakantsakana sy namepetra imbetsaka an'ireo iranianina ireo. Izany olana sy fahoriana izany dia nampivonto fo azy ireo tokoa. Manontany izy ireo fa nahoana ilay "khalîfat" no tsy manome ny zon'izy ireo ara-pinoana islamika, fa dia manohitra ireo didy napetrak'ilay Mpaminany(s.a.s). Na dia teo aza izany olana izany, dia nankasitraka an'i 'Alî(a.s) mandrakariva ireo iranianina, noho ny

---

[33]Izany hoe, avy amin'ireo « Ahl-oul-Bayt(a.s) ».

halemem-panahy nampihariny tamin'ireo andriambavy iranianina nobaboin'ireo arabo. Rehefa nentina ho any Madînat ireo babo tao Mada'in (Taisfun), dia nanome baiko ny "khalîfat" faharoa fa ireo vehivavy babo rehetra dia atao ho andevon'ireo silamo. Nitsipaka izany anefa i 'Alî(a.s). Nolazainy fa avahana manokana ireo izay andriambavy ary
tsy maintsy homem-boninahitra. Ny roa tamin'ireo vehivavy voababo dia zanakavavin'ny mpanjaka Yazdigerd tao Iran ka tsy tokony haetry ho andevo. Nanontany Azy amin'izay tokony hataony àry ilay "khalîfat". Nanome hevitra i 'Alî(a.s) fa avela izy roa vavy mba hifidy malalaka izay tiany ho vady amin'ireo lehilahy silamo. Arak'izany, i Chahzanan dia nisafidy an'i Mouhammad Ibn Abou Bakr (izay taizan'i 'Alî(a.s)) ho vadiny, ary ilay andriambavy Chahbanou kosa dia nisafidy an'ny Imâm Housein(a.s), izay zafin'ilay Mpaminany(s.a.s). Izy roa vavy ireo dia samy lasa namonjy ny tokantranom-badiny avy, rehefa nahavita ny fanambadiana araka ny fomba sy ny lalàna. Chahzanan no niteraka zanakalahy antsoina hoe Qasim Faqih, rain'i Oumm Farwa izay renin'ny Imâm mpitarika antsika fahenina, i Ja'afar as-Sâdiq(a.s). Ny Imâm Zaïn-oul-'Abidîn(a.s), mpitarika antsika fahefatra dia zanak'i Chahbanou. Noho izany, ny fiorenan'ny finoana "chiisme" dia tsy nisy fifandraisany tamin'ny fitondran'i Hâroun sy i Ma'moun akory na koa tamin'ny fanjakan'ny "Safavide" tao Iran velively, araka ny fahafantaranareo izany teo aloha. Ny finoana "chiisme" dia efa niely tamin'ny taonjato fito talohan'ny fanjakan'ireo "Safavides".

## Ady hevitra nifanaovan'i al-'Allâmat al-Hillî sy ilay lehiben'ny fitsarana avo

Tamin'ny taona 694H, ny fanjakana iranianina dia teo ambany fifehezan'i Ghazan Khân Moughoul ( mitondra ny anarana islamika hoe Mahmoud). Tamin'izany fotoana izany, ny finoana feno fitiavana an'ireo "Ahl-oul-Bayt(a.s)" fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mbola niseho mazava tsara, ka nahatonga ny fivoaran'ny "chiisme" ho nihamafy. Taorian'ny nahafatesan'i Ghazan Khân Moughoul tamin'ny taona 707H, dia ny rahalahiny Mouhammad

Chah Khouda Bandeh no nandimby azy. Nikarakara ady hevitra ara-pinoana mikasika ny “Imâmat” izy, izay hifanandrinan’i al-‘Allâmat al-Hillî, manam-pahaizana “chiite” iray sy i ‘Abdoul-Mâlik Maraghe’î Nizâm-oud-Dîn, lehiben’ny mpitsara ao amin’ireo “Châfi’ites” no sady manam-pahaizana “sunnite” lehibe iray tamin’ny fotoan’androny. Ilay al-‘Allâmat dia nanome fanazavana tsy azo lavina, manaporofo fa i ‘Alî(a.s) no mpandimby mivantana an’ilay Mpaminany(s.a.s) sy nanohitra ny hevitry ny mpifanandrina taminy araka ny fomba naharesy lahatra tokoa, ka nahatonga ireo izay nanatrika rehetra ho afa-po tanteraka tamin’ny famelabelarana arahim-porofo nataon’ilay manam-pahaizana “chiite”. AtoaNizâm-oud-Dîn dia niaiky fa ireo fanazavana nentin’i al-‘Allâmat al-Hillî dia tsy azo toherina. Nefa noho izy nanaraka ny finoan-drazany, dia sarotra taminy ny niala tamin’izany. Ny hany azony natao dia ny nanome lanja ny firaisankina eo amin’ny samy mpino silamo.

Ilay mpanjaka kosa dia liana tanteraka nihaino ireo fanazavana, avy eo izy dia nanaiky ny “chiisme” , izay nambarany ampahibemaso mba ho finoana ara-panjakana tao Iran. Taty aoriana, dia nanome baiko an’ireo governorany isam-paritra izy fa ny toriteny fanao isan-kerinandro (ao amin’ny Moske) dia tsy maintsy hanambarana fa i ‘Alî(a.s) no mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s). Ny “kalimat” (fanekem-pinoana islamika) ihany koa dia nodidiany mba ho soratana eo amin’ireo vola “dinars” (vola namboarina tamin’ny volamena) amin’ny endrika toy izao: «**Lâ ilâha illallâh, Mouhammadoun Rasouloullâh, ‘Aliyyoun Waliyyoullâh**» izay midika hoe: “**Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh, i Mouhammad dia Irak’i Allâh, i ‘Alî dia** (Waliy) **Olomasin’i Allâh**”. Arak’izany dia nihamafy orina ny finoana “chiisme”. Taonjato fito taty aoriana, ireo mpanjaka “Safavides” dia nampiroborobo sy nampiely ny finoana “chiisme” nanerana an’Iran.

Eny, ekena fa misy ihany ireo mpino “Zoroastriens” ao Iran sy ireo izay mametraka ny toeran’i ‘Alî(a.s) hitovy voninahitra amin’i Allâh. Nefa izy ireo dia tsy tokony hafangaro amin’ireo “chiites” iranianina izay mino an’i Allâh sy ilay Irany, Mohammad(s.a.s) izay Mpaminany farany. Ireo “chiite” dia manara-dian’i ‘Alî(a.s) sy ireo

taranany iraika ambin'ny folo araka ny nandidian'ilay Mpaminany[(s.a.s)].

**Hâfiz** : Mahavariana raha ianao izay avy any Hijaz (Arabia), avy eo nonina tao Iran nandritra ny fe-potoana fohy, no miaro foana an'ireo iranianina amin'ny alalan'ny fiantsoana azy ireo ho mpanaradian'i 'Alî, kanefa ilay "Lehiben'ireo mpino" dia olona mpankato an'i Allâh. Etsy andaniny anefa ianareo "chiites" iranianina dia mametraka an'i 'Alî hitovy amin'i Allâh. Indreto misy andalantononkalo vitsivitsy nosoratan'ireo poeta iranianina ahitana izany fomba izany, na dia ny tenan'i 'Alî mihitsy aza no manome tsiny ny fomba finoana tahak'izany. Ireo andininy farany dia milaza an'i 'Alî manao hoe:«**Iza no mamonjy amin'ny fotoan-tsarotra? Izaho. Iza i Allâh? Izaho izany**». Ao amin'ny tononkalon'ny poeta hafa dia milaza manao hoe: «**Ho an'ireo izay mino sy izay manan-tsaina ary izay manaiky an'i Allâh, dia i 'Alî no Allâh ary i Allâh dia i 'Alî** ».

**Chîrâzî** : Manontany tena aho, nahoana ianareo izay tsy mba nanao fikarohana akory, no manendrikendrika avy hatrany an'ireo iranianina rehetra ho mampitovy an'i 'Alî amin'i Allâh. Ireo manampahaizanareo tokoa manko no nampiely ampikiriana ny fanendrikendrehana tahak'izany. Izy ireo dia manaratsy ireo "chiite" ho manompo an'i 'Alî sy "kâfir" noho izany. Vokatr'izany, ny famonoana azy ireo dia adidy tsy maintsy atao. Ireo mpino silamo tao Ouzbekistan sy tao Turkistan dia nandatsa-dràn'ireo mpino silamo iranianina tsy manan-tsiny. Ireo silamo "sunnite" dia matetika voatariky ny ampahany amin'ireo manam-pahaizanareo any amin'ny fahadisoana ka mahatonga anareo manendrikendrika an'ireo iranianina ho "kâfir". Taloha, ireo silamo (Turkomans) dia nanafika ireo andian'ireo mpandeha lavitra iranianina nandalo teo akaikin'i Khorasan, ka ireo tompon'entana dia noravaina an-keriny sy novonoina. Ireto manam-pahaizana mpikiribiby ireto dia nahavita namoaka didy fa izay mahafaty "Rafizis chiites" miisa fito dia azo antoka fa hiditra ao am-Paradisa.
Aoka ho fantatrareo fa ny tompon'andraikitra tsy afa-miala amin'izany famonoan'olona izany dia ireo lehibenareo ireo.

## Fizarana faharoa

Ny Islâm dia mandrara ny fireharehana ara-drazana.

Mikasika ny resakao voalohany ny amin'ny fiaviako arabo sy ny antony fanohanako an'ireo iranianina, dia lazaiko aminareo mazava tsara fa izaho dia tsy mba manana fiandaniana mihitsy. Ilay Mpaminanintsika(s.a.s) dia nilaza nanao hoe: «**Ireo Arabo dia tsy azo lazaina ho ambonin'ireo hafa firenena na koa ny mifamadika amin'izany, torak'izany koa ireo fotsy hoditra dia tsy afaka mirehareha ho ambonin'ireo mainty hoditra na ny mifamadika amin'izany ihany koa. Fa ny fahamboniana dia miankina amin'ny fahalalana sy ny fananam-pinoana irery ihany**».

Ao amin'ny Kor'âny, Allâh dia milaza manao hoe: «**Ry olombelona! Noharianay ho lahy sy vavy ianareo, ary nataonay ho vahoaka sy foko mba hifankahalalanareo. Fa ny mendrika indrindra aminareo eo anatrehan'i Allâh dia izay manam-pinoana indrindra**»[34].

Ny Kor'âny ao amin'io toko io ihany dia milaza manao hoe: «**Ireo mpino dia mpirahalahy tokoa. Koa aoka ianareo hanatsara ny firahalahianareo, ary matahora an'i Allâh ianareo mba hahazoanareo ny famindrampony**»[35].

Ireo mpino silamo avy any Azia, Afrika, Eoropa, Amerika, na fotsy hoditra na mainty na mena dia mpirahalahy avokoa, ka tsy misy afaka manambara tena ho ambonin'ny hafa. Ilay lehiben'ny Islâm faratampony, izay Mpaminany farany(s.a.s) dia nampihatra izany lalàna izany. Izy dia naneho fitiavana manokana tamin'i Salmân al-Fârisî avy any Iran, sy tamin'i Souhaïb avy any Azia minora[36] ary tamin'i Bilâl avy any Abyssinie[37]. Tetsy ankilany anefa Izy dia nanifika an'i Abou Lahab rahalahin-drainy ihany, izay voahozon'ny toko iray ao amin'ny Kor'âny manao hoe: «**Ho levona**

---

[34]Kor'âny 49/13.

[35]Kor'âny 49/10.

[36]Asie mineur.

[37]Ethiopie.

**anie ireo tanan'i Abou Lahab anankiroa, ho levona ihany koa anie ny tenany!»[38]**.

## Ny Islâm dia mandrara ny fanavakavahana.

Ny Islâm dia mandrara ny fanavakavaham-bolokoditra izay iaraha-mahita fa misy eto an-tany; ireo fikorontanana misy any amin'ireo firenena tandrefana dia vokatry ny fanavakavahana ara-poko. Any amin'ireny firenena ireny, dia tsy omena alalana ny olona mainty mba hiditra ao amin'ireo trano fandraisam-bahiny, na trano fisakafoanana, na fiangonana na toeram-pivoriana hafa izay voatokana ho an'ireo fotsy hoditra. Ny Islâm dia nandrara izany fomba ratsy mahatsiravina izany, efa ho 1 300 taona lasa izay! Ny Islâm dia nanambara ampahibemaso fa ireo mpino silamo rehetra tsy ankanavaka ara-poko na ara-bolokoditra na ara-piaviana dia mpirahalahy daholo. Arak'izany, raha diso làlana ireo Arabo dia omeko tsiny izy ireo ka aleoko ny hiaraka amin'ireo Iranianina.

## Ny Islâm dia mankahala ny fihoaram-pefy.

Ny resakao faharoa, dia afangaronao amin'ireo Iranianina mpihoa-pefy "extrémistes" ireo "chiites" izay fantatra miharihary fa mpino an'Andriamanitra tokana sy mpanara-dian'i 'Alî(a.s), arak'ireo baikon'ilay Mpaminany(s.a.s). Izahay dia mametraka an'i 'Alî(a.s) ho mpanompon'i Allâh no sady mpandimby na "khalîfat" voahosotr'ilay Mpaminany(s.a.s).

## Ireo "Chiites" dia miavaka tanteraka amin'ireo "Ghoulât (mpihoa-pefy).

Ankoatr'izany, izahay dia mitsipaka izay fombamifanohitra amin'ny finoanay, toy ny fomban'ny Saba'iyyat, ny Khitabiyyat, ny Gharabiyyat, ny Alawiyyat, ny Moukhammasat, ny Bazighiyyat, ny

[38]Kor'âny 111/1.

Nousaïriyyat, izay miely patrana amin'ny ankapobeny ao Iran, ao Mossoul sy ao Syrie. Miavaka amin'izy ireo izahay ary mampitovy azy ireny amin'ny "kâfir". Ao amin'ireo bokinay rehetra, ireo mpahay lalàna eo aminay dia mametraka an'ireo Ghoulât (mpihoa-pefy) ho anisan'ireo tsy mpino, satria ny finoan'izy ireo dia mifanohitra amin'ny foto-pinoan'ny "chiisme". Ohatra amin'izany, nohon'ny fahafahan'ny fanahy maka endrika ara-batana (sahala amin'ny Anjely Jibrâil niseho tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny alalan'ny endrik'i Dahiyyat al-Kalbi) dia mino izy ireo fa azon'i Allâh atao ny mampiseho ny tenany masina amin'ny alalan'ny vata-tenan'i 'Alî(a.s). Izany finoany izany no mahatonga azy ireo mametraka an'i 'Alî(a.s) ho manam-boninahitra ambony kokoa mihoatra an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo mponina tany Inde sy tany Soudan dia tonga tao amin'i 'Alî(a.s) mihitsy ka nilaza fa izy no Allâh. 'Alî(a.s) anefa dia nandrara imbetsaka izany fomba fijery ara-pinoana izany. Nefa izy ireo dia mbola niziriziry nitazona ny finoany hatrany. Nony farany, araka ny voalazan'ireo tantara maro samihafa, dia nosazian'i 'Alî(a.s) izy ireo. Izany tranga izany dia voalaza antsipiriany ao amin'ny "**Bihâr-oul-Anwâr**" boky faha-7, nosoratan'ny manam-pahaizana lehibe antsoina hoe **Mouhammad Bâqir Majlisî**.

Ilay "Lehiben'ireo mpino" sy ireo Imâm hafa dia nanome tsiny mazava tsara ireto karazan'olona ireto. Niteny i 'Alî(a.s) hoe: «**Ô ry Allâh, izaho dia mitsipaka ny vondron'ireo Ghoulât (mpihoa-pefy ireo) tahakan'i Jesosy nitsipaka an'ireo kristianina. Halaviro mandrakizay anie izy ireo**».

Amin'ny tranga hafa indray dia hoy izy hoe: «**Misy vondron'olona roa no ho faty ao anatin'ny fijaliana sy fahafaham-baraka ary izaho dia tsy tompon'andraikitra amin'ireo asa vitan'izy ireo: ireo izay diso tafahoatra eo amin'ny fitiavan'ahy, dia ireo Ghoulât (nihoa-pefy) sy ireo izay mankahala ahy tsy misy antony. Izaho dia mankahala an'ireo izay manandratra ahy mihoatra ny fetra mendrika ho ahy, toa an'i Kristy ihany koa izay nankahala an'ireo kristianin**a ».

Mbola niteny koa izy hoe: «**Misy vondron'olona roa mifamatotra amiko no ho faty ao anatin'ny tsy**

**fahamendrehana: ny iray amin'izy roa dia ireo olona milaza ho namako sy manompo ahy mihoatra ny ara-dalàna, ny faharoa dia ireo fahavaloko izay manambany ny voninahitro**».

Ny finoana "chiite" dia manome tsiny an'ireo izay manompo an'i 'Alî(a.s) sy ny taranany mihoatra ny fetra nandidian'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo manam-pahaizanay dia miray hevitra daholo fa ireo mpihoa-pefy rehetra ireo dia tsy mpino avokoa. Tsy azo atao ny manatrika ny fandevenan'azy ireo sy ny manambady azy ireo. Izy ireo dia voarara, tsy mahazo mandova ihany koa ny harenan'ny silamo. Hatramin'ny fanomezana sy ireo hetra masina ara-pinoana dia tsy azo omena azy ireo.

Ny Kor'âny masina dia manome tsiny azy ireo toy izao: «**Lazao hoe: Ry olon'ny boky, aoka ianareo tsy hihoa-pefy amin'ny finoanareo tsy amim-pahamarinana. Ary aoka tsy hanaraka ireo sitrapon'ny vahoaka teo alohanareo izay very làlana sy nahavery làlana olona maro kaniala tanteraka tao anatin'ny làla-mahitsy**»[39].

**Al-'Allâmat al-Majlisî** ao amin'ny boky fahatelon'ny "**Bihâr-oul-Anwâr**", izay boky feno fahalalana rehetra[40] momba ny finoana "chiite", dia manambara "hadith" maro manome tsiny an'ireo Ghoulât (mpihoa-pefy), tahak'izao voalazan'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) izao:«**Izahay dia mpanompon'i Allâh, Izy no nahary anay sy nanao anay ho ambonin'ireo zava-boahariny hafa. Marina tokoa fa mbola ho faty izahay ary hijoro eo anatrehan'i Allâh amin'ny andro Fitsarana. Izay minamana amin'ireo Ghoulât dia mifahavalo aminay, izay mifahavalo amin'izy ireo dia minamana aminay. Ireo Ghoulât dia tsy mpino sy mpanompo sampy. Ho voahozona anie izy ireo!**».

**Cheikh Sadouq**, Faqîh mpahay lalàna iray tena manan-kaja dia nanambara araka ny fitantaran'i **Zarara**, izay sakaizan'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) nilaza nanao hoe:« Nolazaiko tamin'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq fa misy iray amin'ireo olona mpanara-dia Anao no mino ny amin'nyfanomezam-pahefana avy amin'Andriamanitra.

[39]Kor'âny 5/77.

[40]« Encyclopédie ».

Nanontany ny Imâm hoe: inona no tiana hambara amin'izany fanomezam-pahefana izany? Fa hoy aho namaly Azy hoe: nilaza ilay olona fa Allâh dia nahary an'i Mouhammad sy 'Alî ka nomeny ny fahefany eo amin'ireo fiainan'ny olona izy roa. Arak'izany izy roa ireo dia mpahary sy mpizara ny anjara masoandro. Namaly ilay Imâm nanao hoe: milaza lainga momba an'i Allâh izy ireo. Rehefa miverina any aminy ianao dia vakio aminy ity andinin'ny Kor'âny masina ity: "**... Moa mampitambatra an'i Allâh amin'ny hafa va izy ireo, izay nahary tahaka ny nahariany, ka nanjary lasa nifangaro tamin'izy ireo ny zava-boahary? Lazao hoe: Allâh no mpahary ny zava-drehetra, Izy dia tokana, mpifehy ambony indrindra**"[41]».

Izahay dia tsy miaraka amin'ireo Ghoulât (mpihoa-pefy). Avelao izy ireo hilaza azy ireo ho "chiites". Fa i Allâh, ilay Mpaminany(s.a.s), i 'Alî(a.s) sy ireo taranany dia mankahala azy ireo. 'Alî dia nitazona ny lehiben'ireo Ghoulât ireo tao am-ponja nandritra ny telo andro, nodidiany izy mba hibebaka sy hiala amin'izany finoana izany. Noho izy nandà izany anefa dia voatery i 'Alî(a.s)naniraka mba handoroana azy.

Raha tsy mahita boky "chiite" na dia iray aza ianareo izay milaza fa ireo Ghoulât dia azo ekena, dia tokony hanome tsiny ireo manam-pahaizanareo mpanohitra izay mamitaka ireo rahalahinay "sunnites" mikasika ny finoana "chiisme".

## Fanazavana mikasika ny fanajana an'ireo Imâm.

**Hâfiz** : Fa raha sitrakao, azonao atao ve ny manazava lohahevitra hafa indray? Ianao nandritra izay famelabelaranao izay, dia nandà ny fihoaram-pefy atao amin'ireo Imâm mpitarikareo. Napetrakao hanan-tsiny ireo Ghoulât ireo sy mendrika ho any amin'ny Afobe. Nefa ianao dia mampiasa fehezanteny tsy amin'ny toerany amin'ireo Imâm mpitarikareo ireo. Hoy ianao hoe: "**Fiadanana avy amin'i Allâh anie ho amin'izy ireo**", nefa fantatrao tsara fa araka ny voalazan'ny Kor'âny masina, io

[41]Kor'âny 13/16.

fehezanteny io natokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) irery ihany. Hoy indrindra ny Kor'âny hoe: « **Marina tokoa fa i Allâh sy ireo Anjeliny dia mitso-drano an'ilay Mpaminany; ô ianareo izay mino, mitsofa rano sy miraria soa tanteraka ho azy ihany koa ianareo!**»[42]. Ny fomba ataonareo dia tena mifanipaka tanteraka amin'ny lalànan'ny Kor'âny. Io fehezanteny ampiasainao io dia noforonina.

**Chîrâzî** : Io andininy io dia tsy manakana antsika hirary soa olon-kafa ankoatr'Azy!

Isika dia ampirisihina mba hirary soa an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ao amin'ny andininy hafa ao amin'ny Kor'âny, Allâh dia mitodika manokana any amin'ireo taranak'ilay Irany(s.a.s)araka ny teny manao hoe: «**Fiadanana anie ho amin'ny fianakavian'i Yâsîn** »[43]. Fa mikasika ireo Mpaminanin'i Allâh hafa kosa dia tsy nalefa ho amin'ireo taranak'izy ireo akory ny firarian-tsoa tahak'izany, fa nalefa ho amin'ireo Mpaminany sy Irak'i Allâh irery ihany. «**Fiadanana ho an'i Noa, manerana izao tontolo izao!**»[44]; «**Fiadanana anie ho an'i Abrahama!**»[45]; «**Fiadanana anie ho an'i Mosesy sy Harona.**»[46].

Ny vahoakan'i Yâsîn dia manondro ireo mpianatr'i Mouhammad(s.a.s).

Ireo mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina rehetra sy ireo manam-pahaizana ao amin'ny antokom-pinoanareo, dia miara-manaiky fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia anisan'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s). Noho izany, ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) (ireo tompon-trano) dia midika ihany koa fa ireo fianakavian'i Mouhammad(s.a.s).

Eo anatrehan'izany, **Ibn Hajar al-Makkî**, dia nanambara ao amin'ny "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" mikasika ireo andininy efa

[42]Kor'âny 33/56.
[43]Kor'âny 37/130.
[44]Kor'âny 37/79.
[45]Kor'âny 37/109.
[46]Kor'âny 37/120.

voalaza teo aloha ireo, fa misy vondrona mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina no nitantara araka ny filazan'Ibn 'Abbâs izay niteny fa ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) dia ireo fianakavian'i Mouhammad(s.a.s) ihany. Midika izany fa ny mirary soa Azy dia mirary soa ihany koa ireo fianakaviany.

Ny **imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** dia nanoratra toy izao:«ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mitovy ao amin'ny lafin-javatra dimy:

1) Amin'ny firarian-tsoa "Salâm": ny fanaovana firarian-tsoa na

"Salâm" ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ho an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) dia zavatra iray ihany.

2) Amin'ny fitsofan-drano "Salawât": ny fanomezana tso-drano

Ao amin'ny vavaka fanompoana, ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ho an'ireo taranany dia zavatra tsy maintsy atao.

3) Amin'ny fahadiovana: Allâh dia manambara izany ao amin'ny

andininy mikasika ny fahadiovana[47]; ity andininy momba ny fahadiovana ity dia nampidinina ho fiderana an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) ireo.

4) Amin'ny tsy fahazoana mandray fanomezana "Sadaqat": ny

fanomezana masina dia tsy azo omena an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo fianakaviany.

5) Amin'ny fitiavana: ny fitiavana an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia

midika ho fitiavana an'ireo fianakaviany ihany koa. Andriamanitra dia nilaza hoe: "**Ary lazao azy ireo: "Raha mitia an'Andriamanitra tokoa ianareo, dia aoka ianareo hanaraka ahy, fa tena ho tia anareo Andriamanitra,...**"[48], ary mikasika ny fitiavana an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) kosa dia hoy i Allâh hoe:

---

[47]Kor'âny 33/33.

[48]Kor'âny 3/31.

“**....Lazao hoe: “Tsy mangataka tambiny aminareo amin’izany aho, afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky”...**”[49]».

Ny fandefasana tso-drano (Salawât) ho an’i Mouhammad(s.a.s) sy ny fianakaviany dia “sunna” tsara atao,
fa tsy maintsy atao kosa ao anatin’ireo vavaka fanompoana.

Maro amin’ireo mpitahiry lova-tsofina, singanina amin’izany**al-Boukhârî** ao amin’ny “**Sahîh**” bokiny faha-3, **Mouslim** ao amin’ny “**Sahîh**” bokiny voalohany, **Soulaymân al-Balkhî** ao amin’ny “**Yanâbi’-oul-Mawaddat**” sy **Hajar** ao amin’ny “**Sawâ’iq**” dia samy nanambara araka ny filazan’i **Ka’ab Ibn Ajza** nanao hoe:« Rehefa nidina ilay andininy milaza hoe: “**Marina tokoa fa i Allâh sy ireo Anjeliny dia mitso-drano an’ilay Mpaminany;...**”[50], dia nanontany an’ilay Mpaminany(s.a.s) izahay hoe: “**Ahoana ny fomba fitsofanay rano Anao ry Irak’i Allâh?**” Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: “**Mitsofa rano Ahy amin’ny fomba toy izao: Allâh ô, tahio i Mouhammad sy ny fianakavian’i Mouhammad**” ».

Ny **imâm Fakhr-oud-Dîn ar-Râzî** ao amin’ny “**Tafsîr-oul-Kabîr**” bokiny faha-6, dia maneho ihany koa “hadith” iray mitovy amin’izany.**Ibn Hajar**, eo ampanazavana ny “hadith” voalaza tetsy ambony dia manambara fa mazava tsara, ny tso-drano alefa ho an’i Mpaminany(s.a.s) dia mitovy hasina ihany koa amin’ny tso-drano alefa ho an’ireo taranany.

Nolazainy ihany koa ny tenin’ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: «**Aoka mba tsy handilana ny tso-drano alefanareo amiko**! ». Rehefa nanontaniana Izy amin’ny tiany hambara amin’ny teniny hoe “**aoka mba tsy handilana...**”, dia namaly Izy nanao hoe: « Aoka tsy hiteny hoe: “**Allâh ô, tahio i Mouhammad!**”. Fa mitenena hoe:“**Allâh ô, tahio i Mouhammad sy ny fianakavian’i Mouhammad**” ».

---

[49]Kor’âny 42/23.
[50]Kor’âny 33/56.

**Daïlamî** dia nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza nanao hoe: «**Ireo tso-dranonareo dia mandilana raha toa ianareo ka tsy mitso-drano ho an'ny fianakaviako**».

**Al-Châfi'î** dia nanoratra toy izao: « Ô ry Ahl-oul-Bayt! Ao amin'ny Kor'âny dia nataon'i Allâh antery ny fitiavana anareo. Mikasika ny fahambonian'ny voninahitrareo sy ny anjara toerana misy anareo dia, ampy ny fahafantarana fa raha tsy mandefa tso-drano ho anareo ny olona dia tsy ankasitrahana ny vavaka fanompoany ». Raha niniana hadino ny fanomezana tso-drano ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranany, dia tsy ara-dalàna ny vavaka fanompoana.

Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Ny vavaka fanompoana no andrin'ny finoana, raha ankasitrahana ny vavaka fanompoana dia ankasitrahana ihany koa ireo asa hafa rehetra natao. Raha tsy ankasitrahana izy dia tsy ankasitrahana ihany koa ireo asa hafa rehetra**».

Ny mitso-drano ho an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) dia "sunna" (fomba tsara atao) sy fomba fivavahana notanterahin'ny tenan'ilay Mpaminanin'ny Islâm tokoa. Izahay dia faly manatanteraka izay nampirisihan'ny Kor'âny sy ilay Mpaminany(s.a.s) mba hotanterahina.

## FIVORIANA FAHATELO

(Ny alin'ny Sabotsy faha-25 Rajab 1345H[51].)

### Fizarana voalohany

Ireo "Chiites" dia tsy mizarazara ho antoko.

**Hâfiz** : Tohin'ny famelabelaran-kevitrao omaly hariva, dia nahatsapako fa mizarazara ho antoko maromaro ireo "chiites". Ampahafantaro anay àry, iza amin'izy ireo no ekenao mba ahafahanay mametra ny ady hevitra ao amin'izany antoko iray izany ihany.

[51]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-29 Janoary 1927.

**Chîrâzî** : Tsy nilaza mihitsy aho fa mizarazara ho antoko maromaro ireo "chiites". Ireo "chiites" dia mpanompon'i Allâh sy mpanara-dian'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranany. Marina fa misy antoko sasany mitondra anarana "chiites" mba entina hamitahana ny olona. Izy ireo dia manararaotra mampiasa ny anarana hoe "chy'at" kanefa izy ireo mitory finoana diso sy mamboly fanakorontanana etsy sy eroa. Ireo olona tsy ampy fahalalana no mihevitra azy ireo ho anisan'ireo "chiites". Misy antoko efatra izy ireo (ka ny roa ihany no mbola misy ankehitriny): dia ny **Zaïdiyyat**, sy ny **Kaysâniyyat**, sy ny **Qaddahiyyat** ary ny **Ghoulât**.

## Ny Zaïdiyyat (Zaïdite).

Ireo Zaïdiyyat dia nanaraka ny fampianaran'i Zaïd Ibn 'Alî Ibn Housein. Izy ireo dia nihevitra azy ho toy ny mpandimby an'ny Imâm Zaïn-oul-'Abidîn(a.s). Ireto olona ireto ankehitriny dia hita any Yémen sy ny manodidina. Izy ireo dia mino an'ireo taranak'i 'Alî(a.s) sy Fâtimat(a.s). «Ny Imâm dia tokony ho manam-pahaizana, manam-pinoana, mahery fo. Tsy maintsy mandranitra ny sabatra sy mijoro manohitra ny fahavalo izy». Izany no tarigetran'izy ireo. Tamin'ny fitondran'ny "khalîfat" Hichâm Ibn 'Abdoul-Mâlik, i Zaïd dia nitsangana nanohitra ny fanjakana sy nandeha nanao sorona ny ainy ho maritiora. Izany no naneken'ireo Zaïdiyyat azy ho Imâm. Ny zava-misy dia nasandratr'ireo Zaïdiyyat amin'ny toeram-boninahitra ambony loatra izy. Ekena aloha fa izy dia "Sayyed"[52] lehibe iray ao amin'ny fanjakan'ireo "Hâchimites", nalaza tamin'ny fananany finoana sy ny fahendreny ary ny hafanam-pony. Izy dia mandany ny tontolon'ny alina ao anatin'ny fanompoam-pivavahana sy manao fifehezana[53] matetika. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa naminany ny fahafatesany ho maritiora araka izao voalazan'ny Imâm Housein(a.s) izao: «Napetran'ilay Mpaminany teo amin'ny lamosiko ny tanany masina dia hoy Izy hoe: " **Ry Housein, tsy hisy fotoana handalo ela loatra akory dia hisy lehilahy iray avy amin'ny taranakao no**

[52]Andriana taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).
[53]Fifadian-kanina islamika na « Sawm ».

**hanohana anao. Zaïd no anarany. Ho faty maritiora izy. Amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty, izy sy ireo sakaizany dia hiditra any an-danitra ka ny tongon'izy ireo ho eo ambony tendan'ireo olona**"». Ankoatr'izany, ny tenan'i Zaïd ihany koa dia tsy mba nanandra-tena ho Imâm velively. Fa fametavetana fotsiny no ataon'ireo olona izay milaza fa izy hono dia nanandra-tena ho Imâm. Raha ny marina anefa izy dia nanaiky an'i Mouhammad Ibn 'Alî al-Bâqir(a.s) ho Imâm no sady nanatanteraka ny fanekem-pankatoavana Azy tanteraka. Efa taorian'ny nahamaritiora an'ny Imâm al-Bâqir(a.s), ireo tsy ampy fahalalana vao namorona ny fampianarana izay manana foto-kevitra fa « Tsy azo lazaina ho Imâm izay mijanona ao an-trano, mipetrapetraka ao sy miafina ny vahoaka; ny Imâm dia taranak'i Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s), 'âlim (manam-pahaizana) izay mandranitra ny sabatra sy mitsangana manohitra ny fahavalo ary miantso ny olona hiara-hitolona eo anilany ».

Ireo Zaïdiyyat dia mizara ho antoko dimy: 1) Moughaïriyyat; 2) Jaroudiyyat; 3) Zakariyyat; 4) Khashbiyyat; ary 5) Khaliqiyyat.

Ny Kaysâniyyat sy ny finoany.

Ny antoko faharoa dia ireo Kaysâniyyat. Izy ireo no sakaizan'i Kaysân, andevolahin'ny Imâm 'Alî Ibn Abou Tâlib(a.s) izay nomeny fahafahana. Ireto olona ireto mihevitra fa taorian'ny Imâm Hasan(a.s) sy Imâm Housein(a.s), dia i Mouhammad Ibn al-Hanafiyyat, zanaka lahimatoan'ny Imâm 'Alî(a.s) no tokony handray ny fitondrana al-Imâmat. Nefa na ny tenan'i Mouhammad Ibn al-Hanafiyyat aza dia tsy mba nanandra-tena ho amin'izany toeram-boninahitra izany. Ilay be fitiavana no fiantsoan'olona azy. Izy dia nalaza tamin'ny fananany fahaizana sy finoana sy fitiavana ary ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra. Ny sasany amin'ireo tsy ampy fahalalana no namorona porofo nanendrikendrehana azy ho nanohitra ny fitondran'ny Imâm ara-dalàna, i Zaïn-oul-'Abidîn(a.s). Nohendrikendrehin'izy ireo fa nitaky ny maha-Imâm mpitarika azy izy. Raha ny marina anefa dia tsy mba nilaza ny tenany ho Imâm velively izy. Izy indray aza no te hampiseho amin'ireo mpiara-dia

aminy ny fahalehibeazana sy ny fahambonian'ny toerana misy an'ny Imâm fahefatra, Zaïn-oul-'Abidîn[(a.s)]. Vokatr'izany, nony tonga tao an-tanàna masin'i Makkat, rehefa nanamarina ny maha-Imâm mpitarika an'i Zaïn-oul-'Abidîn[(a.s)]ilay vato masina mainty "al-Hajar al-Aswad" dia niondrika nanaiky an'i Zaïn-oul-'Abidîn[(a.s)] ho Imâm i Abou Khalid Kâboulî izay lehiben'ireo mpiara-dia amin'i Mouhammad Ibn al-Hanafiyyat sy ireo sasany hafa. Nefa nisy antokon'olona sasany no namitaka an'ireo tsy ampy fandinihana sy tsy ampy fahalalana ka nanazava fa nohon'ny antony fanetren-tena no naneken'i Mouhammad Ibn al-Hanafiyyat izany. Taorian'ny nahafatesan'i Mouhammad Ibn al-Hanafiyyat, ireto olona ireto dia nanambara fa tsy maty akory izy fa lasa niafina ao an-davabaton'ny vohitr'i Ridhwî ary mbola ho avy izy amin'ny manaraka mba hampanjaka ny fahamarinana sy ny fiadanana eto an-tany. Ity antoko ity dia mbola mizarazara ho zanak'antoko miisa efatra: 1) Moukhtariyyat; 2) Karbiyyat; 3) Ishaqiyyat; 4) Harabiyyat. Ireo rehetra ireo dia tsy misy intsony na dia iray aza amin'izao fotoana izao.

## <u>Ny Qaddahiyyat sy ny finoany.</u>

Ny antoko fahatelo dia ireo Qaddahiyyat; izay milaza ny tenany ho "chiite" kanefa dia antokon'olona "kâfir" izy ireo. Avy any Ejypta no fiavian'ity antoko ity tamin'ny alalan'i Ma'moun Ib Sâlim (na Disan) fantatra amin'ny anarana hoe **Qada** sy **'Issâ Chahâr Lakhtan** (midika hoe: "**Jesosy manana anjara efatra**"). Izy ireo dia manazava ny Kor'any masina sy ireo tranga ara-tantara araka ny fanirian'izy ireo. Izy ireo dia manana foto-kevitra fa misy lalàna anankiroa eo amin'ny finoana: ny iray miafina ary ny faharoa dia miharihary. Ny lalàna miafina dia nomen'i Allâh an'ilay Mpaminany[(s.a.s)]. Ilay Mpaminany[(s.a.s)] indray no nanome izany tamin'i 'Alî[(a.s)] izay nampianatra izany koa tamin'ireo taranany sy tamin'ireo tena "chiites" marina. Milaza izy ireo fa izay mahafantatra an'io lalàna miafina io dia tsy mila mivavaka sy manompo an'i Allâh intsony. Miisa fito ny foto-pinoan'izy ireo. Mpaminany fito sy Imâm fito no inoan'izy ireo; ka ny Imâm fahafito

no nanjavona. Miandry ny fiverenan'izany Imâm izany izy ireo. Mizara roa ity antoko ity:

1) Ireo Nasiriyyat avy amin'ny anarana hoe Nasir Khousrou Alawi,

izay tamin'ny alalan'ireo tononkalony sy ireo lahateniny ary ireo bokiny no nisintomany olona maro mba lasa "kâfir" tahak'azy. Miparitaka any Tabaristan izy ireo.

2) Ireo Sabahiyyat (malaza any amin'ny firenena tandrefana ho mpamono olona), dia sakaizan'i Hasan Ibn Sabba, tera-tany Ezyptiana nonina tao Iran. Izy ireo no fototranahatonga ireo tranga mahatsiravina tao Alamout, izay niafara tamin'ny famonoan'olona maro indrindra. Ireo tranga ireo dia voasoratra ao amin'ireo boky tantara.

Ny Ghoulât sy ny finoany.

Ny antoko fahefatra farany dia ireo Ghoulât. Amin'ireo antoko rehetra ireo dia io no antoko farany tsy manjary. Izy ireo no nampidirina tsy ampiheverana ho anisan'ireo "chiites". Raha ny marina anefa dia olona "kâfir" izy ireo. Mizara ho zanak'antoko fito izy ireo: 1) Saba'iyyat, 2) Mansouriyyat; 3) Gharabiyyat; 4) Bazighiyyat; 5) Y'aqoubiyyat; 6) Ismâ'îliyyat; ary ny 7) Azdariyyat.

## Fizarana faharoa

Ireo "Chiites Imâmites" sy ny finoany.

Tsy izahay "chiites" izay mino an'ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo, irery ihany no mitsipaka ny finoan'izy ireo fa ireo mpino silamo rehetra maneran-tany ihany koa. Ny antoko tena marina dia mino an'ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo taorian'ilay Mpaminany. Ireo antoko hafa ireo dia tsy mba misy fiombonan-kevitra aminay velively.

Finoana an'i Allâh sy ireo Mpaminany.

Ireo "Chiites" dia mino an'i Allâh Ilay Tsitoha. Andriamanitra tokana Izy ka tsy manam-paharoa, tsy misy azo

ampitoviana Aminy. Izy no nahary ny zava-drehetra. Ireo Mpaminany sy ireo Iraka dia nalefany mba hitarika antsika sy hampianatra ny fomba fanompoana sy fahafantarana Azy. Ireo Mpaminany rehetra dia nitory sy nitondra ireo vahoakany avy araka ny didin'Andriamanitra izay notaterin'ireo Mpaminany lehibe indrindra toa an'i Noa, i Abrahama, i Mosesy, i Jesosy ary ilay Mpaminany farany Mouhammad(s.a.s), nitondra finoana haharitra hatramin'ny andro farany.

Finoana ny sazy sy ny valisoa, ny Afobe sy ny Paradisa ary ny andro Fitsarana.

Allâh dia efa nanambara fa hanome valiny ireo asa vitantsika ka arakarak'izany asa izany no hidirantsika ao am-Paradisa na ao amin'ny Afobe. Ny andro voatokana hanomezana ny valin'izany asantsika izany no antsoina hoe ilay andro Fitsarana. Rehefa tapitra rava avokoa izao rehetra izao, Allâh dia hanangana amin'ny maty indray ireo olona rehetra niaina teto an-tany hatramin'izay namoronona an'izao tontolo izao. Avy eo dia havoriny ao amin'i Mahchar izy ireo, toerana izay hiangonan'ireo fanahy rehetra. Raha vao vita ny fitsarana dia ho valian-tsoa na hosaziana ny tsirairay arakaraka ny asa vitany avy. Izany tranga izany dia efa voalaza nialoha ao amin'ireo boky masina rehetra toy ny boky Torah, ny Baiboly ary ny Kor'âny masina. Aminay, ny boky tena azo antoka indrindra dia ny boky masina Kor'âny izay nampitondraina an'ilay Mpaminany(s.a.s), noho izany boky izany mbola tsy nanam-piovàna. Izahay dia manatanteraka ireo voalazan'ny Kor'âny, ary manantena ny homen'i Allâh valisoa avy amin'izany. Ankatoavinay tanteraka ireo didy voalazan'ny Kor'âny, toy ny Salât, ny Sawm, ny Zakât, ny Khoums[54] ary ny Hajj sy ny Jihâd.

Finoana mikasika ireo lalàm-pinoana.

Izahay dia mankato avokoa ireo andinin-dalàna rehetra mikasika ny finoana, anisan'izany ireo adidy tsy maintsy atao sy ireo

[54] Hetra ara-pinoana (ampahadimin-karenan'ny tombom-barotra) aloa isan-taona.

tsara atao ary ireo lalàna rehetra izay nampianarin'ilay Mpaminany(s.a.s). Izahay dia tena sarotiny amin'ny fanajana sy fanatanterahana azy ireo arak'izay azonay atao. Ary izahay dia mitandrina mafy, mifady an'ireo fahotana rehetra na kely izany na lehibe, sahala amin'ny fisotroan-toaka, ny filokana, ny fijangajangana, ny sodomita, ny fakana zana-bola, ny famonoan'olona, ny tsindrihazolena, sy izay rehetra voarara ao amin'ny Kor'âny sy ao amin'ireo "hadith" masina.

<u>Finoana mikasika ireo Imâm.</u>

Izahay dia mino fa misy Mpaminanin'i Allâh(s.a.s) iray, izay nirahina mba hampita amintsika ireo didy aman-dalàna; misy ihany koa ny mpandimby voahosotra, "Khalîfat" na mpiaro ny finoana voafidin'i Allâh sy notendren'io Mpaminanin'i Allâh io. Ireo Mpaminanin'i Allâh(s.a.s) rehetra dia samy nanendry ireo mpandimby azy ireo avy, teo anatrehan'ny vahoakan'izy ireo tsirairay. Ilay farany tamin'ireo Mpaminanin'i Allâh(s.a.s) izay tena lavorary amin'ireo Mpaminanin'i Allâh(s.a.s) rehetra dia nanendry ihany koa ho an'ireo vahoakany, mpandimby Azy mba hisorohana ny fikorontanan'ny silamo. Araka ny voalazan'ny "hadith" marim-pototra dia nanambara teo anatrehan'ny vahoakany ireo mpandimby Azy miisa roa ambin'ny folo Izy, ka ny voalohany amin'izany dia i 'Alî Ibn Abi Tâlib(a.s) ary ny farany dia ny Imâm al-Mahdî(a.s), izay mbola velona eto an-tany fa saingy nanjavona. Mbola hiverina hiseho indray Izy any amin'ny fotoana tsy fantatra ka hampanjaka amin'izao tontolo izao, ny fahamarinana sy ny fiadanana.

Ireo "chiites" dia mino ihany koa fa ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo ireo dia voafidin'i Allâh ary notendrin'ilay Mpaminany(s.a.s). Raha fintinina, ireo "chiites" dia mino izay rehetra voarakitra ao amin'ny Kor'âny masina sy ao amin'ireo "hadith" marina. Isaorako an'i Allâh ny nahatafiditr'ahy ao amin'ity finoana ity, tsy tamin'ny alalan'ny fanarahana an-jambany fahantany an'ireo razako fa kosa voakatry ny fikarohana sy fandinihana araka ny lojika.

**Hâfiz** : Tompoko, mankasitraka anao izahay tamin'ny famelabelaran-kevitra nataonao ho anay mikasika ny finoana

"chiite"; kanefa misy ireo "hadith" sy ireo tonom-bavaka ao amin'ireo bokinareo no milaza zavatra mifanohitra amin'ny finoanareo ihany, ka miteraka ny fifanoherana ao amin'ireo "chiites".

**Chîrâzî** : Azafady mba milazà tsirairay mikasika izany.

## Fizarana fahatelo

## "Hadith" manohitra ny "hadith" momba ny "Ma'arifatoullâh" (Fahafantarana an'i Allâh).

**Hâfiz** : Ao amin'ny boky "**Tafsîr-oul-Safî**", nosoratan'iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony, antsoina hoe **Faïz Kachî**, dia ahitana "hadith" iray, izay nilazan'ny Imâm Housein, ilay maritiora tao Karbalâ, tamin'ireo mpanara-diany nanao hoe: «**Ry vahoaka! Ilay Andriamanitra Tsitoha dia nahary ireo mpanompony mba hahafantaran'izy ireo Azy. Rehefa nahafantatra Azy izy ireo dia nanompo Azy; raha nanompo Azy izy ireo dia lasa nivadika nanaraka ireo fanompoana hafa**». Iray tamin'ireo mpanara-dia niteny nanao hoe: «**Ny ray aman-dreniko anie hanao sorona ho anao ry zanak'ilay Mpaminany! Inona moa no dikany marina momba ny fahafantarana an'i Allâh?**». Namaly ilay Imâm nanao hoe:«**Raha te hahafantatra an'i Allâh, dia tokony hahafantatra ny Imâm amin'ny vanim-potoany ny olona tsirairay ary hankato Azy**».

**Chîrâzî** : Voalohany dia tokony hodinihantsika tsara ny fiampitampitan'ilay "hadith" mba hahafantarana ny fahamarinany. Eny fa na dia marim-pototra aza ny fomba niampitampitany, ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo "hadith" tsy azo lavina avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay mametraka mazava tsara ny mahatokana an'i Allâh dia tsy tokony hampisy ahiahy vokatry ny fanambarana ataon'ny olombelona.

Nahoana moa ianareo no tsy mba mijery ireo "hadith" sy ireo fanambaran'ireo Imâm masina mpitarikanay, ary koa ny ady hevitra ara-pinoana nifanaovan'ireo lehibenay sy ireo tsy mpino izay manaporofo avy hatrany ny mahatokana an'i Allâh? Nahoana ianareo no tsy mamaky ireo boky sy ireo fivoasan-teny nataon'ireo manam-pahaizana "chiites", toy ny "**al-Tawhîd**" bokin'i **al-**

**Moufadh'dhal**, ny "**al-Tawhîd**" bokin'i **al-Sadouq**, ny "**Bihâr-oul-Anwâr**" (mikasika ny Tawhîd) bokin'i **al-'Allâmat al-Majlisî** ary ireo boky maro hafa nosoratan'ireo manam-pahaizana "chiites", izay ahitana ireo "hadith" avy tamin'ireo Imâm mpitarikanay, milaza momba ny mahatokana an'i Allâh? Nahoana no tsy vakinareo ny "**al-Nakt-oul-I'itiqâdiyyat**" bokin'ny **Cheikh al-Moufîd**[55], iray amin'ireo manam-pahaizanay "chiites" na koa ilay "**al-Ihtijâj**" bokin'ny manam-pahaizanay malaza, antsoina hoe **Abou Mansour Ahmad Ibn 'Alî Ibn Abou Tâlib Tabrasî**? Raha namaky izany ianareo, dia ho hainareo manao ahoana ny fanaporofoan'ny Imâm ar-Ridhâ[(a.s)] ny mahatokana an'i Allâh. Tsy rariny loatra raha misafidy fanambarana sasany izay tsy azo antoka mba entina hanaratsiana ireo "chiites". Ireo bokinareo ihany koa dia ahitana ireo hevi-dravina sy haitraitra toy izany. Ny zava-misy anefa dia ao amin'ireo bokinareo izay tena azo itokisana indrindra, "**al-Sihâh al-Sittat**" (**ireo boky enina azo antoka milaza ireo "hadith" marina voafantina**), dia mbola ahitana ireo "hadith" hafahafa.

Ireo "hadith" milaza hevi-dravina ao amin'ny "Sahîhayn"[56].

**Hâfiz** :Raha ny marina dia izany fanamarihanao izany mihitsy no hafahafa satria ianao dia milaza mahita tsininy ao amin'ireo boky izay tena tsy azo lavina ny fahamarinany, indrindra moa fa ny **Sahîh al-Boukhârî** sy **Mouslim**. Ireo manam-pahaizanay dia nitovy hevitra fa ireo "hadith" rehetra ao amin'ireo boky ireo dia marina avokoa. Raha misy ny mitsipaka an'ireo boky anankiroa ireo dia midika fa mitsipaka ny finoana "sunnisme" izy. Aorian'ny Kor'âny masina, ireo "sunnites" dia mino ny fahamarinan'ireo boky anankiroa ireo. Angamba ianao dia mba avy namaky ilay mari-panamarihana nosoratan'**Ibn Hajar al-Makkî** eo ampiandohan'ny bokiny "**Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**", ao amin'ny toko mitondra lohateny hoe "**Ireo raharaha**" (izany hoe, ireo **raharahan'ny** fitondran'ny "khalîfat" Abou Bakr)noraiketin'i **Boukhârî** sy **Mouslim** ao amin'ny bokiny "**Sahîh**" tsirairay avy, izay neken'ny be

[55]Nodimandry tamin'ny taona 413H.
[56]Sahîh al-Boukhârî sy Sahîh al-Mouslim.

sy ny maro ho boky tena azo antoka sy azo itokisana manarakaraka ny boky masina Kor'âny. Nolazainy fa ny vondron'antoko rehetra dianiara-nanaiky ny fahamarinan'ireo "hadith" voarakitra ao amin'ireo boky ireo, koa izay niarahan'ny rehetra nanaiky tahak'izany dia tsy azo ahiahiana intsony. Miankina amin'izanyfifanarahan-kevitra nisy izany, dia tena azo ekena tokoa ny fahamarinan'ireo "hadith" rehetra ao amin'ireo boky ireo.Arak'izany, dia tsy hisy mihitsy olona hanana fahasahiana ka hilaza fa ao amin'ireo boky ireo dia ahitana hevi-dravina na hevitra hafahafa.

**Chîrâzî** : Voalohany, ny filazana fa neken'ny vondron'antoko rehetra ireo boky ireo dia azo iadian-kevitra ny mikasika izany.

Io fanazavanao nankininao tamin'ny fanambaran'Ibn Hajar io indrindra dia efa hevi-dravina, satria mpino silamo zato tapitrisa no tsy mba miray hevitra aminy. Noho izany, ny fifanarahana nisy tamin'ny vondron'antoko nanaiky izany dia mitovy amin'ny fifanarahana mialoha notanterahin'ny vondron'antokom-pinoanareo mikasika ny "khilâfat"[57].

Faharoa, ny zavatra nolazaiko dia mifototra amin'ny porofo marina. Raha ianareo no mamaky ireo boky ireo tsy misy fiandaniana dia mino aho fa ho gaga tokoa ianareo.

Maro amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe, toa an'ny **'Allâmat Aboul-Fadhl Ja'afar Ibn Tha'alabî** ao amin'ny "**Kitâb-oul-Imtâ' Fî Ahkâm-is-Samâ**", ny **Cheikh Abdoul-Qâdir Ibn Mouhammad Qarachî** ao amin'ny "**Jawâhir-oul-Mazayyat Fî Tabâqat-oul-Hanafiyyat**" sy ireo hafa, anisan'izany ireo manam-pahaizana "Hanafites" rehetra, dia samy nitsikera an'ireo boky "**Sahîhayn**"[58] ireo. Izy ireo dia samy nanambara fa ireo boky ireo dia ahitana "hadith" sasantsasany izay tsy azo antoka no sady mampiahiahy.

Ny tanjon'i **Boukhârî** sy **Mouslim** dia ny nanangona fotsiny ireo "hadith" fa tsy nikaroka ny fahamarinany akory. Ny sasany

[57]Fahefam-pitondran'ireo « khalîfat ».

[58]Sahîh al-Boukhârî sy Sahîh al-Mouslim.

amin'ireo manam-pahaizanareo toa an'i **Kamâl-oud-Dîn Ja'afar Ibn Sîlih**, dia nanamarika niaraka tamin'ny fanamelohana lehibetokoa ny fahadisoan'ireny "hadith" irenysy nanolotra porofomatanjaka, mba hanamarinana ny voalazan'izy ireny.

**Hâfiz** : Iangaviana ianao mba hanome porofo mba hahafantaran'ireo mpiatrika rehetra ny tena marina.

**Chîrâzî** : Ohatra vitsivitsy ihany no holazaiko. Raha maniry ny te halala ny "hadith" feno lainga momba ny fananan'i Allâh vatana, izay milaza fa afaka hitan'ny maso eto an-tany na any ankoatra Izy, dia azonareo atao ny miverina amin'ireo bokinareo ireo ihany, indrindra fa ny:

- **Sahîh al-Boukhârî** (Boky voalohany, toko "**Fadhl-ous-Soujoud, Kitâb-oul-Azhân**", pejy faha-100);
- **Sahîh Mouslim**, boky faha-4, pejy faha-92 "**Bâb-ous-Sîrat, Kitâb-our-Riqaq**" ary koa ny
- **Sahîh Mouslim**, boky voalohany toko "**Ithbâtou-Rouyat-oul-Mou'minîn Rabbahoum Fîl-Âkhirat**", pejy faha-86 sy ny
- **Mousnad-Ahmad Ibn Hanbal**, boky faha-2, pejy faha-275.

Hahazo fahalalana ampy mikasika izany ianareo, ao amin'ireo boky ireo. Ohatra, araka ny voalazan'i Abou Houraïrat hoe: «**Hihamafy ny kiakiaka sy firehitry ny Afobe; ary ny Afobe dia tsy mety tony mandra-pametrahan'i Allâh ny tongony ao aminy. Amin'izay fotoana izay, ny Afobe dia hiteny hoe: "Aoka izay, aoka izay! Ampy ho ahy izany! Ampy ho ahy izany!"**».

Abou Houraïrat dia nitantara ihany koa fa nisy vondron'olona iray nanontany an'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe:

- **Hahita an'Ilay Mpahary anay ve izahay amin'ny andro Fitsarana?**

-**Mazava ho azy, hoy ny navaliny; fa amin'ny mitatao vovonana, rehefa tsy misy rahona ny lanitra, moa ve mahajambena anareo ny masoandro raha mitodika mankany amin'ny làlana izorany ianareo?**

**- Tsia!**

**- Ary rehefa amin'ny alina, ianareo mijery ny volana fenomanana amin'ny fotoanan'ny lanitra madio, mahajambena anareo ve izany?**

**- Namaly izy ireo hoe: Tsia!**

Nanohy ny teniny ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe:«**Torak'izany koa, rehefa hitanareo i Allâh Ilay Tsitoha amin'ny andro Fitsarana, dia tsy ho jambena akory ianareo, fa tsy sahala amin'ny nahitanareo ny masoandro sy ny volana.Amin'ny andro Fitsarana, Allâh dia hanambara fa ny vondron'olona tsirairay dia tsy maintsy manaraka izay andriamaniny. Izay rehetra nanompo sampy na andriamanitra hafa ankoatr'i Allâh, Ilay Andriamanitra Tokana, dia hatsipy ao amin'ny Afobe. Arak'izany, ny olona rehetra na tsara na ratsy dia hatsipy ao avokoa afa-tsy ireo izay nanompo an'i Allâh, Ilay tsy manam-paharoa. Amin'izay fotoana izay, Allâh dia hiseho amin'ny endrika manokana eo anatrehan'ireo olona arak'izay fahafahafan'izy ireo mijery Azy. Ary hiteny amin'izy ireo i Allâh fa Izy no Andriamanitr'izy ireo. Avy eo ireo mpino dia hihorakoraka hiteny hoe: "Mangataka fiarovana avy Aminao izahay. Izahay dia tsy anisan'ireo izay nanompo Andriamanitra hafa ankoatr'i Allâh Ilay tsy manam-paharoa". Hanontany azy ireo i Allâh hoe: "Tianareo ve hisy famantarana eo aminareo sy i Allâh mba hahafantaranareo Azy?" Hoy izy ireo hoe: "Eny!" Amin'izay fotoana izay, dia hasehon'i Allâh azy ireo ny tongony mihanjahanja. Miaraka amin'izay, dia hampitraka ny lohany ireo mpino ka hahita Azy eo amin'ny toerana iray ihany, izay efa nahitan'izy ireo Azy tamin'ny voalohany. Hanambara amin'izy ireo i Allâh fa Izy no Mpahary azy ireo. Ary ny rehetra dia hiaiky avokoa fa Izy no Allâh Andriamanitr'izy ireo**».

Anjaranareo ankehitriny no mitsara raha toa ka ity karazan-kevitra ity dia tsy notsoahina avy tamin'ny hevitr'ireo tsy mpino na tsia. Allâh hiseho ara-batana eo anatrehan'ireo olona sy haneho ny tongony!

Ary mbola fanamafisana izay efa nolazaiko, ny boky "**Sahîh Mouslim**" dia miatomboka amin'ny toko mikasika ny fahitana an'i

Allâh, izay ezahiny hoporofoina amin'ny alalan'ireo tantara foronon'i Abou Houraïrat sy Zaïd Ibn Aslam sy Souwaid Ibn Saïd sy ireo hafa. Ny sasany amin'ireo manam-pahaizana lehibe ao amin'ny antokom-pinoanareo, toa an'i **al-Zhahabî** ao amin'ny "**Mizân-oul-I'itidâl**" sy i **al-Souyoutî** mikasika ny "**Hadith-oul-Mouzou'a**" ao amin'ny "**Kitâb-oul-Lou'ouali al-Masnou'at Fî Ahadîth al-Mawdhou'at**", dia samy nanamarina tamin'ny fomba voafotopototra tsara fa ireo tantara ireo dia noforonina. Eny fa na dia tsy misy porofo mivaingana aza manohitra an'io fanambarana tetsy ambony io, ireo andinin'ny Kor'âny dia mitsipaka tanteraka ny finoana amin'ny fahitana an'i Allâh.

Fa hoy Allâh hoe: «**Tsy taka-maso Izy, kanefa Izy no mahatsinjo ny fijery rehetra**»[59]. Rehefa noteren'ireo Israely i Mosesy mba hitalaho amin'i Allâh "**amin'izay Izy mba hita maso, miseho aminy**", dia toy izao ny fomba namalian'ny Kor'âny izany: «**Raha hoy Mosesy hoe: "Tompo ô! Misehoa amiko Ianao mba hahitako Anao!" Fa hoy Izy: "Tsy hahita Ahy mihitsy ianao..."**»[60].

**Sayyed Abdoul-Hayy** (imâm mpitarika ireo Jama'at Ahl-ous-Sounnat) : Moa ve i 'Alî tsy niteny hoe: «**Izaho tsy manompo Andriamanitra izay tsy hitako?** » Raha nilaza toy izany i 'Alî, dia tsy midika ve izany fa i Allâh dia afaka ho hita.

**Chîrâzî** : Ry sakaiza, ianao dia nandray ny resaka ivelan'ny lohahevitra. Holazaiko aminareo ny tantara. Io "Hadith" io dia nosoratan'ilay **Cheikh lehibe, Mouhammad Ibn Ya'qoub al-Koulainî** ao amin'ny bokiny "**Ousoul al-Kâfî**" momba ny **Tawhîd**, sy **Cheikh al-Sadouq** ao amin'ny bokiny **Tawhîd**, toko mitondra ny lohateny hoe "**Ibtâl 'Aqîdat Rou-iyatoullâh**". Araka ny fitantaran'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) dia nisy jiosy iray nanontany tamin'ilay "Lehiben'ireo mpino" 'Alî(a.s), raha toa ka nahita an'i Allâh Izy teo am-pivavahana. Namaly azy ny Imâm hoe: «**Izy dia tsy afaka ho hitan'ny maso mivantana. Fa ny fo nazavain'ny**

[59]Kor'âny 6/103.

[60]Kor'âny 7/143.

**fahadiovam-pinoana no mahita Azy**». Arak'io valintenin'i 'Alî(a.s) io dia mahita an'i Allâh Izy, fa tsy amin'ny alalan'ny maso akory fa kosa amin'ny alalan'ny fahadiovam-pinoana.

Mbola betsaka ireo porofo ara-tsaina sy ireo tranga azo hanamarinana izany hevitray izany. Ankoatr'izany, ivelan'ireo manam-pahaizana "chiites", ireo manam-pahaizanareo ihany, toa an'i **al-Qâdhî Baidhâwî** sy **Jâroullâh al-Zamakhcharî** dia samy nanaporofo ao amin'ny fivoasan-teny nosoratany avy, fa tsy afaka ny ho hita maso i Allâh. Izay mino ny fahitana an'i Allâh eto an-tany sy any ankoatra, dia mino ny fananany vatana. Nefa ny finoana toy izany dia manaporofo ny tsy fananam-pinoana.

Ianareo dia mametraka ireo bokinareo enina mikasika ny "hadith", indrindra fa ny an'i **Boukhârî** sy i **Mouslim** ho toy ny boky masina. Iriko raha mba tsy misy fiangarana ny fomba fiheveranareo azy ireo fa tsy asandratrareo amin'ny toerana mihoatra ny fetra izy ireo.

**Al-Boukhârî**, ao amin'ny toko mitondra ny lohateny hoe: "**Kitâb-oul-Ghousl**", sy **Mouslim** fizarana faha-2 ao amin'ny bokiny "**Sahîh**", toko voatokana mitantara ny voninahitry ny Mpaminany Mosesy, sy ny **Mousnad** bokin'i **Ahmad Ibn Hanbal**, fizarana faha-2 pejy faha-315 ary ireo manam-pahaizana maro hafa, dia samy nanambara araka ny fitantaran'i **Abou Houraïrat** nilaza hoe:

**«Amin'ireo Banî Isrâil, dia fomba nahazatra ny miara-mandro mitanjaka, ka ny tsirairay dia afaka mahita ny fitaovam-pananahan'ny hafa. Izy ireo dia tsy mba nihevitra izany ho zava-pady. Ilay Mpaminany Mosesy irery ihany no nandro samirery ka tsy nisy olona afaka nahita Azy nitanjaka. Noho izany ireo Banî Isrâil dia nihevitr'Azy ho manana kilema ara-pananahana, ka izany no mahatonga Azy tsy sahy miara-mandro amin'izy ireo. Indray andro, Mpaminany Mosesy handeha handro ao amin'ny ony. Nesoriny aloha ny fitafiany ka napetrany teo ambony vato iray, nialohan'ny hirobohany ao anaty rano. Nentin'ilay vato nanidina anefa ny fitafiany. Nitanjaka i Mosesy nanenjika ilay vato sady niantsoantso hoe: "Ny fitafiako! Ô ry vato! Ny fitafiako!" Nahatazana an'i Mosesy**

**ireo Banî Isrâil ka talanjona nanao hoe: "Andriamanitro ô! Hay tsy manana kilema ara-pananahana akory i Mosesy!" Niantefa tamin'ny tany àry ilay vato ary dia noraisiny ny fitafiany. Avy eo dia nokapohin'i Mosesy mafy dia mafy ilay vato ka nahatonga an'ity farany nahatafavoaka feo fitarainana in'enina na impito**».

Ianareo ve dia mino fa ny zavatra tahak'izany dia niseho tokoa tamin'ny Mpaminany Mosesy[a.s], na mino koa fa ny vato izay zavatra tsy manan'aina dia afaka mangalatra ny fitafiany? Mazava ho azy, fa tsy azo inoana mihitsy izany Mpaminany miolomay ampitanjahana eo anatrehan'ny vahoakany izany.

Hitantara aminareo "hadith" iray voarakitra ao amin'ny "**Sahîh**" aho, izay tena hafahafa tokoa mihoatra ny sasany.

**Al-Boukhârî** ao amin'ny "**Sahîh**" (boky voalohany, pejy faha-158 sy boky faha-2, pejy faha-163) sy ao amin'ny toko milohateny hoe "**Ny fahafatesan'ny Mpaminany Mosesy**", sy i **Mouslim** ao amin'ny "**Sahîh**" boky faha-2 pejy faha-309, toko milohateny hoe "**Ireo voninahitr'i Mosesy**" dia samy nanoratra araka ny fitantaran'i **Abou Houraïrat**izy roa nanao hoe: «**Tonga teo anatrehan'ny Mpaminany Mosesy ilay Anjelin'ny fahafatesana ary niangavy Azy mba hanaiky ny antson'Ilay Mpahary Azy. Tamin'izany teny izany, Mosesy dia namely Azy tehamaina ka nahatonga ny masony ho tsy nahita. Niverina nankany amin'i Allâh ity farany ka nitaraina fa Izy Allâh dia nanirak'Azy ho any amin'ny olona iray izay tsy te ho faty no sady nahajambena ny masony. Nampahiratin'i Allâh ny masony arynirahiny fanindroany Izy mba hiverina any amin'i Mosesy sy hilaza Aminy fa raha maniry ny ho lava andro iainana Izy, dia tokony hanatsotra ny tanany eo ambony lamosin'ny ombilahy iray. Ho velona foana Izy noho izany, mandritra ny taona mitovy isa amin'ny volovolo voarakotr'ilay tanany**».

**Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**", boky faha-2 pejy faha-315, sy i **Mouhammad Jarir Tabarî** ao amin'ny boky **Tantara** voalohany nosoratany, eo ambanin'ny lohateny hoe "**Ny fahafatesan'ny Mpaminany Mosesy**", dia samy nanambara io tantara nolazain'i Abou Houraïrat io, saingy miampy kely fotsiny fa

hatramin'ny vanim-potoan'i Mosesy, ilay Anjelin'ny fahafatesana dia hita masorehefa tonga hanaisotra ny fanahy amin'ny vatan'olombelona. Fa taorian'ny namelezan'i Mosesy tehamaina Azy, dia lasa tsy hita maso intsony Izy.

Anjaranareo ankehitriny no mitsara izany karazana hevi-dravina voarakitra ao amin'ireo boky anankiroa momba ny "hadith" izany, boky izay heverinareo fa tena azo itokisana noho ireo boky rehetra aorian'ny Kor'âny. Ireo tantara izay nolazaiko taminareo teo dia maniratsira ny voninahitr'ireo Mpaminanin'i Allâh. Fa raha ny mikasika an'i Abou Houraïrat kosa dia tsy ataoko mahagaga ahy ireo tantarany. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanambara fa mba hamenoany ny kibony amin'ireo sakafo matsiro natobak'i Mou'âwiyat taminy, dia namorona tantara diso izy mba ho takalon'izany. Ilay "khalîfat" Omar dia efa avy nikapoka karavasy azy noho ny antony ireo angano foronony ireo. Mahagaga tokoa raha ireo olona mba manan-tsaina ihany no mino an'ireo hevi-dravina ireo.

'Ndao isika ankehitriny hiverina amin'ny ady hevitra mikasika ilay "hadith" izay novakinao teo. Mazava ho azy fa ny olo-marina sady tsy miangatra izay mamaky ny tantara iray (notantarain'olona tokana) dia hampitaha izany amin'ny "hadith" iray hafa azo itokisana. Aorian'izany, izy vao hanaiky ny fahamarinan'izany "hadith" izany tokoa, na koa hitsipaka, toy izay hampiasa izany fotsiny ho fitaovam-panenjehana an'ireo rahalahiny ao amin'ny antokom-pinoana hafa sy hanendrikendrehana azy ireo ho "kâfir". Noho isika tsy nanomana ny boky "**Tafsîr-oul-Sâfî**", dia tsy afaka ny hilaza ny fahamarinan'io "hadith" io isika eto. Fa raha ohatra ka tena marina tokoa izany "hadith" izany, dia tsy maintsy ampiharintsika aminy, ny lalànan'ny "**zava-misy vokatry ny antom-pisiany**": izany hoe, raha fantatsika ny zava-misy iray dia azontsika atao ny mamantatra ny antom-pisiany. Midika izany, fa raha fantatsika ny Imâm amin'ny maha-Imâm Azy, dia fantatsika avy hatrany i Allâh; tahak'izany koa, raha fantatra ny piraiministra dia fantatra ihany koa ny mpanjaka. Ankoatr'izany, dia maro ireo "hadith" mikasika ny mahatokana an'i Allâh nolazain'ny tenan'ny Imâm Housein(a.s) mivantana sy ireo Imâm hafa. Ny mahafantatra ny

Imâm mpitarikatsika dia fanompoana. Izany koa no tiana hambara ao amin'ny boky "**al-Ziyârat al-Jâmi'at**" izay azontsika avy tamin'ny Imâm mpitarikatsika. Isika dia afaka manazava izany koa amin'ny fomba hafa, sahala amin'ny nataon'ireo manam-pahaizana sasany mikasika ny zavatra tahak'izany. Ny mpiasa tsirairay dia azo fantarina amin'ny alalan'ny toetoetran'ny asany. Ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranany dia olona tonga amin'ny farany avo indrindra eo amin'ny lafiny ara-pahalalana, tsy misy olon-kafa ankoatr'Azy ireo no manana fahamendrehana sy voninahitra tahak'izany. Noho Izy ireo porofotena azo tsapain-tanana ahazoana mahafantatra an'i Allâh, dia izay olona rehetra mahafantatra Azy ireo no avy hatrany dia mahafantatra an'i Allâh.

Toy izany indrindra no voalazan'Izy ireo, manao hoe: «**Avy amin'ny alalanay no ahafahana mahafantatra an'i Allâh, avy amin'ny alalanay i Allâh no tompoina** ». Mino izahay fa ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) no nampahafantatra anay an'i Allâh sy ny fomba tena mendrika hanompoana Azy. Izay tsy manaraka Azy ireo dia very làlana.

<u>Ny "Hadith al-Thaqalayn".</u>

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara "hadith" iray, izay samy nankatoavin'ireo vondron'antokom-pinoana roa tonta, antsoina hoe "Hadith al-Thaqalayn"[61]: «**Ô ry olombelona! Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin'i Allâh sy ny taranako. Mifikira amin'ireo zavatra roa ireo ianareo fa tsy ho very làlana mihitsy ianareo. (Marina tokoa fa ireo zavatra roa ireo dia tsy azo sarahina mihitsy mandra-piverenan'Izy ireo any Amiko any amin'ny Loharanon'i Kawthar)**».

**Hâfiz** : Izahay dia tsy mba manaiky io "hadith" izay ezahinareo foronina io.

Maro ireo zava-baovao noforonina ao amin'ireo bokinareo sy ireo fampianarana mankany amin'ny fanompoan-tsampy, toy ny fomba fangataham-paniriana ampandalovina amin'ireo Imâm fa tsy amin'i Allâh mivantana. Inona moa no atao hoe fanompoan-tsampy?

---

[61]« Hadith momba ireo zava-tsarobidy anankiroa ».

Ny fanompoan-tsampy dia ny fitodihana mankany amin’ny olona na zavatra hafa ankoatr’i Allâh mba hitalahoana ireo faniriantsika. Hita fa ireo “chiites” dia tsy mba mitalaho mihitsy amin’i Allâh. Izy ireo dia mitalaho amin’ireo Imâm mpitarik’azy ireo. Izany fomba izany dia tsy inona akory fa fanompoan-tsampy.

Ny fanompoan-tsampy sy izay mitovy aminy.

**Chîrâzî** : Matahotra aho sao dia diso fiheverana ianao mikasika ny tranga sasany. Mamelà ahy ianao mba hanambara aminao ny atao hoe fanompoan-tsampy araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana lehibe eo amin’ny finoana Islâm sy ireo andinin-tsoratra masina Kor’âny: Misy karazany roa ny fanompoan-tsampy dia **ny fanompoan-tsampy miharihary** sy ny **fanompoan-tsampy miafina**.

Ny fanompoan-tsampy miharihary dia miseho amin’ny alalan’ny fampikambanana olona na zavatra amin’i Allâh na amin’ireo toetrany.Ny fanomezana namana an’i Allâh dia midika ho fampikambanan-javatra amin’ny mahatokana Azy sy fanekena ara-bakiteny izany fikambanana izany, sahala amin’ireo “**Sanamiyyas**” sy ireo “**Zoroastriens**” izay mino foto-kevitra roa: ny **hazavana** sy ny **haizina**.Toy izany koa ireo kristianina izay mino ny “Trinité” ka mizara an’Andriamanitra ho karazan’olona telo: ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy masina. Izy ireo dia mino ny fananan’ireo andriamanitra telo ireo toetra samihafa ary tsy maintsy mikambana ho iray izy telo ireo mba ho feno ny maha Andriamanitra Azy. Ny kor’âny masina dia mitsipaka an’io finoana io ary Ilay Andriamanitra Tsitoha dia nanambara ny mahatokana Azy arak’izao voalazany izao: «**Tena tsy mpino ireo izay milaza hoe : “Marina fa Andriamanitra dia fahatelo amin’ireo telo” Kanefa tsy misy Andriamanitra hafa , afa-tsy Andriamanitra Tokana ihany...**»[62]. Ny mampikambana zavatra hafaamin’ireo toetran’Andriamanitra dia sahala amin’ny mino fa ireo toetrany ireo toy ny Fahaizany zava-drehetra na ny Fahefany amin’ny zava-drehetra dia toetra samihafa na mifameno amin’ny mahatokana tsy manam-paharoa Azy.

[62]Kor’âny 5/73.

Na iza na iza mino fa ireo anarany na toetrany ireo dia mifameno (na dia samihafa aza) amin'ny mahatokana tsy manampaharoa Azy, dia mpanompo sampy.

Ireo Ghoulât (mpihoa-pefy) ireo dia antokon'olona mpanompo sampy. Antsoina koa izy ireo hoe "Moufawwidhat". Mino izy ireo fa i Allâh dia nanome ny fahefany na nametraka ny raharahany rehetra amin'ireo Imâm ireo. Araka ny hevitr'izy ireo, ireo Imâm ireo no Mpahary ary Izy ireo no miantoka ny anjara masoandro ho antsika. Mazava ho azy fa izay mametraka olona iray ho manam-pahefana mitovy amin'Andriamanitra dia manompo sampy.

Ny fanompoan-tsampy ao anatin'ny fivavahana dia miseho amin'ny alalan'ny fironan'ny eritreritra mandritra ny fivavahana mankany amin'ny zavatra hafa, fa tsy mankany amin'i Allâh. Ny Kor'âny masina dia mandrara izany toy izao: «**...Koa izay manantena ny hihaona amin'ny Tompony, dia aoka izy hanao asa soa ary aoka izy tsy hampikambana zavatra hafa amin'ny Tompony mandritra ny fanompoana Azy**»[63]. Io andininy io dia manambara fa ny olona dia tokony hanao izay asa soa ary tsy tokony hampikambana na iza na iza amin'i Allâh eo amin'ny fankatoavana sy fanompoana Azy.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa, izay manao fanompoampivavahana na manatanteraka "Hajj" na fanompoana hafa mba hanehoana ampahibemaso ny fahamarinany dia manompo sampy. Mampikambana zavatra hafa amin'i Allâh izy eo ampanatanterahany ireo asa fanompoana. Ny fanehoana imason'ny olona ireo asa soa natao dia maneho ny fanompoan-tsampy madinika ary manafoana ireo asa soa vitantsika.

Nisy nilaza avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe:«**Arovy ny tenanareo amin'ny fanompoan-tsampy madinika**». Nisy nanontany Azy hoe: «**Ô ry Mpaminanin'i Allâh, inona izany fanompoan-tsampy madinika izany?** ». Namaly Izy hoe: «**Ar-riyâ was-samâ'(izany hoe, ny fisehosehoana amin'ny**

[63]Kor'âny 18/110.

**fanompoanao an'i Allâh na ny fampandrenesanao ny olona amin'ny fanompoanao an'i Allâh)**».

Ankoatr'izany, dia nilaza ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe:«**Ny zavatra tena ratsy izay atahorako ataonareo dia ny fanompoanareo sampy miafina. Mijoroa ianareo hiala amin'izany, fa ao amin'ireo mpanara-dia Ahy, dia ny fanompoan-tsampy no sarotra hita kokoa noho ny vitsika iray mandady eo ambony vatolampy ao anatin'ny haizin'ny alina** ».

Nilaza koa Izy hoe: «**Izay manao ny fanompoam-pivavahana mba ho hitan'ny olona dia manompo sampy. Izay manao fifehezana na manome fanomezana na manatanteraka "Hajj" na manafaka andevo iray mba hisehosehoana fa tsara fanahy eo anatrehan'ny olona na mba hahazoana laza tsara dia manompo sampy**».

Koa satria miankina amin'ny fikasana ao am-po manokana io "hadith" voalaza farany io, dia tafiditra ao amin'ny sokajin'ny fanompoan-tsampy miafina izy.

**Hâfiz** : Araka ny voalazanao teo fa raha ny olona iray no manaofanatitraho an'ny zava-boahary hafa dia manompo sampy izy. Noho izany, ireo "chiites" ihany koa dia manompo sampy satria manaofanatitra ho an'ireo Imâm mpitarik'azy ireo sy ireo taranany.

<u>Mikasika ny fanaovana fanatitra sy ny fianianana.</u>

**Chîrâzî** : Raha isika no mila maka fanapahan-kevitra mikasika ny antokom-pinoana iray, dia tsy tokony hiantehitra mihitsy amin'ireny olona tsy ampy fahalalana mpanaraka an'io antokom-pinoana io. Fa isika dia tokony hamaky ireo bokin'izy ireo izay azo itokisana. Raha ianareo te handinika momba ny finoana "chiisme", dia aza manomboka izany amin'ireo "chiites" olon-tsotra eny an-dàlana izay mitalaho miantsoantso manao hoe: «**Ô 'Alî, ô Imâm ar-Ridhâ ...**» mba entina ilazana fa ireo "chiites" dia mpanompo sampy. Torik'izany koa, raha misy ireo "chiites" tsy ampy fahalalana no manao fianianana na manao fanatitra amin'ny anaran'ireo Imâm na ireo taranany, dia tsy tokony ny "chiites" rehetra akory no homenareo tsiny amin'izany.

Raha ianareo no mamaky ireo bokin'ny "chiite" momba ny lalàna, dia tsy hahita soritra mikasika ny fanompoan-tsampy na hevi-dravina mihitsy ianareo. Fa ny fanamafisana ny mahatokana an'i Allâh no miharihary manontolo ao. "**Charh al-Loum'at**" sy "**al-Charâ'i**", izay boky tena malaza (ao amin'ny antokom-pinoana "chiite"), dia mora hita tokoa sy azonareo hovakina. Ao amin'ny toko milohateny hoe "**Fanatitra**", ireo lalàna navoakan'ireo mpahay lalàna "chiite" dia voarakitra ao amin'ireto boky anankiroa holazaina manaraka ireto ary koa ao amin'ireo boky maro samihafa. Amin'ny mahakarazana fanompoam-pivavahana ny "**nazhr**" (voady ara-pinoana) dia tsy maintsy ilaina ny fanaovana ny fikasana (mialohan'ny zava-drehetra) mba hanakaiky an'i Allâh na mba hitadiavana ny fanakaikezany. Misy fepetra roa no takiana mba ho ara-dalàna ny "nazhr": ny fikasana ao am-po sy ny fitenenana ny faniriana (nazhr) amin'ny fomba mazava tsara amin'ny alalan'ny fiteny izay tiana.

Mikasika ilay fepetra voalohany, ny fikasana ao am-po dia tokony hotarihin'ny fitiavana an'i Allâh. Ny fepetra faharoa dia mameno ilay voalohany. Ny olona izay manao fianianana dia tsy maintsy milaza fa manao izany izy mba ho an'i Allâh. Ohatra, raha hanao fianianana mba hanao fifehezana na tsy hisotro intsony izy, dia tsy maintsy miteny izany amin'ny alalan'ny fampiasana ny fehezanteny mazava ahitana ny teny hoe "Lillâh" (ho an'i Allâh), fa raha tsy izany dia tsy azo ekena ilay voady.

## Fizarana fahaefatra

<u>Fanatitra amin'ny anaran'i Allâh.</u>

Raha isika no manao fanatitra tsy amin'ny anaran'i Allâh fa ho an'olon-kafa, izay efa maty na mbola velona na ampiarahantsika amin'ny anaran'i Allâh izany, eny fa na dia Imâm aza izy na koa zanany, dia tsy azo ekena ny voady natao. Raha izany no niniana natao, dia amin'izay fotoana izay, lasa fanompoan-tsampy izany, mazava ho azy, arak'izao lazain'ny andininy mazava tsara izao: «**...Ary aoka izy tsy hampikambana zavatra hafa amin'ny**

**Tompony mandritra nyfanompoana Azy**»[64]. Ireo mpahay lalàna “chiites” dia miray hevitra amin’ny filazana fa ny manao fanatitra amin’ny anaran’ny olona, anisan’izany ireo Mpaminany na ireo Imâm dia voarara. Izay minia manao izany dia manompo sampy. Ny fanatitra dia tokony hatao amin’ny anaran’i Allâh na dia azontsika atao aza ny manao izany amin’ny fotoana rehetra. Tsy misy ny maharatsy izany. Ohatra, raha misy olona iray manao fanatitra osilahy amin’ny anaran’i Allâh ao amin’ny trano iray manokana na ao amin’ny toeram-pivavahana iray na ao amin’ny fasan’ny Imâm iray na fasan’ny zanaky ny Imâm, dia tsy misy ny maharatsy izany. Torak’izany koa, raha manao fianianana ka manome vola na fitafiana amin’ny anaran’i Allâh ho an’izay Sayyed (taranak’ilay Mpaminany), na manome vola ho an’ny kamboty iray na mahantra iray, dia tsy misy fandikana ireo foto-pinoana akory ny amin’izany.

Mazava ho azy fa, ny manao fanatitra amin’ny fikasana mba hahafaly fotsiny ny Mpaminany na ny Imâm iray na ny zanaky ny Imâm iray na olon-kafa iray, dia voarara. Raha niniana natao izany dia midika ho fanompoan-tsampy. Adidin’ny Mpaminany tsirairay na ny mpitondra fivavahana no mampitandrina ireo mpino silamo fa hoy indrindra manko ny Kor’âny masina manao hoe: «**Lazao hoe: Mankatoava ianareo an’i Allâh ary mankatoava an’ilay Iraka. Raha mivily làlana izy ireo dia tsy tompon’andrikitra afa-tsy amin’izay nankinina taminy ilay Iraka; ary ianareo dia tsy tompon’andraikitra afa-tsy izay nankinina taminareo...**»[65].

Adidin’ireo olona ny mihaino izay nolazain’ilay Mpaminanin’i Allâh sy mampihatra ireo fampianarany. Nefa raha misy ny manadino ny manaraka ireolalànan’Andriamanitra katsy mampihatra ny asany arak’ireolalàna ireo, dia tsy manimba ny finoana sy ireo foto-kevitra izay ijoroan’ny finoana akory izany.

<u>Ny fanompoan-tsampy miafina.</u>

Ny karazan’ny fanompoan-tsampy faharoa dia ny fanompoan-tsampy miafina, toy ny fisehosehoana manatanteraka ny

[64]Kor’âny 18/110.
[65]Kor’âny 24/54.

fivavahana na asa hafa entina hanompoana an'i Allâh. Ny mampiavaka amin'ity fanompoan-tsampy ity dia ny fanehoana fa mivavaka isika nefa amin'ny lafiny iray dia mampikambana an'i Allâh amin'ny zavatra hafa. Raha ny olona iray no voatarika hieritreritra amin'ny zavatra hafa ankoatr'i Allâh ao anatin'ny fanompoam-pivavahana, na nohon'ny fakam-panahin'ny satana dia tonga ao an-tsaina ny sarintsarin'andriamanitra diso, na izany mihitsy no mibahana ao an-tsainy, amin'izay fotoana izay izy dia manompo sampy.

Tsy misy afa-tsy i Allâh ihany no tsy maintsy hieritreretintsika rehefa mivavaka isika.

Hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Raha ny olona iray no manao asa soa sy mampikambana olon-kafa amin'i Allâh, amin'izay fotoana izay ireo asa soa nataony dia miverina mankany amin'ilay olona nakambany amin'i Allâh. Allâh dia mankahala izany asa izany, indrindra fa ny mpanao azy**».

Nisy nitantara koa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza hoe: «**Raha ny olona iray no manao ny fanompoam-pivavahana na manatanteraka fivahinianana masina mba hahazoany fankasitrahana avy amin'ireo olona manodidina azy, amin'izay fotoana izay izy dia manompo sampy ao amin'ireo asany**».

Nisy ihany koa nitantara avy tamin'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) izay nilaza nanao hoe: «**Raha ny olona iray no manatanteraka asa iray nohon'ny fatahorana an'i Allâh na mba hahazoana valisoa any ankoatra ary mandray izany ho fahafinaretana, amin'izay fotoana izay ny asa nataony dia fanompoan-tsampy** ».

<u>Ny fanompoan-tsampy sy ny antony mahatonga izany.</u>

Misy karazana fanompoan-tsampy iray izay mifandray amin'ny antony mahatonga izany, fa betsaka amin'ny olona manko no manankina amin'ny antony fanampiny ireo fanantenany sy ireo fahatahorany. Izany dia azo lazaina ho fanompoan-tsampy ihany koa, fa saingy azo leferina. Ny fanompoan-tsampy dia miseho

amin'ny fiheverana fa ny fahefana dia mitoetra ao amin'ny antony fanampiny.

Ohatra, ny masoandro dia mamelona ny zava-drehetra eto antany, ka ny fiheverana fa izany fahefana izany dia tsy afa-misaraka amin'ny masoandro dia efa fanompoan-tsampy. Nefa kosa, ny finoana fa io fahefana io dia nomen'i Allâh azy fa ny masoandro dia fitaovana fanampiny fotsiny mba hanehoan'i Allâh ny heriny, ny finoana toy izany dia tsy mba fanompoan-tsampy. Fa izany aza dia miendrika indrindra ho fanompoam-pivavahana satria ny fanomezan-danja ireo famantarana an'i Allâh no savaranonando amin'ny fanompoana an'i Allâh. Ny boky masina Kor'âny dia mitaona antsika mba hanome lanja ireo famantarana an'i Allâh mba hanatonana Azy. Tahak'izany koa, ny fitokisana amin'ireo antony fanampiny (toy ny mpivarotra izay miankin-doha aminy varony, na tantsaha miantehitra amin'ny famboleny) dia miteraka fanompoan-tsampy raha toa ka esoriny amin'i Allâh ny fisainany.

Miainga avy amin'izany fanazavana ny atao hoe fanompoan-tsampy tetsy ambony izany, dia ny manao ahoana amin'izy ireny no ampiharin'ireo "chiites"?

Fomba manao ahoana ao amin'ny fanompoam-pivavahana, na ao amin'ny finoana na ao amin'ireo fomba amam-panaon'ny "chiite" no tsikaritrareo ka ahafahanareo manendrikendrika anay ho mpanompo sampy?

**Hâfiz** : Ekeko fa izay rehetra nolazainao teo dia marina avokoa, kanefa raha mba manokana fotoana kely fotsiny ianao mba hieritreretana, dia hahatsapa fa ny finoana an'ireo Imâm ireo dia fanompoan-tsampy. Fa isika dia tsy tokony hitady fanelanelanana avy amin'ny olombelona mihitsy mba hanatonantsika an'i Allâh, fa tokony hitalaho amin'i Allâh mivantana isika mba hitahiany antsika.

## Nahoana ireo Mpaminany ireo no nangataka fanampiana avy tamin'ireo olona?

**Chîrâzî** : Mahagaga ny tsy fahazoanareo ny fanazavana izay nolazaiko taminareo teo izay.

Moa ve fanompoan-tsampy ny manao fangatahana mba hahatanteraka ny faniriana?

Raha izany no marina, dia mpanompo sampy avokoa ny olombelona rehetra. Raha ny fangatahana fanampiana avy amin'ny olona no maneho fanompoan-tsampy, dia nahoana ilay Mpaminany no nangataka fanampiana tamin'ny olona? Ianareo tokony hamaky ireo andinin'ny Kor'âny masina mba hanavahana ny marina sy ny diso. Ireto andininy manaraka ireto dia tsara ho dinihina manokana:

**«Hoy izy : "Ry loholona ! Iza aminareo no hitondra aty amiko ny seza fiandrianany alohan'ny hahatongavan'izy ireo (ireo Sabâ) aty amiko ho mpankato?"Niteny ity Jinn anankiray tena matanjaka : "Izaho dia hitondra azy aty aminao alohan'ny hitsangananao teo amin'ny toeranao : ary izaho amin'izany dia matanjaka sy mendri-pitokisana". Niteny ity olona anankiray manam-pahalalana momba ny Boky nanao hoe : " Ho entiko aty aminao izany alohan'ny indray mipi-maso" Rehefa avy eo dia hitan'i Salômôna ny seza fiandrianana mipetraka teo akaikiny, ka hoy izy : "Fahasoavana avy amin'ny Tompoko izany..."»[66]**.

Ny fitondrana ny seza fiandrianan'ny mpanjakavavin'ny Sabâ ho eo amin'i Salomona dia nanahirana an'ireo zava-boahary tsirairay avy. Nefa ny Mpaminany Salômôna, na dia nahalala ny fahefan'Andriamanitra aza, dia tsy mba nitalaho tamin'i Allâh Ilay Mahery Indrindra mba hitondra eo aminy ilay seza fiandrianana fa kosa nangataka fanampiana avy tamin'ireo zava-boahary tsotra hanatanteraka izany. Manaporofo izany fa ny fitadiavana fanampiana avy amin'ny hafa dia tsy azo lazaina ho fanompoan-tsampy. Allâh izay antony voalohany niavian'ny zava-drehetra, no Ilay nahary ireo antony fanampiny rehetra eto an-tany. Ny fanompoan-tsampy dia zavatra momba ny fo.

Tsy voarara ny olona hangataka fanampiana amin'ny hafa raha mbola tsy mampikambana azy amin'i Allâh izy. Izany fomba izany dia mahazatra ny olona na aiza na aiza. Raha mankany amin'ny mpitsabo ve aho ka mangataka aminy mba hanasitrana ahy, dia midika ho fanompoan-tsampy ve izany? Na koa raha misy olona sempotra ao anaty rano ka miantsoantso olona mba hamonjy azy, dia fanompoan-tsampy ve izany? Aoka re ianareo mba hijoro amin'ny

---

[66]Kor'âny 27/38-40.

fahamarinana fa aza manazava am-pahadisoana ireo trangan-javatra. Ny vondron'antokom-pinoana "chiite" amin'ny ankapobeny, dia mino fa ny fametrahana an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) hitovy amin'i Allâh na ho anisan'ireo mpikambana ao Aminy dia tsy isalasalana fa fanompoan-tsampy. Angamba ianareo efa naheno ireo "chiites" tra-pahoriana niantsoantso nanao hoe: « Ô ry 'Alî, ampio aho! Ô ry Housein, tahio aho! ». Fa raha ny marina ny olona dia miaina ao anatin'ny tontolon'ireo anton'ny fanampiny, tontolo izay heverintsika ho toy ny fitaovana fotsiny mba hanafaka antsika amin'ny fahasahiranana. Ilaintsika ihany anefa ny fanampian'i Allâh mandritra izany tranga izany.

Ny fianakaviana masin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia fanoitra hahazoana ny famindrampon'Andriamanitra.

**Hâfiz** : Nahoana ianareo,raha tokony hiantso mivantana an'i Allâh dia mametraka mpanelanelana amin'ny fangatahana Aminy?

**Chîrâzî** : Ny fisainanay dia mitodika mandrakariva any amin'i Allâh Ilay tsy manam-paharoa, mikasika ireo fanirianay sy ireo alahelonay ary ireo fahasahirananay. Ny Kor'âny dia mampirisika antsika mba hitady làlana hanatonana an'i Allâh Ilay Mahefa ny zava-drehetra,toy izao voalaza izao: «**Ô ianareo izay mino! Matahora an'i Allâh ianareo, ary tadiavo ny làlana mba hanatonanareo Azy...** »[67]. Izahay dia tsy mihevitra mihitsy fa ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo no mamaha ireo olana mianjady amintsika. Fa izahay dia mihevitr'Azy ireo ho mpanompon'i Allâh tena vontom-pinoana tokoa ka noho izany, Izy ireo no làlana mitondra amin'ny fahazoana ny famindrampon'Andriamanitra. Izahay dia mifikitra amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) araka ny fampianaran'ity farany.

**Hâfiz** : Inona no mahatonga anareo milaza fa ny "làlana hanatonana an'i Allâh" voalaza ao amin'io andininy etsy ambony io dia manondro an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Amin'ireo "hadith" maro, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampirisika antsika mba hiantso an'ireo taranany ireo raha sendra ka

[67]Kor'âny 5/35.

tojo fahasahiranana, mba hanatonantsika an'i Allâh. Ireo manam-pahaizanareo, toa an'i **Hâfiz Abou Nâ'im Isfahânî** ao amin'ny bokiny "**Nouzoul-oul-Qour'ân Fî 'Alî**" (**Fanambarana mikasika an'i 'Alî ao amin'ny Kor'âny**), sy **Hâfiz Abou Bakr Chîrâzî** ao amin'ny bokiny "**Mâ Nazala Min-al-Qour'ân Fî 'Alî**", ary ny **imâm Ahmad Tha'alabî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** (**fivoasan-tenin'ny soratra masina**), dia samy nanambara fa ny "**wasîla**t" (**làlana hanatonana**) voalaza ao amin'ilay andininy tetsy aloha dia manondro an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).

Izany fanambarana izany dia hita ao amin'ny ankamaroan'ireo "hadith" nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s). **Ibn Abil-Hadîd Mou'tazalî**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo dia nanambara ao amin'ny bokiny "**Charh Nahj-oul-Balâghat**", boky faha-4, pejy faha-79 nanao hoe: Fâtimat-ouz-Zahrâ dia nanazava ny dikan'io andininy io teo anatrehan'ireo mpino silamo "**Mouhâjirs**"[68] sy "**Ansârs**"[69] tao anatin'ny lahateny nataony mikasika ny fakan'olona an-keriny ny tany "Fadak" lovany, toy izao manaraka izao: «**Voninahitra ho an'i Allâh Tompon'ny fahamendrehana sy ny fahazavana, izay mahatonga ny mponina eto an-tany sy any an-danitra hitady làlana mba hanatonana Azy. Amin'ireo zava-boahariny, dia izahay no làlana ahafahana manatona Azy**».

## Fizarana fahadimy

## Ny "Hadith al-Thaqalayn"[70].

Anisan'ireo porofo maro manamarina amin'ny fankatoavana an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ilay "hadith al-Thaqalayn", izay eken'ireo antokom-pinoana roa tonta (sunnite sy ny chiite) ny fahamarinan'izany "hadith" izany.

---

[68]Ireo mpino silamo tao Makkat nifindra monina niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tao Madînat.

[69]Ireo mpino silamo tao Madînat nampiantrano an'ireo mpifindra monina avy tao Makkat.

[70]« Hadith mikasika ireo zava-tsarobidy anankiroa ».

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza nanao hoe: «**Mifikira ianareo amin'ireto zava-tsarobidy anankiroa ireto, dia tsy ho very làlana mihitsy ianareo mandrakizay** ».

**Hâfiz** : Inoako fa diso hevitra ianao raha milaza fa io "hadith" io dia azo itokisana sy eken'ny rehetra, satria ireo manam-pahaizanay lehibe dia tsy mahalala an'io "hadith" io akory. Ankoatr'izany, ny imâm al-Boukhârî izay mpitahiry tantara malaza eo amin'ny finoanay dia tsy mba nanoratra izany ao amin'ny bokiny "Sahîh" izay boky tena azo itokisana manaraka ny boky masina Kor'âny.

**Chîrâzî** : Tsia, tsy diso hevitra akory aho. Ny fahamarinan'io "hadith" masina io dia tena nankasitrahan'ireo manam-pahaizanareo.

Hatramin'i**Ibn Hajar al-Makkî** aza, na dia eo ny fankahalany sy ny fitsarany an-tendrony momba ny "chiite", dia nanaiky ny fahamarinan'io "hadith" io. Vakinareo ny boky "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**", toko faha-2 pejy 89-90, fa rehefa avy nilaza ny fitantaran'i **Tirmizhî** sy ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**", sy **Tibrânî** ary ny "**Sahîh**" bokin'i **Mouslim**, izy dia nanambara toy izao: «**Tsara ny mahafantatra fa ilay "hadith" milaza mikasika ny fifikirana amin'ireo zava-tsarobidy anankiroa (ny Kor'âny masina sy ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s)) dia voalaza imbetsaka. "Sahâbat" sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihoatra ny roapolo no samy nitatitra an'io "hadith" io avokoa**».

Nambarany ihany koa fa misy fomba fanazavana maro samihafa mikasika an'io "hadith" io. Ny sasany milaza fa tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao "hajj" farany tao amin'i 'Arafat no niteny izany, ny sasany milaza fa tao Madînat tamin'ny fotoan'ny Mpaminany(s.a.s) efa hiala aina eo am-pandriana no nitenenany izany, raha vory maro tao an'efitranony ireo "sahâbat" sakaizany tamin'izany fotoana izany, ny hafa indray dia milaza fa tao Ghadîr-Khoum, ary misy koa milaza fa noteneniny izany tamin'ny fiverenany avy tao Tâ'if. Taorian'ny nanambarany izany rehetra izany , Ibn Hajar al-Makkî dia nanamarika fa tsy mba nisy akory ny hevitra tsy mitovy mikasika ny dikan'io "hadith" io.

Mikasika ny fahasamihafan'ireo toerana nanambarana an'io "hadith" io, dia mety noho ny antony avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) nitantara izany imbetsaka mba hanamafisana ny mahazava-dehibe ny Kor'âny masina sy ireo taranany(a.s). Nilaza moa ianao teo fa noho i Boukhârî tsy nanoratra an'io "hadith" io ao amin'ny bokiny "Sahîh", dia midika izany fa tsy azo itokisana ny fahamarinany. Nefa na dia tsy notantarain'i **Boukhârî** aza io "hadith" io dia ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo kosa dia nitantara izany avokoa, ka anisan'izany i **Mouslim** sy ireo hafa mpanoratra ireo boky enina mikasika ireo "hadith" notsongaina (**al-Sihâh al-Sittat**). Asandratr'izy ireo ambony tanteraka izy io ao amin'ny bokin'izy ireo fa tsy miankina akory amin'ny bokin'i Boukhârî samirery. Raha ekenareo ihany ny fahamarinan'ireo manam-pahaizanareo ireo, izay neken'ireo "sunnites" hatramin'ny fahagola, dia tokony hekenareo koa ny fahamarinan'io "hadith" izay tsy noraiketin'i Boukhârî nohon'ny antony tsy fantatra io.

**Hâfiz** : Tsy misy antony manokana akory ao ambadik'izany. Boukhârî dia olona nitandrina fatratra tamin'ny asa fanoratana. Izy dia manam-pahaizana matotra, raha hitany fa tsy azo itokisana na tsy marim-pototra ny "hadith" iray amin'ny lafiny ara-kevitra na ny loharano niaviany, dia tsy mba noraiketiny ao amin'ny bokiny.

**Chîrâzî** : Misy ohabolana iray izay manao hoe: «**Ny fitiavana dia mahajamba sy mampaharenina**». Be loatra ny fitiavanao an'ny imâm al-Boukhârî. Lazainao fa olona mpanadihady zavatra izy, ka ireo "hadith" ao amin'ny bokiny "Sahîh" dia efa nohadihadiana ka azo itokisana avokoa ary mendrika ny omem-boninahitra hitovyamin'ny soratra masina. Nefa tsy tahak'izany ny zava-misy ao aminy! Ny fitohitohizan'ireo olona nampita ireo "hadith" noraiketin'i al-Boukhârî ireo dia matetika ahitana ireo olona efa voaheloka nohon'ny fandaingàna.

**Hâfiz** : Tsy marina izany teninao izany. Maniratsira an'i Boukhârî ianao. Izany dia faniratsirana ny vondron'antokom-pinoana "sunnisme" iray manontolo.

**Chîrâzî** : Raha ny fitsikerana miorina amin'ny fahalalana no lazaina fa faniratsirana, dia maro amin'ireo manam-pahaizanareo izay miavaka indrindra no maniratsira ny voninahitry ny fianarana sy

ny fananana fahaizana.Miangavy anareo aho mba hamaky ireo boky nosoratan'ireo mpanoratra sy ireo manam-pahaizana ao amin'ny antokom-pinoanareo ihany, izay manao fanamarihana mikasika ny boky "**Sahîh al-Boukhârî**" toy ny: "**al-Lou'al al-Masnou'at Fîl-Ahâdih al-Mawdhou'at**" nosoratan'i **al-Souyoutî**, ny "**Mizân-oul-Ibtidâl**", ny "**Talkhîs-oul-Moustadrak**" nosoratan'i **al-Zhahabî**, ny "**Tazhkirat-oul-Moudhou'a**" nosoratan'i **Ibn Jawzî**, ny "**Tantaran'i Baghdâd**" nangonin'i **Abou Bakr Ahmad Ibn 'Alî Khatîb al-Baghdâdî** ary ireo boky hafa momba ny "**Rijâl**"[71] izay nosoratan'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo lehibe. Raha ianareo no nahavaky an'ireo boky ireo, dia tsy ho sahinareo mihitsy ny hanendrikendrik'ahy ho maniratsira an'ny imâm al-Boukhârî.

<u>Al-Boukhârî sy Mouslim no nitahiry "hadith" betsaka avy tamin'ireo mpitantara angano.</u>

Ireto boky anankiroa ireto, ny "Sahîh Mouslim" sy ny "Sahîh al-Boukhârî" dia ahitana ireo "hadith" niainga avy tamin'ireo mpisoloky. Raha dinihinareo amin'ny alalan'ireo boky momba ny "**Rijâl**"[72], ireto boky anankiroa momba ny "hadith" ireto, dia hotsapanareo fa izy roa ireo dia manambara "hadith" maro avy tamin'ireo olona malaza mpandainga toa an'i Abou Houraïrat, ilay mpandainga gaigilahy, sy Ikrima Kharji ary ireo hafa mitovitovy toetra amin'izy ireo. Al-Boukhârî dia tsy mba nitandrina akory tamin'izany, tsy araka ny fiheveranareo azy raha mikasika ireo "hadith" notantarainy ireo. Izy dia tsy mba niraharaha ny "hadith al-thaqalayn" toy ny nataon'ireo sasany, nefa kosa dia tsy mba nisalasala akory izy tamin'ny fitantarana ireo tantara mahatsikaiky sy maniratsira mikasika ny Mpaminany Mosesy izay nikapoka tehamaina an'ilay Anjelin'ny fahafatesana na ilay izy nitanjaka nanenjika ilay vatolampy nanidina, na koa mikasika ny fahitana an'i Allâh.

---

[71]Boky fitantarana momba ny olona, indrindra fa filazalazana ny toetoetran'ireo olona nanampita an'ireo hadith.

[72]Jereo ny fanamarihana lah°71

Dinihinareo ity tantara hafa iray mahatsikaiky sy maniratsira ity, izay noraiketin'i **al-Boukhârî** ao amin'ny "**Sahîh**" bokiny faha-2, toko milohateny hoe "**al-Lahr bil-Harb**" pejy faha-120 sy **Mouslim** ao amin'ny bokiny "**Sahîh**" faharoa, araka ny fitantaran'i **Abou Houraïrat** manao hoe: «**Indray andro fety, ireo mpifindra monina "nomade" avy any Soudan nifamory tao amin'ny Mosken'ilay Mpaminany(s.a.s). Nanao lanonana izy ireo tamin'ny alalan'ny fanaovana fampisehoana araka ny talentany sy fahaizany avy. Nanontany an'i 'Aïcha ilay Mpaminany(s.a.s) fa sao dia mba te hamonjy ilay lanonana izy. Eny hoy i 'Aïcha. Nobaben'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ka ny lohany dia niankina natory teo amin'ny sorok'ilay Mpaminany(s.a.s). Mba hamalifaliana an'i 'Aïcha,dia niangavy an'ireo "Soudanais" ireo, ilay Mpaminany(s.a.s) mba hitarika fandihizana tena tsara indrindra. Nony farany dia vizana i 'Aïcha ka nampatorian'ilay Mpaminany(s.a.s) teo amin'ny tany**».

Ianareo ihany no mitsara raha ny tantara tahak'izany no tsy manimbazimba an'ilay Mpaminany(s.a.s)! Raha olona nitandrina tokoa àry al-Boukhârî mikasika izany tranga noraiketiny izany, dia mba rariny eo anatrehany ve ny manoratra ireo tantara adaladala toy izany ho ao amin'ny bokiny "Sahîh"? Nefa ianareo mbola milaza foana fa ireto boky ireto no tena mendrika itokisana aorian'ny Kor'âny masina. Mazava ho azy izany fa, i al-Boukhârî dia nitandrina ihany fa saingy nitandrinafotsiny mba tsy hanoratra ny "hadith" milaza mikasika ny "Imâmat" na ny fandimbiasam-pitondran'ilay Mpaminany(s.a.s) na mikasika ireo Ahl-oul-Bayt(a.s). Mety atahorany angamba fa sao indray andro any, izany "hadith" izany no ampiasain'ireo izay manohitra an'ireo mpankahala an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s).

## Betsaka ireo "hadith" marina mikasika ireo Ahl-oul-Bayt(a.s)no niniana nadinoina.

Ary raha ampitahaintsika ny boky "**Sahîh al-Boukhârî**" amin'ireo boky "**Sihâh**"[73] hafa, dia hotsapantsika fa misy "hadith"

[73]Boky mirakitra ireo hadith lazaina fa marina, azo itokisana.

mikasika ity resaka (Ahl-oul-Bayt) ity, izay azo itokisana no sady tena voaporofon'ireo mpanoratra tamin'ny alalan'ny Kor'âny masina, no niniana nadinoin'i al-Boukhârî tsy nosaratany ao amin'ny bokiny. Ohatra, maro ireo andinin'ny Kor'âny masina no misy fifandraisany amin'ireo "hadith" samihafa: (**Hadith al-Wilâyat tamin'ny andron'ny Ghadîr; Hadith In'zhar Yawm al-Dâr; Hadith Mou'âkhât; Hadith as- Safinat; Hadith Bab-oul- Hittat; ...sns**). Ireo "hadith" ireo dia maneho ny voninahitra sy ny mahasolon-tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'ireo taranany. Izy ireo anefa dia nadinoin'i al-Boukhârî an-tsitrapo.

Etsy andaniny anefa ireo "hadith" lainga izay manala baraka an'ireo Mpaminany(a.s), indrindra fa ilay Mpaminanintsika(s.a.s) sy ireo taranany masina dia voasoratra ao amin'ny boky, tsy nisy fandinihana akory fa izy ireo dia niainga avy tamin'ny fitantaran'ireo mpisoloky.

<u>Ireo loharano niavian'ny "Hadith al-Thaqalayn".</u>

Fa kosa mikasika ny "Hadith al-Thaqalyn" izay tsy nampidirin'i al-Boukhârî ao amin'ny bokiny, dia voarakitra ao amin'ireo boky hafa atokisan'ny antokom-pinoanareo. Ary na dia ilay mpitahiry lovan-tsofina malaza , dia ilay imâm Mouslim izay mitovy voninahitra amin'i al-Boukhârî aza, dia nanoratra izany.

Ireto avy ireo manam-pahaizana hafa izay nitatitra an'io "hadith" io: **Mouslim Ibn Hajjâj** ao amin'ny "**Sahîh**" bokiny faha-7 pejy faha-122; **Abou Dâwoud** ao amin'ny bokiny "**Sounan**"; **al-Tirmizhî** ao amin'ny bokiny "**Sounan**" fizarana faha-2 pejy faha-307; **al-Nisâ'î** ao amin'ny bokiny "**Khasâ'is**" pejy faha-30; ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**" faha-3 pejy 14-17 sy bokiny faha-4 pejy 26 sy 59 sy bokiny faha-5 pejy 182 sy 189; **al-Hâkim** ao amin'ny bokiny "**Moustadrak**" faha-3 pejy 109 sy 148; **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny bokiny "**Hilyat-oul-Awliyâ**" voalohany, pejy 355; **Sibt Ibn Jawzî** ao amin'ny bokiny "**Tazhkirat**", pejy 182; **Ibn al-Athîr Jazarî** ao amin'ny bokiny faharoan'ny "**Osoud-oul-Ghâbat**" pejy faha-12 sy bokiny fahatelo, pejy faha-147; **Hamidi** ao amin'ny bokiny "**al-Jam'ou Bayn-al- Sahîhayn**"; **Razin** ao amin'ny bokiny "**al-Jam'ou**

**Bayn-al- Sihâh al-Sittat**”; **Tibrânî** ao amin’ny bokiny “**al-Târykh al-Kabîr**”; **al-Zhahabî** ao amin’ny bokiny “**Talkhîs al-Moustadrak**”; **Ibn ‘Abd Rabbih** ao amin’ny bokiny “**al-‘Iqd al-Farîd**”; **Mouhammad Ibn Talhahal-Châfi’î** ao amin’ny “**Matâlib-ous-Sou’oul**”; **al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin’ny “**al-Manâqib**”; **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin’ny “**Yanâbî’oul-Mawaddat**” pejy faha-18, 25, 29-34, 95, 115, 126, 199 sy 230, miaraka amin’ny fahasamihafana fanoratana kely; **Sayyed ‘Alî Hamadânî** ao amin’ny “**Mawaddat**” faharoan’ny bokiny “**Mawaddat-oul-Qourbâ**”; **Ibn Abil-Hadîd** ao amin’ny “**Charh Nahj-oul-Balâghat**”; **al-Chablan’ji** ao amin’ny “**Nour-oul- Absâr**” pejy faha-99; **Nour-oud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin’ny “**al-Fousoul al-Mouhimmat**” pejy fah-25; **al-Hamwaini** ao amin’ny “**Farâ’id-ous-Simtayn**”; ny **imâm al-Tha’alabî** ao amin’ny “**Tafsîr Kachaf-oul-Bayân**”; **al-Sam’ânî** sy **Ibn Maghazili al-Châfi’î** ao amin’ny “**Kifâyat-oul-Tâlib**”, toko voalohany sy toko faha-42 pejy 130; **Mouhammad Sa’îdKatib** ao amin’ny “**Tabaqât**” boky faha-4 pejy faha-8; **Fakhr-oud-Dîn ar-Râzî** ao amin’ny bokiny “**al-Tafsîr al-Kabîr**” fahatelo pejy 18; **Ibn Kathîr Damashqî** ao amin’ny bokiny “**Tafsîr**” fahefatra, eo ambanin’ilay andinin-tsoratra masina “**Mawaddat**” pejy 113; **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin’ny “**al-Sawâ’iq-oul-Mouhriqat**” pejy faha-75, 87, 90, 99 sy 136 miaraka amin’ny fahasamihafan’ny fomba fanoratana.

Maro amin’ireo manam-pahaizanareo no nitantara an’io “hadith” tena manan-danja amin’ilay Mpaminany(s.a.s) io, fa tsy nahitana fahatapahan’ny fitohitohizan’ireo olona nampita izany, izay maneho ny mahamarim-pototra an’ilay “hadith”.

Amin’io “hadith” io, ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Ô ry olombelona! Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin’i Allâh sy ny taranako. Mifikira amin’ireo zavatra roa ireo ianareo fa tsy ho very làlana mihitsy ianareo. (Marina tokoa fa ireo zavatra roa ireo dia tsy azo sarahina mihitsy mandra-piverenan’Izy ireo any Amiko any amin’ny Loharanon’i Kawthar)**». Amin’ny alalan’io “hadith” io no mahatonga anay mahasahy milaza fa tokony hino ny Kor’âny masina sy ireo taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) isika.

**Cheikh** : Io “hadith” avy tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) io dia nambaran’i Sâlih Ibn Mousâ Ibn ‘Abdallâh Ibn Ishâq ihany koa araka ny fitohitohizan’ny olona nampita izany, izay azo itokisana ka tamin’izany no nilazan’i Abou Houraïrat azy amin’ny fehezanteny nanao hoe:«**Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin’i Allâh (ny Kor’âny masina) sy ny sori-dàlako (sunna) ...** ».

**Chîrâzî** : Ianao dia nanambara “hadith” mbola avy amin’ilay olona tsy azo antoka ihany no sady tsipahin’ireo “chiites” ary tsikerain’ny hafa (toa an’i **Zhahabî** sy **Yahyâ** sy ny **imâm Nisâ’î**, sy **al-Boukhârî** ary **Ibn ‘Ady**....sns). Moa ve ireo toromarika tsy azo lavina izay efa nolazaiko taminareo teo dia mbola tsy mahafapo anareo ihany? Ianareo namaky ilay “hadith” amin’ny dikany hafa izay tsy azo ekena velively, nefa ireo “chiites” sy ireo “sunnites” dia niray hevitra tamin’ny fitenenan’ilay Mpaminany(s.a.s) momba ny “bokin’i Allâh sy ny taranany” fa tsy ny “sunna” akory. Raha ny marina, ny bokin’i Allâh (Kor’âny)dia mitovy amin’ny “sounna” (sori-dàlana) izay samy mitaky fanazavana avokoa. Ny sori-dàlana (sunna) dia tsy mba afaka manazava ny Kor’âny masina. Noho izany, ny taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) izay mitovy amin’ny Kor’âny no afaka manazava ny bokin’i Allâh sy ny sori-dàlan’ilay Mpaminany(s.a.s).

## Ny “Hadith al-Safînat”.

Ny “Hadith al-Safînat” dia porofo iray hafa maneho ny mahazava-dehibe ny fifikirana amin’ireo taranak’ilay Mpaminany(s.a.s). Samy nanambara an’ity “hadith” ity avokoa ireo manam-pahaizanareo lehibe, saika izy rehetra tsy ankanavaka, no sady tsy nisy ny fahatapahan’ny fitohitohizan’ny olona nampita azy. Ireto avy ireo manam-pahaizanareo izay nitantara an’io “hadith” io: **Hajjâj Mouslim** ao amin’ny bokiny “**Sahîh**”; ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny bokiny “**Mousnad**”; **al-Hâfiz Abou Nâ’im** ao amin’ny bokiny “**Hilyat-oul-Awliyâ**”; **Ibn ‘Abdil-Birr** ao amin’ny “**Isti’ab**”; **Abou Bakr al-Khatîb al-Baghdâdî** ao amin’ny “**Târykh Baghdâd**”; **Mouhammad Ibn Talhahal-Châfi’î** ao amin’ny “**Matâlib-ous-Sou’oul**”;**Ibn al-Athîr** ao amin’ny “**al-Nihâyat**”;

**Sibt Ibn Jawzî** ao amin'ny "**al-Tazhkirat**"; **Ibnal-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny "**al-Fousoul al-Mouhimmat**"; **al-'Allâmat Nour-oud-Dîn al-Samhîdî** ao amin'ny "**Târykh-oul-Madînat**"; **Sayyed Mou'min Chablan'jî** ao amin'ny "**Nour-oul-Absâr**"; ny **imâm Fakhr-oud-Dîn ar-Râzî** ao amin'ny "**Tafsîr Mafâtih-oul-Ghayb**"; **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**al-Dourr al-Manthour**", ny **imâm al-Tha'alabî** ao amin'ny "**Tafsîr Kachf-oul-Bayân**"; **Tabrânî** ao amin'ny "al-Awsat"; **al-Hâkim** ao amin'ny "**al-Moustadrak**" boky fahatelo pejy 151; **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**"toko faha-4; **Sayyed 'Alî Hamadânî** ao amin'ny "**Mawaddat**" faharoan'ny bokiny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**";**Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**"; **Tabarî** ao amin'ny bokiny "**Tafsîr**" sy ny bokiny "**Târykh**"; **Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny "**Kifâyat al-Tâlib**" toko faha-100, pejy faha-233. Maro amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe ankoatr'ireo no nanambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza ny "hadith" manao hoe: «**Ireo "Ahl-oul-Bayt" fianakaviako dia sahala amin'ny sambofiaran'i Noa. Izay mitaingina azy dia avotra; fa izay mitsipaka kosa dia rendrika sy very**». Nanamarika ny mahamarina an'io "hadith" io ny **imâm Mouhammad Idrîs al-Châfi'î** ao amin'ireo tononkalony izay noraiketin'i **al-'Allâmat Fâdhil Ajib** ao amin'ny bokiny "**Thakhîrat-oul-Ma'âl**". Ny **imâm al-Châfi'î**, iray amin'ireo manam-pahaizana tena miavaka indrindra ao amin'ireo antokom-pinoana "sunnites", dia niaiky fa ny fifikirana amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) madio ara-panahy dia làlana fanavotan'aina satria, amin'ireo antokom-pinoana islamika miisa telo ambin'ny fitopolo dia iray izay manaraka an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany no ho avotra.

## Fizarana fahenina

Fitadiavan-dàlana hanatonana an'i Allâh dia tsy fanompoan-tsampy.

Milaza ianareo fa ny fitadiavan-dàlana mba hanatonana an'i Allâh amin'ny alalan'ny fanelanelanana dia miendrika fanompoan-tsampy. Raha izany tokoa no marina, dia nahoana i **Omar Ibn al-**

**Khattâb** no nitady famonjena avy amin'i Allâh tamin'ny alalan'ny fanelanelanan'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Hâfiz** : Tsy mba nanao izany velively ny "khalîfat" Omar.

**Chîrâzî** : Tamin'ny fotoan-tsarotra, Omar nitady fanampiana tamin'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s); nitalaho tamin'i Allâh izy tamin'ny alalan'ny fanelanelanan'Izy ireo ary dia tanteraka ireo faniriany. Omeko toromarika anankiroa ihany ianareo.

**Ibn Hajar al-Makkî**dia nanoratra ao amin'ny bokiny "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" toy izao manaraka izao: ireo olona avy any Hijra nivavaka mba hilatsahan'ny orana nefa tsy nisy vokany. Niteny ilay "khalîfat" Omar fa hivavaka hilatsahan'ny orana izy amin'ny andro manaraka. Rahampitso marain'iny, dia lasa izy nankao amin'i 'Abbâs,ilay dadatoan'ny Mpaminany(s.a.s) ary nilaza hoe: «**Mivoaha ianao mba ahafahantsika miantso an'i Allâh amin'ny alalanao mba hilatsahan'ny orana** ».

'Abbâs namaly an'i Omar nanao hoe: hiala sasatra kely aloha aho mandra-pahafeno ireo izay atao mpanelanelana amin'i Allâh. Arak'izany dia nantsoina ihany koa ireo Banî Hâchim. Avy eo dia niaraka tamin'ny Imâm 'Alî(a.s sy ny Imâm Hasan(a.s) ary ny Imâm Housein(a.s) nivoaka ny trano i 'Abbâs. Nanaraka Azy koa ireo olona Banî Hâchim hafa. 'Abbâs nanome toromarika an'i Omar mba tsy hisian'ny olon-kafa intsony manampy isa Azy ireo. Nanatona ny toerana hivavahana àry Izy ireo ka nasandratr'i 'Abbâs ambony ireo tanany sady hoy izy hoe: «**Allâh ô, Ianao no nahary anay ary fantatrao ireo asanay. Allâh ô, sahala amin'ny nitiavanao anay hatramin'ny voalohany dia aoka Ianao mba hitia anay mandrakariva hatramin'ny farany...**».

Nanambara i Jâbir fa mbola tsy tapitra akory ny vavaka dia efa rakotry ny rahona ny lanitra ary dia nirotsaka ny orana. Mandra-pahatongavan'izy ireo tao an-tranony avy dia lenan'ny orana avokoa izy rehetra.

**Al-Boukhârî** ihany koa, dia nitantara fa tamin'ny fotoana fahamosary, Omar Ibn al-Khattâb dia nitalaho tamin'i Allâh tamin'ny alalan'ny fanelanelanan'i 'Abbâs Ibn Abd-oul-Mouttalib toy izao: « Izahay dia niaraka tamin'ilay dadatoan'ny

Mpaminanintsika; noho izany Allâh dia nandefa orana ho anay ». Ary dia nirotsaka tokoa ny orana.

**Ibn Abil-Hadîd al-Mou'tazalî** ao amin'ny bokiny "**Charh Nahj-oul-Balâghat**" (fanotam-boky ezyptianina), pejy faha-256 dia nanoratra fa ilay "khalîfat" Omar dia niara-nivoaka tamin'i 'Abbâs ilay dadatoan'ny Mpaminany(s.a.s), mba hangataka amin'i Allâh ny hilatsahan'ny orana. Niteny i Omar tao anatin'ireo tonom-bavaka nataony: « Allâh ô, indreto izahay miaraka amin'ny dadatoan'ny Mpaminaninao sy ireo razany ary ireo andriana sisa mbola velona. Harovy ny voninahitry ny Mpaminaninao amin'ny alalan'ity dadatoany ity. Ilay Mpaminany no nitari-dàlana anay mankany Aminao mba hahafahanay mitady famonjena amin'izy ireo sy mibebaka».

Arak'izany, raha ny fitadiavana fanelanelanana tamin'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fiantsoana Azy ireo mba hahatanteraka ny filantsika ao anatin'ny finoana an'i Allâh noatao hoe fanompoan-tsampy, dia ilay "khalîfat" Omar no voalohany nanompo sampy. Ireo "**Âle**"[74]Mouhammad dia tafiditra sy ho tafiditra foana ao anatin'ny fanompoam-pivavahantsika sy ireo tonom-bavaka mba ho làlana hanatonana an'i Allâh.

Ny porofo mivaingana amin'izany fomba ara-dàlana izany dia hita ao amin'ireo boky mikasika ireo tonom-bavaka nosoritan'ireo Imâm(a.s) madio ara-panahy mpitarikanay. Izahay dia manaraka ny fampianaran'ireo Imâm mpitarikanay ireo. Misy boky roa eto amiko izao: "**Zâd-oul-Ma'âd**" nosoratan'i **al-'Allâmat al-Majlisî** sy ny "**Hadiyyat-oul-Zâ'irîn**" nosoratan'ny **Cheikh 'Abbâs Qoummî**, izay asehoko anareo eto mba hahafahanareo mandinika azy ireo tsara.

Noraisin'i Hâfiz sy ilay Cheikh ireo boky ireo, ka novakian'izy ireo tamin'izany indrindra ny "**Dou'â al-Tawassoul**" (**tonom-bavaka fangatahana fanelanelanana**) ary hitan'izy ireo tamin'izany fa ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tafiditra ao anatin'ilay tonom-bavaka. Izy ireo dia voatonona hatraiza hatraiza amin'ny maha-làlana hanakaikezana an'i Allâh Azy ireo.

---

[74]Ireo taranaka sy fianakavian'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

Ny “Dou’â al-Tawassoul”.

Ny “**Dou’â al-Tawassoul**” dia tonom-bavaka iray. ‘Alî sy ireo Imâm hafa dia voatonona amin’ny fomba mitovy ao aminy. Ny fahamasinan’ny fianakavian’ilay Mpaminany(s.a.s) no italahoana mba hanatonana an’i Allâh. Ny tsirairay ao anatin’ilay fianakaviana masina dia angatahana amin’ny fehezanteny toy izao:«**Ry lehibe sy mpitarikay ô! Izahay dia mila ny fanampianao mba hanatonana an’i Allâh. Ry henin-kaja eo anatrehan’i Allâh Ilay Tsitoha! Angataho Aminy re izahay**». Rehefa avy novakiana ireo tonom-bavaka ireo, dia nihoraka ny sasany tamin’ireo “sunnite”noho ny fahagagana sy ny alahelo teo anatrehan’ireo olona taloha izay namboly lainga manakorontana tao an-tsain’ireo silamo tsy ampy fahalalana.

Ireo “Chiites” dia tsy mba manaratsy an’ireo “Sunnites”.

**Chîrâzî** : Moa ve ahitana soritry ny fanompoan-tsampy ao amin’ireo tonom-bavaka (Dou’â Tawassoul) ireo? Moa ve tsy miseho matetika ao ny anaran’i Allâh? Firy amin’ireo mpiray finoana aminareo izay tsy ampy fahalalana no sady tia fanoherana moa no namono ireo “chiites” mahonena, eo am-piheverana fa nahafaty olona “kâfir”? Ny tompon’andraikitra tsy afa-miala amin’izany raharaha izany dia ireo manam-pahaizana toa anareo. Moa ve ianareo tsy mbola naheno mihitsy ny “chiite” izay novonoin’ny“sunnite”? Ireo manam-pahaizana “chiites” dia tsy mba mampiely poizina. Tsy mba mamboly fifankahalana eo amin’ny “chiite” sy ny “sunnite” akory izy ireo ary manameloka ny famonoan’olona ho fahotana lehibe. Fa mikasika ny tsy fitovian-kevitry ny roa tonta eo amin’ny ara-pinoana , dia hazavan’izy ireo miaraka amin’ny porofo sy ny lojika ny hevitr’izy ireo ary ampidirin’izy ireo ao anatin’ny lahatenin’izy ireo koa aza fa ireo “sunnites” dia rahalahin’izy ireo ara-pinoana.

## Ireo manam-pahaizana “Sunnites” dia manambara fa “kâfir”, tsy mpino ireo “Chiites”.

Etsy andaniny, dia tsy mampino ny fihetsik’ireo manam-pahaizana “sunnites” izay mpitompo teny fantatra. Ireo mpanara-dian’i Abou Hanîfat sy Mâlik Ibn Anas ary Ahmad Ibn Hanbal, izay tsy mitovy fomba finoana, dia samy mihevitra an’ireo “chiites” ho mpanompo sampy sy “kâfir”. Maro dia maro ireo “chiites” nanana ny finoany no maty maritiora vokatry ny didim-pitsarana navoak’ireo manam-pahaizana “sunnites”. Mifanohitra amin’izany anefa dia tsy mba nisy haratsiana avy amin’ireo manam-pahaizana “chiites” nampiharina taminareo.

Ianareo no manozona an’ireo “chiites” kanefa ianareo dia tsy hahita na dia iray aza, fanozonana ho an’ireo “sunnites” ao amin’ireo bokin’ireo manam-pahaizana “chiite”.

**Hâfiz** : Ianareo mihitsy no manao ny tsy rariny. Ianareo no mampiely fankahalana tsy amin’antony. Mba manomeza ohatra àry ianao mikasika ny “chiite” nahita fianarana ka novonoina vokatry ny didim-pitsarana navoak’ireo manam-pahaizanay! Ary Iza amin’ireo manam-pahaizanay moa no manozona an’ireo “chiites”?

**Chîrâzî** : Raha izaho no miditra antsipiriany mikasika ireo asa nataon’ireo manam-pahaizanareo na ireo olon-tsotra, dia tsy ampy hanatanterahana izany ny fotoana hananantsika. Hanome ohatra vitsivitsy ho anareo fotsiny aho mba hahatsapanareo fa tsy mampiely fankahalana akory aho fa tena milaza ny zava-misy.

Raha vakinareo ny bokin’ireo manam-pahaizanareo mpitompo teny fantatra ireo, dia ho hitanareo ao izany fanozonana an’ireo “chiites” izany. Ohatra amin’izany, jereo ny boky “**Tafsîr**” nosoratan’ny **imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî**. Isaky ny mahita fotoana fanararaotana (ohatra rehefa mamaky ny andinin-tsoratra masina mikasika ny “Wilâyat”), dia averimberiny matetika ny hoe: «**Voahozona anie ireo “Râfidhites”, voahozona anie ireo “Râfidhites”!**». Nefa ireo manam-pahaizanay dia tsy mba manoratra tahak’izany velively hanaratsiana ireo rahalahinay “sunnites”.

Ohatra iray amin’ny heloka nataon’ireo manam-pahaizanareo dia ny didim-pitsarana navoak’ireo “**qâdhî**” mpitsara lehibe

anankiroa tao Syrie (**Bourhân-oud-Dîn al-Mâlikî** sy **Ibad Ibn Jama'at al-Châfi'î**) nanenjika ny mpahay lalàna "chiite" lehibe iray, i **Abou 'Abdallâh Mouhammad Jamâl-oud-Dîn al-Makkî al-'Âmilî**. Ity mpahay lalàna ity dia nalaza tamin'ny fotoan'androny, amin'ny lafiny fananam-pinoana sy ny fahaizana momba ny lalàna. Porofon'ny fananany fahalalana dia ilay bokiny "**al-Loum'at**" izay nosoratany nandritra ny fito andro monja, tsy niantehitra akory tamin'ireo bokin-dalàna hafa, ankoatra ny "**al-Moukhtasar al-Nâf'î**". Ankoatr'izany, dia mpianany avokoa ireo manam-pahaizana amin'ny lalàna ao amin'ireo antokom-pinoana efatra (Hanafî, Mâlikî, Châfi'î sy Hanbalî) ireo. Ny mahatonga ny fanenjehana ataon'ireo "Sunnites" dia noho ity manam-pahaizana ity izay mampihatra matetika ny "**taqiyyat**"[75]. Izy dia tsy mba manambara mivantana ny maha-"chiite" azy. Ilay "qâdhî" mpitsara lehibe tao Syrie, i Ibad Ibn Jama'at, izay nanana fialonana azy, no niampanga azy tamin'ireo manam-pahefana "syrien" (Baidmar) no sady nanendrikendrika azy ho "Râfidhite" sy "chiite". Noho izany dia nosamborina izy. Taorian'ny fampidirana azy tao am-ponja sy fampijaliana azy nandritra ny taona iray sy nohon'ny didim-pitsarana navoak'ireto "qâdhî" roalahy ireto dia novonoina izy ka nahantona amin'ny hazo ny tenany. Noho izy roa nanambara fa olona "Râfidhite" mpanompo sampy io nahantona amin'ny hazo io dia nanomboka nitora-bato azy ireo olon-tsotra. Avy eo dia nodorana ny fatiny ary naparitaka ny lavenony.

Anisan'ireo manam-pahaizana nireharehan'ireo mpahay lalàna "chiite" tao Syrie tamin'ny taon-jato fahafolon'ny "Hijrat", ny Cheikh Zayn-oud-Dîn Ibn Nâr-oud-Dîn 'Alî Ibn Ahmed al-Âmilî. Na ireo namany na ireo fahavalony dia samy nahatsapa tokoa ny fananany fahalalana sy ny fahamatorany. Mpanoratra boky maro izy ka somary nihataka lavitry ny olona ary nahatratra 200 isa ireo boky nosoratany araka ny lohahevitra samihafa. Na dia somary nanana fiainana nitokatokana izay aza izy dia mbola nahitan'ireo manam-pahaizana "sunnites" fomba entina hankahalana azy ihany izany. Izy ireo dia nialona azy noho izy mamy hoditra tamin'ny olona. Ny

[75]Fanafenana ny tena finoana eo anatrehan'ny loza mety hitranga.

mpanohitr'azy tena matanjaka, ny "qâdhî" Sa'ida, dia nametraka fitoriana tao amin'i Soultan Salim toy izao:«**Tena marina fa misy any ho any, miaina ao anatin'ny faritr'i Syrie, lehilahy iray izay mpamorona fomba vaovao sady tsy mba mpanaraka ny iray amin'ireo antokom-pinoana efatra**». Soultan Salim dia nanome baiko mba hiakaran'ity mpahay lalàna ity ho tsaraina ao Istanboul. Noho izany dia nosamborina tao amin'ny "**Masjid-oul-Harâm**" izy ary nofonjaina tao Makkat nandritra ny efapolo andro. Nandritra ny fandehanana tao an-tsambo ho any Istanboul, dia notapahan-doha izy ka natsipy an-dranomasina ny vatany. Ny lohany ihany no sisa nalefa tany amin'i Soultan.

Andriamatoa isany! Miangavy anareo aho amin'ny anaran'i Allâh mba hilaza amiko, raha naheno resaka toy izany ianareo nataon'ireo manam-pahaizana "chiites" tamin'ny "sunnite" iray nohon'ny antony tsy fanarahany fotsiny ny antokom-pinoan'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s). Inona no fanazavana entinareo manaporofo fa ny olona iray izay tsy manaraka ny iray amin'ireo antokom-pinoana efatra ireo dia heverina ho toy "kâfir" ka mendrika ny melohina ho faty?

Moa ve eken'ny saina ny fanarahana an'ireo antokom-pinoana ireo izay niforona tao anatin'ireo taon-jato taorian'ilay Mpaminany(s.a.s) fa izay manaraka ny finoana efa nisy tamin'ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s) kosa dia voaheloka ho faty avy hatrany tsy misy fomba fanadihadiana akory?

<u>Ireo "Chiites" sy ireo antokom-pinoana "Sunnites" efatra.</u>

Amin'ny anaran'i Allâh, mba lazao anay, moa ve ireo imâm efatra mpitarikareo ireo (Abou Hanîfat, Mâlik, Châfi'î sy Hanbal) dia niaina nandritra ny vanim-potoan'ilay Mpaminany(s.a.s)? Moa ve nianatra nivantana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) momba ireo foto-pinoana izy ireo?

**Hâfiz** : Tsy misy na iray aza afaka milaza izany.

**Chîrâzî** : Ilay "Lehiben'ireo mpino", ny Imâm 'Alî(a.s) ve tsy sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) tsy nisaraka taminy? Tsy Izy ve no ilay nantsoina hoe "Vavahadin'ilay Tanànan'ny fahalalana"?

**Hâfiz** : Marina tokoa fa Izy dia anisan'iray amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) no sady manana voninahitra ambony mihoatr'azy ireo.

**Chîrâzî** : Fanarahana an'i 'Alî dia antery. Ny tenan'lay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nilaza fa **izay mankato an'i 'Alî dia mankato Azy! 'Alî no Vavahadin'ilay Tanànan'ny fahalalana**. Mbola niteny koa ilay Mpaminany(s.a.s) fa **izay te hampitombo ny fahalalany dia aoka izy handodom-baravaran'i 'Alî**.

Ankoatr'izany, araka ny voalazan'ny "Hadith-oul-Thaqalayn" sy ny "Hadith al-Safînat" izay voasoratra ao amin'ireo bokin'ireo "sunnites" sy ireo "chiites", dia izay mitsipaka ny làlana nosoritan'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo dia rendrika sy very. Ny tsy fankatoavana na ny fankahalana ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mitovy amin'ny tsy fankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s). Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mba mampiseho endrika fanoherana amin'ireo "sunnites" mihitsy ireo manam-pahaizana "chiites". Izahay dia manohana mandrakariva fa ny "sunnites" dia rahalahinay ao amin'ny Islâm, ka tokony hitambatra ho iray isika. Nefa mifanohitra amin'izany kosa, ireo manam-pahaizana "sunnites" dia mamboly ao an-tsain'ireo mpanara-dia azy ireo mandrakariva, fa ireo "chiites" dia mpamorona fomba vaovao, mpisara-bazana amin'ny maro (Râfidhites), mpihoa-pefy (Ghoulât) na jiosy. Noho ireo "chiites" tsy manaraka ny iray amin'ireo antokom-pinoana "sunnite" efatra ireo (Abou Hanîfat, Mâlik, Châfi'î sy Hanbal) dia lazain'izy ireo fa "kâfir" na tsy mpino.

Raha ny marina anefa dia izay manaraka ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) no ao anatin'ny làla-mahitsy.

## Fizarana fahafito

Famonoana an'ireo "chiites" tao Iran sy Afghanistan.

Ireo "Turcs", "Khawârizmis", "Ouzbeks" dia nandroba sy namono an'ireo "chiites" tsy nanan-tsiny. Mouhammad Amîn Khân Ouzbeg fantatra amin'ny anarana hoe Khân Khawa sy 'Abdoullâh Khân Ouzbeg dia namono sy nandroba an'ireo "chiites", tamin'ny habibiana tsy mba nisy indrafo tokoa. Ireo manam-pahaizana

"sunnites" dia nilaza ombieny ombieny fa ireo "chiites" dia "kâfir" ka azo atao ny manaisotra ny fiainan'izy ireo araka ny lalàm-pinoana. Toy izany koa no nataon'ireo mpitondra tao Afghanistan. Tamin'ny taona 1267H, andron'ny "'**Âchourâ**"[76], ireo "sunnites" dia nanafika ny Imambara (Moske) tao Qandahar izay nivorian'ireo "chiites" nitomany nahatsiaro ny nahamaritioran'ny Imâm Housein(a.s), ilay zafin'ny Mpaminany(s.a.s). Izy ireo dia namono ireo "chiites" sy ireo ankizy tamin'ny fomba feno habibiana, ary nalain'izy ireo ankeriny ireo fananan'izy ireo. Nandritra ny taona maro, ireo "chiites" dia niaina tao anatin'ny fahoriana. Nosakanana izy ireo mba tsy hanatanteraka ny fomba amam-panaon'ny finoan'izy ireo. Amin'ny andron'ny "'Achourâ", ny sasany amin'izy ireo dia miafina ao anatin'ny trano ambanin'ny tany ka ao izy ireo no mitomany mangingina amin'ny nahafaty maritiora an'ny Imâm Housein(a.s)sy ireo sakaizany maro izay novonoina teo amin'ny tany efitr'i Karbalâ. Taty aoriana dia ilay mpanjaka Amanoullâh Khân no mba nanaisotra ny sivana izay nampiharina tamin'ireo "chiites" sy nandray azy ireo tao anatin'ny fitoniana.

Ilay maritiora al-Chahîd al-Thânî.

Ao amin'ny fasan'i Akbarabad (Agara) ao Inde, no ilevenan'iray amin'ireo mpahay lalàna "chiites" tena nanam-pinoana sy nanana ny fahaizany, dia ilay Qâdhî Sayyed Nouroullâh Choustari. Izy io dia maty tamin'ny fomba mahatsiravina tamin'ny faha-70 taonany, ny taona 1019H, izay novonoin'ilay mpanjaka Jahangir nohon'ny didim-pitsarana "sunnite" nanenjika azy ho "Râfidhite" (mpisara-bazana amin'ny be sy ny maro).

**Hâfiz** : Manenjika anay amin'ny tsy misy antony ianao, fa izaho manokana aloha dia tena tohina mafy maheno izany fihetsika mahery vaika nataon'ireo olona tsy ampy fahalalana izany, kanefa ireo "chiites" ihany koa dia tompon'andraikitra amin'izay nataony mikasika ireo tranga ireo.

**Chîrâzî** : Moa ve azonao lazaina ny maha-ara-dàlana ireo famonoan'olona ireo.

---

[76]Andro fahafolon'ny volana Mouharram.

**Hâfiz** : Isan'andro, dia an'arivony maro ireo olona tonga eo anatrehan'ireo fasana sy mangataka fitahiana avy amin'ireo maty ireo. Moa ve izany fomba izany dia tsy midika ho fivavahana amin'ireo maty? Nahoana ireo manam-pahaizanareo no tsy mba manome tsiny an'ireo "chiites" izay miankohoka eo anatrehan'ny faty? Manontany tena foana aho noho izany, nahoana ianao no mbola milaza fa mino an'Andriamanitra tokana?

Nandritra ny fandraisam-pitenenan'i**Mawlana Hâfiz**, no nandinihan'ilay mpahay lalàna "hanafite", **Cheikh Agha Ibn Abdous-Salam** ny boky "**Hidayat-ouz-Zâirîn**". Niteny tampoka izy nanao hoe: « Jereo ity! (sady notondroiny ilay boky). Ireo manam-pahaizanareo mihitsy no milaza fa rehefa avy nahavita ny "Ziyârat" nataony tao amin'ireo fasan'ireo Imâm ireo mpanao fitsidihana masina, dia tokony hanatanteraka "**salât-oul-Ziyârat**". Mazava ho azy fa izany dia tsy ataony akory ho an'i Allâh; ankoatr'izany, dia inona moa no dikan'ny hoe "salât-oul-Ziyârat? Moa ve tsy fanompoan-tsampy ny manao vavaka fanompoana ho an'ny Imâm iray? Ireo mpanao fitsidihana masina izay mivavaka mitodika amin'ireny fasana ireny dia porofo miharihary amin'ny fanompoan'izy ireo sampy. Izany no voalazan'ity bokinareo marina ity. Moa ve afaka miaro tena amin'izany ianao? »

**Chîrâzî** : Tena manao resaky ny ankizy ianareo! Fa angaha ianareo mbola tsy nanatrika fitsidihana masina tahak'izany mihitsy ka mbola tsy nahita ireo mpanao fitsidihana masina tahak'ireo mihitsy ve ianareo?

**Cheikh** : Tsia a!

**Chîrâzî** : Amin'ny fomba ahoana àry no ahafahanareo milaza fa ireo mpanao fitsidihana masina ireo dia mivavaka mitodika any amin'ireo fasana ka io "salât-oul-Ziyârat" io dia miendrika fanompoan-tsampy?

**Cheikh** :Io boky io mihitsy anie no milaza fa izy ireo dia tokony hanolotra vavaka ho an'ny Imâm.

**Chîrâzî** : Omeo ilay boky hojereko. Koa avelao mba ho havakiko ireo fanazavana mikasika izany "Ziyârat" izany, mandra-pahatongavantsika amin'ny resaka mikasika ilay salât izay toherinareo. Ary raha toa ka tsapanareo avy eo, fa tsy misy akory ny

zavatra mifanohitra amin'ny mahatokana an'Andriamanitra manomboka amin'ny voalohan'ny fanazavana ka hatramin'ny farany, dia aza menatra ianareo ny milaza fa izany dia vokatry ny fanaratsiana fotsiny. Io anatrehanareo ioindrindra moa ilay boky.

Ny Salât sy ny Ziyârat ary ny Dou'â aorian'ny vavaka.

Toy izao ny fanazavana voalaza ato:

«Rehefa tonga manakaiky an'i Koufa ny mpanao fitsidihana masina, dia mitsangana izy ka mamaky toy izao: "**Allâh no Lehibe Indrindra, Allâh no Lehibe Indrindra, Ilay Tompon'ny Voninahitrasy ny Fahalehibeazana ary ny Fahamboniana. Allâh no Lehibe Indrindra, Ilay Tompon'ny Voninahitra sy ny Fahamasinana sy ny Laza ary ny Fahasoavana. Allâh no Lehibe Indrindra. Matahotr'Azy aho. Izy no Mpiahy ahy; matoky Azy aho ka mametraka ireo fanantenako Aminy ary any Aminy no itodihako**". Rehefa tonga eo am-bavahadin'i Najaf, dia mamaky toy izao: "**Dera ho an'i Allâh, izay nitari-dàlana antsika tamin'izao làla-mahitsy izao. Tsy nandeha tamin'ny làla-mahitsy isika raha tsy i Allâh no nitarika antsika tamin'izany**". Rehefa tonga eo amin'ny vavahadin'ny tokontany masina dia mamaky toy izao, aorian'ny fiderana an'i Allâh: "**Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh izay tokana tsy manam-paharoa. Mijoro vavolombelona koa aho fa i Mouhammad dia mpanompon'i Allâh sy Irany. Izy no nitondra ny fahamarinana teo aminay. Mijoro vavolombelona ihany koa aho fa i 'Alî dia mpanompon'i Allâh sy rahalahin'ilay Irak'i Allâh. Allâh no Lehibe Indrindra, Allâh no Lehibe Indrindra, Allâh no Lehibe Indrindra. Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh, Allâh no Lehibe Indrindra. Ireo fiderana rehetra dia ho an'i Allâh nohon'ny fitarihany sy fiahiany**". Rehefa tonga eo amin'ny vavahadin'ny fasana dia mamaky hoe: "**Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh izay tokana tsy manam-paharoa...".** Eo ampidirana ny fasana masina, aoriany fangatahan-dàlana amin'i Allâh sy ilay Mpaminany ary ireo Imâm, dia mamaky ireo "Ziyârat" samihafa izay miendrika ho fiarahabana alefa amin'ilay Mpaminany sy ilay "Lehiben'ireo mpino" (ny Imâm

‘Alî). Aorian’ireo “Ziyârat”, dia manatanteraka salât enina “raka’at” ka ny roa amin’izany alefa amin’ilay “Lehiben’ireo mpino” ary ny roa sy roa avy alefa amin’ireo Mpaminany tsirairay Adam sy Noa, izay milevina ao anatin’izany faritra izany. Ny vavaka fanompoana dia natao mba hahazoan’ny fanahin’ireo (havana) maty sy ireo mpino hafa tombontsoa izay tsy mba afaka nandray anjara niaraka tamin’ireo mpanao fitsidihana masina ».

Izany fomba izany ve izany dia ahitana endriky ny fanompoan-tsampy?

Fomba fanaon’ny olombelona rehetra, rehefa mandeha mamangy ny namany izy dia mitondra fanomezana. Misy toko iray ao amin’ireo bokin’ny antokom-pinoana roa tonta (sunnite sy chiite) izay ahitana an’ilay Mpaminany(s.a.s) mampirisika antsika mba hanolotra fanomezana ho an’ireo mpino. Izany no mahatonga ny mpanao fitsidihana masina, rehefa tonga eo amin’ny fasan’ilay olo-tiany lehibeny, manolotra fanomezana izay tena tsara indrindra dia ny salât, ka manao salât roa “raka’at” izy mba hanatonana an’i Allâh ho fanomezam-pahasoavana ho an’ny fanahy masin’ilay lehibeny. Manompo sampy ve izy amin’izany fihetsika ataony izany?

Ny fomba fanaovana dou’â kosa dia toy izao manaraka izao: « Amin’ny fiafaran’ilay vavaka fanompoana, izahay no mitsangana manakaiky ny fasana mitodika mankany amin’ny Ka’abat (fa tsy mankany amin’ny fasana akory), ka vakinay izao tonom-bavaka izao: “**Ry Allâh ô! Atolotro ho fanomezana ity vavaka ity ho an’ny filohako sy lehibeko ilay Mpaminaninao(s.a.s) sy ho an’ny rahalahin’ilay Mpaminaninao(s.a.s) ilay “Lehiben’ireo mpino”, ‘Alî Ibn Abî Tâlib(a.s). Allâh ô, alefaso amin’i Mouhammad sy ny fianakaviany ny fahasoavanao. Ankasitraho avy amiko ity vavaka roa “raka’at” ity ary omeo valisoa aho tahaka ny nanomezanao valisoa tamin’ireo izay nanao asa soa. Allâh ô, natolotro ity vavaka ity nohon’ny fitiavana Anao, miankohoka aho nohon’ny fankatoavana Anao. Ianao no Andriamanitra Tokana tsy manam-paharoa. Tsy azo atao ny mivavaka sy ny miondrika na miankohoka manoloana ny hafa ankoatra Anao. Ianao no Allâh, Ilay Lehibe ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh**”».

Ry tompokolahy isany! Amin'ny anaran'i Allâh, aoka ianareo mba hitsara am-pahamarinana. Nanomboka tamin'ny nametrahany ny tongony teo amin'ny tanin'i Najaf ka hatramin'ny fotoana nanolorany ireo "Salât-oul-Ziyârat", ny mpanao fitsidihana masina dia tsy nieritreritra afa-tsy tamin'i Allâh irery ihany.

**Cheikh** : Mahagaga ny tsy nahitanao ity soratra ity: «**Orohy ny rindrin'ny fasana alohan'ny hiditra ao aminy**». Henonay ireo mpanao fitsidihana masina fa rehefa tonga eo am-bavahadin'ny fasan'ireo Imâm izy ireo, dia manao fiankohofana noho ny fankatoavana. Izany fiankohofana izany ve dia tsy natao ho an'i 'Alî[a.s]? Moa ve tsy fanompoan-tsampy ny fiankohofana amin'ny hafa ankoatr'i Allâh?

**Chîrâzî** : Raha izaho ianareo dia naleoko tsy niteny intsony. Naleoko nangina foana mandra-pahatapitry ny fivoriana farany mikasika ity ady hevitra ity ary amin'izay fotoana izay dia ho tsapanareo ny fahamarinan'ireo teniko. Hilaza fohifohy aminareo indray mandeha farany aho fa ny manoroka ny rindrina na ny tokontanin'ny fasan'ireo Imâm dia tsy mba maneho ny fanompoan-tsampy. Adikanareo vilana ny hevitry ny teny hoe "manoroka". Heverinareo fa mitovy amin'ny fiankohofana izany. Na dia eto anatrehanay aza ianareo no mamaky ilay boky dia mbola mahavita manova hevitra, koa manontany tena aho, manao ahoana ny fanenjehanareo anay raha ianareo irery no miresaka manolona ireo olona tsy ampy fahalalana.

Ny fanazavana misy ao amin'io boky io sy ao amin'ireo boky hafa mikasika ireo tonom-bavaka sy ireo toerana fanaovana "Ziyârat" dia milaza fa ny mpanao fitsidihana masina dia tokony hanoroka ny rindrina mba ho marim-panajana fa tsy ho fiankohofana. Amin'ny fomba ahoana moa no ahafahanareo milaza fa ny fanorohana sy ny fiankohofana dia zavatra mitovy? Taiza no nahitanareo ao amin'ny Kor'âny na ao amin'ny "hadith" fa ny manoroka ny rindrin'ny fasan'ny Mpaminany na Imâm[a.s] iray dia voarara? Ary raha tsy manan-kavaly eken'ny saina mikasika izany fanontaniana izany ianareo dia tsy tokony handany ny androntsika eto foana. Hoy ny Kor'âny nilaza hoe: «**Ô ianareo izay mino ! Raha misy olona ratsy tonga mitondra vaovao ho anareo, dia**

**hamarino tsara izany mba tsy hanaovanareo ratsy amin'ny olona noho ny tsy fahafantarana, ka hanenenanareo amin'izay nataonareo avy eo**»[77]. Araka ny fampianarana azo tsoahina amin'ity andinin'ny Kor'âny ity, isika dia tsy tokony hatoky ny filazana ataon'ny olona tsinontsinona. Isika dia tokony hiezaka mafy mba hahafantatra ny fahamarinana, mandeha an-tany lavitra mihitsy aza mba hahazoantsika ny fahamarinan-javatra.

Tao Baghdâd, dia mba nitsidika ireo fasan'i Abou Hanîfat sy ny Cheikh Abdoul-Qâdir al-Jilânî ny tenako, ka nahita ireo mpitsidika maro. Ny fihetsika hitako nataon'izy ireo aza dia nahataitra kokoa noho izay filazanareo ny fomba nataon'ireo "chiites", fa tsy ho lazaiko eto izany. Tao amin'ny fasan'i Abou Hanîfat tao al-Mou'azzam, dia nifanena tamin'ireo andiana "sunnite" aho, izay nanoroka matetika ny kesika fa tsy mba ny rindrina akory ary tsy vitan'izany fa mikodiadia mamadibadi-tena amin'ny tany izy ireo. Nefa noho izy ireo hitako tsy dia manao fihetsika mamoa fady no sady tsy ahitako antony manokana hanomeza tsiny azy ireo, dia tsy mba nitantara izany tranga izany na tamin'iza na tamin'iza mihitsy aho. Fa mazava amiko tsara fa manao izany fihetsika izany izy ireo noho ny fitiavana fa tsy noho ny fanompoana.

Ry tompokolahy isany! Tsy misy "chiite" manam-pinoana na iray aza ka miankohoka amin'ny hafa ankoatr' i Allâh. Na izany koa aza, raha isika no miantoraka amin'ny tany toy ny miankohoka ary akasokasoka amin'ny tany ny handrintsika (nefa tsy misy fikasana hanao fanompoana), dia tsinontsinona akory izany fihetsika izany. Ny miondrika eo anatrehan'ny olona manan-kaja nefa tsy mihevitr'azy ho Allâh na manakasokasoka ny tarehy amin'ny fasana iray, dia tsy mba fanompoan-tsampy velively. Fa izany fihetsika izany dia vokatry ny fitiavana tokoa.

**Cheikh** : Ahoana ny mahamety izany? Ny miantoraka amin'ny tany sy mametraka ny handrina amin'ny tany ve dia tsy midika ho fiankohofana?

---

[77]Kor'âny 49/6

**Chîrâzî** : Ny fiankohofana dia miankina amin'ny fikasana ary ny fikasana dia vokatry ny fo. Tsy misy afa-tsy i Allâh ihany no mahalala ireo fikasantsika miafina ao am-po. Ohatra, isika dia afaka mahita olona miankohoka amin'ny tany sahala amin'ny fiankohofana ara-pivavahana. Marina fa tsy mety ny miankohoka manoloana ny hafa ankoatr'i Allâh, eny fa na dia tsy misy fikasana aza. Nefa noho ny tsy fahalalantsika izay fikasana miafina ao am-pony ao, dia tsy azontsika atao ny milaza izany ho fiankohofana ara-pivavahana.

<u>Ny Fiankohofan'ireo rahalahin'i Josefa teo anatrehany.</u>

Arak'izany, ny miankohoka toy ny ao amin'ny fanompoam-pivavahana (fa tsy misy fikasana mitovy amin'izany) mba atao ho mari-panajana dia tsy fanompoan-tsampy. Ohatra, ireo rahalahin'i Josefa(a.s) dia niankohoka teo anatrehany. Tamin'izany fotoana izany dia Mpaminany anankiroa, Jakoba(a.s) sy Josefa(a.s) no samy teo nefa tsy mba nanome tsiny io fihetsika io Izy ireo. Hoy Allâh ao amin'ny Kor'âny milaza hoe: «**Ary dia nakariny teny ambonin'ny seza fiandrianana ireo ray aman-dreniny, ary dia lavo niankohoka teo anatrehany ny rehetra. Ary hoy izy : "ô ry raiko, izao no dikan'ilay nofiko fahiny...**»[78].

Ankoatr'izany, ny Kor'âny, ao amin'ny andininy maro, dia manambara an'ireo Anjely izay niankohoka teo anatrehan'ny Mpaminany Adam(a.s). Noho izany, raha izay fiankohofana fotsiny no midika ho fanompoan-tsampy, dia nanompo sampy avokoa izany ireo rahalahin'ny Mpaminany Josefa(a.s) sy ireo Anjelin'i Allâh. Ary Iblis, ilay voahozona irery ihany izany no mpino an'Andriamanitra tokana!!!

<u>Ny miantso an'ireo Imâm dia tsy fanompoana ny maty akory.</u>

Ankehitriny, dia hovaliako ny filazan'i Hâfiz fa ny manao tonom-bavaka manoloana ny fasan'ireo Imâm dia mitovy amin'ny manompo ny maty. Nanontany ianareo fa nahoana izahay no mitady fanampiana eo anatrehan'ireo fasan'ireo Imâm(a.s)? Heverinareo

---

[78]Kor'âny 12/100.

angamba fa tsy misy fiainana intsony aorian'ny fahafatesana ary izay maty dia tapitra hatreo. Allâh dia milaza mikasika izany hevi-diso izany ao amin'ny Kor'âny masina: «**Izany dia tsy inona, fa izao fiainanay eto an-tany izao ihany, ho faty ary ho velona izahay, fa tsy hatsangana amin'ny maty velively**»[79].

Araka ny efa hainareo rehetra, fa izay mino an'i Allâh dia mahalala fa mbola misy fiainana any aorian'ny fahafatesana. Rehefa maty ny olona iray dia ny vatany no lasa tsy misy aina intsony, fa mifanohitra amin'ny biby, ny fanahy sy ny tenin'izany olona izany dia mitoetra amin'ny vatana mitovy fa saingy madio kokoa ka hahazo valisoa na sazy any amin'ny tontolon'ny any ankoatra (barzakh) na afo-fanadiovana.

Ireo maritiora sy maty tao anatin'ny làlan'i Allâh dia mahazo valisoa manokana. Izany dia voalaza ao amin'ny Kor'âny masina: «**Aza heverinareo ho anisan'ireo maty mihitsy ireo izay novonoina tamin'ny làlan'i Allâh. Raha ny marina dia velona eo anatrehan'i Allâh izy ireny, ary mahazo anjaram-pivelomana. Haravoana ny azy ireo tamin'ny fahasoavana izay nomen'i Allâh azy ireo...**»[80].

Izaho dia mandinika tsara ny filazana hoe: « **Raha ny marina dia velona eo anatrehan'i Allâh izy ireny, ary mahazo anjaram-pivelomana. Haravoana ny azy ireo tamin'ny fahasoavana izay nomen'i Allâh azy ireo...**». Izy ireo dia mamaly antsika, fa ny taovam-pandrenesantsika no voatakon'ny voalin'ny fiainana ara-batana ka tsy henontsika akory ny feon'izy ireo. Ao amin'ny famangiana (Ziyârat) atao amin'ny Imâm Housein[(a.s)], izahay dia miteny manao hoe: «**Izaho dia mino marina fa ianao dia mahare izay lazaiko sy mamaly izany**».

Efa novakinareo va ny lahateny faha-85 ao amin'ny "Nahj-oul-Balâghat"? Ny taranak'ilay Mpaminany dia lazaina toy izao: «**Ry olombelona! Izao no fanambaran'ilay Mpaminany: "Izay maty aminay dia tsy mba maty akory ary izay levona aminay**

---

[79]Kor'âny 23/37.

[80]Kor'âny 3/169-170.

**(aorian'ny fahafatesana) dia tsy mba levona akory »[81].** Arak'izany, ireo Ahl-oul-Bayt(a.s) dia velona lalandava, any amin'ny tontolon'ny fahazavana sy ny fanahy ary tsy mety ho levona mihitsy.

**Ibn Abîl-Hadîd al-Mou'tazalî sy Cheikh Mouhammad Abdou**,**ilay "moufti" mpamoaka lalàna malaza taoEzypta**, teo ampanehoana ny fanamarihan'izy ireo mikasika ny resaka voalaza teo aloha, dia nilaza fa ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba maty tahaka ny sasany. Noho izany, rehefa isika mijoro manoloana ny fasan'ireo Imâm ireo dia tsy mba mijoro manoloana ny maty akory, ary tsy mba miresaka amin'ny maty ihany koa.

Izahay dia mijoro manoloana ny velona ary miresaka amin'ny velona. Tsy mba manompo ny maty akory izahay. Allâh no tompoinay. Tsy mino ve ianareo fa i 'Alî(a.s), ny Imâm Housein(a.s), ireo maritiora tamin'ny Badr, tamin'ny Hounayn, tamin'ny Ouhoud sy tao Karbalâ dia nanao sorona ny ain'izy ireo tao anatin'ny làlan'i Allâh ho an'ny fahamarinana? Moa ve izy ireo tsy nifandona tamin'ny herim-pamoretan'ireo Qouraych, sy ireo Banî Oumayyat (Omayyades), sy Yazîd sy ny tariny, izay nanana tanjona hanafoana ny finoana? Torak'izany koa, ny herim-pon'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fahafoizan-tenan'ireo maritioran'ny Badr, Hounayn sy Ouhoud izay tsy nanaiky ny faharesena, sy ny fahasahian'ny Imâm Housein(a.s) nandray fanapahan-kevitra hanao sorona ny fiainany dia mba hanamafisana orina ny Islâm. Raha tsy nijoro ny Imâm Housein(a.s) nanohitra ireo herin'ny ratsy ireo, dia nopotehan'i Yazîd ilay voahozona tanteraka ny Islâm ary naparitany nanerana ny fiaraha-monina silamo ny tsy finoana an'Andriamanitra.

**Cheikh** : Mahataitra ny fandraisanao ny "khalîfat" mpitondra ny vahoaka silamo, Yazîd Ibn Mou'âwiyat ho toy ny "kâfir". Tokony ho hainao fa i Mou'âwiyat Ibn Abou Soufiân no nanendry azy ho "khalîfat". Ilay "khalîfat" faharoa, Omar Ibn al-Khattâb sy ny "khalîfat" fahatelo Outhmân ilay voatsindry hazolena kosa no nanendry an'i Mou'âwiyat ho (Amîr) governoran'i Syrie. Nohon'ny fahaiza-manaony sy ny talentany, dia nanaiky azy am-pahatsorana

---

[81]Nahj-oul-Balâghat, voadika amin'ny teny anglisy, boky voalohany, pejy faha-130, natontan'i Mouhammad Ibrahim, tao Karachi.

ho “khalîfat” ny vahoaka. Izany filazanao an’ireo “khalîfat” mpitondra ireo silamo ireo ho toy ny tsy mpino (kâfir) izany dia tsy vitan’ny faniratsirana an’ireo silamo rehetra izay nanaiky azy ireo foana fa mbola faniratsirana ihany koa an’ireo “khalîfat” teo alohany. Ekena fa nanao fahadisoana izy ireo tamin’ny fitondran’izy ireo, saingy fahadisoana azo leferina. Ilay zafin’ny Mpaminany, ny Imâm Housein dia nisy namono, kanefa efa voavela izany. Noho izy ireo efa nibebaka dia namela azy ireo i Allâh Ilay Be Indrafo. Ny imâm al-Ghazalî sy Damirî dia nitantara antsipiriany ity lohahevitra ity ao amin’ny bokin’izy ireo avy, ka nanaporofo ny fahadiovan’ny “khalîfat” Yazîd.

**Chîrâzî** : Izaho dia tsy nanampo fa ny fiziriziriananareo amin’ny hevi-diso dia ho tonga hatramin’ny fiarovanareo mikasika an’i Yazîd, ilay voahozona. Milaza ianareo fa noho ireo teo alohan’izy ireo izay nankasitrak’azy ireo ho mpitondra dia tokony hankasitrak’azy ireo ihany koa izany ireo mpino silamo rehetra. Tsy mitombona akory izany hevitra izany. Izahay dia milaza fa ny “khalîfat” iray dia tsy maintsy madio (tsy manam-pahotana) sy voafidin’i Allâh mba hahatonga antsika tsy iharan’ny fanagejana.

Milaza ianareo fa i Ghazalî sy Damirî dia niaro ny voninahitr’i Yazid. Tsy mahagaga satria izy ireo koa dia mba mpiziriziry amin’ny hevi-diso mitovy aminareo ihany. Tsy misy olona manan-tsaina na iray aza afaka hiaro ireo asa nataon’i Yazîd voahozona. Lazainareo fa nahavita “**fahadisoana**” i Yazîd tamin’ny famonoana an’ny Imâm Housein(a.s). Nefa ny famonoana ny zanaka malalan’ilay Mpaminany(s.a.s) niaraka tamin’ireo olon-kafa miisa 72, anisan’izany ireo ankizy kely sy ireo olona efa antitra, ary ny fampitanjahana sy fampidirana amponja ireo zanakavavin’ilay Mpaminany(s.a.s), tsy manan-tsiny, dia tsy mba “**fahadisoana**” tsotra! Fa izany dia tena halozana lehibe tokoa tsy hay tantaraina. Tsy vitan’izany fa ireo heloka be vava ireo dia tsy niònona tamin’ny famonoan’olona tamin’ny habibiana fotsiny; fa betsaka ireo ohatra hafa maneho ny tsy fananan’i Yazîd finoana.

## Fizarana fahavalo

Ny tsy fananan'i Yazîd finoana.

Anisan'ireo tranga manaporofo ny tsy fananan'i Yazîd finoana, ny ventin-kevitr'ireo andalan-tononkalony nosoratany.

Ohatra ny nanoratany hoe: «**Raha ny fisotroana (toaka) no voarara ao amin'ny finoan'i Mouhammad, dia aoka! Fa hanaraka ny finoana Kristianina aho**».

«**Ny fiainana eto an-tany irery ihany no misy. Tsy misy ny finoana ny any akoatra. Isika tsy tokony hiala amin'ny fahafinaretan'izao fiainana izao**».

Ireo andalana tononkalo ireo dia hita ao amin'ny vondrona boky mikasika ny tononkalo ary i **Aboul-Faraj Ibn Jawzî** dia nitatitra izany ao amin'ny bokiny "**Radd 'Alâ al-Mouta'asib-il-'Anîd**".

Mbola niteny ihany Yazîd nanao hoe: «**Izay mampihorohoro anay amin'ny fitenenana ny andro Fitsarana, dia azy ny azy. Izany dia filazana diso mba hanesorana anay ao anatin'ny fahafinaretan'ny zava-maneno sy ny mozika**».

**Sibt Ibn Jawzî** dia nanoratra ao amin'ny bokiny "**Tazhkirat**", pejy faha-148 hoe: « Rehefa nobaboina sy nentina tany Syrie ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nipetraka teo amin'ny rihana faharoa tao amin'ny lapany i Yazîd. Ary namaky izao tononkalo anankiroa izao izy: "**Rehefa ny rameva nitondra ireo babo maharikoriko izay nipoitra, dia migagaka ny goaika (fambara loza any Arabia). Fa hoy aho: ry goaika, na migagaka aza ianao na tsia, dia tsy maintsy mamaly faty an'ilay Mpaminany aho**" ».

Ny "valifaty" dia manondro an'ireo rahalahiny sy ireo havany izay maty nandritra ny adin'ny Badr, Ouhoud, sy Hounayn. Namaly faty an'ireo havany maty izy tamin'ny famonoana an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).

Porofo iray hafa maneho ny tsy fananany finoana ihany koa dia ny fety nataony mba hankalazana ny fifaliany amin'ny nahafaty maritiora an'ny Imâm Housein(s.a.s); amin'izany no hamakiany

tononkalo manohitra ny finoana nosoratan'i **'Abdoullâh Ibn Ouzza Bârî**.

**Sibt Ibn Jawzî** sy **Abou Raïhân** ary ireo hafa dia samy nitantara fa i **Yazîd** dia nalahelo tamin'ny tsy nahateo ireo razany (izay tsy mpino avokoa) fa efa maty daholo tamin'ny adin'ny Badr nohon'ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s). Toy izao indrindra no nambaran'i Yazîd : «**Malahelo aho amin'ireo iray foko amiko izay maty tamin'ny adin'i Badr sy ireo izay namonjy ny fitarainan'ny fokon'ny Khazraj (tamin'ny adin'ny Ouhoud) noho ny ratra nahazo azy ireo voan'ireo zanatsipika, ka tsy manatrika eto. Antenda ny fitarainan'izy ireo nikiakiaka mafy nanao hoe: "Ry Yazîd ô, aoka ireo tananareo mba tsy halemy velively" fa efa novonoiko izao ireo lehiben'ny fokony (fokon'ilay Mpaminany(s.a.s)). Nataoko izany mba ho valifatin'ny Badr. Ireo Banî Hâchim dia te hanaram-po amin'ny fitondrana. Tsy nisy akory anefa ny hafatr'i Allâh na fanambarana avy Aminy. Izao dia tsy ao anatin'ny fianakavian'ny Khandaq matoa tsy namaly faty ho an'ireo taranak'ilay Mpaminany. Izahay dia namaly faty ireo olona novonoin'i 'Alî tamin'ny alalan'ny famonoanay ny zanany lahy, mpitaingin-tsoavaly iray sy mahery fo toy ny liona**».

<u>Ireo manam-pahaizana "sunnites" dia manaiky ny fanozonana an'i Yazîd.</u>

Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo dia mametraka an'i Yazîd ho toy ny tsy mpino. Eny fa na dia ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** sy ireo manam-pahaizana lehibe maro hafa ao amin'ny antokom-pinoanareo aza dia nanamafy fa tokony hozonina am-bava mihitsy izy.

**Abd-our-Rahmân Aboul-Faraj Ibn Jawzî** dia nanoratra boky iray mikasika izany: "**Kitâb-oul-Raddi 'Alâ al-Mouta'asib-il-'Anid-il-Manî'**" sy ny "**al-Mâni' 'an La'ani Yazîd La'anahoullâh**".

Fa ireo manam-pahaizana mpiziriziry amin'ny hevi-diso avy amin'ny antokom-pinoanareo, toa an'i **Ghazâlî**, no mampiseho ny fiandaniany miaro an'i Yazîd ka toherin'izy ireo amin'ny fomba

mampihomehy izany fanozonana izany ho fiarovana azy. Na izany aza anefa, ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo dia nanamarika ny fitondrantenany tsy mifanaraka amin'ny finoana sy mamoa fady. Yazîd dia niezaka mba hanafoana ny finoana. **Al-Mas'oud**, ao amin'ny bokiny "**Mourouj al-Zhahab**", bokiny faharoa, dia mampitovy ny toetran'i Yazîd amin'i Firaona, ary nanamafy fa mbola rariny kokoa ny nataon'i Firaona noho ny nataon'i Yazîd mikasika izany haratsian-toetra izany. Ny fitondran'i Yazîd dia nisalotra ny anaran'ny Islâm tamin'ny fahafaham-baraka. Ny halozany dia fantatra tamin'ny alalan'ny fisotroany toaka, famonoany ny zanak'ilay Mpaminany(s.a.s), fanevatevana ny mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) i 'Alî(a.s), ny famotehana ny Tranon'i Allâh (Masjid-oul-Harâm) sy ireo famonoan'olona maro.

Izy dia nanao fandikan-dalànan'Andriamanitra imbetsaka, sy fahotana maro tsy azo leferina.

**Nawwâb** : Ahoana no Yazîd no tompon'antoka tamin'ireo famonoan'olona ireo?

**Chîrâzî** : Mpahay tantara maro no nitantara izany tranga izany. **Sibt Ibn Jawzî** ao amin'ny "**Tazhkirat**", pejy 63, dia nanambara fa ny olona sasany avy ao Madînat no tonga tao Syrie tamin'ny taona 62H. Rehefa fantatr'izy ireo ny asa ratsy mendrika ny homelohina nataon'i Yazîd, dia niverina nody tao Madînat izy ireo, nanapaka ny fanekem-pankatoavana azy, sy nanozona azy ary nandà ny goverinorany, i **Outhmân Ibn Abou Soufiân**.

**Abdoullâh Ibn Handhalat** (**Ghasîl-oul-Malâikat**) dia nilaza ampahibemaso nanao hoe: «**Ry vahoaka! Isika dia tsy nitolona nanohitra an'i Yazîd raha tsy efa avy nanamarina fa tsy mpino tokoa izy. Izy no namono ireo taranak'ilay Mpaminany masina, nifampikasoka tsy ara-dalàna tamin'ireo reny, zanaka vavy sy anabavy izy; nisotro toaka ary tsy nanatanteraka ny vavaka fanompoana**».

Rehefa ren'i Yazîd izany feo izany, dia nandefa tafika syrianina maro dia maro izy izay teo ambany fibaikoan'i Mouslim Ibn 'Ouqbat mba hanohitra ireo vahoakan'i Madînat. Naharitra hateloana ny famonoana an'ireo silamo. Ireo tafik'i Yazîd dia nahafaty olona 700 manana ny maha-izy azy avy amin'ny Qouraych,

sy ireo “Mouhâjirine”, ireo “Ansâr” ary ireo mponina miisa 10 000. Mahamenatra ahy ny hilaza ny fanalam-baraka natao tamin’ireo silamo ireo. Ny voalaza ao amin’ny boky “**Tazhkirat**” pejy 163, nosoratan’i **Sibt Ibn Jawzî**, izay notantarain’i **Aboul-Hasan al-Madâ’inî** ihany no ho lazaiko eto: «**Taorian’ny famonoana an’ireo mpino silamo tao Madînat, dia miisa 1 000 ireo vehivavy virijiny no bevohoka nanan-janaka**».

**Cheikh** : Ireo tantara ireo dia manambara ireo fahotana vitany. Ny fahotana dia azo hibebahana sy azo avela ary Yazîd dia naneho ny fifonany. Allâh izay mpamela heloka dia namela azy. Koa nahoana ianareo no mbola manozona azy foana hatramin’izao?

**Chîrâzî** : Ireo mpisolo vava sasany dia mbola manohy ny fiarovana ny olony foana hatramin’ny farany, satria izy ireo dia nandray karama avy aminy, eny fa na dia fantatr’izy ireo aza ny heloka tsy azo ivalozana vitan’ny olony. Fa tsy azoko nahoana ianareo no sarotiny mafy amin’ny fiarovana an’i Yazîd, na dia teo aza ireo famonoana an’ireo taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo vahoakan’i Madînat izay nataony. Ankoatr’izany, ny filazanareo fa efa nibebaka izy dia tsy marim-pototra. Moa ve ny tsy finoan’i Yazîd ilay voahozona, ireo lalànan’ny Islâm, ny andro Fitsanganana amin’ny maty, ny fanambaran’Andriamanitra sy ny faminaniana, dia tsy mendrika ny homelohina? Allâh ve tsy nanozona ireo mpanindry hazolena? Raha mbola tsy mahafa-pon’ireo mpisolo vavan’i Yazîd Ibn Mou’âwiyyat ireo porofo ireo, dia raha sitrakareo, hanambara “hadith” anankiroa avy amin’ireo manam-pahaizanareo malaza aho.

**Al-Boukhârî** sy **Mouslim** ao amin’ny “**Sahîh**” bokin’izy ireo tsirairay, **al-‘Allâmat Samhoudî** ao amin’ny “**Wafâ’ al-Wafâ**”, **Ibn al-Jawzî** ao amin’ny “**al-Raddou ‘alâ al-Mouta’asib-il-‘Anîd**”, **Sibt Ibn Jawzî** ao amin’ny “**Tazhkirat Khawâs-oul-Oummat**”, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny “**Mousnad**” sy ireo hafa dia samy nanambara ny tenin’ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe:«**Izay mampihorohoro sy manindry hazolena an’ireo vahoakan’i Madînat, dia Allâh no hampihorohoro azy (amin’ny andro Fitsarana). Hanozon’azy i Allâh, sy ireo Anjely ary ny olombelona rehetra. Amin’ny andro Fitsarana, i Allâh dia tsy hankasitraka na iray aza amin’ireo asany**».

Niteny ihany koa ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Voahozona izay mampihorohoro ny tanànako (ireo vahoakan'i Madînat)**». Io famonoan'olona io ve tsy fampihorohoroana an'ireo vahoakan'i Madînat? Raha eny, dia aoka àry ianareo hiaiky miaraka amin'ilay Mpaminany(s.a.s)sy ireo Anjely ary ny olombelona rehetra fa ity olon-dratsy ity dia voahozona ary mbola voahozona foana hatramin'ny andro Fitsarana.

Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo dia nanozona an'i Yazîd. **Abdoullâh Ibn Mouhammad Ibn 'Âmir al-Chabrawî al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny "**Kitâb-oul-Ittihâf bi-Houbb-il-Achrâf**" pejy 20, dia nanoratra fa rehefa ny anaran'i Yazîd no voatonona teo anatrehan'i **Moulla Sa'd Taftazanî**, dia hoy izy hoe: «**Ny ozona anie hianjady aminy, izy sy ireo sakaizany ary ireo izay nanampy azy**». Nisy nitantara fa **al-'Allâmat Samhoudî** ao amin'ny bokiny "**Jawâhir-oul-'Iqdaïn**", dia nilaza hoe:«**Ireo manam-pahaizana amin'ny ankapobeny dia niara-nanaiky fa azo atao ny manozona an'izay namono an'ny Imâm Housein, sy izay nanome baiko amin'ny famonoana Azy, sy izay nanampy tamin'ny famonoana Azy na izay nankasitraka ny famonoana Azy**».

**Ibn Jawzî**, **Abou Ya'lâ** sy **Sâlih Ibn Ahmad**, niankina tamin'ireo andinin'ny Kor'âny masina dia samy nanoratra toy izao: «**Voaporofo fa ny fanozonana an'i Yazîd dia azo atao. Adidin'ireo mpino silamo rehetra ny mahalala ny zon'ny Imâm Housein(a.s) eo amin'izy ireo sy ny fomba nanoheranyireo tafiky ny ratsy sy mpanageja, notondrahany tamin'ny rány sy ny ràn'ny fianakaviany ny hazon'ny Islâm. Raha tsy izany, ity hazo masina ity dia maty noho ny hetraketrak'ilay olon-dratsy avy amin'ny foko Banî Oumayyat. Ny Imâm Housein(a.s) no nanome aina vao indray ny Islâm** ».

Izaho mahita izany tokony halahelovana toy izay ny hiaiky fa ireo olo-masina ireo no nanolotra ny ainy ho an'ny Islâm; ianareo anefa dia manome tsiny an'ireo mpanao fitsidihana masina mamangy ny fasan'izy ireo ho manompo ny maty. Isika dia matetika mahita fa any an-tanàn-dehibe toa an'i Paris, Londres, Berlin sy Washington, dia ahitana fijoroan'ireo tsangam-bato ho fanomezam-

boninahitry ny “miaramila tsy fantatra” lavo an’ady. Lazaina fa nanao sorona ny ainy izy teo anatrehan’ny fahavalo mba hiarovany ny tanindrazana. Nefa tsy misy akory ny fomba ahafantarana azy: tsy hita taratra intsony ny vatany na ireo fitafiany mba ahafahana mamantatra ny fiaviany. Fa noho izy nanolotra ny ainy hiarovana ny tanindrazany, na dia tsy fantatra aza izy, dia mendrika ny hajaina. Na mpanjaka na sarangan’olona manao ahoana no tonga any amin’ireny tanàn-dehibe ireny, dia mandeha mitsidika ny tsangam-baton’ilay “miaramila tsy fantatra” ka mametraka voninkazo. Ilay miaramila tsy fantatra dia mahazo fanajana lehibe avy amin’ny olona, fa ny mampalahelo raha tokony hanaja ireo mpanao fitsidihana masina izay mamangy ny fasan’ireo mpino silamo nahita fianarana sy manam-pinoana isika dia mitsikera azy ireo indray. Ny sasany amin’izy ireny dia mahay tsianjery ny Kor’âny. Izy ireo dia nanolotra ny ainy ho fiarovana ny Islâm. Ireo olona ireo no mpitondra ny finoan’i Allâh, ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranak’ilay Irany(s.a.s).

<u>Ny fanimbazimbana ny fasana.</u>

Nefa, ireo silamo mihitsy no nandrava ireo fasana tahak’izany. Izany halozana izany dia nitranga tamin’ny taona 1216H, nandritra ny “Ziyârat” tamin’ny fety “Eïd al-Ghadîr”, rehefa ny ankamaroan’ny mponina tao Karbalâ no tonga tao Najaf mba hanao ny fitsidihana masina. Ireo “Wahhabites” tao Najaf dia nanao fahirano an’i Karbalâ, ka namono ireo “chiites” tsy manan-tsiny izy ireo. Nopotehin’izy ireo ny fasana nilevenan’ireo izay nanao sorona ny ainy ho an’ny Islâm. Nahatratra 5 000 teo ho eo no isan’ireo mponina tao Karbalâ, izay nahitana ireo manam-pahaizana, ireo antitra, ireo vehivavy sy ny ankizy novonoina. Ireo sisa famantarana an’ny Imâm Housein(a.s) dia norobaina, ireo zava-tsarobidy, ireo jiro vita amin’ny volamena sy ireo karipetra lafo vidy dia nalain’izy ireo ankeriny avokoa. Ilay boatin-drakitra sarobidy nipetraka teo ambony fasana dia nodoroina. Maro ireo olona nogadraina. Endrey izany fahorian’ireto mpino silamo ireto!

Tena mampalahelo fa, na dia any amin’ireo firenena mandroso aza, ny fasan’ireo mpanjaka, ireo avara-pianarana na ireo miaramila tsy fantatra aza dia omen-kaja manokana; nefa ireo mpino

silamo izay lazaina fa miezaka ho modely tsara indrindra mba hiaro ny fasan'ireo izay olona ireharehan'izy ireo, dia mandroba sy mandrava izany toy ny bibidia! Tao Makkat sy tao Madînat, ireo "Wahhabites" dia nandrava ny fasan'ireo maritiora tamin'ny adin'ny Ouhoud, anisan'izany ny fasan'i Hamzat sy Khadijat sy Abdallâh Ibn Abdoul-Moutallib sy ireo hafa razan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nozimbazimbain'izy ireo koa ireo fasan'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s), ny an'ireo zanany lahy toa an'ny Imâm Hasan(a.s) sy ny Imâm Zayn-oul-'Abidîn(a.s) sy ny Imâm Mouhammad al-Bâqir(a.s), ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s), Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s) zanaka vavin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny an'ireo hafa maro avy amin'ny Banî Hâchim sy an'ireo manam-pahaizana malaza ara-pinona. Endrey izany fahafaham-baraka!

Ireo manam-pahaizana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta ireo dia nanambara "hadith" maro izay mampirisika antsika hamangy ireo fasan'ireo mpino mba hamonjena azy ireo amin'ny fahapotehana. Ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nitsidika ny fasan'ireo mpino sy nangataka tamin'i Allâh ho fanavotana azy ireo.

Maritiora ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) noho izany dia velona izy ireo.

Tsy mihevitra ve ianareo fa ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nanolotra ny fiainany ho an'ny Islâm dia maritiora?

Raha lazainareo fa tsy maritiora izy ireo dia ahoana ny fomba fanazavanareo izany?

Raha maritiora tokoa izy ireo, dia ahoana no hilazanareo azy ireo fa hoe "maty"?

Ny Kor'âny dia efa nilaza hoe: «**...velona eo anatrehan'i Allâh izy ireny, ary mahazo anjaram-pivelomana. Haravoana ny azy ireo tamin'ny fahasoavana izay nomen'i Allâh azy ireo...**»[82]. Araka ny voalazan'ny Kor'âny sy ireo "hadith", ireo olo-masina ireo dia velona. Noho izany, dia tsy azo lazaina ho mpanompo ny maty.

---

[82] Kor'âny 3/169.

Izahay dia tsy mba mamangy ny maty fa midera ny velona. Tsy misy na "chiite" iray aza na nahita fianarana na tsia, no mihevitra azy ireo ho afaka mamaha ny olana mianjady aminy. Izy dia mametrak'azy ireo ho mpanompon'i Allâh nanam-pinoana sy ho làlana hanatonana Azy. Izahay dia manambara amin'ireo Imâm tsy manam-pahotana ireo ny hetahetanay mba ahafahan'Izy ireo mangataka izany amin'i Allâh ho anay. Rehefa miteny izahay hoe: « 'Alî ô, ampio aho! » na « Housein ô, tahio aho! », dia tahaka ny olona iray izay maniry te hihaona amin'ny mpanjaka. Mety mifanena amin'ny praiministra izy ka mangataka fanampiana aminy. Izy anefa tsy mihevitra an'ilay praiministra ho mpanjaka izay mpanome ho azy ny vahaolana farany amin'ny fahasahiranany. Ny tanjony dia ny mba hanakaiky an'ilay mpanjaka fotsiny amin'ny alalany fa noho ny toerana misy azy sy ny voninahiny dia mora ho azy ny mankany amin'ilay mpanjaka. Ireo "chiites" dia tsy mihevitra an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ho mpikambana amin'i Allâh sanatria. Fa mametraka Azy ireo toy ny mpanompony mahafa-po.

Ny fahadiovana ara-panahin'ireo Imâm.

Noho izy ireo izay solon-tenan'i Allâh dia mitondra ny fangatahantsika any Aminy izy ireo. Raha mendrika ny fangatahantsika dia eken'i Allâh izany. Raha tsy izany, dia any ankoatra no hahazoana ny valiny izany. Tsy tokony hadino ny manazava ity teboka iray ity: ireo "chiites" dia mino fa ireo Imâm ireo dia madio ara-panahy ary ny voninahitr'izy ireo dia ambony kokoa noho ny an'ireo izay maritioran'ny finoana Islâm.

**Hâfiz** : Izany fanambaranao izany dia mitaky fanazavana. Inona no mampiavaka an'ireo Imâm mpitarika anareo sy ireo imâm hafa, ankoatra ny fananan'izy ireo fihavanana amin'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Raha jerenareo ny toeram-boninahitra misy ny "Imâmat", dia hahita fifanoherana miharihary ianareo amin'ny fomba finoana ny "Imâmat" eo amin'ny "chiite" sy eo amin'ny "sunnite".

## FIVORIANA FAHEFATRA

(Ny alin'ny Alahady faha-26 Rajab 1345H[83].)

### Fizarana voalohany

Ady hevitra mikasika ny "Imâmat".

**Chîrâzî** : Ianareo dia mahalala fa ny voambolana "imâm" dia manana ny heviny maro.

Ara-bakiteny, izy io dia midika ho "lehibe"; "imâm al-Jama'at" dia midika hoe "izay mitarika ireo vavaka fanompoana iarahan'ny rehetra manatanteraka". Mety koa midika ho lehibe amin'ny lafiny politika na fivavahana. Ny "imâm al-Joum'at" dia midika hoe "izay mitarika ny vavaka fanompoana amin'ny andro Zoma". Ary koa ireo "sunnites" izay manaraka ny antokom-pinoana efatra dia miantso ny lehiben'izy ireo ho "imâm", toa an'ny imâm Abou Hanîfat, imâm Mâlik, imâm al-Châfi'î ary ny imâm Hanbal.

Ireto teolojiana sy mpahay lalàna ireto no lehiben'izy ireo ara-pinoana ary izy ireo no mandrafitra ireo lalàm-pinoana araka ny fikarohana nataon'izy ireo na araka ny fanatsoahan-kevitr'izy ireo manokana mikasika ny lalànan'ireo asa atao. Na izany aza anefa, dia ahitana fifanoherana betsaka ny fandinihana an'ireo bokin-dalànan'ireo antokom-pinoana efatra ireo, eo amin'ny lafiny foto-pinoana sy ireo andininy mikasika nylalànan'ireo fanompoana.

Ireo antokom-pinoana rehetra dia samy manana ny lehibeny avokoa. Ho an'ireo "chiites" dia ireo manam-pahaizana sy ireo mpahay lalàna no mitazona izany toerana izany. Noho ny fanjavonan'ilay Imâm amin'izao vanim-potoantsika izao, ireo lehibenay ara-pinoana ireo no manambara ny famoahan-dalàna notsoahina avy amin'ny fahalalan'izy ireo momba ny Kor'âny, sy ny sori-dàlana azo itokisana avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy avy amin'ireo Imâm(a.s). Na izany aza anefa dia tsy mba antsoinay hoe Imâm akory izy ireo; fa ny "Imâmat" dia iantsoana manokana an'ireo mpandimby roa ambin'ny folo sy taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo.

---

[83]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-30 Janoary 1927.

Misy zavatra iray mampiavaka ihany koa. Ireo “sunnites” dia ny nampitsaharana ny fanaovana “Ijtihâd”[84]. Hatramin’ny taon-jato Hijryat fahadimy, nohon’ny baikon’ny mpanjaka, ny hevitra avy amin’ireo manam-pahaizana sy mpahay lalàna no nangonina, ary ny fitondrana momba ny “Imâmat” dia nankinina tamin’ireo imâm efatra ireo, ary dia niorina tamin’izany ireo antokom-pinoana (Hanafî, Mâlikî, al-Châfi’î sy Hanbalî) efatra ireo. Ny vahoaka dia noterena hanaraka ny iray amin’izy efatra ireo, ka izany no notanterahina hatramin’izao. Tsy mba nazavaina akory ny antony manokana hanarahana ny imâm iray noho ireo imâm hafa. Inona ohatra no toetoetra hananan’ny imâm Hanafî izay tsy misy amin’ny imâm Mâlikî? Inona no toetoetra hananan’ny imâm al-Châfi’î izay tsy hananan’ny imâm Hanbal? Raha terena ny mpino silamo rehetra hanaraka ny iray amin’ireo antokom-pinoana efatra ireo, dia hikatso tanteraka ny fandrosoan’ny vahoaka silamo, nefa ny finoana Islâm dia mampianatra antsika mba handroso hatrany araka ny fotoana. Mba hahatanteraka izany dia ilaintsika ny torohevitr’ireo manam-pahaizana ara-pinoana ireo.

Maro ireo tranga izay tsy tokony hanarahantsika ny fitsaran’ny **“moujtahid**”[85]efa nodimandry (toy ny tranga mikasika ny ady masina, ny fiezahana amin’ny fikarohana sy famoahana ireo lalàna islamika,...). Fa tokony hitodika amin’ny moujtahid mbola velona isika mba hitarika antsika. Betsaka amin’ireo moujtahid teraka taty aoriana no malaza fa manana fahalalana kokoa noho ireo imâm efatra lehibenareo ireo. Fa tsy azoko nahoana izy ireo no nosafidina manokana ka tsy azo atao afa-tsy izy ireo ihany no arahina ary ireo hafa dia tsinontsinoavina.

Ao amin’ny lalànan’ny “Chiite”, ireo moujtahid isaky ny vanim-potoana dia manan-jo hanao ny asan’izy ireo mandra-pisehoan’ny Imâm izay nanjavona (Imâm al-Mahdî).Eo anatrehan’ireo olana misy ankehitriny, isika dia tsy afaka hanaraka ny fitsaran’ny moujtahid iray izay efa nodimandry.

---

[84]Fikarohana amin’ny famoahana lalàna.

[85]Manam-pahaizana momba ny lalàna.

Ny famerana ny lalàna ho avy amin'ireo sampam-pampianarana ara-pinoana(mazhab) efatra ireo irery ihany dia tsy marim-pototra.

Tena mahagaga ny fiantsoanareo an'ireo "Chiites" ho mpamorona fomba vaovao sy ho mpanompo ny maty!!! Izy ireo anefa dia manaraka ny fampianaran'ireo Imâm(a.s) miisa roa ambin'ny folo, ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Eo anatreh an'izany àry dia tsy mazava aminay ny antony mahatonga anareo manery ny mpino silamo mba hanaraka an'ireo "Ach'arites" na ireo "Mou'tazalites" mikasika ireo lalàna fototra (ousoul) sy ny iray amin'ireo imâm efatra mikasika ireo lalànan'ny fanompoana(fourou'). Ary izay tsy manaraka azy ireo dia lazaina fa "Râfidhites". Hatramin'izay koa anefa, i Aboul-Hasan al-Ach'arî, Abou Hanîfat, al-Châfi'î, Mâlik Ibn Anas ary i Ahmad Ibn Hanbal dia samy manam-pahaizana sy mpahay lalàna silamo tahak'ireo sasany ary koa satria tsy misy na didy iray aza avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s), manery antsika mba hanaraka azy ireo, midika fa ny famerana izany amin'izy efatra ireo irery ihany dia famoronana zava-baovao ihany koa. Ho valin'izany dia inona no holazainareo?

**Hâfiz** : Noho ireo imâm efatra ireo nanana ny fitiavam-bavaka fatratra kokoa, fahatahorana an'Andriamanitra, fahambonian-toetra sy fahalalana midadasika mikasika ny lalàna, dia nanjary tsy maintsy atao ny fanaharana azy ireo.

**Chîrâzî** : Araka ny lojika dia tsy voatery isika hionona amin'ny hevitr'izy ireo irery. Maro ireo manam-pahaizana manana ihany koa an'ireo toetra tsara ireo. Ny famerana amin'ny fanarahana azy ireo dia fanaovana tsinontsinona ireo manam-pahaizana hafa mitovy fahamendrehana amin'izy ireo. Isika dia tsy voatery hanaraka olona iray na maromaro raha tsy misy fanambarana mazava avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Tsy misy tokoa anefa fahazoan-dàlana avy amin'ilay Mpaminany amin'ny fanarahana an'ireo imâm efatra lehibenareo ireo. Koa nahoana no ahafahanareo mametra ny finoana ho ireo antokom-pinoana efatra ireo ihany?

Ny “chiite” sy ireo sampam-pampianarana ara-pinoana efatra.

Indray alina tahak’izao, ianareo no nilaza fa ny antokom-pinoana “chiite” dia niforona vokatry ny “politika” ary nolazainareo fa tsy nisy akory izy io tamin’ny andron’ilay Mpaminany(s.a.s) fa niforona tamin’ny vanim-potoan’ny “khalîfat” Outhmân ka noho izany dia tsy ara-dalàna ny fanarahana azy io. Alina anankiroa nialohan’izao, no nanazavako taminareo fa ny “chiisme” dia efa nisy tamin’ny andron’ilay Mpaminany(s.a.s) sy vokatry ny fampianarany. Ny lehiben’ireo “chiites”, ilay “Lehiben’ireo mpino” ‘Alî(a.s) dia notezaina sy nampianarin’ilay Mpaminany(s.a.s) hatramin’ny fahazazany ary nahazo fanabeazana ara-pinoana teo anatrehany. Araka ny voalazan’ny tantara avy amin’ireo bokinareo azo itokisana, ilay Mpaminany(s.a.s) dia niantso azy ho “vavahadin’ny fahalalana”. Nilaza mazava tsara Izy hoe: «**Izaymankato an’i ‘Alî dia mankato ahy ary izay manohitra azy dia manohitra ahy**». Teo anatrehan’ny olona maro tafavory miisa 70 000, no nanendreny azy ho “Amîr” sy “Khalîfat” ka nanomezany baiko ny silamo rehetra, anisan’izany i Omar sy Abou Bakr mba hanao fanekem-pankatoavana azy.

Eo anatrehan’izany anefa, ireo sampam-pampianaram-pinoanareo (mazhab) efatra ireo dia tsy hay nanao ahoana ny niforonany na iza tamin’ireo imâm efatra ireo no nahita maso an’ilay Mpaminany(s.a.s); tsy hay koa moa ve ilay Mpaminany(s.a.s) nanome azy ireo fahefana ka mahatonga ireo silamo ho tsy maintsy manaraka azy ireo. Tsy misy porofo mazava, no anarahanareo ny razanareo izay tsy manana antony hafa mahamarina ny “Imâmat” fitondran’izy ireo afa-tsy ny maha-“moujtahid” lehibe, sy maha-manam-pahaizana sy maha-olona tia vavaka azy ireo. Ireo taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) ireo anefa no voalaza fa tena manana kokoa an’ireo toetra ireo, ka moa ve tsy antery amintsika ny manaraka Azy ireo? Moa ve tsy ireo sampam-pampianaram-pinoana izay tsy misy fifandraisany amin’ilay Mpaminany(s.a.s) no zava-baovao noforonina sa ny sampam-pampianaram-pino anay izay naorin’ilay Mpaminany(s.a.s) sy notarihin’ireo taranany ireo?

Torak'izany koa, misy ireo Imâm roa ambin'ny folo izay voalazan'ireo "hadith" fa mitovy amin'ny Kor'âny masina. Ilay "**Hadith al-Thaqalayn**" dia nanambara mazava tsara fa «**...izay mifikitra amin'ireo zava-tsarobidy anankiroa ireo dia tafita ary izay manalavitr'azy ireo kosa dia very**». Ao amin''ilay "**Hadith al-Safînat**", ilay Mpaminany dia niteny hoe: « **...Izay tsy mitaingina an'ilay sambo dia ho rendrika sy very**».

**Ibn Hajar** ao amin'ny bokiny "**al-Sawâ'iq**" (**Bâb Wasiyyat-oun-Nabî, pejy faha-135**), dia nanambara "hadith" iray avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: «**Ny Kor'âny sy ny taranako dia antoka izay omeko anareo; ny fifikiranareo amin'ireo zava-manan-danja anankiroa ireo dia hahatonga anareo tsy ho very làlana mihitsy mandrakizay**».

Avy eo Ibn Hajar dia mbola nanambara "hadith" iray hafa ihany koa mikasika izany nanao hoe:«**Aza manalavitra ny Kor'âny sy ny taranako ianareo; aza manao tsinontsinona azy ireo fa ho potika ianareo. Aza mampianatra azy ireo fa izy ireo no mahay mihoatra anareo**». Avy eo koa izy dia manazava ny "hadith", fa araka ny heviny, izany dia manaporofo ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ho ambony mihoatra ny hafa amin'ny lafiny fahalalana sy andraikitra ara-pinoana.

<u>Ireo imâm "sunnites" efatra ireo dia mifanondro ho tsy mpino.</u>

Na izany aza anefa dia mahagaga, eo am-pahafantarana ny fahambonian'ny taranak'ilay Mpaminany noho ny hafa, ireo "sunnites" dia mbola manaraka an'i Aboul-Hasan Ach'âri amin'ny foto-pinoana Islâm sy manaraka an'ireo imâm efatra ireo amin'ny lalànan'ny fanompoam-pivavahana. Ny fihetsika toy izany dia maneho ny fiziriziriana amin'ny hevi-diso sy avonavona. Ary raha ataontsika ho marina ny hevitrareo fa ireo imâm efatra ireo no mendrika ankatoavina noho izy ireo manam-pahaizana sy manam-pinoana, dia nahoana ny tsirairay amin'izy ireo no manondro ny hafa ho tsy mpino?

**Hâfiz** : Tena masiaka tokoa ianao. Ianao milaza ny zavatra avy ao an-tsainao fotsiny. Manala baraka ny imâm lehibenay ianao. Diso izany fanambaranao izany. Raha misy ny fanaratsiana azy ireo,

dia avy amin'ireo manam-pahaizana "chiites" izany. Fa avy aminay dia tsy misy teny manaratsy azy ireo. Izahay dia manaja azy ireo.

**Chîrâzî** : Ohatra ny tsy namaky ireo bokin'ireo manam-pahaizanareo mihitsy ianao. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanoratra boky momba ny fifanaratsian'izy ireo. Ireo imâm efatra ireo dia samy omen'ny namany tsiny avy fa nandika ny lalànan'Andriamanitra.

**Hâfiz** : Iza ireo manam-pahaizana ireo? Inona no lazain'izy ireo?

**Chîrâzî** : Ireo sakaizan'i Abou Hanîfat, Ibn Hajar ('Alî Ibn Ahmad Andalousî, nodimandry tamin'ny taona 456H) sy ireo hafa dia samy nanankiana hatrany an'ny imâm Mâlik sy i Mouhammad Ibn Idris al-Châfi'î. Toy izany koa, ireo sakaizan'ny imâm al-Châfi'î, toa an'ny imâm-oul-Haramaïn, ny imâm al-Ghazalî sy ireo hafa maro dia nanameloka an'i Abou Hanîfat sy ny imâmMâlik. Avelao aloha izaho hametraka fanontaniana iray aminareo:

Ahoana no fiheveranareo an'ny imâm al-Châfi'î, sy Abou Hamid Mouhammad Ibn Mouhammad Ghazalî ary i Jâroullâh al-Zamakhcharî?

**Hâfiz** : Izy ireo dia mpahay lalàna sy manam-pahaizana lehibe, olona manam-pinoana tokoa, no sady imâm lehibenay.

## Fizarana faharoa

<u>Fanamelohan'ireo manam-pahaizana "sunnites" an'i Abou Hanîfat.</u>

**Chîrâzî** : Ny **imâm al-Châfi'î** dia nanambara hoe:«**Tsy mbola teraka ny olona tena meloka amin'ny Islâm mihoatra an'i Abou Hanîfat**». Niteny koa izy hoe: «**Novakiko ireo bokin'ireo sakaizan'i Abou Hanîfat izay misy pejy miisa 130 no nahitako zavatra mifanohitra amin'ny Kor'âny sy ny "sunna"** ».

**Abou Hamid al-Ghazalî**, ao amin'ny bokiny "**al-Manqoul Fî 'Ilm-il-Ousoul**" dia nanambara hoe: «**Raha ny marina, i Abou Hanîfat dia nanova ny fampianaram-pinoana, nanao azy ho mampisalasala, novainy ny firafiny, ary nampifangarony ireo lalàna ka nahatonga ny fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s) nanjary ho simba tanteraka. Izay ninia nanao izany sy nihevitra**

**an'io fampianarana io ho ara-dalàna dia tsy mpino. Ary izay nanao izany sady nahalala ny tsy maha-ara-dalàna azy dia mpanota**». Araka io voalazan'ity manam-pahaizana lehibe ity io dia tsy mpino (kâfir) na mpanota i Abou Hanîfat.

Maro ireo boky hafa manameloka an'i Abou Hanîfat.**Jâroullâh al-Zamakhcharî**, mpanoratr'ilay boky "**Tafsîr al-Kach'châf**" sy iray amin'ireo manam-pahaizanareo manam-pinoana dia nanoratra ao amin'ny "**Rabî'oul-Abrâr**" fa i **Yousouf Ibn Asbat** dia niteny hoe:«**Abou Hanîfat dia nitsipaka farafahakeliny "hadith" miisa 400 izay nolazain'ilay Mpaminanin'ny Islâm**». Nomarihin'i Yousouf fa Abou Hanîfat dia niteny hoe:«**Raha nahafantatr'ahy ilay Mpaminanin'ny Islâm dia maro ireo teniko no nekeny**».

Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanaparitaka ireo fitsikerana sahala amin'ny fitsikerana an'i Abou Hanîfat ary koa ireo imâm telo hafa. Azo jerena izany ao amin'ny boky "**Moutahawwal**" nosoratan'i **Ghazalî**, sy "**Nouqtou'ch-Charifat**" nosoratan'i **al-Châfi'î** sy "**Rabî'oul-Abrâr**" nosoratan'i **Zamakhcharî** ary ny "**Mountazim**" nosoratan'**Ibn Jawzî**. Ny imâm al-Ghazalî dia nanoratra ao amin'ny bokiny "**Moutahawwal**" toy izao: «**Maro ireo hadisoana hita ao amin'ny bokin'i Abou Hanîfat. Izy dia manana fahalalana momba ny tsipelin-teny sy ny fitsipi-pitenenana na ny mikasik'ireo "hadith"**». Nanoratra ihany koa izy hoe:«**Noho izy tsy mahalala na inona na inona mikasika ireo "hadith", dia niantehitra tamin'ireo ahiahy izy. Ny voalohany nampiasa ny ahiahy dia ny Satana**».

**Ibn Jawzî** dia nanoratra ao amin'ny bokiny "**Mountazim**" hoe:«**Ireo manam-pahaizana rehetra dia nifanaraka tamin'ny fanamelohana an'i Abou Hanîfat. Ireo fitsikerana azy dia mizara antoko telo: Misy amin'ireo antokona manam-pahaizana no manohana fa ny finoany (finoan'i Abou Hanîfat) ao amin'ireo foto-pinoan'ny Islâm dia mampisalasala. Ny hafa milaza fa tsy ampy fitadidiana izy ka tsy afaka nahatsiaro ireo "hadith" ary ny antoko fahatelo dia mino fa izy dia nampiasa ny ahiahy fotsiny ka nahatonga ireo fanehoan-keviny ho nifanohitra foana amin'ireo voalazan'ireo "hadith" marina**».

Ireo manam-pahaizanareo ihany no mitsikera an'ireo imâm lehibenareo ireo. Ireo manam-pahaizana "chiites" dia tsy mba nanao fitsikerana ankoatr'ireo izay efa naparitak'ireo manam-pahaizanareo ihany mikasika azy ireo. Etsy ankilany, dia tsy mba misy fifanoheran-kevitra eo amin'ireo manam-pahaizana "chiites" mikasika ny voninahitra ananan'ireo Imâm(a.s) roa ambin'ny folo ireo. Izahay dia mametraka an'ireo Imâm(a.s) ireo ho toy ireo mpianatra iray fianarana. Ireo Imâm rehetra ireo dia nampihatra ireo lalànan'Andriamanitra izay nampitain'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'Izy ireo. Izy ireo dia tsy nampihatra mihitsy ny ahiahy na ny famoronan-javatra vaovao. Ny zavatra lazaina sy tanterahin'Izy ireo dia mifanaraka amin'ny zavatra nolazaina sy notanterahin'ilay Mpaminany(s.a.s). Tsy ahitana fahasamihafana na dia kely ihany koa amin'Izy ireo.

Ny "Imâmat" dia anisan'ireo foto-pinoan'ny Islâm.

Araka ny famaritana avy amin'ireo manam-pahaizanay ny atao hoe "Imâmat" dia iray amin'ireo foto-pinoan'ny Islâm. Ny Imâm dia ilay solon-tenan'i Allâh eo anatrehan'ny zava-boahary rehetra. Izy ireo no mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) eto an-tany sy any ankoatra. Noho izany dia antery amin'ny olombelona rehetra ny mankato Azy ireo amin'ny lafiny rehetra, na amin'ny lafiny ara-batana izany na amin'ny lafiny ara-panahy.

**Cheikh** : Tsy tokony hampidirinareo tanteraka ho anatin'ny foto-pinoana ny "Imâmat". Manam-pahaizan'ny Islâm lehibe maro no mandà ny fidirany ho ao anatin'izany foto-pinoana izany. Ao anatin'ny rantsam-pinoana ihany no tokony hisy Azy. Ireo manam-pahaizanareo no mametrak'Azy ho fototra.

**Chîrâzî** : Ny fanambarako dia tsy mikasika ny "Imâmat" eo amin'ny "chiites" fotsiny. Ireo manam-pahaizanareo lehibe dia mba mino tahak'izany koa. Iray amin'izy ireo dia ilay mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina malaza antsoina hoe **al-Qâdhî al-Baydhâwî** izay milaza ao amin'ny bokiny "**Minhâj-oul-Ousoul**" tamin'ny fotoan'ny ady hevitra mikasika ny tantaran'ireo "hadith" nanao hoe: «**Ny Imâmat dia anisan'iray amin'ireo foto-pinoana, ka ny**

**fandavana na ny fitsipahana izany dia mitondra mankany amin'ny tsy finoana sy famoronana zava-baovao**».

**Moulla 'Alî Qouchajî** dia nilaza ao amin'ny boky "**Charh al-Tajrîd**" nanao hoe: «**Ny Imâmat amin'ny ankapobeny dia ny fisoloan-tenan'i Allâh amin'ny raharaha rehetra eto an-tany sy ny finoana, sahala amin'ny khalîfat mpandimby an'ilay Mpaminany**».

**Al-Qâdhî Rouzbahân**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo izay mpiziriziry amin'ny hevi-diso dia niverina naneho ny heviny mikasika ity lohahevitra ity. Hoy izy hoe:«**Ny Imâmat, araka ny voalazan'ireo mpiara-dia amin'i Aboul-Hasan Ach'ârî, dia solon-tenan'ilay Mpaminanin'ny Islâm mba hanorina ny finoana sy hiaro ireo tombon-tsoan'ny vahoaka silamo. Ireo antokom-pinoana rehetra dia manana adidy amin'ny fanarahana ireo fampianarany. Raha ny Imâmat no tsy ao anatin'ireo foto-pinoana, dia tsy nilaza mihitsy ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "*Na iza na iza maty nefa tsy nahafantatra ny Imâm tamin'ny fotoan'androny, dia maty ao anatin'ny jâhilite (ao anatin'ny tsy finoana Islâm)"***».

Izany no voalazan'ireo manam-pahaizanareo malaza toa an'i **Hamîdî** ao amin'ny "**al-Jâm' Bayn al-Sahîhayn**" sy **Moulla Sa'ad al-aftazânî** ao amin'ny "**Charh al-'Aqâ'id al-Nasafiyyat**". Ny tsy fahafantarana ny rantsam-pinoana iray fotsiny dia tsy mitovy amin'ny vokatry ny tsy fahafantarana ny foto-pinoana izay nolazain'i Baydhâwî fa mahatonga ny olona ho tsy mpino. Ny Imâmat dia anisan'iray amin'ireo foto-pinoana, izay dingana mameno ny faminaniana.

Arak'izany, dia misy fiavahany lehibe tokoa eo amin'ny finoanay ny Imâmat sy ny finoanareo izany.

Ianareo dia miantso an'ireo manam-pahaizanareo ireo hoe imâm, toa an'ny imâm al-A'adham, ny imâm Mâlik, ny imâm al-Châfi'î, ny imâm Ahmad ... sns. Izany dia fandikana azy amin'ny dikany mahazatra. Ny dikany tahak'izany, no ampiasaina ihany koa amin'ny fehezanteny toy ny hoe imâm al-Jouma't, ny imâm al-Jamâ'at. Noho izany dia mety hisy imâm an-jatony ao anatin'ny fotoana iray. Nefa amin'ny lafiny teknika, ny Imâm dia midika ho

solon-tenan’i Allâh. Amin’ity dikany faharoa ity, dia tsy misy afa-tsy iray ihany no Imâm isaky ny vanim-potoana. Ireo hatsaran-toetra toy ny fananana fahalalana, ny fitondrantena tsara, ny herim-po, ny fananam-pinoana sy ny fitiavam-bavaka dia tena naraikitra mafy ao Aminy. Mihoatra ny olombelona rehetra Izy ireo amin’ny fahamendrehana ary nomena fahasoavana manokana Izy ireo mba hanana fahadiovana ara-panahy. Izao tontolo izao dia tsy misy raha tsy misy ny Imâm hatramin’ny andro farany. Ny Imâmtoy izany dia manana voninahitra ambony indrindra eo amin’ny fanatanterahana ny raharaha ara-pinoana. Ny Imâm toy izany dia safidin’i Allâh ary tendren’ilay Mpaminany(s.a.s). Ambony voninahitra mihoatra ny zava-boahary rehetra Izy, eny mihoatra an’ireo Mpaminany(a.s) fahiny ihany koa aza.

**Hâfiz** : Amin’ny lafiny iray, ianao dia manameloka an’ireo “Ghoulât”, avy eo indray ianao midera tafahoatra an’ireo Imâm mpitarika anareo ireo ka mametraka ny voninahitr’Izy ireo ho ambony kokoa noho ny an’ireo Mpaminany(a.s) fahiny. Ny saina salama dia tsy manaiky izany ary ny Kor’âny dia nilaza koa fa ireo Mpaminany ireo no manana voninahitra avo indrindra. Tsy misy porofo manamarina akory ny fanambaranao, noho izany dia tsy azo ekena.

## Ny voninahitry ny “Imâmat” dia ambony kokoa noho ny an’ireo Mpaminany ankapobeny afa-tsy ny an’ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

**Chîrâzî** : Ianareo dia tsy mbola nanontany ny antony mahatonga ahy manambara izany, noho izany dia tsy mitombona ireo resakao ireo. Ny porofo tsara indrindra manamarina ny teniko dia hita ao amin’ny Kor’âny masina, izay mitantara ny fiainan’ny Mpaminany Abrahama(a.s) fa, taorian’ny nitsapana azy in-telo niantoana (tamin’ny alalan’ny fiainana sy harena ary zanaka), Allâh dia nampanantena mba hampiakatra ny voninahiny. Nohon’ny maha-Mpaminany azy na ny maha-“Khalîl” (sakaiza malala) azy, izay samy tsy maneho ny voninahitra ambony, dia ny “Imâmat” izay voninahitra hany tokanaambonin’ny maha-Mpaminanin’i Allâh no

nomena azy. Hoy indrindra ny Kor'âny masina hoe: «**Ary raha nahazo fitsapana tamin'ny Tompony i Abrahama tamin'ny alalan'ireo teny, fa dia tanterany tokoa izany. Niteny taminy Izy hoe: "Marina tokoa fa hanendry anao ho Imâm mpitariky nyolombelona Aho". Nanontany izy hoe: "Amin'ireo taranako ihany koa ve?" Fa hoy Izy: "Tsy hahazo izany fampanantenako izany ireo mpanao nytsy rariny"**»[86]. Io andininy io izay manambara ny voninahitry ny "Imâmat" dia maneho ihany koa fa ny voninahitry ny Imâm dia ambony kokoa noho ny voninahitry ny Mpaminany satria ny voninahitry ny Mpaminany Abrahama(a.s) dia niakatra ambony tamin'io "Imâmat" io.

**Hâfiz** : Raha ekena ny fomba fanazavanao, dia midika izany fa i 'Alî dia ambony kokoa noho ilay Mpaminany farany. Toy izany indrindra anefa ny fomba finoan'ireo "Ghoulât", noho izany dia manaiky azy ireo ihany ianao.

Ireo Mpaminany ankapobeny dia manana anjara toerana mitovy avokoa, fa ilay Mpaminany farany kosa dia manana anjara toerana manokana.

**Chîrâzî** : Tsy izany no tiako hambara. Araka ny efa fantatrareo dia misy ny fahasamihafana eo amin'ireo Mpaminany ankapobeny sy ilay Mpaminany farany manokana. Ny voninahitry ny "Imâmat" dia avo indrindra noho ny an'ireo Mpaminany rehetra fa kosa mbola ambany eo anatrehan'ilay Mpaminany farany izay manam-boninahitra lehibe mihoatra ny rehetra.

**Nawwâb** : Miala tsiny raha manapaka ny teninao aho. Moa ve tsy i Allâh irery ihany no nandefa an'ireo Mpaminany rehetra ireo? Noho izany dia azo antoka fa mitovy voninahitra avokoa izy ireo. Fa hoy ny Kor'âny hoe:«**Tsy manavakavaka na iza na iza amin'ireo Irany izahay**»[87]. Koa nahoana no anavahanareo azy ireo hitsinjara anankiroa samihafa: ankapobeny sy manokana?

**Chîrâzî** : Mazava ho azy, fa marina io andininy io araka ny ventin-kevitra tiany hambara. Eo amin'ny fanatanterahana ny asa

[86] Kor'âny 2/124.
[87] Kor'âny 2/285.

nanirahana azy ireo amin'ny maha-Mpaminany azy ireo (izay hampianatra ireo olona momba ny fisian'i Allâh, ny andro Fitsarana ary hampieritreritra azy ireo), dia mitovy avokoa izy rehetra, manomboka amin'ny Mpaminany Adam(a.s) ka hatramin'ilay Mpaminany farany(s.a.s). Nefa kosa izy ireo dia samihafa eo amin'ny lafiny toetra, fanatanterahan'asa ary ny voninahitra.

**Fizarana fahatelo**

Fahasamihafan'ny voninahitr'ireo Mpaminany.

Ny Mpaminany iray nalefa hitarika ny olona miisa 1 000 ve dia mitovy amin'ny nalefa mba hitarika ny olona miisa 30 000 na amin'ny nalefa mba hitarika ny olombelona rehetra? Handray ohatra isika hoe: ny mpampianatra amin'ny kilasy famaranana ve dia mitovy amin'ny mpampianatra any amin'ny kolejy? Ireo mpampianatra eny amin'ny "lycée" ve dia mitovy amin'ireo mpampianatra eny amin'ny "oniverisite"? Izy rehetra ireo anefa dia ao anatin'ny fitantanana iray sy miasa ao anatin'ny tanjona iray, dia ny hanome fahalalana an'ireo mpianatra. Na izany aza anefa dia tsy mitovy izy ireo amin'ny lafiny fahalalana manokana. Samihafa izy ireo arakaraka ny fahaizana sy ny traikefa ary ny fanatanterahan'asa. Torak'izany koa, ireo Mpaminanin'i Allâh rehetra dia mitovy eo amin'ny lafiny tanjona ho tratrarina. Fa kosa noho izy ireo samy manana ny voninahiny sy fahalalana samihafa dia tsy mitovy izy ireo. Nilaza indrindra ny Kor'âny masina nanao hoe: «**Amin'ireny Iraka ireny dia misy ny sasany nomenay tombom-pahasoavana mihoatra ny hafa. Misy amin'izy ireny no niresahan'i Allâh mivantana; ary ny sasany tamin'izy ireny nampiakariny voninahitra...**»[88].

Ny manam-pahaizanareo, i **Jâroullâh Zamakhcharî** dia nitantara ao amin'ny bokiny "**Tafsîr al-Kach'châf**" fa io andininy ambony io dia manambara fa ilay Mpaminanintsika no ambony kokoa mihoatra ny hafa nohon'ny fananany ireo voninahitra

[88] Kor'âny 2/253.

manokana, ka ny tena manan-danja amin'ireo dia ny maha-Mpaminany farany Azy.

**Nawwâb** : Faly aho fa voavahanao iny olana iny, nefa mbola manana fanontaniana iray hafa aho, eny fa na diasomary miavaka kely amin'ny lohahevitra aza. Mba lazao aminay, inona avy ireo toetra manokana hananan'ilay Mpaminany(s.a.s) farany.

**Chîrâzî** : Betsaka ireo toetra manokana hananan'ilay Mpaminany(s.a.s) farany ary maro ireo antony hanazavana fa nahoana ny iray ihany amin'ireo Mpaminanin'i Allâh no manana izany voninahitra izany. Raha isika no hiresaka momba izany amin'ny fanazavana feno, dia manjary miala amin'ny lohahevitra mikasika ny "Imâmat" isika. Na izany aza anefa dia hanambara vitsivitsy mikasika izany ihany aho.

Ireo toetra manokana hananan'ilay Mpaminany farany.

Ny fahalavorarian'ny olombelona dia mitoetra ao amin'ny fahalavorarian'ny fanahy. Ny fahalavorarian'ny fo aman-tsaina dia tsy ho tratra raha tsy voadio amin'ireo faharatsiany ny fanahy. Io fanadiovana io dia tsy tanteraka raha tsy misy ny fitarihan'ny herin'ny fahendrena. Azo atao amin'izay fotoana izay ny miakatra ho ambony kokoa miaraka amin'ny herin'ny fahalalana sy nyfanaovana asa soa mandra-mpahatongavana any amin'ny fepetra faratampony maha-olombelona, arak'izao fanazavan'ny Imâm 'Alî(a.s) izao:«**Ny olona dia nohariana avy tamin'ny herin'ny teny, izay toetra maha-olona ny olona. Raha ny teny no voaravaky ny fahalalana sy ny fanatanterahan'asa, dia mitovy amin'nyfisian'ny tontolo avo indrindra, izay fototra niavian'ny zava-boahary. Rehefa ny teny no miaraka amin'ny fahalalana ny fetra sy miala amin'ny fiainana ara-batana rehetra, dia tafakambana amin'ilay tontolo avo indrindra izy.Amin'izay fotoana izay izy dia miala ao anatin'ny tontolo ara-nofo mba hanatratra ilay voninahitry ny olombelona avo indrindra**».

Ny herin'ny olombelona no mahatonga azy ho ambonin'ireo zava-boahary rehetra. Fa kosa miankina amin'ny fepetra iray: aoka izy hanadio ny fanahiny amin'ireo karazan-doto rehetra amin'ny alalan'ny fananany fahalalana sy ny fanaovany asa soa. Ireo

toetran'olombelona anankiroa ireo dia tahaka ny elatra anankiroa misy amin'ny vorona iray, izay ahafahany misidina ambony dia ambony arakaraka ny herin'ireo elany ireo. Torak'izany koa, ny fahafahan'ny olona manatanteraka ny asa dia arakaraka ny fananany fahalalana sy ny asa ataony. Ny fandalovana amin'ny tontolon'ny ara-nofo mankany amin'ny tontolon'ny maha-olombelona dia miankina amin'ny fahalavorarian'ny fanahy.Ny olombelona izay mahay mampiaraka ny fahalalana sy ny fanaovana asa soa no tafakatra any amin'ny dingana fahatelon'ny maha-olona (olon-tsotra, olon-tsara, olon-tsara indrindra) sy tonga any amin'ny voninahitr'ireo Mpaminany farany ambany. Rehefa ny olona tahak'izany no manokan-tena ho fananan'i Allâh manontolo, dia manjary lasa Mpaminany izy. Mazava ho azy fa ahitana kilasy maromaro ihany koa ao amin'ireo Mpaminany ireo. Ny Mpaminany iray dia mety ho tonga any amin'ny ambaratonga ambony indrindra amin'ireo kilasy anankitelo ireo. Izany no voninahitra farany avo indrindra ao amin'ny "tontolon'ny voahary", izay antsoin'ireo olon-kendry hoe "Fahendrena Voalohany" sy ilay atao hoe "Fiforonana Voalohany" na "Voahary voalohany". Tsy misy intsony ny voninahitra avo indrindra ankoatr'io ao amin'ny tontolon'ny fisiana. Io voninahitra io no tazomin'ilay Mpaminany(s.a.s) farany. Raha ilay Mpaminany(s.a.s) no nampiakarina amin'io toeram-boninahitra avo indrindra io, dia tapitra hatreo ny fandefasana an'ireo Mpaminany.

Ny "Imâmat" dia voninahitra ambany noho ny voninahitr'ilay Mpaminany(s.a.s) farany, nefa kosa izy io no voninahitra ambony noho ny voninahitr'ireo Mpaminany hafa rehetra. Nohon'ny Imâm 'Alî(a.s) manana voninahitra ambony mihoatr'ireo Mpaminany(a.s) sy noho izy miray fanahy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) (Anfousanâ)**[89]**, midika izany fa ny voninahitry ny "Imâmat" izay nomena azy, dia ambony kokoa noho ireo Mpaminany(a.s) teo aloha rehetra.

[89]Manondro ilay andinin'ny Kor'âny mikasika ny «al-Moubâhalat» izay niangavian'i Allâh ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) mba hifaninana amin'ireo Kristianina avy any Najrân amin'ny alalan'ny fifanozonana, ka tamin'izany no nakany ho naman'ny tenany an'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'ny alalan'ny teny hoe « ny tenanay» (Anfousanâ). Vakio ny Kor'âny 3/61.

**Hâfiz** : Mahavery hevitra ahy ny fanazavanao farany teo. Voalohany ianao milaza fa i ‘Alî dia mitovy voninahitra amin’ireo Mpaminany(a.s), avy eo dia miray fanahy amin’ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) izy, ary farany dia mihoatra ny an’ireo Mpaminany(a.s) hafa rehetra ny voninahiny. Inona no porofo hanamarinanao ireo teninao ireo?

**Chîrâzî** : Ny ahafahana milaza fa i ‘Alî(a.s) dia mitovy voninahitra amin’ireo Mpaminany(a.s) dia azo tsoahina avy amin’ny “Hadith al-Manzilat” (“hadith” mikasika ny voninahitra), izay voalaza amin’ny fehezanteny samihafa. Ilay Mpaminany(s.a.s) farany dia imbetsaka no nilaza tao anatin’ny fotoana maro samihafa, nanao hoe:«**Tsy afa-po ve ianao eo anatrehako izay toa an’i Harona eo anatrehan’i Mosesy, fa saingy kosa tsy hisy Mpaminany intsony avy aoriako**». Tamin’ny fotoana hafa Izy dia nilaza tamin’ny vahoakany nanao hoe: «**‘Alî eo anatrehako dia toa an’i Harona eo anatrehan’i Mosesy**».

**Hâfiz** : Ny fahamarinan’io “hadith” io dia tsy voaporofo. Ary na dia voaporofo aza ny fahamarinany, dia filazana miainga avy amin’ny loharano tokana izany, ka tsy azo ekena.

<u>Ny fahamarinan’ny “Hadith al-Manzilat” miainga avy amin’ny loharano mahazatra.</u>

**Chîrâzî** : Mba hanaporofoana aminao ny mahamarim-pototra an’io “hadith” io, dia hiankina amin’ireo bokinareo ihany aho. Tsy filazana miainga avy amin’ny loharano tokana akory. Ireo manam-pahaizanareo malaza dia nanamarina azy io, toa an’i al-Souyoutî, al-Hâkim Nîchâpourî sy ireo hafa izay nanaporofo ny mahamarina izany avy ao amin’ireo boky iraisana. Ireto ny sasany amin’izy ireny: **(1)** al-Boukhârî ao amin’ny bokiny “Sahîh” fahatelo, ao amin’ny lohateny Ghazawa, “Ghazwat Tabouk” pejy-54 sy ao amin’ny lohateny “Bad’-oul-Khalq” pejy 180; **(2)** Mouslim ao amin’ny bokiny “Sahîh” faharoa, natonta tao Ezypta tamin’ny taona 1290H; milohateny hoe “ireo voninahitr’i ‘Alî”, pejy 236-237; **(3)** ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny bokiny “Mousnad” voalohany, milohateny hoe “ireo antony iantsoana ny anaran’i Housein” pejy 98, 118, 119 sy ao amin’ity boky ity ihany, fizarana fahadimy, pejy 31;

**(4)** Abou Abd-our-Rahman Nisâ'i ao amin'ny "Khasâ'is al-'Alawiyyat", pejy 19; **(5)** Mouhammad Soura al-Tirmizhî ao amin'ny "Jâmi'"; **(6)** al-Hâfiz Ibn Hajar al-'Asqâlanî ao amin'ny "al-Isâbat", boky faharoa, pejy 507; **(7)** Ibn Hajar al-Makkî ao amin'ny "al-Sawâ'iq al-Mouhriqat", toko faha-9, pejy 30 sy 34; **(8)** al-Hâkim Abou 'Abdoullâh Mouhammad 'Abdoullâh al-Nîchâpourî ao amin'ny "Moustadrak", boky fahatelo, pejy 109; **(9)** Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî ao amin'ny "Târykh-oul-Khoulafâ'", pejy 65; **(10)** Ibn Abd Rabbih ao amin'ny boky faharoan'ny "al-'Iqd-oul-Farîd" pejy 194; **(11)** Ibn Abd-oul-Birr ao amin'ny "al-Isfi'âb" boky faharoa pejy 473; **(12)** Mouhammad Ibn Sa'd Khatib Waqidi ao amin'ny "al-Tabaqât-oul-Koubrâ"; **(13)** ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ao amin'ny "Tafsîr Mafâtih-oul-Ghayb"; **(14)** Mouhammad Jarîr al-Tabarî ao amin'ny bokiny "Tafsîr" ary koa ao amin'ny bokiny "Târykh"; **(15)**Sayyed Mou'min Chablanjî ao amin'ny "Nour-oul-Absâr" pejy 68; **(16)** Kamâl-oud-Dîn Talhah al-Châfi'î ao amin'ny "Matâlib-ous-Sou'oul" pejy 17; **(17)** Sayyed 'Alî Ibn Chahâb-oud-Dîn Hamadânî ao amin'ny "Mawaddat-oul-Qourbâ" any amin'ny faramparan'ny boky "Mawaddat 7"; **(18)** Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî, ao amin'ny "al-Fousoul al-Mouhimmat" pejy 23 sy 125; **(19)** 'Alî Ibn Bourhân-oud-Dîn al-Châfi'î ao amin'ny "al-Sîrat al-Halabiyyat" boky faharoa pejy 49; **(20)** Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny "Yanâbî'-oul-Mawaddat"; **(21)** Moulla 'Alî Mouttaqî ao amin'ny"Kanz-oul-'Oummâl" boky fahenina, pejy 152-153; **(22)** Ahmad 'Alî Khatîb ao amin'ny "Târykh Baghdâd"; **(23)** Ibn al-Maghâzilî al-Châfi'î ao amin'ny "al-Manâqib"; **(24)** Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizimi ao amin'ny "al-Manâqib"; **(25)** Ibn al-Athîr al-Jazarî 'Alî Ibn Mouhammad ao amin'ny "Ousoudou'l-Ghaybat"; **(26)** Ibn Kathîr al-Damichqî ao amin'ny bokiny "Târykh"; **(27)** 'Alâ'-oud-Dawlat Ahmad Ibn Mouhammad ao amin'ny "al-'Ourwat-oul-Wouthqâ"; **(28)** Ibn Athîr Moubârak Ibn Mouhammad al-Chaybânî ao amin'ny "Jâmi'oul-Ousoul"; **(29)** Ibn Hajar al-'Asqalânî ao amin'ny "Tahzhîb-oul-Tahzhîb".

Betsaka ireo manam-pahaizana ambony hafa no nitatitra an'io "hadith"io amin'ny endrika samihafa kely fotsiny, avy amin'ireo "Sahâbat" sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) toa an'i: **(1)**

‘Omar Ibn al-Khattâb, **(2)** Sa’d Ibn Abî Waqqâs, **(3)**‘Abdoullâh Ibn ‘Abbâs, **(4)**‘Abdoullâh Ibn Mas’oud,**(5)**Jâbir Ibn ‘Abdoullâh al-Ansârî,**(6)**Abou Houraïra,**(7)**Abou Sa’îd al-Khoudrî,**(8)**Jâbir Ibn Soumra,**(9)**Mâlik Ibn Houwairi,**(10)**Bara’a Ibn ‘Athîb,**(11)**Zaïd Ibn al-Arqam,**(12)**Abâ Râfi’,**(13)**‘Abdoullâh Ibn Oubai,**(14)** Abou Sourayhat, **(15)** Houzhayfat Ibn Assad,**(16)** Anas Ibn Mâlik,**(17)** Abou Houraïrat al-Aslamî, **(18)** Abou Ayyoub al-Ansârî, **(19)** Sa’îd Ibn Mousayyab, **(20)** Habîb Ibn Abi Thâbit, **(21)** Charhbil Ibn Sa’d, **(22)** Oumm Salma vadin’ilay Mpaminany(s.a.s),**(23)** Asmâ Bint ‘Oumais vadin’i Abou Bakr**,** **(24)** ‘Aqîl Ib Abi Tâlib,**(25)** Mou’âwiyyat Ibn Abou Soufyân ary olon-kafa maro.

Raha fintinina dia ny rehetra mihitsy no nitatitra miaraka amin’ny fahasamihafana kely monja ireo tenin’ilay Mpaminany nanambara hoe: «**Ry ‘Alî, ianao eo anatrehako dia toa an’i Harona eo anatrehan’i Mosesy, saingy tsy hisy Mpaminany intsony ho avy aoriako**». Ireo manam-pahaizana rehetra ireo (ary mbola misy hafa maro koa aza no tsy voalazako) dia mbola tsy ampy ve hanaporofoana ny fahamarinan’io “hadith” io? Miaiky ve ianao ankehitriny fa tafalatsaka tao anatin’ny fahadisoan-kevitra? Noho ianao mbola toa misalasala amin’ny fahamarinan’io “hadith” io, dia aoka ianao mba hamaky ny fizarana faha-7 ao amin’ny boky “**Kifâyat-out-Tâlib Fî Manâqibi ‘Alî**” nosoratan’i **Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi’î**, izay iray amin’ireo manam-pahaizanareo tena malaza tokoa. Aorian’ny filazana an’ireo “hadith” miisa enina midera an’i ‘Alî(a.s), ity mpanoratra ity dia nanazava an’io “hadith” io ao amin’ny pejy faha-149 manao hoe:«**Izany no “hadith” iray izay ankatoavin’ny rehetra ny fahamarinany. Izy io dia notantarain’ireo imâm tena manam-pahalalana sy “houffâz”[90], toa an’i al-Boukhârî ao amin’ny bokiny “Sahîh”, Mouslim ao amin’ny bokiny “Sahîh”, Abou Dâwoud ao amin’ny bokiny “Sounan”, Abou ‘Isâ al-Tirmizhî ao amin’ny bokiny “Jâmi’”, Abou ‘Abd-our-Rahmân ao amin’ny bokiny “Sounan”, Ibn Mâjah al-Qazwînî ao amin’ny bokiny “Sounan”**». Miara-manaiky ny fahamarinany ny rehetra. **Al-Hâkim al-Nîchâpourî** dia

[90]Mpahay tsianjery ny Kor’âny.

nanambara fa io “hadith” io dia nanaraka ny fitohitohizan’ny fiampitany azo antoka tokoa.

Manantena aho fa tsy ilaina intsony ireo porofo hafa hanaporofoana ny fahamarinan’io “hadith” io.

**Hâfiz** : Izaho dia tsy mba olona mpanohitra ny finoana, arak’izany dia tsy laviko ireo porofonao mazava ireo, nefa kosa misintona ny sainao aho amin’ny fanambaran’ilay mpikaroka lehibe sy mpahay teolojia, i Abou al-Hasan Amadi, izay nitsipaka an’io “hadith” io.

**Chîrâzî** : Manontany tena aho, nahoana ny olona avara-pianarana toa anao, taorian’ny nahenoana ireo fanehoan-kevitry ny manam-pahaizanareo malaza ireo, dia mbola mametra-pahatokisana hatrany amin’ireo fanambarana avy amin’ny olona tsinontsinona izay tsy mpanatanteraka vavaka fanompoana akory.

**Cheikh** : Ny olona dia malalaka amin’ny fanehoan-keviny. Raha misy olona iray maneho ny heviny dia tsy tokony hanaratsy azy isika. Tsy azonao atao ny manala baraka azy fa aleo mitondra valin-teny lojika ianao mamaly izany tsikera izany.

**Chîrâzî** : Tsy azonao tsara ny teniko. Izaho dia tsy manavakavaka tsy ara-drariny na iza na iza. Izaho dia tsy nahita ny fomba fiainan’i Amadi. Fa ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nanamarika fa izy dia lehilahy mpanohitra ny fivavahana.

**Cheikh** : Taiza ireo manam-pahaizanay ireo no nilaza fa izy io dia lehilahy mpanohitra fivavahana?

<u>Al-Amidî dia mpitantara “hadith” tsy azo itokisana.</u>

**Chîrâzî** : **Ibn Hajar al-‘Asqalânî** dia nanoratra ao amin’ny “**Lisân-oul-Mizân**” nanao hoe: «**Abou al-Hasan Amadî, mpanoratra ilay boky “Saif Mutakallim ‘Alî”, dia noroahina niala tao Damas nohon’ireo fomba fijeriny manohitra ny fivavahana ary marina fa izy dia tsy mpanatanteraka ireo vavaka fanompoana**». **Zhahabî**, iray amin’ireo manam-pahaizanareo, dia nitantara toy izany koa ao amin’ny bokiny “**Mizân-oul-I’tidâl**”. Nolazainy fa i Amadî dia olona mpamorona fomba vaovao.

Raha tsy olon-dratsy mpamorona fomba vaovao i Amadî no sady tsy mpanohitra fivavahana, dia tsy mba nanaparitaka resaka manafintohina momba ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra, anisan'izany ny "khalîfat" mpitondra anareo, i 'Omar Ibn Khattab. Tsy rariny raha ianareo no manome tsiny ireo "chiites" tsy manaiky ireo "hadith" voarakitra ao amin'ireo boky "Sihâh" izay tsy manana loharano niaviany azo itokisana, kanefa ianareo dia mihevitra ho ara-dalàna ny fitsipahan'i Amadî ny "hadith" noforonina, nosoratan'i al-Boukhârî sy Mouslim sy ireo mpanoratr'ireo boky "Sihâh" hafa!!! Na izany aza anefa, ho anay raha ny "hadith" iray no manana loharano niaviany azo antoka dia azo ekena izany nadia voasoratra ao amin'ireo boky "Sihâh" ireo aza.

Raha tianao ny hahafantatra ny momba ireo porofo manamarina an'io "hadith" io sy ireo loharano niaviany araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo sy te-hanome tsiny ireo olona toa an'i Amadî, dia afaka vakinareo ireo andiam-bokin'ny "**'Abaqât-oul-Anwâr**" nosoratan'ilay mpikaroka malaza sy mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina, **al-'Allâmat Sayyed Hamid Housein Dihlawî**. Ianareo dia tsy maintsy hanaiky am-panajana ilay "Hadith al-Manzilat" raha mahita ny fomba nanangonan'ity "chiite" lehibe ity ireo bokin'ireo manam-pahaizanareo mpahay lalàna sy ny mampitombona an'io "hadith" io.

**Hâfiz** : Nilaza ianao fa iray amin'ireo mpitantara an'io "hadith" io i 'Omar Ibn al-Khattâb. Izaho mba te hahazo fanazavana bebe kokoa mikasika izany.

**Chîrâzî** :**Abou Bakr Mouhammad Ibn Ja'afar al-Moutiri** sy **Abou Layth Nasr Ibn Mouhammad al-Samarquandî al-Hanafî** ao amin'ireo bokin'izy ireo mikasika ny "**Majalis**", sy **Mouhammad Abd-our-Rahmân al-Zhahabî** ao amin'ny "**al-Riyâdh-oun-Nadhirat**", sy **Moulla 'Alî Mouttaqî** ao amin'ny bokiny "**Kanz-al-'Ommal**" ary ireo hafa, dia samy nanambara araka ny fitantaran'Ibn 'Abbâs izay nilaza fa indray andro i 'Omar Ibn al-Khattâb no niteny hoe: «**Aoka ianareo hamela an'i 'Alî am-pilaminana(izany hoe, aza mba miteny ratsy azy ianareo) satria reko ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza fa i 'Alî dia manana hatsarana anankitelo. Raha ny anankiray amin'ireo hatsarana ireo ihany**

**no misy amiko, dia tsy natakaloko ireo hatsarana rehetra misy eo ambany masoandro izany. Indray andro, izaho sy Abou Bakr sy Obaïdat Ibn Jarrah ary ireo "sahâbat" sasantsasany no teo anatrehan'ilay Mpaminany izay natory niankina tamin'i 'Alî Ibn Abî Tâlib.Mamaipaika ireo sorok'i 'Alî Izy no sady niteny hoe: "Ry 'Alî! Mikasika ny fananam-pinoana dia ianao no voalohany amin'ireo mpino rehetra sy ny mikasika ny Islâm dia ianao no lohany. Ry 'Alî! Ianao eo anatrehako dia toa an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy. Tena mpandainga izay mihevitra azy ho namako nefa izy dia fahavalonao**».

Araka ny finoanareo ve, dia azo atao ny mitsipaka ny fanambarana nataon'ny "khalîfat" 'Omar? Raha tsy azo atao izany, dia nahoana ianareo no mihaino fatratra ireo filazana hevi-dravina avy amin'ny olona toa an'i Amadî?

<u>Fitantarana miainga avy amin'ny loharano tokana ao amin'ny "sunnite".</u>

Tsy maintsy mamaly daholo ireo fitsikerana nataonareo aho. Nilaza ianareo tetsy ambony fa io "hadith" io dia nipoitra avy amin'ny loharano tokana ka noho izany dia tsy azo ekena. Ny filazana izany avy amin'ireo olona efa fantatsika matetika dia manamarina izany. Mahagaga ahy tokoa anefa ny mahare ny fitsikerana toy izany avy aminareo, satria ao amin'ny antokom-pinoanareo ihany koa, ny fitantarana izay manana loharano tokana tahak'izany dia efa ampy hampitombona ny fahamarinan-javatra iray. Raha misy olona mitsipaka ny fahamarinan'ny tantara manana loharano tokana, dia olona tsy mpino izy araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo.

**Malik-oul-'Olamâ' Chahâb al-Dîn Dawlatâbâdî** dia nanambara ao amin'ny "**Hidayat-ous-Sa'âdat**" nanao hoe:«**Raha misy ny tsy manaiky ny fitantarana avy amin'ny loharano tokana na mihevitr'izany ho honohono fotsiny ka milaza izany ho tsy azo ekena, dia olona tsy mpino izy. Raha mihambo izy fa io tantara manana loharano tokana io dia tsy marina no sady tsy misy porofo, dia olona mpandainga izy, fa tsy olona tsy mpino**».

**Hâfiz** : Isika dia lasa niala amin'ilay lohahevitra noresahantsika. Raha sitrakao, ampahafantaro anay amin'ny fomba ahoana no ilazana fa ilay "hadith al-Manzilat" dia manaporofo an'i 'Alî(a.s) hitovy voninahitra amin'ireo Mpaminany hafa rehetra.

## Fizarana fahefatra

Ireo toetoetran'ny Imâm 'Alî(a.s).

**Chîrâzî** : Io "hadith" io dia maneho fa ny Imâm 'Alî(a.s) dia manana toetoetra telo: (1) Voninahitry ny Mpaminany(s.a.s), (2) Voninahitry ny mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) ary (3) Voninahitra ambony mihoatra ny an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Sahala amin'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa, ireo (chiites) mpanara-dian'i 'Alî(a.s) dia mampitovy azy amin'i Harona izay Mpaminany, fa maka toeran'ny "khalîfat" (mpandimby) an'i Mosesy ary ambony voninahitra mihoatra ireo Banî Isrâ'il.

**Nawwâb** : Mpaminany ve i Harona?

**Chîrâzî** : Eny.

**Nawwâb** : Afaka manaporofo izany ao anatin'ny Kor'âny ve ianao?

**Chîrâzî** : Allâh dia manambara ny maha-Mpaminany azy ao amin'ireo andininy maro: «**Marina fa Izahay dia nandefa fanambarana taminao sahala amin'ny nandefasanay fanambarana tamin'i Noa sy ireo Mpaminany taoriany. Ary Izahay dia nandefa fanambarana ihany koa tamin'i Abrahama, Ismaela, Isaka, Jakoba ary ireo zanaka aman-jafy, sy Jesosy, Joba, Jonasy, Harona, Salômôna ary nomenay an'i Davida ny Zabora** »[91].

Nilaza koa Izy hoe: «**Ary ambarao ao amin'ny Boky (Kor'âny) i Mosesy, fa tena voafidy tokoa izy, sady Iraka no Mpaminany. Nantsoinay tany amin'ny ilany havanan'ilay tendrombohitra Sinaï izy, ary nasainay nanatona tahaka ny**

[91]Kor'âny 4/163.

**sakaiza mahatoky. Ary nohon'ny famindramponay dia nomenay azy ho Mpaminany i Harona rahalahiny** »[92].

**Hâfiz** : Arak'io fanazavanao io dia midika izany fa samy Mpaminany i Mouhammad(s.a.s) sy i 'Alî(a.s).

**Chîrâzî** : Tsy nanambara izany hevitra nolazainao teo izany aho. Mazava ho azy fa ianareo ihany no mahalala fa misy tsy fitovian-kevitra lehibe mikasika ny isan'ireo Mpaminany. Sasany milaza fa miisa 120 000 na mihoatra. Fa izy rehetra ireo, tamin'ny vanim-potoan'izy ireo tsirairay avy, dia samy nanana ny sokajy nisy azy ireo sy teo ambany fifehezan'ny Iraka iray izay nampitondraina Boky masina mirakitra ireo lalàm-pinoana vaovao. Dimy amin'izy ireo dia Iraka: Noa, Abrahama, Mosesy, Jesosy ary ilay Mpaminany farany Mouhammad izay tena ambony voninahitra indrindra.

Harona(a.s) dia iray amin'ireo Mpaminany izay tsy mba maharitra na mahaleo tena. Izy dia nanaraka ny "chari'at" (lalàm-pinoana) nentin'i Mosesy rahalahiny. 'Alî(a.s) dia nanana izany voninahitry ny Mpaminany izany fa kosa tsy mitovy amin'ny voninahitry ny Iraka noho izy nanaraka ny "chari'at" nentin'i Mouhammad rahalahiny. Ao amin'io "hadith Manzilat" io, ny tanjon'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny hampahafantatra ny vahoakatsika fa tahaka an'i Harona(a.s)izy, izay nanana ny voninahitry ny Mpaminany na dia teo ambany fifehezan'i Mosesy(a.s) aza, dia nanana ny voninahitry ny Mpaminany ihany koa i 'Alî(a.s) na dia olom-pehezina. Ny "Imâmat" dia nomena an'ny Imâm 'Alî(a.s), kanefa izy dia niankina tamin'ny fanarahana an'i Mouhammad(s.a.s).

<u>Dikan'ny voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s).</u>

Ao amin'ny bokiny mikasika ny fivoasan-tenin'ny "**Nahj-oul-Balâghat**", no nanoratan'**Ibn Abi al-Hadîd** momba an'io "hadith" io, fa araka ny fampitoviana an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy, no nanehoan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Alî Ibn Abou Tâlib ho mitovy voninahitra amin'ireo Mpaminany hafa rehetra.

Tahak'izany koa, i **Mouhammad Talhah al-Châfi'î**, ao amin'ny bokiny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" pejy-19, dia nanazava ny

---

[92]Kor'âny 19/51-53.

voninahitra sy anjara toeran'i Harona, avy eo izy nilaza hoe: «**Ny hevitra misongadina amin'ity "hadith" ity dia ny anjara toeran'i Harona eo anatrehan'i Mosesy: Harona dia rahalahiny, solon-tenany, namany, mpandimby azy ary mpitondra teniny rehefa lasa manao dia lavitra i Mosesy. Ilay Mpaminanin'i Allâh dia nilaza ao amin'ity "hadith" ity ihany koa fa i 'Alî dia manana anjara toerana toa an'i Harona, afa-tsy ny toerana maha-Mpaminany izay voararan'ilay teniny milaza hoe: "*Tsy hisy Mpaminany avy aoriako*"**». Noho izany, i 'Alî(a.s) dia rahalahin'ilay Mpaminany(s.a.s), mpanampy azy, solon-tenany sy mpandimby azy, ary nampiharin'ilay Mpaminany(s.a.s) izany tamin'ny fandehanany ho any Tabouk.

Io "hadith" io dia niarahana nanaiky fa marina. Izany hevitra izany koa dia nambaran'**Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny "**al-Fousoul al-Mouhimmat**", pejy-29 ary koa ireo manam-pahaizana maro hafa.

**Hâfiz** : Toa milaza ianao fa raha ilay Mpaminanintsika(s.a.s) no tsy farany tamin'ireo Mpaminany(a.s) dia i 'Alî no nitazona io toerana io. Ny olona talohanao dia tsy mba niteny toy izany mihitsy.

**Chîrâzî** : Tsy izaho irery na ireo manam-pahaizana "chiites" no mihevitra toy izany. Mitovy hevitra amin'izany koa ireny manam-pahaizanareo lehibe ireny. Anisan'iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe i **Moulla 'Alî Ibn Soultân Mouhammad Harawi Qari**. Ao amin'ny bokiny "Michkât Mirqat-oul-Charh", no anazavany an'ilay "**Hadith al-Manzilat**" manao hoe:«**Ity "hadith" ity manambara fa raha nisy Mpaminanin'i Allâh taorian'ilay Mpaminany farany, dia tsy iza izany fa i 'Alî**».

Manam-pahaizana iray hafa izay nanazava an'io "hadith" io tahak'izany dia ilay manam-pahaizana malaza, **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî**. Izy dia nanoratra ao amin'ny faramparan'ilay bokiny "**Baghiat-oul-Wou'âdh Fî Tabaqât-oul-Houffâz**", eo ampitanisana ny fitohitohizan'ireo mpitantara izany, ka tafapaka hatrany amin'i **Jâbir Ibn Abdoullâh Ansârî**, izay nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) ilay "Lehiben'ireo mpino" nanao hoe: «**Raha nisy Mpaminanin'i Allâh avy aoriako dia ianao izany** ».

Ankoatr'izany, **Sayyed 'Alî al-Hamadânî**, ilay mpahay lalàna "**châfi'ite**", amin'ny faharoan'ireo "Mawaddat" enina ao amin'ny bokiny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**", dia nanambara ny fitantaran'i **Anas Ibn Mâlik** fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Marina tokoa, fa i Allâh dia nametrak'ahy ho ambonin'ireo Mpaminany rehetra, nifidy ahy ho mendrika indrindra sy nanome ahy mpandimby iray, dia ilay rahalahiko i 'Alî. Tamin'ny alalany no nanamafisan'i Allâh ny heriko, sahala amin'ny nanamafisany ny herin'i Mosesy tamin'ny alalan'i Harona. Izy ('Alî) no mpandimby ahy sy mpanampy ahy. Raha nisy Mpaminany iray avy aoriako dia i 'Alî izany, fa saingy tsy hisy intsony ny Mpaminany ho avy aoriako**».

Hitanareo amin'izany, fa tsy izaho irery no nanambara fa ny Imâm 'Alî(a.s) dia manana ny voninahitry ny Mpaminany. Ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo manam-pahaizanareo dia samy nanambara izany. Noho izy mitovy voninahitra amin'i Harona, ary koa ny fandefasana Mpaminany dia efa tapitra, no mahatonga an'ny Imâm 'Alî(a.s) ho mendrika indrindra atao "khalîfat". Manaporofo ny mahabe voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s) dia ny famelan'ilay Mpaminany(s.a.s) ny varavaran-tranon'ny Imâm 'Alî(a.s) hisokatra mankany amin'ilay Moske.

(Izany fanazavana izany dia nahataitra sy nampikorontan-tsaina an'ireo "sunnites" izay nanatrika teo. Nanontany izay zava-miseho i Chîrazî).

**Nawwâb** : Zoma lasa teo izahay no nankany amin'ny Moske mba hivavaka. Hâfiz Sahib dia nitantara taminay ny fahambonian'ny "khalîfat" Abou Bakr. Nolazainy fa izy (Abou Bakr) dia nahazo alalana amin'ny fanokafana ny tranony miditra mankany amin'ny Moske. Gaga anefa izahay raha mahare avy aminao fa tsy nisy nahazo izany fahazoan-dàlana izany afa-tsy i 'Alî. Azonao hazavaina ve ny mikasika izany?

**Chîrâzî** : (Nitodika tany amin'i Hâfiz Sahib izy ka niteny hoe: ) Nilaza izany ve ianao?

**Hâfiz** : Eny. Izany no voalazan'ireo "hadith" marina ao amin'ny bokinay, notantarain'ilay sakaizan'ny Mpaminany(s.a.s),izay olo-marina sy mpino, i Abou Houraïrat. Nanome baiko tahak'izao

ilay Mpaminany(s.a.s): «**Aoka ny varavarana rehetra izay misokatra mankany amin'ny Moske mba hidiana daholo afa-tsy ny varavaran-tranon'i Abou Bakr, satria i Abou Bakr dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i Abou Bakr**».

**Chîrâzî** : Fantatrao tsara fa noho ireo voninahitra nananan'ilay "Lehiben'ireo mpino" i 'Alî, no nahatonga an'ireo Banî Oumayyat (ireo "Omayyades") ho niezaka mafy, tamin'ny fomba miafinafina, sy indrindra fa tamin'ny alalan'ny fanangolehan'ireo mpanompon'i Mou'âwiyyat dia i Abou Houraïrat sy Moughîrat, namorona "hadith" toy izany. Ankoatr'izany, ireo mpanara-dian'i Abou Bakr izay nanohana azy dia nanamafy anjambany io "hadith" noforonina io.

**Ibn Abil-Hadîd** ao amin'ny bokiny momba ny fivoasan-tenin'ny "**Nahj-oul-Balâghat**", boky voalohany sy fahatelo, pejy-17, dia naneho antsipiriany fa anisan'ireo "hadith" maro noforonina ilay "hadith" miresaka momba ny fanidiana ireo varavaran-trano rehetra izay misokatra mankany amin'ny Moske afa-tsy ny an'i Abou Bakr. Mifanohitra amin'io "hadith" noforonina io, dia maro koa ireo "hadith" marina voarakitra tsy ao amin'ireo bokin'ireo "chiites" izay itokisan'izy ireo irery ihany fa hita koa ao amin'ireo boky itokisan'ireo "sunnites", izay nosoratan'ireo manam-pahaizanareo toy ny boky "Sahîh".

**Nawwâb** : Amin'ny mampifanohitra izany resaka izany, etsy andininy i Hâfiz Sahib izay milaza fa i Abou Bakr no nomena ny fahazoan-dàlana ary etsy ankilany ianao izay milaza fa i 'Alî no nahazo izany fahazoan-dàlana izany; koa aleo mihitsy ho vakianao ireo bokinay mba ahafahanay mampitaha ireo toromarika ho lazainao amin'ireo toromarika nolazain'i Hâfiz Sahib.

### Hadith izay nanomezan'ilay Mpaminany(s.a.s) baiko mba hanidiana ireo varavaran-trano rehetra misokatra mankany amin'ny Moske, afa-tsy ny varavaran-tranon'ny Imâm 'Alî(a.s).

**Chîrâzî** : Ireto mpanoratra boky manaraka ireto dia samy nanambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nandidy amin'ny fanidiana ireo varavaran-trano rehetra misokatra mankany amin'ny Moske afa-

tsy ny varavaran-tranon'ny Imâm 'Alî(a.s): Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny "**Mousnad**" voalohany, pejy-175, boky faharoa pejy-26 ary ny boky fahefatra pejy-369. Ny**imâm Abou Abd-our-Rahmân al-Nisâ'i** ao amin'ny "**Sounan**" sy ao amin'ny "**al-Khasâ'is al-'Alawiyyat**", pejy 13-14. **Al-Hâkim al-Nîchâpourî** ao amin'ny "**Moustadrak**", boky fahatelo pejy 117-125 sy **Sibt Ibn Jawzî** ao amin'ny "**al-Tazhkirat**" pejy 24-25 dia samy nanamarina ny mahamarim-pototra an'io "hadith" io tamin'ny alalan'ny fiankinana amin'ireo fitohitohizan'ireo mpitatitra izany araka ny nambaran'i **Tirmizhî** sy ny **imâm Ahmad**. **Ibn al-Athîr al-Jazarî** ao amin'ny "**Athnâ al-Matâlib**", pejy-12. **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" pejy-76, **Ibn Hajar al-'Asqlânî** ao amin'ny "**Fat'h-oul-Bârî**" boky fahafito, pejy-12. **Tibrani** ao amin'ny "**al-Aswat**", **al-Khatîb al-Baghdâdî** ao amin'ny "**Târykh**" (tantara), boky fahafito pejy-205, **Ibn Kathîr** ao amin'ny "**Tâykh**" boky fahafito, pejy-342, **al-Mouttaqî al-Hindî** ao amin'ny "**Kanz-oul-'Oummâl**" boky fahenina, pejy-408, **al-Haithamî** ao amin'ny "**Majma'-ouz-Zawâ'id**" boky fahasivy pejy-65, **Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî** ao amin'ny "**Riyâdh**", boky faharoa, pejy-451, **al-Hâfiz Abou Nâ'im** ao amin'ny "**Fadhâ'il-ous-Sahâbat**" sy ao amin'ny "**Hilyat-oul-Awliyâ**", boky fahefatra pejy-183. **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**Târykh-oul-Khoulafâ**" pejy-116, **Jam'oul-Jawâmi'**, **al-Khasâ'is-oul-Koubrâ** sy ao amin'ny "**al-La'âlî al-Masnou'at**" boky voalohany, pejy-181, **al-Khattîb al-Khawârizmî** ao amin'ny "**Manâqib**", **al-Hamwainî** ao amin'ny "**Farâ'id al-Samtayn**", **Ibn al-Maghsazilî** ao amin'ny "**al-Manâqib**", **al-Mounâwî** ao amin'ny "**Kounouz-oud-Daqâ'iq**", **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**", pejy-87, **Chahâb-oud-Dîn al-Qastalânî** ao amin'ny "**Irchâd al-Sârî**", boky fahenina pejy-81, **al-Halabî** ao amin'ny "**al-Sîrat al-Halabiyyat**" boky fahatelo pejy-374 sy **Mouhammad Talhat al-Châfi'î** ao amin'ny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" ary ireo maro hafa avy amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia samy nanambara io "hadith" io, ohatra amin'izany, ilay "khalîfat" **Omar Ibn Khattab**, **'Abdoullâh Ibn 'Abbâs**, **Abdoullâh Ibn Omar**, **Zaïd Ibn al-Arqam** sy **Jâbir Ibn Abdoullâh Ansârî**...sns.

Mba hanakanana an’ireo Banî Oumayyat (Omayyyades) amin’ny famitahan’izy ireo ny vahoaka, dia misy ny sasany amin’ireo manam-pahaizanareo no nanindry mafy ny fahamarinan’io “hadith” io. **Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi’î**, ao amin’ny bokiny “**Kifâyat-oul-Tâlib**”, toko faha-50, dia nitantara an’io “hadith” io ao amin’ny lohateny manokana. Niankina tamin’ireo boky azo itokisana, no nahafahany nanambara fa maro ireo varavaran-tranon’ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) no nisokatra mankany amin’ny Moske. Noho ny fanakanan’ilay Mpaminany(s.a.s) azy ireo tsirairay tsy hiditra ao amin’ny Moske ao anatin’ny fahalotoana “janâbat”**[93]** na fahalotoana “haydh”**[94]**, no nanomezany baiko mba hanidiana ireo varavarana rehetra ankoatra ny varavaran-tranon’ny Imâm ‘Alî(a.s). Hoy izy(s.a.s) hoe:«**Aoka ianareo hanidy ireo varavarana rehetra fa avelao hisokatra ny varavaran-tranon’i ‘Alî**».

**Mouhammad Ibn Yousouf al-Châfi’î** dia nanambara fa ny Imâm ‘Alî(a.s) irery ihany nahazo alalana hiditra sy hipetraka ao amin’ny Moske ao anatin’ny fahalotoana “janâbat”. Nitohizany ny teniny nanao hoe:«**Raha fintinina, ny fanomezan’ilay Mpaminany izany tombon-tsoa manokana izany an’i ‘Alî dia voninahitra iray lehibe.Izany no manaporofo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia mahalala fa i ‘Alî(a.s), i Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s) sy ireo taranany(a.s) dia tsy mba iharan’ny fahalotoana, araka ny efa voalazan’ilay andininy “fahadiovana” mazava tsara ao amin’ny Kor’âny masina**». Ity fanamarihana nataon’ny manam-pahaizana “Châfi’ite” iray ity dia azo hampitahaina amin’ilay “hadith” nolazain’i Hâfiz Sahib.

Ankoatr’ireo boky rehetra azo itokisana izay notanisaintsika teo ambony, raha mahita porofo ianareo milaza mikasika ny fahadiovan’i Abou Bakr, dia mba asehoy eto izany, raha sitrakareo. Raha ny marina, na dia i al-Boukhârî sy Mouslim aza dia mitantara mazava ao amin’ireo bokin’izy ireo avy, fa ny olona izay maloto dia tsy mahazo mijanona ao amin’ny Moske. Fa hoy ilay

---

[93]Fahalotoana izay mahatonga ny fandroana ara-pinoana « ghousl » ho tsy maintsy atao.
[94]Jereo lah°93.

Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Tsy azon'ny olona iharan'ny fahalotoana ara-pinoana ny mijanona ao amin'ny Moske, afa-tsy izaho sy i 'Alî**».

Avelao aho hamaky "hadith" iray avy tamin'ilay "khalîfat" faharoa, '**Omar Ibn Khattâb**, notantarain'i **al-Hâkim** ao amin'ny boky "**Moustadrak**", pejy-125, sy i **Soulaymân al-Balkhî** ao amin'ny "**Yanâbî'-oul-Mawaddat**" toko faha-56, pejy-210 ary ireo hafa toa an'ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, **al-Khâtib al-Khawârizmî**, **Ibn Hajar, al-Souyoutî** sy **Ibn al-Athîr al-Jazarî**. Hoy izy hoe: «**Marina tokoa, fa i 'Alî Ibn Abî Tâlib dia manana voninahitra anankitelo izay tsy hananan'ny hafa. Raha manana ny anankiray amin'izany fotsiny aho, dia izany no tiako kokoa ho ahy noho ireo rameva menapiny: (1) ilay Mpaminany dia nanome azy ho vadiny ilay zanany vavy, (2) ilay Mpaminany dia nanome baiko ireo varavaran-trano rehetra misokatra mankany amin'ny Moske mba hidiana afa-tsy ny varavaran-tranon'i 'Alî, (3) ilay Mpaminany dia nanolotra ilay fanevan'ny Islâm tamin'ny fotoan'ny adin'i Khaybar**».

Arak'ireo fanazavana ireo, dia mazava ankehitriny fa i 'Alî(a.s) dia sahala amin'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny lafiny rehetra, tahaka an'i Harona(a.s) izay sahala amin'i Mosesy(a.s). Ary rehefa tsapan'i Mosesy(a.s) fa afaka mitazona izany toerana izany i Harona(a.s), dia nangatahany tamin'i Allâh izy mba ho namany manatanteraka ny asa, ka hahatonga azy mba ho lefiny. Torak'izany koa, rehefa hitan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa tsy misy na iray amin'ireo mpanara-dia azy no manana fahamendrehana betsaka tokoa mihoatra an'i 'Alî(a.s), dia nangatahany tamin'ilay Tsitoha ny hahatonga azy ho lasa lefiny sy mpanampy azy.

**Nawwâb** : Mbola maro ve ireo "hadith" milaza izany?

**Chîrâzî** : Eny, maro ireo "hadith" milaza mikasika izany ao amin'ireo bokinareo.

**Nawwâb** : Vonona ny hihaino izany aho, raha toa ka mila hihaino izany koa ianareo (sady nitodika nankany amin'ireo manampahaizana mpifanandrina tetsy andaniny izy).

**Hâfiz** : Tsy misy olana ny amin'izany. Fihainoana ireo "hadith" dia asa fanompoana ihany koa.

Tao anatin'ny vavaka fanompoana teo ampiondrehana manao "roukou'" no nanomezan'ny Imâm 'Alî$^{(a.s)}$ ny perany ho an'ilay mahantra.

**Chîrâzî** :**Ibn al-Maghâzilî**, mpahay lalàna "**châfi'ite**" ao amin'ny bokiny "**Manâqib**", **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**al-Dourr-oul-Manthour**, ilay mpahay teolojia malaza antsoina hoe **Ahmad al-Tha'alabî** ao amin'ny "**Kachf-oul-Bayân**", **Sibt Ibn al-Jawazî**ao amin'ny "**Tazhkirat Khawâs al-Oummat**", mikasika ilay andinin'ny "**Wilâyat**" dia samy nitantara araka ny voalazan'i Abou al-Ghifâri sy i Asmâ Bint Oumais (vadin'i Abou Bakr) fa indray andro izy ireo no nandeha nivavaka tao amin'ny Moske niaraka tamin'ilay Mpaminany$^{(s.a.s)}$, nisy mahantra iray tonga nangataka fanampiana. Tsy nisy anefa olona mba nanome azy zavatra. 'Alî izay teo ampiondrehana nanao "roukou'" (noho ny tsy fahafahany miresaka ao anatin'ny salât) dia naneho fihetsika tamin'ilay mahantra tamin'ny alalan'ny fanondrony; ary dia nalain'ity farany ny peratra teo amin'ilay fanondrony. Nony nahita izany fihetsika izany ilay Mpaminany$^{(s.a.s)}$ dia niandrandra ny lanitra izy no sady niteny nanao hoe: «**Allâh ô, i Mosesy rahalahiko dia nitalaho Taminao nanao hoe: "*Tompo ô, hatanjaho aho ary hamoray ny raharahako. Tendreo ho lefitro avy ao amin'ny fianakaviako i Harona rahalahiko!*"**». Allâh dia nankasitraka ny fitalahoany sy nanamafy ny tanjany. Izy (Allâh) dia nanome ho azy roa hery sy tanjaka tahak'izany, izay tsy azon'iza na iza tohaina. «**... Ary hoy i Mosesy tamin'i Harona rahalahiny : "*Aoka ianao hisolo toerana ahy eo amin'ny vahoakako , ary manaova ny tsara, ary aza manaraka ny làlan'ny mpanao ratsy*"**»[95].

Anjara toeran'i Harona ho toy ny Mpaminany sy "khaliîfat".

**Hâfiz** : Nilaza ianao fa i Harona dia naman'i Mosesy amin'ny maha-Mpaminany azy. Amin'ny fomba ahoana àry no mahatonga azy ho "khalîfat" indray? Ny fiaraha-miasa amin'ny

[95]Kor'âny 7/142.

maha-Mpaminany anefa no toerana ambony kokoa noho ny amin'ny "khalîfat" na mpandimby. Raha ilay namana no Mpaminany avy eo dia lasa "khalîfat" indray, izany dia midika ho fanambaniana ny voninahiny.

**Chîrâzî** : Ny faminanian'i Mosesy(a.s) no tena fototra, fa ny an'i Harona(a.s) dia fanampin'ny faminanian'i Mosesy(a.s) fotsiny. Fa eo amin'ny lafiny fitoriana ny soratra masina izy dia namany, arakany fangatahan'i Mosesy(a.s) voalaza ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe:«**Hoy i Mosesy : "Tompo ô! Sokafy ny tratrako, sy hamoray ny raharahako,ary vahao ny vona amin'ny lelako, mba hahazoan'izy ireo ny teniko. Omeo mpanampy avy amin'ny fianakaviako aho, dia iHarona rahalahiko. Ampitomboy avy amin'ny alalany ny heriko ary ataovy mpiara-miasa amiko izy amin'ny raharaha izay ataoko!"**»[96].

Tahak'izany koa i 'Alî, ankoatra ny fananany voninahitry ny Mpaminany, dia niara-niasa tamin'ilay Mpaminany ihany koa izy teo amin'ny sehatra rehetra ary izy dia manana ireo hatsaran-toetra mahagaga tokoa.

**Hâfiz** : Talanjona aho mahita ny fanambonianao ny voninahitr'i 'Alî. Izahay rehetra dia mitolagaga avokoa. Nilaza ianao teo fa i 'Alî dia manana ireo toetoetry ny Mpaminany.

**Chîrâzî** : Ireo fanambarana ireo dia tsy fidokadokafana fahantany; fa tena zava-misy marina. Ny mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tokony ho modely toy ny Mpaminany. Eny fa na dia ireo manam-pahaizanareo lehibe aza dia nanambara mitovy hevitra amin'izany.

Ny **imâm al-Tha'alabî** ao amin'ny bokiny fivoasan-teny, dia nanamarina izany hevitra izany. Ilay manam-pahaizana lehibe "sunnite", Andriamatoa hajaina **Sayyed Ahmad Ibn Chahâb-oud-Dîn** ao amin'ny bokiny "**Tawdhîh-oud-Dalâ'il**" dia nanamarika toy izao: « Tsy zava-miafina akory raha ilay "Lehiben'ireo mpino" no mitovy amin'ny Mpaminanin'i Allâh amin'ny alalan'ireo hatsaran-toetrany, ireo asany tsy ahitana fitiavan-tena, ireo fomba fanaony, ireo fangatahany amin'i Allâh sy ny fomba fiainany ambony. Izany

[96]Kr'âny 20/25-32.

dia voaporofon'ireo tantara marina sy ireo boky azo antoka ary tsy ilàna porofo na fanamarinana intsony. Ireo manam-pahaizana sasany dia nitanisa mihitsy ny sasany amin'ireo toetoetra itovizan'i 'Alî sy ilay Mpaminany ».

Anisan'ireo toetoetra ireo, dia ny fihavanana misy amin'izy ireo. Ary araka ny voalazan'ilay andinin'ny "fahadiovana" (andinin-tsoratra masina milaza manokana an'ireo olo-masina dimy: Mouhammad, 'Alî, Fâtimat, Hasan, Housein), dia hitantsika fa i 'Alî(a.s) no mitovy lasitra amin'ilay Mpaminany(s.a.s).

'Alî(a.s) sy ilay Mpaminany(s.a.s) dia samy solon-tenan'i Allâh. Araka ny voalazan'ireo antokom-pinoana roa tonta, ity andininy manaraka ity izao, dia manondro manokana an'i 'Alî(a.s):«**Marina tokoa fa ny "Wâlî" lehibenareo dia i Allâh sy ilay Irany ary ireo mpino izay nanao salât sy nanome zakât nefa izy ireo teo ampiondrehana (manao roukou')** »[97].

'Alî(a.s) dia mitovy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) eo amin'ny lafiny fanatanterahana ny asa fitoriana, araka ny hevitra asehon'ilay "sourat al-Barâ'a". Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanolotra ireo andininy sasantsasany ao amin'io "sourat" io tamin'i Abou Bakr mba hotoriany amin'ireo vahoaka mandritra ny Hajj. Tonga tampoka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) anefa ny Anjely Gabriely(a.s) ary nanao fanambarana fa araka ny fanirian'i Allâh, ireo andinin'ny Kor'âny masina ireo dia toriana amin'ny vahoaka amin'ny alalan'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) na amin'ny alalan'ny olona akaiky azy indrindra.

'Alî(a.s) dia mitovy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny mahasolon-tenan'i Allâh azy. Ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no niteny hoe:«**Allâh dia nanome baiko ahy mba hanambara aminareo an'izao**, noraisiny ny tanan'i 'Alî sady hoy izy hoe: "**Izay rehetra nahalala fa izaho no "Mawlâ" (lehibe ara-pinoana), indro i 'Alî no "Mawlâ" ihany koa**».

Ankoatr'izany, ny tenan'i 'Alî dia miseho amin'ny alalan'ny tenan'ilay Mpaminany. Ilay andinin'ny "fifanozonana" (Moubâhala) dia nilaza hoe: « Fa izay mbola mifanditra aminao mikasika izany,

---

[97]Kor'âny 5/55.

taorian'ny nahatongavan'ilay fanambarana teo aminao, dia milazà amin'izy ireo manao hoe: "**Avia ianareo, isika hiantso ireo zanakay sy ny zanakareo, ny vehivavinay sy ny vehivavinareo, ny tenanay[98] (Anfousanâ) sy ny tenanareo, avy eo dia hifanozona isika ka alefantsika ny ozon'i Allâh any amin'ireo izay mpandainga**" »[99].

Tao amin'ny Moske, rehefa nanome ny perany tamin'ilay mahantra i 'Alî, dia nangataka tamin'i Allâh ilay Mpaminany(s.a.s) mba hahatonga an'i 'Alî(a.s) ho mpiara-miasa aminy, nanao hoe:«**Allâh ô! Izaho no Mouhammad ilay Mpaminany(s.a.s), voafidinao. Hatanjaho aho ary hamoray ny raharahako. Tendreo ho ahy mba ho lefitro avy amin'ny fianakaviako i 'Alî(a.s).Ampitomboy avy amin'ny alalany ny heriko**». Abou Zharr al-Ghifârî izay nanatrika teo, dia nilaza marina tamin'ny fitenenany nanao hoe: « Mianiana amin'i Allâh aho, fa ilay Mpaminany(s.a.s) aza tsy mbola nahatapitra akory ny vavaka fangatahany dia niseho taminy ilay Anjely Gabriely(a.s) ka nanambara izao andininy izao:**Marina tokoa fa ny "Wâlî" lehibenareo dia i Allâh sy ilay Irany ary ireo mpino izay nanao salât sy nanome zakât nefa izy ireo teo ampiondrehana (manao roukou')[100]**».Nankasitrahana ny fangatahan'ilay Mpaminany(s.a.s) ary i 'Alî(a.s) dia voatendry ho lefiny.

**Mouhammad Talhat al-Châfi'î**, ao amin'ny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" pejy-19 dia nanambara izany antsipiriany. Ankoatr'azy, **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny "**Manaqatoul-Moutahharîm**", **Cheikh 'Alî al-Ja'afarî** ao amin'ny "**Kanz-oul-Barâhîn**", ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**", **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**al-Dourr-oul-Manthour**" sy ireo manam-pahaizana maro mpiray finoana aminareo, dia samy nanambara an'io tantara io avokoa ao amin'ireo asa soratr'izy ireo avy. Ny sasany amin'izy ireo dia nitantara izany avy tamin'i Asmâ

98Manondro ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny tenan'i 'Alî(a.s).

99Kor'âny 3/61.

100Kor'âny 5/55.

Bint Oumais (Vadin'i Abou Bakr) sy avy amin'ireo "sahâbat" hafa. Ity lazaina manaraka izao ity dia avy tamin'i Abdoullâh Ibn 'Abbâs:

« Ilay Mpaminany dia nandray ny tanan'i 'Alî sy ny tanako. Nanao vavaka efatra "raka'at" aloha izy, avy eo dia nanandratra ireo tanany eny amin'ny lanitra ka niteny hoe: "**Allâh ô! Mosesy zanak'i 'Imrân, dia nangataka Taminao mba hanendrena mpanampy ho azy sy hanamora ny raharahany. Izaho Mouhammad. Izaho dia mangataka Aminao mba hanamafy ahy sy hanamora ny raharahako.vahao ny vona amin'ny lelako, mba hahazoan'izy ireo ny teniko. Omeo mpanampy avy amin'ny fianakaviako aho, dia i Harona rahalahiko. Ampitomboy avy amin'ny alalany ny heriko ary ataovy mpiara-miasa amiko izy amin'ny raharaha izay ataoko"**. Nahare feo aho nilaza hoe: "**Ry Ahmad! Nankasitrahana ny fanagatahanao**". Ary dia noraisin'ilay Mpaminany tamin'ny tanany i 'Alî sady niteny hoe: "**Asandrato eny amin'ny lanitra ireo tananao ary mangataha amin'i Allâh mba hanomezany zavatra ho anao**". 'Alî nanandratra ireo tanany sy nivavaka nanao hoe: "**Allâh ô! Aoka Ianao mba hanome ahy ny fitiavanao manokana**". Tsy tapitapitr'izay, dia tonga ilay Anjely Gabriely nitondra ny andininy ao amin'ny "sourat Maryam" milaza manao hoe: "**Ho an'ireo izay mino sy manao asa soa, dia ny Fitiavany no hatolotr'Ilay Be Indrafo ho azy ireo**"[101]. Rehefa naneho ny fahagagany ireo sakizan'ilay Mpaminany, dia hoy izy tamin'izy ireo niteny hoe: "**Nahoana ianareo no gaga? Ny Kor'âny masina dia mizara ho efatra ka ny ampahefan'ny Kor'âny dia milaza momba anay (Ahl-oul-Bayt), ny ampahany iray hafa dia milaza momba ireo zavatra azo atao, ny ampahany hafa milaza momba ireo zavatra tsy azo atao, ary ny ampahany farany dia mikasika ireo didy aman-dalàna. Mianiana amin'i Allâh aho fa maro amin'ireo andinin'ny Kor'âny masina no midera an'i 'Alî**"».

**Cheikh** : Na dia heverina fa marim-pototra aza io "hadith" io dia tsy maneho ny voninahitr'i 'Alî irery ihany. Io "hadith" io ihany koa dia miresaka momba an'ny "khalîfat" Abou Bakr sy "khalîfa"

---

[101]Kor'âny 19/96.

‘Omar. **Qaz’ah Ibn Souwaid** dia nanambara araka ny fitantaran’Ibn Abî Malika izay nolazain’Ibn ‘Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Abou Bakr sy ‘Omar eo amiko dia toa an’i Harona eo amin’i Mosesy**».

**Chîrâzî** : Ianareo dia tokony hanome lanja ny fanambaran’ireo mpitantara mpiray finoana aminareo sasany ireo. Indraindray ianareo mandray ireo tantara avy amin’i Amadî, indraindray ianareo maka izany avy amin’ireo mpandainga sy ireo mpisoloky gaigy lahy toa an’i Qaz’ah Ibn Souwaid, nefa ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no efa nitsipaka ny fahatokisana azy.

**Al-‘Allâmat al-Zhahabî**, ao amin’ny bokiny “**Mizân-oul-I’tidâl**”, teo ampitantarana ireo raharaha fanaon’i Qaz’ah Ibn Souwaid sy i ‘Ammâr Ibn Hâroun, dia nitsipaka an’io “hadith” io ary nanambara mazava hoe:«**Izany dia lainga**» . Rehefa tsipahin’ireo manam-pahaizanareo toy izany i Qaz’ah, dia tokony ho tsipahina ihany koa ireo “hadith” izay tantarainy ireo. Ilay “hadith” nolazain’i Qaz’ah dia ampitahao amin’ny fitohitohizan’ireo mpitantara “hadith” avy amin’ireo manam-pahaizanareo ambony mpiray finoana aminareo izay efa notanisaiko teo, ary aoka ianareo hanapa-kevitra aiza amin’ireo “hadith” ireo no ekenareo.

## FIVORIANA FAHADIMY

(Ny alin’ny Alatsinainy faha-27 Rajab 1345H[102].)

### Fizarana voalohany

**Hâfiz** : Tamin’ny lahateninao omaly alina, izaynampientana ny fo tokoa, dia nahatsapako fa ianao dia te hanambara fa i ‘Alî no mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s) mivantana, na dia io “hadith” io aza maneho hevitra hafa manokana. Izy io dia notantaraina nandritra ny dia lavitra nankany Tabouk; ka tsy misy porofo azo hampiharana azy amin’ny hevitra ankapobeny.

102Nifanandrify tany ho any amin’ny daty faha-31 Janoary 1927.

**Chîrâzî** : Ao amin'io "hadith" io ny teny hoe "Manzilat" (Voninahitra) dia nampiasaina amin'ny hevitra ankapobeny. Ny fanehoan-kevitra dia maneho mazava tsara ny mahazava-dehibe ny hevitra ankapobeny. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampiasa ny anaran'i 'Alî niaraka tamin'ny teny hoe "**Mpaminany**" ary mamaritra ny "**Manzilat**" izay voninahiny izy amin'ny alalan'ny teniny milaza hoe "...**saingy tsy hisy Mpaminany intsony ho avy aoriako"**. Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana sy mpanoratra lehibe no nitantara ilay "hadith" nolazain'ilay Mpaminany hoe: «**Tsy afa-po ve ianao eo anatrehako izay toa an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy, fa saingy kosa tsy hisy Mpaminany intsony avy aoriako?** ».

Nandritra ny tsy nahateo azy naharitra efapolo andro, Mosesy dia tsy namela an'ireo mpiara-dia aminy mba hitantan-draharaha. Notendreny i Harona, izay olona mendrika indrindra tamin'ireo Banî Isrâ'il, ho "khalîfat" sy mpandimby azy. Toy izany koa, ilay Mpaminany(s.a.s), izay nitondra finoana tonga lafatra dia tena manana ny rariny tokoa raha hiaro ny vahoakany amin'ny fikorontanana vokatry ny sitrapon'izy ireo ihany. Narovany ny lalàm-pinoana mba tsy ho tonga eo ampelan-tanan'ireo tsy ampy fahalalana, izay afaka manovana izany araka ny fanirian'izy ireo. Ireo tsy ampy fahalalana ireo dia hiankina amin'ny vinavinan'izy ireo fotsiny ka hamoromporona lalàna tsy mifanaraka amin'ny zava-misy akory. Izany no nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) ao amin'io "hadith" io nanao hoe:«**'Alî eo anatrehako dia toa an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy**» izay manambara fa i 'Alî(a.s) dia manana voninahitra sy fahefana mitovy amin'i Harona(a.s). Noho i 'Alî(a.s) izay ambony mihoatra ny vahoakany rehetra, dia notendren'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ho lefitra sy mpandimby.

**Hâfiz** : Izany fanazavanao izany dia tsy mifanaraka akory amin'ny hevitr'ilay "hadith". Raha mandinika zavatra antsipiriany tsara ianao dia ho tsapanao fa io "hadith" io dia tsy milaza hevitra ankapobeny akory. Izy io dia tsy milaza hevitra afa-tsy tamin'ny adin'i Tabouk rehefa ilay Mpaminany(s.a.s) nanendry an'i 'Alî ho "khalîfat" nandritra ny fe-potoana voafetra.

Hadith al-Manzilat notantaraina imbetsaka.

**Chîrâzî** : Ny fanamarihana nataonao dia mivaona amin'ny tsy izy, raha lazaina fa tsy notantaraina afa-tsy tao Tabouk ihany io "hadith" io. Fa ilay Mpaminany dia namerimberina niteny an'io "hadith" io tamin'ireo fotoana samihafa. Noresahina izy io tamin'ny fotoanan'ny fifampirahalahiana teo amin'ireo "Mouhâjirs" tao Makkat ary koa tao Madînat rehefa vita ny fifampirahalahiana teo amin'ireo "Mouhâjirs" sy ireo "Ansârs". Isaky ny fotoana nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Alî(a.s) ho rahalahiny dia teneniny foana ny hoe: «**Ianao eo anatrehako dia toa an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy, fa saingy tsy hisy Mpaminany intsony avy aoriako**».

**Hâfiz** : Nefa araka ny fahalalako, dia tamin'ny adin'i Tabouk ihany no nanambarana ny "hadith Manzilat". Ilay Mpaminany(s.a.s) dia namela an'i 'Alî tao Madînat izay nitebiteby fatratra ka nomen'ilay Mpaminany(s.a.s) fampiononana izy tamin'ny alalan'io "hadith" io. Koa inoako fa diso hevitra ianao.

**Chîrâzî** : Tsia, tsy diso hevitra akory aho. Ireo bokinareo azo itokisana ihany no milaza izany. Anisan'izy ireo izay azo vakiana dia i **al-Mas'ound** (mpitatitra hadith mendri-pitokisan'ireo antokom-pinoana roa tonta) izay nanoratra izany hevitra izany ao amin'ny bokiny "**Mourouj al-Zhahab**", boky faharoa, pejy faha-49, **al-Halabî** ao amin'ny "**al-Sîrat al-Halabiyyat**" boky faharoa pejy 26 sy 120, ny **imâm Abdour-Rahmân al-Nisâ'i** ao amin'ny "**al-Khasâ'is-oul-'Alawiyyat**" pejy 19, **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny "**Tazhkirat**" pejy 13-14, **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**" toko faha-9 sy faha-17 ary ireo hafa maro izay nitantara an'io "hadith" io.

Izy rehetra ireo dia nilaza fa tsy niankina tamin'ireo fotoanan'ny fifampirahalahiana anankiroa ireo, io "hadith" io dia nambara imbetsaka tamin'ireo fotoana hafa. Noho izany, io "hadith" io dia tsy azo hazavaina amin'ny hevitra voasivana na ampifandraisana amin'ny fotoana manokana. Ny heviny ankapobeny dia miorina tsara. Tamin'ny alalan'io "hadith" io no nanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Alî(a.s) ho mpandimby azy,

nandritra ireo fotoana maro mifanaraka amin'izany. Iray amin'ireo fotoana ireo ny adin'i Tabouk.

**Hâfiz** : Amin'ny fomba ahoana àry no ahafahan'ireo sakaizan'ilay Mpaminany[s.a.s] izay nahare an'io "hadith" io amin'ny heviny ankapobeny no sady nahafantatra ny heviny fa manambara an'i 'Alî[a.s] ho mpandimby an'ilay Mpaminany[a.s], ho lasa mpanohitra izany fanendrena izany taorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany[s.a.s] ka naleon'izy ireo nankasitraka olon-kafa ho "khalîfa"?

**Chîrâzî** : Manana valin-teny betsaka amin'izany fanontanianao izany aho, fa ny valin-teny mahomby kokoa dia 'ndao isika hiverina amin'ny resaka mikasika an'i Harona teo ihany sy izay zava-niseho taminy, fa misy trangan-javatra mitovitovy tokoa.

Ny Kor'âny masina mitantara fa rehefa notendren'i Mosesy ho mpandimby azy i Harona, dia navoriny nanodidina azy ireo Banî Isrâ'il (nahatratra 70 000 olona izy ireo araka ny tantara sasany). Nomarihin'i Mosesy tsara fa izy ireo dia tsy maintsy mankato ny mpandimby azy mandritra ny fotoana tsy maha eo azy. Avy eo i Mosesy lasa nandeha ary niakatra tany an-tendrombohitra mba hivavaka amin'i Allâh samirery. Mbola tsy lasa akory ny iray volana, no tonga i Samiri namboly fanakorontanana teo anivon'ireo Israely. Namboatra sary sikotra ombivavy volamena izy ary ireo Banî Isrâ'il izay nandao an'i Harona dia maro tokoa no niandany tamin'i Samiri. Mbola vao vetivety fotsiny anefa no nandrenesan'ireo Banî Isrâ'il ireo ny filazan'i Mosesy fa i Harona no "khalîfat" misolo tena azy mandritra ny tsy maheo azy ka tsy maintsy hankatoavin'izy ireo. Na izany aza anefa dia nahatratra 70 000 isa ireo nanara-dian'i Samiri. Ilay Mpaminany Harona dia nanohitra mafy izany fivadihana izany ka nanakana azy ireo tsy hanao izany fihetsika mahamenatra izany, nefa tsy mba nisy olona nihaino azy akory. Ny andininy ao amin'ny "sourat al-A'râf" dia mitantara fa tamin'ny fiverenan'i Mosesy, no nilazan'i Harona taminy hoe:«**Ry rahalahy ( zana-dreniko), ( hoy Harona),**

**nataon'ireo vahoaka ho malemy aho, ary kely foana no tsy namonoany ahy...»[103]**.

Harona voatendry ho mpandimby an'i Mosesy.

Ireo Banî Isrâ'il ireo dia naheno mazava tsara ny fanambaran'i Mosesy, kanefa raha vao lasa niakatra tany an-tampon'ny tendrombohitra izy, dia nararaotin'i Samiri izany fotoana izany mba namiliany ho any amin'ny làlan-kafa ireo Banî Isrâ'il ireo tamin'ny alalan'ny fanompoana ilay sary sikotra ombivavy volamena.

Fitovianan'ireo zava-mampalahelo nitranga tamin'ny Imâm 'Alî(a.s) sy tamin'i Harona(a.s).

Torak'izany koa, fa taorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nisy ireo olona sasany izay efa naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) nanendry an'i 'Alî(a.s) ho mpandimby azy,no nivadika nanohitra azy. Ny **imâm al-Ghâzalî** dia nanamarika ao amin'ny voalohan'ny bokiny fahefatra ao amin'ny "**Sirr-oul-Alamin**". Nolazainy fa misy amin'ireo olona sasany no hita fa tao anatin'ny habadoana tanteraka.

Arak'izany, dia misy fitoviana lehibe tokoa ny zava-niseho tamin'i Harona(a.s) sy tamin'i 'Alî(a.s). Sahala amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe sy mpahay tantara, Abou Mouhammad 'Abdoullâh Ibn Mouslim Ibn Qoutaybat al-Bahili al-Dinawari, izay Qâdhî (mpitsara) malaza tao Dinawar, dia nitantara antsipiriany ny tranga niseho tao Saqîfat amin'ny voalohan'ny bokiny "al-Imâmat Wa al-Siyâsat", pejy 14. Nitantara izy fa ireo olona ireo dia nandrahona ny handoro ny tranon'i 'Alî(a.s) sy nanery azy mba ho tonga ao amin'ny Moske.Izy ireo dia nandrahona ny hamono raha toa ka tsy manao fanekem-pankatoavana izy. Nankany am-pasan'ilay Mpaminany(s.a.s) i 'Alî(a.s) ary dia naveriny nolazaina ireo tenin'i Harona tamin'i Mosesy, izay voarakitra ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe: «**Ry rahalahy ( zana-dreniko), ( hoy Harona),**

[103]Kor'âny 7/150.

**nataon'ireo vahoaka ho malemy aho, ary kely foana no tsy namonoany ahy...**»[104].

**Nawwâb** : Raha i 'Alî(a.s) tokoa no voatendry ho "khalîfat", nahoana ilay Mpaminany no tsy nilaza izany amin'ny fomba mazava tsara. Nahoana izy no tsy nilaza mazava tsara fa i 'Alî no mpandimby azy, mba hialana amin'ny fifanoheran-kevitra mikasika izany any aoriany any?

**Chîrâzî** : Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara izany tokoa amin'ny fomba anankiroa. Hita izany ao amin'ireo bokinareo izay mitantara "hadith" maro mikasika izany hevitra izany. Ireo olon'ny haitsoratra dia mahalala fa ny honohono no mahasarika kokoa noho ny fanambarana tsotra, indrindra moa rehefa latsa-paka fa io honohono io dia mifono hevitra maro samihafa.

**Nawwâb** : Lazainao fa misy ireo "hadith" milaza mazava mikasika ny fanendrena an'i 'Alî ho "khalîfat" notantarain'ireo manam-pahaizanay. Azonao hambara aminay kokoa ve izany, raha sitrakao? Misy milaza mantsy fa tsy misy akory na iray aza ny "hadith" manendry an'i 'Alî ho "khalîfat".

**Chîrâzî** : Maro dia maro ireo "hadith" milaza mikasika ny "khilâfat" ao amin'ireo bokinareo azonareo itokisana.

<u>Hadith mikasika ny "Fanasana an'ireo havana"</u>
<u>sy ny fanendrena an'i 'Alî ho Khalîfat.</u>

Amin'ireo "hadith" maro mikasika ny fanendrena an'i 'Alî(a.s) ho "khalîfat", ny manan-danja indrindra dia ilay "hadith" mikasika ny "Fanasana an'ireo havana". Ny andro izay nanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) ny maha-Mpaminany azy, no nanendreny ihany koa an'i 'Alî(a.s) ho "khalîfat".

Ireo imâm, Ahmad Ibn Hanbal, Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî, Abou Ja'afar Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî, Ibn Abil-Hadîd al-Mou'tazalî sy ireo maro hafa koa, dia samy nanambara fa rehefa ilay andininy faha-214 ao amin'ny "sourat al-Chou'arâ" : «**Ary ampitandremo ireo havanao akaiky**.»[105] no

---

[104]Kor'âny 7/150.
[105]Kor'âny 26/214.

nampidinina, dia nanao fanasana an'ireo Qouraych miisa efapolo izy tao an-tranon'i Abou Tâlib. Napetrany nanoloana azy ireo ny fen'ondry iray sy mofo ary ronono. Nihomehy ireo vahiny nasaina sady niteny hoe: « Ô ry Mouhammad! Io zavatra natolotrao io anie ka tsy hahavoky olona iray akory e! ». Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « Atombohy àry ny fisakafoanana amin'ny anaran'i Allâh ». Rehefa avy nisakafo anefa izy ireo dia samy nahatsiaro ho voky avokoa, ary nifampibitsibitsika nilaza hoe: «Nanova ny masontsika tamin'io sakafo io i Mouhammad ».

Nitsangana ilay Mpaminany(s.a.s) ary niteny hoe: «**Ry taranak'i Abdoul-Mouttalib! Ilay Tsitoha no nanirak'ahy ho Mpaminanin'ny zava-boahary rehetra tsy an-kanavaka ary indrindra ho Mpaminaninareo manokana Miantso anareo aho mba hanao fanekem-pinoana anankiroa izay tsotra sy mora tenenina fa kosa sarotra tanterahina. Raha mamaky izany fanekem-pinoana anankiroa izany ianareo dia ho lasa lehiben'ireo firenena arabo na tsy arabo. Amin'ny alalan'izany no hidiranareo ao am-Paradisa sy hahazoanareo fanafahana amin'ny Afobe. Izany fanekem-pinoana anankiroa izany dia toy izao: fijoroana vavolombelona amin'ny mahatokana an'i Allâh sy ny maha-Mpaminany ahy. Izay voalohany mamaly izany antsoko izany ka manampy ahy amin'ny raharahako no ho rahalahiko sy ho lefitro sy ho mpandova ahy ary mpandimby ahy**».

Naverin'ilay Mpaminany in-telo io teniny farany io ary isaky ny miteny izany izy dia i 'Alî irery ihany no namaly azy nanao hoe: «**Izaho no hanampy anao ry Irak'i Allâh!**».

Arak'izany dia nanambara ilay Mpaminany nanao hoe: «**'Alî no rahalahiko sy mpandimby ahy ary "khalîfat" mpitondra anareo**».

Ankoatr'ireo manam-pahazana "chiites" sy "sunnites", dia mpahay tantara maro tsy mpiandany na amin'iza na amin'iza no nitantara antsipiriany io fanasam-pisakafoanana io. Izy ireo dia tsy nitanila mihitsy tamin'ny firehan-kevitra ara-pinoana na "chiites" izany na "sunnites". Anisan'iray amin'izy ireo dia ilay mpahay tantara no sady filôzôfa anglisy tamin'ny taon-jato faha-19, antsoina

hoe **Thomas Carlyle**. Ao amin'ny boky nosoratany antsoina hoe "Heroes and Hero-Waorship", no nanoratany antsipiriany ity fanasam-pisakafoanana tao amin'i Abou Tâlib ity. Taorian'ny fitenenan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nitsangana i 'Alî ary nanambara ny fankatoavany an'ilay Mpaminany(s.a.s). Vokatr'izany dia nankasitrahana ho azy ny "khilâfat". Mpanoratra maro hafa avy any Eoropa, no nitantara izany tranga izany koa, anisan'izany i **Georges Sale** avy ao Angleterre sy **Kristianina** iray avy ao Syrie, ao amin'ny bokiny "**Maqâlât-oul-Islâm**" sy **M. John Davenport** ao amin'ny bokiny "**Mouhammad sy ny Kor'âny**". Izy rehetra dia mitovy fitantarana fa raha vao nahavita ny fanambarany amin'ny maha-Mpaminany azy ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanamabara an'i 'Alî ho rahalahiny sy lefiny sy mpandimby azy ary "khalîfat".

Ankoatr'izany, dia maro ireo "hadith" manamarina fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza izany tao anatin'ny fotoana samihafa.

Hadith mazava mikasika ny fanendrena an'i 'Alîs.a.s) ho "khalîfat".

1-Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**" sy **Sayyed 'Alîal-Hamadânî al-Châfi'î** ao amin'ny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**" faramparan'ny "**Mawaddat**" fahefatra, dia samy nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: «**Ry 'Alî! Hiadidy ireo andraikitra rehetra amin'ny anarako ianao ary ianao no lefitro**».

2-Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**", **Ibn al-Maghâzilî**, izay **faqîh** (mpahay lalàna) **Châfi'ite** ao amin'ny "**al-Manâqib**" sy **al-Tha'alabî** ao amin'ny bokiny fivoasan-teny "**Tafsîr**", dia samy nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: «**Ry 'Alî! Ianao no rahalahiko, mpandimby ahy, lefitro ary mpandoa ireo trosako**».

3-**Aboul-Qâsim Housein Ibn Mouhammad(al-Râghib al-Isfahânî)** ao amin'ny "**Mahâdharât-oul-Oudabâ wa Mouhâwarât-oul-Chou'arâ**" (natonta tao Amira-Chazafiyya, Sayyed Housein Afandi 1326H.) fizarana faharoa pejy 213 nilaza araka ny fitantaran'i Anas Ibn Mâlik fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Marina tokoa fa ny sakaizako, mpanohana ahy, mpandimby ahy, ilay olom-boafidy izay avelako aoriako sy izay**

**handoa ireo trosako ary hamita ireo fampanantenako, dia i ‘Alî Ibn Abî Tâlib** ».

4-**Mîr Sayyed ‘Alî al-Hamadânî** ao amin’ny “**Mawadddat-oul-Qourbâ**”, amin’ny fiandohan’ny bokiny “**Mawaddat**” fahenina, dia nanambara araka ny fitantaran’ny “khalîfat” faharoa **‘Omar Ibn Khattâb** fa, rehefa nanorina ny fifampirahalahiana tamin’ireo sakaiza “sahâbat” ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:« **‘Alî no rahalahiko eto an-tany sy any ankoatra, izy no mpandimby ahy sy lefitro eo amin’ny vahoakako, izy no mpandova ny fahalalako sy mpandoa ny trosako. Ny fifaliany dia fifaliako, ny alahelony dia alaheloko, izay namany dia namako, izay fahavalony dia fahavaloko** ».

5-Ao amin’io “**Mawaddat**” io ihany, no ilazany “hadith” iray araka ny fitantaran’i **Anas Ibn Mâlik** izay efa nolazaiko tetsy ambony. Any amin’ny faramparan’ny bokiny, kosa no nanoratany fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: «**‘Alî dia lefitro sy mpanohana ahy**».

6-**Mouhammad Ibn Ganji al-Châfi’î** dia nilaza“hadith” iray ao amin’ny bokiny “**Kifâyat-out-Tâlib**” araka ny fitantaran’i **Abou Zharr al-Ghifârî** fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Ny fanevan’i ‘Alî, ilay Lehiben’ireo mpino, filohan’ireo olona manana endrika mamirapiratra sy ilay lefitro, no hihaona amiko any amin’ny loharanon’i Kawthar** (any am-Paradisa) ».

7-**Al-Baihaqî**, **al-Khatîb al-Khawârizmî**, sy **Ibn al-Maghâzili al-Châfi’î** dia nanoratra ao amin’ny bokin’izy ireo avy “**Manâqib**” fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nifampiresaka tamin’i ‘Alî(a.s) toy izao: «**Tsy mety raha handeha aho nefa tsy nanendry anao ho mpandimby ahy satria ianao no olom-boafidy aoriako**».

8-Ny **imâm Abou Abd-our-Rahmân al-Nisâ’î**, iray amin’ireo imâm sy mpanoratra ireo boky enina momba ireo “hadith” dia nilaza antsipiriany araka ny fitantaran’**Ibn ‘Abbâs** ireo voninahitr’i ‘Alî(a.s) izay nifampitohizany amin’ny “hadith” faha-23 ao amin’ny boky “**Khasâ’is-oul-‘Alawî**”. Rehefa avy nitantara ny voninahitry ny Mpaminany Harona(a.s), ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin’i ‘Alî(a.s) nanao hoe:«**Ianao no mpandimby ahy aoriako ho an’ireo mpino tsirairay**».

Io “hadith” io sy ireo hafa izay nanambaran’ilay Mpaminany(s.a.s) ny teniny manao hoe «**aoriako**», dia maneho mazava tsara fa i ‘Alî(a.s) no mpandimby azy mivantana.

9-Misy ny “**Hadith mikasika ny Fahariana**” izay notantaraina amin’ny fomba maro samihafa: **Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny “**Mousnad**”, **Sayyed ‘Alî al-Hamadânî** ao amin’ny “**Mawaddat-oul-Qourbâ**”, **Ibn al-Maghâzilî al-Châfi’î** ao amin’ny “**Manâqib**” sy **Dailamî** ao amin’ny “**al-Firdaws**” dia samy nitantara ny filazan’ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe:«**Izaho sy i ‘Alî dia nohariana avy amin’ny fahazavan’Andriamanitra 14 000 taona nialohan’ny nahariana an’i Adama. Nanomboka tamin’ny taolan-damosin’ny Mpaminany Adama izay niampitampita tamin’ireo taranany masina, dia Abd-oul-Mouttalib no indray nandova izany fahazavana izany, ary avy taminy dia nizara roa ilay fahazavana mba ho any amin’i Abdoullâh (rain’ilay Mpaminany) sy i Abou Tâlib (rain’i ‘Alî). Izaho no nampitondraina ny “Noubouwwat” (Faminaniana) ary i ‘Alî kosa no nampitondraina ny “Khilâfat”**».

10-**Al-Hâfidh Abou Ja’afar Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî** (nodimandry tamin’ny taona 310H.) dia nanoratra ao amin’ny “**Kitâb-oul-Wilâyat**” fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny ao amin’ny voalohandohan’ny lahateniny malaza tao **Ghadir-Khoum** nanao hoe:«**Ny Anjely Gabriely (Jibrâ’il) dia nanome baiko ahy mba hijanona eto amin’ity toerana ity, mba hanambara amin’ny vahoakako fa i ‘Alî Ibn Abî Tâlib dia rahalahiko, mpandimby ahy, lefitro (na khalîfat) aoriako. Ry vahoaka! Allâh no nanendry an’i ‘Alî ho “Walî” lehibenareo sy “Imâm” mpitarika anareo. Ny fankatoavana azy dia antery ho anareo tsirairay avy, ny didiny no lehibe indrindra, ny teniny no fahamarinana; koa loza ho an’izay manohitra azy; fa famindrampon’i Allâh kosa ho an’izay miaraka aminy**».

11-**Cheikh Soulaymân Balkhî** ao amin’ny “**Yanâbi’oul-Mawaddat**” dia nitantara avy amin’ny “**Manâqib**” bokin’i **Ahmad** izay nitantara ihany koa araka ny filazan’**Ibn ‘Abbâs** ny “hadith” iray izay maneho betsaka ireo fahamendrehan’i ‘Alî(a.s). Ho vakiako amin’ireo izany. **Ibn ‘Abbâs** no nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia

niteny hoe:«**Ry 'Alî, ianao no mpitazona ny fahalalako, "Walî" mpanohana ahy sy sakaizako, mpandimby ahy, mpandova ahy sy "khalîfat" lefitro. Ianao no masoivohon'ny mpandova an'ireo Mpaminany rehetra teo aloha. Ianao no vato namelan'i Allâh hafatra teto an-tany sy vavolombelon'i Allâh eo anatrehan'ny voahary rehetra. Ianao no andrin'ny finoana (Imân) sy mpiaro ny Islâm. Ianao no fanilo ao amin'ny maizina, fahazavana mpitari-dàlana, amin'ireo olon-drehetra eto an-tany dia ianao no avo indrindra. Ry 'Alî! Izay manara-dia anao no ho tafita; izay tsy mankato anao no ho levona; ianao no làlana mamirapiratra sy ilay Làla-mahitsy; ianao no filohan'ireo olona madio ara-panahy; filohan'ireo mpino. Ireo izay izaho no "Mawlâ" lehibeny dia i 'Alî ihany ko no "Mawlâ" lehibeny ary izaho moa no lehiben'ireo mpino lahy sy vavy tsirairay avy. Izay teraka tao anatin'ny fanambadiana ara-dalàna irery ihany no namanao. Allâh dia tsy nampiakatr'ahy tany an-danitra mba hifampiresaka amiko samirery, fa hoy indrindra Izy hoe: "*Ry Mouhammad! Ampitao amin'i 'Alî ny fiarahabako ary lazao azy fa izy no Imâm mpitarika ireo Sakaizako, sy fahazavan'ireo mpanompon'i Allâh*". Harabaina ianao ry 'Alî, amin'izany voninahitra tsara indrindra izany**».

12-**Abou Mou'ayyad Ibn Mouwafiq-oud-Dîn**, ilay mpitory teny mendrika indrindra tao Khawârizm, ao amin'ny bokiny "**Fadhâ'il Amîr-oul-Mou'minîn**" (natonta tamin'ny taona 1313H) toko faha-19, pejy 240, dia nitantara ireo boky izay misy ny filazan'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: «**Rehefa tonga tany amin'ny "Sidrat-oul-Mountahâ" (toerana farany ambony indrindra tamin'ny Mi'irâj) ny tenako dia nisy niantso ahy nanao hoe: "Ry Mouhammad! Rehefa nitsapa ireo vahoaka ianao, dia iza amin'izy ireo no tena mpankato?" Namaly aho hoe: "i 'Alî". Tamin'izay dia niteny tamiko i Allâh hoe: "Marina ny teninao ry Mouhammad!" ary mbola nanohy ny teniny Izy hoe: "Moa ve ianao nisafidy lefitra izay hampita ny fahalalanao amin'ny vahoaka sy hampianatra ireo mpanompoko ireo zavatra tsy hain'izy ireo ao amin'ny Bokiko?" Namaly aho hoe: "Allâh ô!Izay hofidinao no hofidiko". Ary hoy Izy: "Izaho mifidy**

**an'i 'Alî ho anao. Tendreko izy ho lefitrao sy mpandimby anao". Avy eo dia nomeny ny fahalalany sy ny fiaretana i 'Alî. Izy no Lehiben'ireo mpino fa tsy afaka mitaha aminy ny olona teo alohany sy ny any aoriany** ».

Maro ireo "hadith" mitovy amin'izany ao amin'ireo bokinareo azonareo itokisana. Ny sasany amin'ireo manampahaizanareo tsy miangatra, toa an'i **Nizzam Basrî** dia nanaiky izany tantara izany. Toy izany koa i **Salâh-oud-Dîn Safdî** ao amin'ny bokiny "**al-Wâfî Bil-Wafiyyat**", izay mitantara ny fanambarana avy amin'i **Ibrâhîm Ibn Sayyâr Ibn Hânî al-Basrî** fantatra amin'ny anarana hoe **Nizzam al-Mou'tazalî**, dia nilaza hoe: «**Ilay Mpaminanin'i Allâh nanambara ny "Imâmat" fitondran'i 'Alî sy nanendry azy ho Imâm mpitarika. Ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra dia samy nitantara izany avokoa fa i 'Omar kosa mba hiarovany an'i Abou Bakr dia nanafina izany Imâmat fitondran'i 'Alî izany**».

Voalaza mazava tsara ao amin'ireo bokinareo, mikasika ny "hadith" sy fivoasan-tenin'ny Kor'âny, fa raha ny momba ny fahatsaran-toetra dia i 'Alî(a.s) no mitazona izany ambony indrindra.

Al-Khatîb al-**Khawârizmî** dia milaza araka ny fitantaran'**Ibn'Abbâs** ao amin'ny "**Manâqib**", **Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny "**Kifâyat-oul-Tâlib**", **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny "**Tazhkirat**", **Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny "**al-Fousoul-oul-Mawaddat**", **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**" ary **Sayyed 'Alî Hamadânî** ao amin'ny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**", **Mawaddat faha-5**, fa ilay "khalîfat" faharoa **'Omar Ibn Khattâb**, dia nitantara izao "hadith" nolazain'ilay Mpaminany izao:«**Raha ireo hazomaniry rehetra no penina, sy ireo ranomasina no ranomainty, sy ireo jiny sy ny olona rehetra no mpanoratra ireo toetra tsara ananan'i 'Alî Ibn Abou Tâlib dia mbola tsy mahatanisa izany**».

## Fizarana faharoa

Toetoetran'ireo "sahâbat" sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Cheikh** : (Nitodika nankany amin'i Hâfiz Mouhammad Rachîd Sahib izy no sady niteny hoe: ) Mamela ahy mba hilaza zavatra fohifohy. (Niverina nitodika tamin'i Chîrâzî indray izy ka niteny hoe: ) Izahay dia tsy mandà mihitsy ireo fananan'i 'Alî(a.s) voninahitra ambony, fa kosa ireo fiderana rehetra izay noferana ho azy samirery ihany dia tsy rariny satria ireo tena sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) tsirairay dia samy olon-tsara toetra avokoa. Ianao dia nanao lahateny diso izay mamitaka ny vahoaka. Avelao aho mba hanambara "hadith" iray, izay midera azy ireny mba hisehoan'ny fahamarinana.

**Chîrâzî** : Ireo andinin'ny Kor'âny sy ireo "hadith" marina no tokony hitarika antsika. Mianiana amin'i Allâh aho, fa izaho dia tsy mitia na mankahala olona an-jambany fotsiny. Azo atao ny manapaka ny teniko amin'ny fotoana rehetra raha toa ka tsy misy porofo na tsy mifandray ny hevitra nolazaiko. Azo atao ny mametraka fitokisana amin'ireo "hadith" izay eken'ireo antokom-pinoana anankiroa. Izaho dia tsy mandà ireo toetra tsara ananan'ireo tena sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), nefa isika tsy maintsy mitady izay tena mendrika kokoa amin'izy ireo. Ny ady hevitra nataontsika dia tsy mikasika ireo olona manana toetra tsara, fa maro tokoa manko ny olona manana izany hatsaran-toetra izany. Fa isika eto dia miady hevitra mitady ny olona tena mendrika indrindra aorian'ilay Mpaminany(s.a.s) izay tokony harahintsika.

**Cheikh** : Tsy misy dikany ny fepetra ataonao. Ao amin'ireo bokinareo aza tsy ahitana na iray akory "hadith" midera an'ireo "khalîfat" ireo. Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika miady hevitra momba izany?

**Chîrâzî** : Tamin'ny alina voalohany nanaovantsika ity ady hevitra ity, dia aza hadino fa ny tenan'i Hâfiz Sahib mihitsy no nanaiky ny hiady hevitra raha toa isika ka mampiasa ny porofo amin'ny alalan'ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Kor'âny sy ireo "hadith" ankasitrahan'ireo antokom-pinoantsika roa tonta ireo. Koa satria ananako avokoa ireo bokinareo itokisanareo ireo dia

nekeko ihany koa, io fepetra io. Iarahanareo mahita hatramin'izao, fa tsy mbola niala tamin'io fepetra io mihitsy ny tenako. Mba hanamarinako ny hevitro dia tsy nampiasa porofo aho afa-tsy ireo andinin'ny Kor'âny sy ireo "hadith" avy amin'ireo boky azo antoka nosoratan'ireo manam-pahaizanareo lehibe ireo ihany. Rehefa ianareo ihany no nametraka io fepetra io dia tsy tokony ianareo indray no hitaraina fa voagejan'izany aty aoriana. Izaho aloha anefa dia tsy mila afa-tsy ny fampiharana tanteraka an'io fepetra io. Izaho dia vonona ny hihaino foana, eny fa na dia ireo "hadith" misy fiandaniana avy aminareo aza, raha toa ka marina izany. Amin'izay isika dia afaka maneho hevitra amin'ny fomba ara-drariny. Tsy misalasala mihitsy aho ny hanaiky ny fampitahana amin'ny hafa ireo voninahitra ananan'i 'Alî.

**Cheikh** : Ianao dia namaky "hadith" maro mikasika ny maha-"khalîfat" an'i 'Alî nefa hadinonao koa fa maro ireo "hadith" milaza ny maha-"khalîfat" an'i Abou Bakr.

**Chîrâzî** : Aza hadino fa ireo manam-pahaizanareo toa an'i **al-Zhahabî**, **al-Souyoutî** sy **Ibn Abil-Hadîd** dia efa nanambara fa ireo "**Oumayyades**" sy ireo ekipan'i **Abou Bakr** dia namorona "hadith" maro dia maro tokoa izay midera an'i Abou Bakr, sa afaka mamaky "hadith" iray ve ianareo, ka ny fahamarinany dia voaporofon'ny olona marina?

<u>Hadith midera an'i Abou Bakr.</u>

**Cheikh** : Misy ny "hadith" marina iray nolazain'i 'Omar Ibn Ibrahim Khalid, izay nitantara izany avy tamin'i Isa Ibn 'Alî Ibn 'Abdoullâh Ibn 'Abbâs izay nitantara izany avy tamin'ny rainy ihany ary izy no nitantara izany avy tamin'ny raibeny, i 'Abbâs fa ilay Mpaminan'ny Islâm dia niteny tamin'ity farany nanao hoe:«**Ry rahalahin-draiko! Allâh dia nanao an'i Abou Bakr ho "khalîfat" mpitondra ny finoana. Aoka ianareo hihaino azy sy hankato azy amin'izay azo antoka ny famonjena ho anareo**».

**Chîrâzî** : Tsy marina izany "hadith" izany.

**Cheikh** : Nahoana izany no tsy marina?

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizanareo no nitsipaka izany satria ireo mpitantara io "hadith" io dia mpandainga sy mpisoloky gaigy

lahy. Ireo manam-pahaizanareo dia tsy mihevitra azy ho mendri-pitokisana. Avy eo, i **al-Zhahabî** ao amin'ny "**Mizân-oul-I'tidâl**" mitantara ny toetran'i **IbrâhîmIbn Khâlid** sy **al-Khatîb al-Baghdâdî** mitantara ny toetran'i **'Omar Ibn Ibrâhîm**, dia samy manambara ny toetran'izy ireo tsirairay avy manao hoe: «**Izy dia mpandainga lehibe**». "Hadith" izay avy amin'ny mpandainga dia tsy azo ekena.

**Cheikh** : Misy nitantara avy amin'ireo loharano azo itokisana fa i Abou Houraïrat olona manam-pinoana iray anisan'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nitantara fa ilay Anjely Gabriely no niseho teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s) ka nanambara hoe:«**Allâh dia mandefa ny fiarahabany aminao. Ary hoy Izy (Allâh): "Izaho dia afa-po amin'i Abou Bakr; anontanio izy asa na afa-po Amiko ihany koa na tsia"**».

**Chîrâzî** : Isika dia mila mitandrina amin'ny famakiana an'io "hadith" io. Izaho dia miangavy anareo mba handinika ny "hadith" iray izay nambaran'ireo manam-pahaizanareo toa an'i **Ibn Hajar** (ao amin'ny **al-Isâbah**) sy **Ibn 'Abd-oul-Birr** (ao amin'ny **al-Istî'âb**), avy tamin'i **Abou Houraïrat** fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Maro ny miteny zavatra izay tsy nolazaiko akory. Izay mampandainga ahy dia hanana ny anjara toerany izy any amin'ny Afobe. Raha misy mitantara aminareo "hadith" iray avy amiko, dia ampitahao ny fahamarinan'izany ao amin'ny Kor'âny masina**».

Misy "hadith" iray hafa ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta, nambaran'ny **imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** ao amin'ny "**Tafsîr al-Kabîr**", boky faharoa, pejy 271, izay mitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s)hajaina dia niteny hoe: «**Raha misy mitantara "hadith" iray avy amiko, dia ampitahao izany amin'izay nolazain'ilay Bokin'i Allâh. Raha mifanaraka amin'ny voalazan'ny Kor'âny izany dia raiso. Fa raha mifanohitra amin'izany kosa dia tsipaho**». Ireo bokin'ny manam-pahaizanareo lehibe ireo ihany no manambara fa iray amin'ireo mpamorona "hadith" amin'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s) dia io olona sesin-tany, Abou Houraïrat izay lazainareo fa manam-pinoana io.

**Cheikh** : Izaho mbola tsy naheno olona manana ny voninahiny toa anao no manao resaka manafintohina tahak'izany amin'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Tianareo ve izaho haneho fanajana an'ireo "sahâbat" (sakaiza) nefa diso ianareo raha mihevitra fa io anarana "sahâbat" io ho anaram-boninahitra. Marina fa ny fisakaizana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mampitombo ny hatsaran-toetra kanefa izany dia miankina amin'ny fankatoavan'izany sakaiza izany an'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa raha izy no manohitra an'ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy isalasalana amin'izay fotoana izay fa hotsipahina izy. Fa angaha ireo "**Mounafiqîn**" (**mpihatsaravelatsihy**) ireo ve tsy anisan'ireo "sahâbat" sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa? Marina izany, nefa izy rehetra ireo dia voahozona.

**Cheikh** : Tsy misy porofo manamarina fa izy ireo dia notsipahina. Raha notsipahina izy ireo, dia inona no porofo ilazana fa hiditra any amin'ny Afobe izy ireo? Izay rehetra notsipahina na voahozona ve dia voatendry ho any amin'ny Afobe avokoa? Araka ny fanambaran'ny Kor'âny masina na voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s), ny olona voahozona dia izay nambara ho izany mihitsy.

<u>Toetoetran'i Abou Houraïrat sy ny fitsipahana azy.</u>

**Chîrâzî** : Misy ireo porofo mazava manamarina fa i Abou Houraïrat dia olona tsy mendrika itokisana. Ireo manam-pahazanareo dia nanaiky ny fahamarinan'izany. Iray amin'ireo antony ilazana azy fa olom-boahozona dia noho izy, araka ny tenin'ilay Mpaminany, fa niara-niasa tamin'ilay olona voahozona zanak'i Abou Soufyân ilay voahozona. Abou Houraïrat arak'izany dia olona mpitsaravelatsihy. Indraindray izy dia miara-manao fivavahana aorian'ilay "Lehiben'ireo mpino", ny Imâm 'Alî(s.a.s) tao Siffîn. Ary indraindray koa izy dia miara-misakafo miray latabatra amin'i Mou'âwiyyat mba hivoky amin'ireo karazan-tsakafony tafahoatra.

Sahala amin'ny notantarain'i **Zamakhcharî** ao amin'ny "**Rabî'oul-Abrâr**" sy **Ibn Abil-Hadîd** ao amin'ny famakafakany ny "**Nahj-oul-Balâghat**", rehefa nanontaniana i **Abou Houraïrat** ny mahatonga azy miandany amin'ireo politika anankiroa, dia namaly

izy hoe:«**Ny fiaraha-misakafo amin'i Mou'âwiyyat no tena mahavoky ary ny fiaraha-mivavaka aorian'i 'Alî kosa no mahafa-po ny fanahy**».

Ireo manam-pahaizanareo, toa an'i **Cheikh-oul-Islâm Hamwainî** ao amin'ny "**Farâ'id**" toko faha-37, **al-Khawârizmî** ao amin'ny "**Manâqib**", **Tibrânî** ao amin'ny "**al-Awsat**", **Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny "**Kifâyat-out-Tâlib**" (**sy ireo hafa maro**), dia samy nanambara io tenin'i **Abou Houraïrat** io avokoa, ary koa ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza hoe:«**'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin'i 'Alî**».

Rehefa mandao an'i 'Alî(s.a.s) izy mba hitalaho sitraka any amin'i Mou'âwiyyat, dia tsy manan-tsiny ve izy amin'izany? Tsy vitan'ny fahanginany fotsiny manoloana ireo asa ratsin'i Mou'âwiyyat fa mbola miara-miasa aminy koa izy ka manampy azy ho tonga amin'ny toerana ambony eto an-tany sy mamoky ny kibony. Tsy helohina ve izy amin'izany?

Mbola io **Abou Houraïrat** io dia nitantara avy amin'ny tenany ihany (araka ny nosoratan'ireo manam-pahaizanareo manana ny maha-izy azy, toa an'i **al-Hâkim al-Nîchâpourî** ao amin'ny "**Moustadrak**", boky faharoa pejy 124, sy ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, **al-Tibrânî**, sy ireo hafa koa) fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**'Alî dia miaraka amin'ny Kor'âny ary ny Kor'âny dia miaraka amin'i 'Alî. Izy roa ireo dia tsy hisaraka mihitsy mandra-pihaonan'izy ireo amiko any amin'ny loharanon'i Kawthar. 'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî. Izay manala baraka azy dia manala baraka ahy, ary izay manala baraka ahy dia manala baraka an'i Allâh**».

Mou'âwiyyat anefa dia olona mpanozona an'i 'Alî(a.s) sy al-Hasan(a.s) sy al-Housein(a.s) mandritra ireo toriteniny isaky ny Zoma. Omeny baiko daholo ireo mpivavaka tafavory isaky ny Moske rehetra mba hanozona ireto olo-masina ireto. Koa raha ny olona iray no mifandray akaiky tokoa amin'ny olona voahozona toy izany, sy mankasitraka ireo asany, dia tsy manan-tsiny ve izy amin'izany? Ary ny fiaraha-miasa amin'ny olona tahak'izany, raha manampy azy amin'ny famoronana ireo "hadith" lainga sy manery ny olona mba

hiteny mafy amin'ny fanozonana an'ireto olo-marina ireto, dia tsy helohina ve izy amin'izany?

**Cheikh** : Moa ve eken'ny saina ny hanekentsika ny fanaratsiana toy izany ka ilazana fa ny olo-marina sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) no mamorona "hadith" lainga sy manery ny olona hanozona an'i 'Alî?

**Chîrâzî** : Mazava ho azy, fa sarotra ny hino fa ny olo-marina sakaiza iray no mahavita zavatra tahak'izany. Na iza na iza amin'ireo sakaiza no mahavita zavatra tahak'izany, dia midika izany fa tsy olo-marina akory izy. Misy "hadith" maro notantarain'ireo manam-pahaizanareo, manambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Izay maniratsira an'i 'Alî dia maniratsira ahy sy i Allâh**».

**Cheikh** : Raha tsorina, vao nanomboka nanaratsy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ianao tamin'ny filazana azy ireo ho mamorona "hadith", dia ahoana moa no tsy hinoanay fa afaka manao fanaratsiana toy izany koa ianao amin'ireo manam-pahaizana manam-boninahitra ambony ao amin'ny vondron'antokom-pinoana "sunnite"? Ianareo "chiites" moa dia manana firehan-kevitra manokana manaratsy ireo olon-dehibe.

**Chîrâzî** : Tsy rariny ny fiheveranareo anay ho manana toetra toy izany. Ny tantara islamika hatramin'ny 1 400 taona lasa izay no vavolombelona manaporofo ny tsy mahamarina izany. Nanomboka ny taon-jato voalohan'ny Islâm, ireo "Omayyades" no efa nampijaly an'ireo Imâm(a.s) madio ara-panahy, izay taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo mpanara-dia azy ireo. Hatramin'izao, ireo manam-pahaizanareo tena malaza no mbola mampiasa izany faniratsirana izany, hanaratsiana an'ireo "chiites" ao amin'ireo bokin'izy ireo, mba hamerezan-dàlana ny olona.

**Cheikh** : Iza ireo manam-pahaizana ireo?

<u>Fanalam-baraka nataon'Ibn 'Abd Rabbih tamin'ireo "Chiites".</u>

**Chîrâzî** : Iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe mikasika nyhaitsoratra, **Ibn 'Abd Rabbih al-Qourtoubî al-Andalousî al-Mâlikî** (nodimandry tamin'ny taona 481H) ao amin'ny bokiny voalohany "**al-'Iqd-oul-Farîd**", pejy 269 dia mamaritra an'ireo "chiites" ho toy ny "**jiosin'ity Oummat ity**".

Nolazainy fa tahak'ireo jiosy izay fahavalon'ireo kristianina, ireo "chiites" koa dia fahavalon'ny Islâm. Izy dia manome tsiny an'ireo "chiites", mitovy amin'ireo jiosy, izay tsy manaiky ny fahazoana misara-panambadiana in-telo amin'ny vehivavy iray no sady tsy manaiky ny fanajana ny "**'iddat**"[106]. (Ireo "chiites" sy "sunnites" mba manana fahalalana mikasika ny finoana "chiite" izay tonga nanatrika teo moa dia nihomehy tamin'izany fanambarana izany). Ianareo dia mahita ao amin'izay bokin-dalànan'ireo "chiites" ny fitsipika mifehy ny fisaraham-panambadiana in-telo sy ny fanajana ny "'iddat" aorian'izany fisaraham-panambadiana izany.

**Ibn 'Abd Rabbih** dia milaza koa fa ireo "chiites", mitovy amin'ireo jiosy, dia fahavalon'ilay Anjely Gabriely, noho izy nampita ireo hafatr'i Allâh (wahî) tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) fa tsy tamin'i 'Alî (tora-kehy ireo "chiites" nanatrika). Izahay dia mino an'ilay Mpaminany. Izahay dia mino fa ireo andinin-tsoratra masin'i Allâh dia nampitain'ilay Anjely Gabriely taminy, izay Anjely manam-boninahitra ambony indrindra fa tsy toy ny famaritan'io mpanoratra tsy mendrika io azy.

<u>Fanalam-baraka nataon'i Ibn Hazm.</u>

Iray amin'ireo manam-pahaizanareo hafa dia i **Abou Mouhammad'Alî Ibn Ahmad Ibn Sa'id Ibn Hazm Andalousî** (nodimandry tamin'ny taona 456H), izay nitantara zavatra mahatsikaiky mikasika ny "chiisme", ao amin'ny bokiny "**Kitâb-oul-Fasl Fil-Milal Wal-Nihal**". Ohatra amin'izany, ny filazany fa ireo "chiites" dia tsy silamo. Izy ireo dia mpanohitra fivavahana, naman'ireo jiosy sy ireo kristianina. Ao amin'io bokiny fahefatra io, pejy 182, no nanoratany toy izao: «**Araka ny finoana "chiisme", dia azo atao ara-dalàna ny manambady vehivavy miisa sivy**». Io fanaratsiana io dia afaka toherina mora foana amin'ny alalan'ny famakiana ireo bokin'ny "chiite" izay manambara mazava tsara fa tsy azo atao ny manambady vehivavy mihoatra ny efatra indray mandeha amin'ny fanambadiana maharitra. Maro ireo filazana

[106]Fotoana voafaritry ny lalàna hanadiovan'ny vehivavy ny tenany aorian'ny fisaraham-panambadiana.

mitovitovy amin'izany izay tsy marim-pototra sy fametavetana maharikoriko hanaratsiana ireo “chiites” izay hahamenatra anareo ny hihaino izany avy ao amin'io boky io.

## Fizarana fahatelo

<u>Fanalam-baraka nataon'i Ibn Taimiyyat.</u>

Iray amin'ireo manam-pahaizanareo izay tena tsy mivavaka dia i **Ahmad Ibn ‘Abdoul-Halim al-Hanbalî**, fantatra amin'ny anarana hoe **Ibn Taimiyyat** (nodimandry tamin'ny taona 728H). Izy no olona faran'izay ratsy fanahy amin'ireo “chiites”, sy amin'ilay “Lehiben'ireo mpino” ‘Alî(a.s) sy ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Ilay bokiny “**Minhâj-ous-Sounnat**” dia feno fankahalana mafy an'i ‘Alî sy ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Ohatra ny nanoratany manao hoe:«**Tsy misy vondron'olona lehibe tena mpandainga tahaka ny antoko “chiites” ka noho izany antony izany no tsy anoratan'ireo mpanoratra “chiites” ireo “hadith” avy amin'izy ireo, ao anatin'ny bokin'izy ireo**».

Ao amin'ny bokiny fahafolo, pejy 23, dia hoy izy hoe:«**Ireo “chiites” dia mino foto-pinoana efatra lehibe: Tawhîd (ny mahatokana an'Andriamanitra), ‘Adl (ny fanaovan'i Allâh ny rariny), Noubouwwat (ireo Mpaminany) ary ny Imâmat**». Raha ny marina anefa, izay hita ao amin'ireo bokim-pinoan'ireo “chiites” eny rehetra eny, fa ny finoana “chiite” dia misokajy ho foto-pinoana telo: Tawhîd, Noubouwwat, Ma'ad (ny andro Fitsarana); fa ny ‘Adl dia finoana ao anatin'ny Tawhîd ary ny Imâmat dia ao anatin'ny Noubouwwat.

Ao amin'ny bokiny voalohany, pejy 131, no nanambarany manao hoe:«**Ireo “chiites” dia tsy mba mivavaka ao amin'ny Moske. Izy ireo dia tsy mba manao vavaka fanompoana fanao isaky ny Zoma na iarahan'ny rehetra, fa manao izany mitsitokatokana**». (Nihomehy ireo chiites). Nefa mazava ho azy fa izahay dia manamafy indrindra io fiaraha-mivavaka io. Manerana ny tanànan'i Irak sy Iran, izay ahitana “chiites” betsaka indrindra, dia feno ireo mpino manatanteraka fiaraha-mivavaka ireo Moskenay.

Ao amin'io pejy io ihany, no nanoratany hoe:« **Ireo "chiites" dia tsy mba manao fivahinianana masina ao amin'ny Ka'abat. Ny Hajj (fivahinianana masina atao ao Makkat) izay ataon'izy ireo dia ny mitsidika ireo fasana fotsiny, izay omen'izy ireo voninahitra kokoa noho ny fivahinianana masina ao Makkat. Omen'izy ireo tsiny izay tsy mandeha mitsidika ireo fasana** ». (vaky ny fihomezana). Nefa ireo bokinay mikasika ny fanompoana dia ahitana lohateny manokana mikasika ny fanaovana Hajj (Kitâb-oul-Hajj). Ireo mpahay teolojia "chiites" dia nanoratra boky betsaka tokoa mikasika ny fanaovana Hajj izay ahitana ireo fanazavana manokana amin'ny fanatanterahana ireo fombafomban'ny Hajj. Ireo "hadith" avy amin'ireo Imâm(a.s) mpitarika anay dia manizingizina fa raha ny silamo iray no manana fahafahana manatanteraka ny Hajj kanefa tsy nanao izany, dia hesorina ao anatin'ny Islâm izy. Rehefa ho faty izy dia hisy hiteny aminy manao hoe:«**Matesa arak'izay tianao: na ho toy ny jiosy na kristianina na mpanompo afo**». Mbola azonareo atao ve ny mino, eo anatrehan'izany fampitandremana izany, fa ireo "chiites" dia mahasahy hanadino ny fanaovana ny Hajj?

Ankoatr'ireo fanaratsiana ireo, ity lehilahy ratsy ity dia nilaza fa ny manam-pahaizana lehibe iray "chiite", i **Mouhammad Ibn Mouhammad Ibn Nou'mân (Cheikh al-Moufîd)** hono dia nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe "**Manâsik-oul-Hajj lil-Machâhid**", nefa ny tena marina dia hoe "**Mansik-ouz-Ziyârat**" izay hita eny rehetra eny, sy ahitana fanazavana mikasika ny fitsidihana masina an'ireo fasana, anisan'izany ny fanomezam-boninahitra an'ireo Imâm(a.s). Raha ianareo no mamaky ireo boky momba ny "Ziyârat" ireo dia ho hitanareo fa ny fitsidihana an'ireo fasan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy an'ireo Imâm(a.s) ireo dia tsara atao fa tsy hoe antery tsy maintsy atao akory.

Ny porofo tsara indrindra hanoherana ny fanaratsiana ataon'ity lehilahy tsy mivavaka ity dia ny fandehanan'ireo "chiites" an'arivony maro manatanteraka ny Hajj isan-taona.

Fanendrikendrehana hafa hanaratsiana ny "chiite" ataon'io mpandainga io dia hita ao amin'ny bokiny voalohany, pejy 11 izay ilazany fa ireo "chiites" dia manome anarana an'ireo alikany ho

Abou Bakr sy ‘Omar ary izy ireo dia manozona azy roa ireo foana. (Mihomehy ireo chiites). Mampihomehy tokoa izany! Araka ny finoana “chiite”, ny alika dia tena maloto tanteraka. Ny tranon’ny silamo izay ahitana alika dia tsy mahazo fahasoavan’i Allâh. Noho izany dia, voarara hitaiza alika tanteraka ireo “chiites” afa-tsy noho ny antony manokana (atao mpihaza, atao mpiambina trano na mpiambina ondry). Iray amin’ireo antony tsy nifanarahan’i Yazid sy ny zafin’ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm Housein(a.s) dia avy amin’i Yazid izay mankafy ireo alika sy mitaiza azy ireo tsy misy antony manokana akory!

**Ibn Taimiyyat** dia nanoratra ihany koa fa noho ireo “chiites” manantena ny fisehoan’ilay Imâm mpitarika azy ireo farany, avy amin’ireo toerana rehetra, indrindra fa avy ao amin’ny toerana ambany tany ao Samarrâ (izay toerana nanjavonan’ilay Imâm mpitarika masina), dia miandry izany fatratra izy ireo. Izy ireo dia mitalaho amin’ilay Imâm mpitarika azy ireo mba hiseho haingana ka milaza ny tenan’izy ireo fa efa vonona mirongo fiadiana tanteraka amin’ny fandraisana azy. Misy ny sasany amin’izy ireo aza dia tsy manao vavaka fanompoana mihitsy, matahotra sao dia variana ao anatin’ny fivavahana ka tsy hahita ny fahatongavan’ilay Imâm (tora-kehy ireo sunnites sy ireo chiites).

Izahay dia tsy taitra intsony amin’ireo tantara mahatsikaiky avy amin’ity olona tsy misoro-doza ity. Fa ny mahagaga anay dia ny mahita ny fihetsik’ireo manam-pahaizana ao Ezypta sy ao Damas, izay tsy mba manontany an’ireo “chiites” izay mifanena amin’izy ireo akory, fa avy hatrany dia manaiky ireo hevin-dravina avy amin’ireto olona toa an’i Ibn Taimiyyat ireto.

Tsy ho vita ny hamaky ho anareo ireo tantara diso lava be naparitan’i **Ibn Hajar al-Makkî**, sy **al-Hâfiz** ary **al-Qâdhî Rouzbahan**.Ireo bokin’izy ireo dia malaza tokoa fa saingy eo amin’ny lafiny fahamarinana kosa dia tsy misy lanjany akory izy ireo. Ohatra, ny boky “**al-Milal wal-Nihal**” nosoratan’i **Mouhammad Ibn Abd-oul-Karîm al-Chahristânî** (nodimandry tamin’ny taona 548H), dia tsy misy lanjany akory eo anatrehan’ireo manam-pahaizana. Tsy ahitana afa-tsy ny fanaratsiana tanteraka ny finoana “chiites” ao aminy, toy ny fanompoana an’i ‘Alî(a.s) sy ny

fiverenan'ny fanahy hitafy nofo indray. Mikasika ireo Imâm(a.s) miisa roa ambin'ny folo, dia nosoratany ao fa ny fasan'i 'Alî Ibn Mouhammad al-Naqî(a.s) izay teraka taorian'ny Imâm Mouhammad al-Taqî(a.s), dia hita ao Qoum. Na dia ireo ankizy kely aza anefa dia mahalala fa ny fasan'ny Imâm 'Alî al-Naqî(a.s) dia eo akaiky ny fasan'ilay zanany, ny Imâm al-Hasan al-'Askarî(a.s), ao Samarrâ.

Heveriko fa tsy ilaina intsony ny fanehoana porofo hafa ankoatr'ireo voalaza ireo, hanamarinana fa ny sasany amin'ireo manam-pahaizana "sunnites" dia namorona tantara ho fanaratsiana an'ireo "chiites". Ary tsy izaho irery no mitsipaka ny fahamarinan'i Abou Houraïrat. Maro koa ireo manam-pahaizana "sunnites" no nilazalaza ny haratsian-toetrany ao amin'ireo bokin'izy ireo ihany.

Ireo toetoetran'i Abou Houraïrat sy ny "hadith" manameloka azy.

**Ibn Abil-Hadîd al-Mou'tazalî**, ao amin'ny bokiny voalohany mikasika ny famakafakana ny "**Nahj-oul-Balâghat**", pejy 358 sy ny bokiny fahefatra, dia nanambara avy tamin'ny fitantaran'ny Cheikh olo-beny sy mpampianany, ny **imâm Abou Ja'afar al-'Asqalânî** fa i Mou'âwiyyat Ibn Abou Soufyân dia nanangana fikambanana avy amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny taranak'izy ireo mba natao ho mpamorona "hadith". Anisan'ireo izay namorona ireo "hadith" maharikoriko manaratsy an'i 'Alî ireo dia i **Abou Houraïrat** sy**'Amr Ibn al-'Âs** ary **al-Moughîrat Ibn Chabah**. Ibn Abil-Hadîd dia nitantara antsipiriany fa i Abou Houraïrat dia sambany niditra tao amin'ny Moske ao Koufa izay nahitany andian'olona maro avy nitsena an'i Mou'âwiyyat. Hoy izy teo anatrehan'ireo maro hoe: «**Ry vahoakan'i Irak. Heverinareo ve fa izaho no handainga ka hanohitra an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny ary hividy ho ahy toerana iray ao amin'ny Afobe? Raiso ireto vaovao izay azoko avy tamin'ilay Mpaminany ireto: "*Ny Mpaminany tsirairay dia samy manana ny Haram (toerana masina) ho azy ka ny Haram ho ahy dia i Madînat. Izay tompon'andraikitra amin'ny famoronana zava-baovao aoan-tanànan'i Madînat dia voahozon'i Allâh, sy ireo Anjeliny ary ireo olombelona rehetra*". Mianiana amin'i Allâh aho fa i 'Alî dia tompon'andraikitra tamin'ny famoronana**

**zava-baovao iray**». (Izany hoe, i ‘Alî(a.s) dia namorona disadisa teo amin’ny samy vahoaka, ka noho izany, arak’io tenin’ilay Mpaminany(s.a.s) io, dia voahozona izy). Rehefa naheno izany i Mou’âwiyyat (izany fihetsika nataon’i Abou Houraïrat ho azy izany, izay tao Koufa tanànan’i ‘Alî indrindra no nanaovany izany), dia nantsoiny izy ka nomeny valisoa ary notendreny ho governora tao Madînat. Ireo asa ratsiny ireo ve dia tsy efa ampy hilazana fa mendrika azy ny fanamelohana? Moa ve ny olona izay manao ratsy toy izany amin’ilay mendrika indrindra amin’ireo “khalîfat” dia mbola azo heverina ho mpino foana, noho izy anisan’ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Cheikh** : Amin’ny fomba ahoana no ahafahan’ireo “chiites” mihevitr’azy ho olom-boahozona?

**Chîrâzî** : Maro ireo porofo mikasika izany. Ohatra iray amin’izany dia, izay maniratsira an’ilay Mpaminany(s.a.s) dia voahozona, araka ny voalazan’ireo antokom-pinoana roa tonta. Araka ny “hadith” izay efa nolazaiko teo aloha fa ilay Mpaminany dia niteny hoe: «**Izay maniratsira an’i ‘Alî dia maniratsira ahy. Izay maniratsira ahy dia maniratsira an’i Allâh**». Mazava tsara fa i Abou Houraïrat dia anisan’ireo izay, tsy naniratsira an’i ‘Alî Ibn Abî Tâlib fotsiny, fa mbola anisan’ireo izay namorona ireo “hadith” mba hisarika ny hafa hanozona azy.

## Abou Houraïrat, mpiray tetika tamin’i Bousr Ibn Arta’ah tamin’ny famonoana an’ireo silamo.

Izahay dia manameloka ihany koa an’i Abou Houraïrat noho ny firaisany tsikombakomba tamin’i Bousr Ibn Arta’ah tamin’ny famonoana silamo an’arivony. Notantarain’ireo manam-pahaizanareo mpahay tantara, anisan’izany i **al-Tabarî**, **Ibn Athir**, **Ibn Abil-Hadîd**, **al-‘Allâmat Samhoudî**, **Ibn Khaldoun**, **Ibn Khallikan** sy ireo hafa fa i Mou’âwiyyat Ibn Abou Soufyân dia nandefa an’i Bousr Ibn Arta’ah ilay olon-doza niaraka tamin’ny miaramila syrianina miisa 4 000 ho any Yémen ka nandalo tao Madînat mba hamono an’ireo “Yéménites” sy ireo “chiites” mpanara-dian’i ‘Alî. Ireto mpanafika ireto dia nahafaty mpino

silamo an'arivony maro tao Madînat, sy tao Makkat, sy tao Tâ'if, tao Tabala (tanàn-dehiben'i Tihama), tao Najran, tao Safa ary tao amin'ireo tanàna madinidinika sasany. Izy ireo dia tsy nitsitsy mihitsy na tamin'ireo tanora na tamin'ireo antitra avy amin'ny Banî Hâchim na tamin'ireo "chiites" mpanara-dian'i 'Alî. Novonoin'izy ireo ihany koa hatramin'ireo ankizy tsy ampy taona anankiroa zanak'i Oubaidoullâh Ibn 'Abbâs, zanaky ny rahalahin-drain'ilay Mpaminany(s.a.s) izay notendren'i 'Alî(a.s) ho governora tao Yémen. Misy ny mitantara fa mihoatra ny 30 000 no isan'ireo silamo novonoina noho ny baikon'io olon-doza io. Ireo Banî Oumayyat sy ireo mpiara-dia amin'izy ireo no nahavita ireo famonoana mahatsiravina ireo. Abou Houraïrat malalanareo no vavolombelona tamin'io famonoan'olona io, ary tsy vitan'ny nangina fotsiny izy fa mbola navitrika nanampy izany. Ireo olona tsy manan-tsiny toa an'i Jâbir Abdoullâh al-Ansârî sy Abou Ayyoub al-Ansârî no lasa nandositra nitady fialofana. Hatramin'ny tranon'i Abou Ayyoub Al-Ansârî izay anisan'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) tena nanana ny naha-izy azy aza, dia may nodorana. Rehefa niverina tao Makkat ireo miaramila ireo dia nijanona tao Madînat kosa i Abou Houraïrat.

Manontany anareo aho ankehitriny, mba hilaza aminay, amin'ny anaran'i Allâh, raha toa ka io olona tsy mataho-tody io, izay niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nandritra ny telo taona sy nahalala "hadith" mihoatra ny 5 000 isa avy tamin'ilay Mpaminany, no tsy mba naheno ireo "hadith" malaza mikasika an'i Madînat. Ireo manam-pahaizana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta (toa an'i **al-'Allâmat Samhoudî** ao amin'ny bokiny "**Târykh-oul-Madînat**", ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**", **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny "**al-Tazhkirat**", pejy 163), dia samy nanambara fa ilay Mpaminany dia niteny matetika nanao hoe:«**Izay mandrahona an'ireo vahoakan'i Madînat amin'ny alalan'ny herisetra dia i Allâh no handrahona azy, ary hanozona azy koa Izy sy ireo Anjeliny sy ireo olombelona rehetra. Allâh dia tsy hankasitraka na inona na inona avy aminy. Voahozona anie izay mandrahona an'ireo mponina ao Madînat. Izay manao ratsy an'ireo mponina ao Madînat, dia Allâh no handevona azy ao amin'ny Afobe**».

Fa nahoana àry i Abou Houraïrat no nanara-dia an'ireo miaramila izay hamotika an'i Madînat?

Nahoana izy no namorona ireo "hadith" manohitra ny mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) ara-dalàna?

Nahoana izy no mitaona ireo olona mba haniratsira an'ilay lehilahy izay nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: «**izay maniratsira azy dia maniratsira ahy**».

Anjaranareo no mitsara raha ny olona izay mamorona "hadith" amin'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy ho voahozona?

**Cheikh** : Fankahalana fotsiny avy aminao no mahatonga anao mandray ny sakaiza izay tena mendri-pitokisan'ilay Mpaminany(s.a.s) ho mpamoromporona tsy manam-pinoana.

## Fanamelohana an'i Abou Houraïrat. Nikapok'azy ny "khalîfat" 'Omar.

**Chîrâzî** : Tsy izaho irery ihany no nanana "fankahalana" an'i Abou Houraïrat. Ny olona voalohany nankahala azy dia ilay "khalîfat" faharoa, i 'Omar Ibn al-Khattâb.

**Ibn al-Athîr** sy **Ibn Abil-Hadîd** ao amin'ny bokiny fahatelo "**Charh-Nahj-oul-Balâghat**", pejy 104 (natonta tao Ezypta), sy ireo mpitantara maro hafa, dia samy nanamarika fa taorian'ny nanendrena an'i Abou Houraïrat ho governora tao Bahrayn tamin'ny taona 21H, dia nampandre an'ilay "khalîfat" ny vahoaka fa ilay governora voatendry dia nangoron-kerana tafahoatra ary izy dia mahavidy soavaly betsaka. Noesorin'i 'Omar tamin'ny andraikiny izy tamin'ny taona 23H. Raha vao nanitsaka ny lapa ny tongotr'i Abou Houraïrat, dia hoy ilay "khalîfat" taminy: «**Ry fahavalon'i Allâh sy fahavalon'ilay Bokiny! Nangalarinao ve ny fananan'i Allâh?**». Namaly izy hoe: «**Tsy nangalatra velively aho fa kosa ny olona no nanome ahy fanomezana**».

**Ibn Sa'ad** ao amin'ny "**Tabaqât**" boky fahefatra, pejy 90, **Ibn Hajar al-'Asqalânî** ao amin'ny "**al-Isâbat**" sy **Ibn 'Abd Rabbih** ao amin'ny "**al-'Iqd-oul-Farîd**", boky voalohany, dia samy mitantara fa ilay "khalîfat" dia niteny hoe: «**Tamin'izaho nanendry anao ho governoran'i Bahrayn, dia tsy mba nanana na dia kiraro teny an-tongotra akory aza ianao, nefa izao ianao dia**

**fantatro fa mahavidy ireo soavaly hatramin'ny 1 600 dinars! Ahoana ny fomba nahazoanao izay harena izany?Namaly izy hoe: Ireo dia fanomezana avy amin'ny fahabetsahan'ireo tombom-barotra. Niridiridin-katezerana ny endrik'ilay "khalîfat" ary dia nokapohiny karavasy mafy dia mafy izy ka nahatonga ny lamosiny ho naratra nandeha rà mihitsy. Avy eo dia nanome baiko izy fa ireo 10 000 dinars izay nangonin'i Abou Houraïrat tao Bahrayn dia alaina aminy ary harotsaka ao amin'ny tahiry "Bayt-oul-Mâl" (Tahirim-bolam-panjakana)**».

Tsy vao sambany akory no nikapohan'i 'Omar an'i Abou Houraïrat.

**Mouslim** dia nanoratra ao amin'ny bokiny voalohany "**Sahîh**", pejy 34 fa tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s), i 'Omar Ibn al-Khattâb dia nikapoka mafy tokoa an'i Abou Houraïrat ka nahatonga an'ity farany ho nitsirara tamin'ny tany.

Ibn Abil-Hadîd dia nanoratra ao amin'ny bokiny voalohany mikasika ny famakafakana ny "**Nahj-oul-Balâghat**", pejy 360 toy izao: «**Abou Ja'afar al-'Asqalânî dia nitantara hoe: "Araka ny voalazan'ireo olontsika tena manana ny lazany, Abou Houraïrat dia sakaiza ratsy. Ireo "hadith" izay tantarainy dia tsy azo ekena. 'Omar dia nikapoka azy sy niteny azy ho nanova ireo "hadith" sy miteny lainga amin'ny alalan'ilay Mpaminany(s.a.s)**».

**Ibn 'Asâkir** ao amin'ny bokiny "**Târykh al-Kabîr**" sy **Mouttaqî** ao amin'ny bokiny "**Kanz-oul-Oummâl**" dia samy nampahafantatra fa ilay "khalîfat" 'Omar dia nikapoka karavasy azy, sy nanaisotra azy tamin'ireo andraikiny ary nanakana azy mba tsy hilaza ireo "hadith" avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Niteny 'Omar hoe: «**Maro loatra ireo "hadith" avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) tantarainao, ka mahatonga anao lasa mampandainga azy. (Lehilahy ratsy fanahy toa anao dia tsy mba afaka miteny afa-tsy ny mampandainga an'ilay Mpaminany). Noho izany dia aoka ianao hitsahatra amin'ny filazana ireo "hadith" avy amin'ilay Mpaminany, fa raha tsy izany ianao dia ho alefako any amin'ny tanin'i Dous (foko iray ao Yémen izay fiavian'i Abou Houraïra)**».

**Ibn Abil-Hadîd** ao amin'ny fanazavany ny "**Nahj-oul-Balâghat**", boky voalohany, pejy 360 (natonta tao Ezypta), dia milaza araka ny fitantaran'ny **imâm Abou Ja'afar al-'Asqalânî** izay mpampianany fa i 'Alî(a.s) dia niteny hoe: «**Mitandrema ianareo amin'ilay tena mpandainga lehibe ao amin'ny vahoaka, dia i Abou Houraïrat**».

**Ibn Qoutaybat** ao amin'ny "**Ta'wî Moukhtalif-oul-Hadith**", sy **al-Hâkim** ao amin'ny "**Mostadrak**" boky fahatelo, sy **al-Zhahabî** ao amin'ny "**Talkîs-oul-Moustadrak**" ary **Mouslim** ao amin'ny "**Sahîh**" boky faharoa, dia samy mitantara avokoa mikasika ireo toetoetran'i Abou Houraïrat, fa i 'Aïcha dia manohitra mandrakariva an'ity farany ka miteny azy manao hoe: «**Abou Houraïrat dia mpandainga lehibe izay mamorona ireo "hadith" ka lazainy fa avy tamin'ilay Mpaminany izany**».

Raha fintinina, dia tsy izahay irery ihany no mitsipaka an'i Abou Houraïrat, satria araka ny voalazan'ilay "khalîfat" 'Omar, sy ilay "Lehiben'ireo mpino" ny Imâm 'Alî(a.s), sy 'Aïcha "Oumm-oul-Mou'minîn" ary ireo sakaizan'ilay Mpaminany hafa, dia tsy mendrika hitokisana ity lehilahy ity. Ireo **cheikh** ao amin'ny "**Mou'tazilites**" sy ireo **imâm** lehiben'izy ireo ary koa ireo manam-pahaizana "**Hanafites**" dia mitsipaka amin'ny ankapobeny ireo "hadith" notantarain'i Abou Houraïrat.

Ankoatr'izany, ao amin'ny fanazavana ny boky fahefatry ny "**Sahîh Mouslim**", i **Nadwî** dia nampahafantatra izao teny izao: «**Imâm Abou Hanîfat dia nanambara hoe: "Ireo sakaizan'ilay Mpaminany amin'ny ankapobeny dia manam-pinoana sy olo-marina. Izaho dia manaiky ireo "hadith" rehetra notantarain'izy ireo nefa kosa izaho dia tsy manaiky ireo "hadith" nolazain'i Abou Houraïrat sy Anas Ibn Mâlik ary Samara Ibn Jounbad**».

Izahay dia mitsipaka an'i Abou Houraïrat ilay voalaza fa nokapohin'i 'Omar karavasy sy voalaza fa mpangalatra ary mpandainga. Izy dia notsipahin'i 'Aïcha "Oumm-oul-Mou'minîn" sy ny imâm Abou Hanîfat ary ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) maro.

Izahay dia mitsipaka an'i Abou Houraïrat ilay notsipahina sy nantsoin'ilay lehibentsika sady filohan'ny finoana an'Andriamanitra

tokana, i ‘Alî(a.s) miaraka amin’ ireo Imâm taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) ho mpandainga.

Izahay dia mitsipaka an’i Abou Houraïrat ilay tendan-kanina izay tsy te halala an’ny Imâm ‘Alî(a.s) na dia fantany aza ny fahambonian’izany olona izany. Naleony niaraka tamin’i Mou’âwiyyat ilay voahozona lehibeny, ary nisakafo niray latabatra taminy mba hanararaotana ireo sakafo matsiro, ka tsy nihambahamba akory nanomana ireo “hadith” hanoherana an’ny Imâm ‘Alî(a.s).

Hanatsarana ny ady hevitsika, ianareo sy ny tenako dia iangaviana mba samy mahatoky ny “hadith” rehetra avy amin’ilay Mpaminany(s.a.s) izay ho raisintsika atao porofo fa mifanaraka amin’ny Kor’âny masina. Raha izany tokoa no izy dia tsy maintsy ekena, fa raha tsy izany kosa dia tokony hotsipahina.

<u>Valin’ilay“hadith” izay nolazaina fa i Allâh dia niteny hoe: “Izaho dia afa-po amin’i Abou Bakr. Izy koa ve mba afa-po Amiko?”</u>

Ny “hadith” izay nolazainareo tèry ambony (na dia manana loharano tokana niaviany aza) dia tokony hampitahaina amin’ny Kor’âny masina. Raha tsy misy ny fifanoheran-kevitra, dia tsy misalasala akory izahay ny mankasitraka izany.

Ny andinin’ny Kor’âny masina anefa, dia milaza hoe: «**Nahary ny olombelona tokoa Izahay, ka fantatray izay bitsiky ny fanahiny aminy, ary akaiky azy noho ny hoza-dràamin’ny tendany Izahay**»**[107]**. Fantatrareo tsara fa ny teny hoe “**habl-oul-warîd**” (**hoza-drà amin’ny tenda**) dia fomba fiteny mahazatra ampiasaina mba hanehoan-kevitra amin’ny zavatra anankiroa mifanakaiky mafy tokoa. Ny tian’io andininy io hambara dia ny fahalalan’i Allâh ny zava-drehetra. Tsy misy zavatra miafina aminy fa i Allâh dia mahalala ireo zava-miafina ao anatin’ny fontsika ao. Ao amin’ny “sourat Younous”, dia hoy izy: «**Tsy misy toerana izay hisy anao , ary tsy hamaky ianao na dia andininy iray aza amin’ny Kor’any , tsy hanatanteraka asa ianareo na dia iray aza raha tsy Izahay no manatrika izany, amin’ny fotoana izay anaovanareo azy. Tsy misy miafina amin’ny Tomponao na dia**

---

[107]Kor’âny 50/16.

**lanjan-javatra kely iray tsy hita maso (atôma) aza eny ambonin'ny tany na any an-danitra, na zavatra kely kokoa noho izany na lehibe kokoa aza dia efa voasoratra ao amin'ny boky mazava»[108]**. Ireo andininy ireo, sahala amin'ny fieritreretan'ny saina salama ihany koa, dia mampianatra antsika fa tsy misy na inona na inona miafina eo anatrehan'i Allâh. Izy dia mahafantatra izay ataon'ny olona sy izay eritreretany. Ankehitriny àry dia ampitahao amin'ireo andininy anankiroa voalaza teo ireo ilay "hadith", ary diniho tsara raha mifanaraka ny hevitr'izy ireo. Amin'ny fomba ahoana moa no tsy ahafantaran'ilay Tsitoha an'i Abou Bakr ho afa-po aminy na tsia, ka mahatonga Azy mbola mametra-panontaniana indray?

Ny saina salama sy ny Kor'âny masina dia maneho ny mahadiso an'io "hadith" io.

Ny mahadiso an'ilay "hadith" midera an'i Abou Bakr sy 'Omar.

**Cheikh** : Tsy misy fisalasalana kosa fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Allâh dia hiseho amin'ireo olon-drehetra amin'ny ankapobeny ary hiseho manokana amin'i Abou Bakr**». Hoy koa Izy hoe: «**Allâh dia tsy nametraka na inona na inona ao am-poko sahala amin'ny tsy nametrahany na inona na inona ao ampon'i Abou Bakr**». Mbola niteny koa Izy hoe: «**Anjely miisa 80 000 no mivavaka ho an'izay misakaiza amin'i Abou Bakr sy 'Omar. Ary any amin'ny lanitra ambony manaraka, dia Anjely 80 000 indray no manozona an'izay mifahavalo amin'i Abou Bakr sy 'Omar**». Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hatrany nanao hoe: «**Abou Bakr sy 'Omar no olona mendrika indrindra teto an-tany hatramin'izay ka ho mandrakizay**». Ireo voninahitr'i Abou Bakr sy 'Omar ireo dia azo faritana amin'ny alalan'ny "hadith" izay nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany manao hoe:«**Allâh dia nahary ahy avy tamin'ny Fahazavany, Abou Bakr avy tamin'ny fahazavako, 'Omar avy tamin'ny fahazavan'i Abou Bakr ary ny vahoakako avy tamin'ny fahazavan'i 'Omar. 'Omar dia fanilo izay mitarika ireo olona mankany amin'ny Paradisa**».

108 Kor'âny 10/61.

Maro ireo “hadith” tahak’izany, voarakitra ao amin’ireo bokinay azo itokisana. Ireo vitsivitsy ireo ihany no nolazaiko mba hahaizanao ny tena marina mikasika ny voninahitr’ireto “khalîfat” ireto.

**Chîrâzî** : Ny ventin-kevitr’ireo “hadith” ireo dia miantefa mikasika ny fanoheram-pivavahana sy ny tsy finoana an’Andriamanitra, izay manaporofo mazava fa tsy ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nilaza zavatra tahak’izany.

Ilay “hadith” voalohany dia mametraka an’i Allâh ho manam-batana ary ny finoana an’i Allâh ho manam-batana dia maneho ny tsy finoana Azy.

Araka ny voalazan’ilay “hadith” faharoa, i Abou Bakr dia nahazo ny fanambaran’Andriamanitra mitovy amin’ilay Mpaminany(s.a.s).

Ilay “hadith” fahatelo dia manambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy ho ambony voninahitra mihitsy mihoatra an’i Abou Bakr.

Ary ireo “hadith” hafa manaraka, dia mifanohitra amin’ireo “hadith” maro izay eken’ireo antokom-pinoana roa tonta, satria ireo olona mendrika indrindra manerana izao tontolo izao dia ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) sy ireo taranany (araka ny efa nazavaintsika tao anatin’ny ady hevitra).

Ankoatr’ireo tsikera tsy azo lavina ireo, dia ireo manam-pahaizanareo toa an’i **Mouqaddasî** ao amin’ny “**Tazhkirat-oul-Mouzou’a**”, sy i **Firouzâbâdî al-Châfi’î** ao amin’ny“**Safar-ous-Sa’adat**”, sy i **Hasan Athir al-Zhahabî** ao amin’ny “**Mizân-oul-I’tidâl**”, sy **Abou Bakr Ahmad Ibn ‘Alî al-Khatîb al-Baghdâdî** ao amin’ny “**Târykh**”, sy i **Aboul-Faraj Ibn al-Jawzî** ao amin’ny “**Kitâb-oul-Mouzou’a**” ary i **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin’ny “**al-Lou’al-il-Masnou’at Fil-Ahâdîth-il-Mawdhou’at**”, dia samy nanaiky fa ireo “hadith” ireo dia noforonina. Nisisika mafy izy ireo nilaza fa ireo “hadith” ireo dia noforonina. Fa izy ireo dia mifanohitra tanteraka amin’ny Kor’âny masina sy ny saina salama.

**Cheikh** : Fa mba diniho kosa àry ity “hadith” iray, izay azo antoka tokoa ny fahamarinany. Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Abou Bakr sy ‘Omar no lehiben’ireo olona antitra ao am-Paradisa** ».

**Chîrâzî** : Ankoatra ny fitsipahan'ireo manam-pahaizanareo azy, raha dinihinareo lalina ny ventin-kevitr'io "hadith" io, dia ho tsapanareo fa tsy avy tamin'ny Mpaminany izy io! Samy mahalala ny tsirairay fa ny Paradisa dia tsy onenan'ireo olona antitra. Tsy misy fiovana vokatry ny fotoana ny any am-Paradisa. Betsaka ireo tantara nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) mikasika izany, izay eken'ireo antokom-pinoana roa tonta. Iray amin'ireo tantara ireo dia ny mikasika an'i Achja'iyyat , vehivavy antitra iray izay tonga teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nandritra ny fifampiresahana, dia nanambara ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Ireo vehivavy antitra dia tsy miditra ao am-Paradisa**». Nalahelo mafy noho izany i Achja'iyyat ka nitomany nilaza nanao hoe:«**Ry Irak'i Allâh ô, midika ange izany fa tsy hiditra ao am-Paradisa aho** ». Avy eo dia lasa izy nandeha. Fa hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: «**Lazaonareo aminy fa hiova tanora izy ary hiditra ao am-Paradisa**». Ary dia namaky ilay andininy ao amin'ny Kor'âny masina izy, izay milaza hoe: «**Izahay no nahary ireo tovovavin'ny Paradisa ho tongalafatra; ka nataonay ho virijiny izy ireo, mahatehotia sy tanora lalandava, ho an'ireo olon'ny an-kavanana**»[109]. Ao amin'ny "hadith" hafa izay eken'ny rehetra, ilay Mpaminany dia nitantara toy izao:«**Rehefa hiditra ao am-Paradisa ny olona, dia ho tanora sy hanana endrika madio sy mazava, olioly volo, baribary maso, ary ho 33 taona** ».

**Cheikh** : Ireo fanazavanao dia marina nefa ilay "hadith" dia manana ny heviny manokana.

**Chîrâzî** : Tsy mazava amiko izany. Inona no tianao hambara amin'ny hoe "hadith manana ny heviny manokana"? Te hilaza ve ianao fa i Allâh dia handefa vondron'olona antitra ao am-Paradisa mba ahafahan'i Abou Bakr sy 'Omar ho lehiben'izy ireo? Ankoatr'izany, ireo manam-pahaizanareo dia misokajy azy io ho "hadith" noforonina. Ny "hadith" rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny Kor'âny masina dia tokony ho tsipahina. Ireo manam-pahaizanay dia mitsipika ireo "hadith" izay nolazaina fa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) na avy amin'ireo Imâm(a.s) mpitarika

[109]Kor'âny 56/35-38.

anay ireo, amin'ny alalan'ny fampiharana ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) milaza manao hoe:«**Raha misy "hadith" notantarainafa avy amiko, dia tsarao izany eoanatrehan'ilay Bokin'i Allâh. Raha mifanaraka amin'ny voalazan'ny Kor'âny izany dia raiso. Fa raha mifanohitra amin'izany kosa dia tsipaho**». Noho izany, ireo manam-pahaizanay dia tsy mba manaiky mihitsy ireo "hadith" izay mifanohitra amin'ny Kor'âny. Aleo ho lazaiko aminareo ireo manam-pahaizanareo nanoratra ny fitsipahana an'ireo "hadith" izay noforonina ireo. Ohatra, ny **Cheikh Majd-oud-Dîn Mouhammad Ya'qôub Firouzâbâdî** ao amin'ny "**Safar-ous-Sa'adat**" pejy 142, **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**Kitâb-oul-Lou'ali**", **Ibn al-Jawzi** ao amin'ny "**Mouzu'a**", **Mouqaddasî** ao amin'ny "**Tazhkirat-oul-Mawdhou'at**", ary ny **Cheikh Mohammad Ibn Darwîsh** (fantatra amin'ny anarambositra hoe **Hout Beiroutî**) ao amin'ny "**Asnal-Tâlib**", dia samy nanambara fa Yahyâ Ibn 'Anbasa dia anisan'ireo nampita ny fitantarana ilay "hadith" izay milaza an'i Abou Bakr sy 'Omar ho lehiben'ireo olona antitra. Nefa araka ny voalazan'i **al-Zhahabî**, io Yahyâ io dia mpitantara iray izay tsy azo itokisana ary **Ibn Jan** moa nilaza mihitsy fa Yahyâ dia namorona "hadith".

Ary ankoatr'ireo fanazavana izay efa nataoko teo aloha, dia na ireo manam-pahaizanareo aza dia milaza ny mahadiso an'io "hadith" io. Azo inoana arak'izany fa izy io dia noforonin'ireo mpanara-dian'i Abou Bakr, ireo "Omayyades". Entina hanambaniana an'ireo Banî Hâchim sy ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), ireto farany ireto dia namorona "hadith" mifanahatahaka amin'ireo tena marina izay midera ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo olona toa an'i Abou Houraïrat dia tsy mitsahatra mamorona "hadith" mba hanakaikezany an'ireo mpitondra fanjakana "Omayyades". Noho ny fankahalan'izy ireo manokana an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), dia namorona "hadith" mitovy tsy misy valaka amin'ireo izay eken'ireo manam-pahaizana "chiites" sy "sunnites" izy ireo.

**Nawwâb** : "Hadith" mitovy amin'ity tranga ity manao ahoana no azo ekena?

Hadith izay milaza fa i al-Hasan(a.s) sy al-Housein(a.s)no “Lehiben’ireo tanora ao am-Paradisa”.

**Chîrâzî** : Ny “hadith” tena marina dia ny milaza hoe: «**Hasan sy Housein no Lehiben’ireo tanora ao am-Paradisa ary ny rain’izy ireo no ambonin’izy ireo**». Maro ireo manam-pahaizana nitantara an’ity “hadith” ity.

Ohatra amin’izy ireo, **al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin’ny “**Manâqib**”, **Sayyed ‘Alî Abou Abd-our-Rahmân al-Nisâ’î** ao amin’ny “**Khasâ’is-il-‘Alawî**” (hadith fahatelo), **Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin’ny “**al-Fousoul al-Mouhimmat**” pejy 159, **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin’ny “**Yanâbî’oul-Mawaddat**” toko faha-54, **Sibt Ibnal-Jawzî** ao amin’ny “**al-Tazhkirat**” notantarain’i **Tirmizhî**, **Ibn Majah**, sy **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, **Sibt Ibn Jawzî** ao amin’ny “**Tazhkirat-oul-Mawaddat**” pejy 133 sy **Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi’î** ao amin’ny “**Kifâyat-oul-Tâlib**”, toko faha-97, dia mitantara an’io “hadith” io avokoa fa ity farany dia nanampy fa ilay malaza mpitantara ireo “hadith”, ny **imâm Aboul-Qâsim Tibrânî** dia nanambara ihany koa an’io “hadith” io ao amin’ny “**al-Mou’jam-oul-Kabîr**” sy mitanisa an’ireo rehetra izay nitantara izany ihany koa, toa an’ilay “Lehiben’ireo mpino” i **‘Alî**(a.s), **‘Omar Ibn Khattâb** ilay “khalîfat” faharoa, **Houzhaifat Ibn Yamanî**, **Abou Sa’îd al-Khadrî**, **Jâbir Ibn‘Abdoullâh al-Ansârî**, **Abou Houraïrat**, **Ousâmat Ibn Zaïd** sy **Abdoullâh Ibn ‘Omar**. Avy eo, **Mouhammad Ibn Yousouf** dia nanazava fa io “hadith” io dia tsy azo lavina ny fahamarinany. Ny tsy fitsaharan’ny fitohitohizan’ny fitantarana an’io “hadith” io dia porofo manamarina azy.

**Al-Hâfiz Abou Nâ’im al-Isfahânî** ao amin’ny “**Hilyat-oul-Awliyâ**”, **Ibn ‘Asâkir** ao amin’ny “**al-Târykh al-Kabîr**”, boky fahefatra pejy 206, **al-Hâkim** ao amin’ny “**al-Moustadrak**”, **Ibn Hajar al-Makkî**ao amin’ny “**al-Sawâ’iq-oul-Mouhriqat**”, raha tsorina dia ireo manam-pahaizanareo rehetra dia samy nanamarina an’io “hadith” io avokoa.

**Cheikh** : Nefa mba diniho ity “hadith” izay tsy misy afaka handà ny fahamarinany ity. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Ao**

**amin'ny firenena izay misy an'i Abou Bakr, dia tsy nisy ambony voninahitra noho izy**». Io "hadith" io dia manambara fa i Abou Bakr no ambony voninahitra ao amin'ny firenena rehetra.

**Chîrâzî** : Malahelo aho raha ianareo no manaiky "hadith" tahak'izany. Raha io "hadith" io no avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia, midika izany fa izy ihany no manohitra ny tenany. Nefa izy dia nanome voninahitra ambony kokoa an'i 'Alî(a.s) teo anatrehan'i Abou Bakr. Abou Bakr angaha tsy teo tamin'ny fotoan'ny "Moubâhalat", rehefa i 'Alî(a.s) no voafidy ho anisan'ny "tenany"[110]? Tamin'ny adin'i Tabouk, nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no nanendry an'i 'Alî(a.s) ho solon-tenany sy "khalîfat" mpandimby azy? Nahoana i Abou Bakr no nesorina tamin'ireo andraikiny noho ny baikon'Andriamanitra ho fanomezam-boninahitra an'i 'Alî, tamin'i Abou Bakr izay nirahina ho any Makkat mba hitory ny finoana Islâm sy hamaky ilay toko fahasivy ao amin'ny Kor'âny antsoina hoe "at-Tawbat"(ny Fibebahana) ? Tamin'izay dia teo ihany i Abou Bakr nefa nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no nitondra an'i 'Alî(a.s) niaraka taminy nankany Makkat mba hamotika ireo sampy; nahoana izy(a.s) no navelany niakatra teo an-damosiny sy nodidiany mba hamaky ny sampy sary vongana Houbal? Tamin'ny naha-teo an'i Abou Bakr, nahoana ilay Mpaminany no naniraka an'i 'Alî(a.s) nankany Yémen mba hampiely ny Islâm? Farany, nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no nanendry an'i 'Alî(a.s) ho mpandimby azy fa tsy i Abou Bakr no notendreny?

**Cheikh** : Misy "hadith" malaza avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay tsy afaka ho lavina. Izany dia notantarain'i 'Amr Ibn al-'Âs izay nilaza nanao hoe:«**Indray andro, izaho nanontany an'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "*Ry Mpaminanin'i Allâh! Amin'ireo vehivavy rehetra dia iza no tianao kokoa?*" Namaly izy hoe: "'*Aïchâ*". Nanontany indray aho hoe:**

---

[110]Manondro ilay andinin'ny Kor'âny mikasika ny «al-Moubâhalat» izay niangavian'i Allâh ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) mba hifaninana amin'ireo Kristianina avy any Nijrân amin'ny alalan'ny fifanozonana, ka tamin'izany no nakany ho naman'ny tenany an'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'ny alalan'ny teny hoe « ny tenanay» (Anfousanâ). Vakio ny Kor'âny 3/61.

“***Amin’ireo lehilahy rehetra dia iza no tianao kokoa?*” Namaly izy hoe: “*Ny rain’i ‘Aïchâ, i Abou Bakr*”**». Koa noho ilay Mpaminany(s.a.s) mitia kokoa an’i Abou Bakr mihoatra an’ireo olon-kafa, dia midika izany fa izy no manam-boninahitra ambony ao amin’ny firenena. Izany dia porofo tsy azo lavina manamarina ny “khilâfat” fitondran’i Abou Bakr.

## Fizarana fahefatra

### Fanoherana ny Hadith izay milaza fa i Abou Bakr sy i ‘Aïchâ no olona tian’ilay Mpaminany(s.a.s) kokoa.

**Chîrâzî** : Ankoatra ny maha-“hadith” noforonin’ireo mpiaro an’i Abou Bakr azy, dia mifanohitra ihany koa izy io amin’ireo “hadith” marina izay eken’ireo antokom-pinoana roa tonta. Io “hadith” io dia misy ventin-kevitra anankiroa: mikasika an’ilay “Oumm-oul-Mou’minîn” ‘Aïcha sy mikasika an’i Abou Bakr. Tsy azo heverina mihitsy fa ilay Mpaminany(s.a.s) no nilaza ho mitia kokoa an’i ‘Aïchâ eo anatrehan’ireo vehivavy rehetra, satria izany dia mifanohitra amin’ireo “hadith” marina izay hita ao amin’ireo bokin’ny “chiite” sy “sunnite”.

**Cheikh** : “Hadith” manao ahoana izany?

**Chîrâzî** : Betsaka ireo “hadith” mikasika an’ilay renin’ireo Imâm(a.s), i Fâtimat al-Zahrâ(a.s), notantarain’ireo manam-pahaizanareo no manohitra izany fiheverana izany.

**Al-Hâfiz Abou Bakr Baihaqî** ao amin’ny bokiny “**Târykh**”, **al-Hâfiz Ibn Abd-oul-Barr** ao amin’ny “**al-Isti’âb**”, **Sayyed ‘Alî al-Hamadânî** ao amin’ny “**Mawaddat-oul-Qourbâ**” sy ireo manam-pahaizana hafa, dia samy nitantara avy tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) ireto teny ireto izay naverimberiny matetika: «**Fâtimat no mendrika indrindra amin’ireo vehivavy rehetra amin’ny vahoakako**».

Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny “**Mousnad**” sy **al-Hâfiz Abou Bakr al-Chîrâzî** ao amin’ny “**Nouzoul-oul-Qour’ân Fî ‘Alî**” no mitantara avy tamin’i **Mouhammad Ibn Hanafiyyat** ary izy kosa mitantara izany avy tamin’ilay “Lehiben’ireo mpino” i **‘Alî**(a.s), **Ibn Abd-oul-Barr** ao amin’ny “**al-Istî’âb**”, ao amin’ny

andalana mikasika an'i Fâtimat(a.s) sy notantarain'i Oumm-oul-Mou'minîn Khadîjat(a.s),Abd-oul-Wârith Ibn Soufyân sy Anas Ibn Mâlik, **Cheikh Soulaymân al-Balkhîal-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbi'oul-Mawddat**" toko faha-55, **Sayyed 'Alî al-Hamadânî** ao amin'ny "**Mawaddat-oul-Qourbâ**", Mawaddat faha-13 ary koa ireo mpitantara "hadith" maro hafa, dia nanambara araka ny fitantaran'i Anas Ibn Mâlik fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Misy vehivavy mendrika miisa efatra teto an-tany: Maria zanak'i 'Imrân, Âsyah zanak'i Mazahim,Khadîjat zanak'i Khâlid ary i Fâtimat zanak'i Mouhammad**».

Al-Khatîb ao amin'ny "Târykh Baghdâd" dia nitantara avy tamin'ilay Mpaminany fa ireto vehivavy efatra ireto no mendrika indrindra teto amin'izao tontolo izao. Avy eo dia mbola nampiany fa Fâtimat no ambony indrindra amin'izy ireo eto an-tany sy any ankoatra.

**Mouhammad Ismâ'il al-Boukhârî** ao amin'ny bokiny "**Sahîh**" sy ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**" dia nitantara avy tamin'i 'Aïchâ Bint Abî Bakr fa izy dia naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny tamin'i Fâtimat nanao hoe:«**Ry Fâtimat, izaho dia hilaza vaovao mahafaly aminao: Allâh dia nametraka anao ho ambony voninahitra mihoatra an'ireo vehivavy rehetra eto an-tany sy nanao anao ho madio indrindra noho ireo vehivavy rehetra ao amin'ny Islâm**».

**Al-Boukhârî** ao amin'ny "**Sahîh**" fizarana fahefatra pejy 64, **Mouslim** ao amin'ny "**Sahîh**" fizarana faharoa, ao amin'ny toko milohateny hoe "**Voninahitr'i Fâtimat**", **Hamidi** ao amin'ny "**Jam' Baynal-Sahîhayn**", **Abdi** ao amin'ny bokiny "**al-Jam' Bayn al-Sihâh al-Sittat**" sy ireo maro hafa, dia nanambara araka ny fitantaran'ny Oumm-oul-Mou'minîn 'Aïchâ fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:«**Ry Fâimat! Tsy mahafaly anao ve ny ho lehiben'ireo vehivavy maneran-tany?**».

**Ibn Hajar al-'Asqalânî** dia nitantara izany koa ao amin'ny bokiny "**Isâbat**" mikasika ny fiainan'i Fâtima toy izao :«**Ianao no mendrika indrindra amin'ireo vehivavy rehetra eto an-tany**».

Torak'izany koa, **al-Boukhârî**, Mouslim, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, **Tibrânî** sy **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** dia samy nitantara an'io "hadith" io.

Ankoatr'ireo, **al-Boukhârî** sy **Mouslim**, ao amin'ny "**Sahîh**" bokin'izy ireo avy, ny **imâm al-Tha'labî** ao amin'ny bokiny "**Tafsîr**", ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny "**Mousnad**", **Tibrânî** ao amin'ny "**al-Mou'jam-oul-Kabîr**", **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbi'oul-Mawaddat**" toko faha-32, (araka ny Tafsîr nosoratan'i Ibn Abî Hâtam, sy Manâqib nosoratan'i al-Hâkim, Wasit sy Wahidi, sy Hilyat-oul-Awliyâ' nosoratan'i al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî, ary al-Farâ'id nosoratan'i Hamwainî), **Ibn Hajar Makkî** ao amin'ny "**al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" eo ambanin'ny andininy 14, araka ny tantaran'i Ahmad, **Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" pejy 8, **al-Tabarî** ao amin'ny "**Tafsîr**", **Wahidi** ao amin'ny "**Asbâb-oun-Nouzoul**", **Ibn Maghâzilî** ao amin'ny "**Manâqib**", **Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî** ao amin'ny "**al-Riyâdh-oul-Nadhirat**", **Mou'min Sablanji** ao amin'ny "**Nour-oul-Absâr**", **al-Zamakhcharî** ao amin'ny "**Tafsîr**", ny **imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** ao amin'ny "**al-Tafsîr al-Kabîr**", **Sayyed Abou Bakr Chahâb-oud-Dîn al-'Alawî** ao amin'ny "**Richfatous-Sadi min Bahr-Fadhâ'il Banî al-Hâdî**" toko voalohany, pejy 22-23 (araka ny Tafsîr nosratan'i Beghawin sy Tafsîr nosoratan'i al-Tha'labî, Manâqib nosoratan'i Ahmad, al-Kabîr, sy al-Awsat nosoratan'i Tibranî sy Sadi),**Cheikh 'Abdoullâh Ibn Mouhammad Ibn 'Âmir Chabrâwî al-Châfi'î** ao amin'ny "**al-'Ittihâf**" pejy 5 (araka ny tantaran'i al-Hâkim, al-Tibranî, sy Ahmad), **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny "**Ihyâ-oul-Mayyit**" (araka ireo Tafsîr nosoratan'i Ibn Mounthir, Ibn Abi Hatim, Ibn Mardawaih ary ny al-Mou'jam-oul-Kabîr nosoratan'i Tibrani) sy **Ibn Abi Hâtam** ary **al-Hâkim**.

Raha fintinina, dia ny ankabeazan'ireo manam-pahaizanareo (afa-tsy ireo sasany mpanaraka mahafapon'ireo Banî Oumayyat sy ireo fahavalon'ireo Ahl-oul-Bayt), dia samy nanambara avy tamin'i **'Abdoullâh Ibn 'Abbâs** sy ireo hafa koa, fa rehefa nampidinina izao andinin'ny Kor'âny masina izao: «**Lazao hoe : "Tsy mangataka**

**tambiny aminareo amin'izany aho afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky". Ary izay manao asa soa, dia valianay tsara kokoa noho izany. Fa i Allâh dia mpamela heloka sy mpankasitraka tokoa»**[111], dia nisy tamin'ireo "sahâbat" no nanontany hoe: «**Ry Mpaminanin'i Allâh, iza ireo havanao akaiky izay nataon'i Allâh antery ho anay ny mitia azy ireo?**» Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:«**Izy ireo dia i 'Alî, i Fâtimat, i Hasan sy i Housein** ». Ireo "hadith" sasany dia manambara izany manao hoe:« "**ary ireo taranany**" misolo an'i "**Hasan sy Housein**"».

Ny imâm al-Châfi'î dia niaiky fa antery ny mitia an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s).

Eny fa na dia **Ibn Hajar** aza (izay olona tena mpiziriziry amin'ny heviny diso) ao amin'ny bokiny "**Sawâ'iq-oul-Mouhriqat**" pejy 88, **al-Hâfiz Ibn Jamâl-oud-Dîn al-Zarandî** ao amin'ny "**Mi'râj-oul-Rasoul**", **Cheikh 'Abdoullâh Chabrani** ao amin'ny "**Kitâb-oul-Ittihâf**" pejy 29, **Mouhammad Ibn 'Alî al-Sabban** avy any Ezypta ao amin'ny "**Is'âf-our-Râghibîn**" pejy 119, sy ireo hafa, dia nanambara fa ny **imâm Mouhammad Idris al-Châfi'î** izay iray amin'ireo imâm efatra sy lehibe ara-pinoana "Châfi'ites" dia nanana fahazarana namaky ilay tononkalony malaza manao hoe: «**Ry Ahl-oul-Bayt fianakaviana masin'ilay Irak'i Allâh! Ny fitiavana anareo dia nataon'i Allâh antery ao amin'ny Kor'âny masina** (manondro ilay andininy voalaza tetsy ambony)**. Ampy ho voninahitra lehibe ho anareo, raha toa ka misy olona tsy mandefa firarian-tsoa ho anareo ao anatin'ireo fotoam-pivavahany, dia tsy ekena izany vavaka nataony izany**».

Ankehitriny àry, dia manontany anareo aho raha ilay "hadith" izay nolazainareo tany ambony no afaka manohitra ireo "hadith" marina rehetra ireo, izay eken'ireo antokom-pinoana "sunnite" sy "chiite"?

---

[111]Kor'âny 42/23.

Hevi-diso mikasika ny fitiavan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Aïchâ.

Mikasika ny fitiavan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Aïchâ, mihevitra ve ianareo fa noho ny faniriany ara-nofo manokana no mahatonga azy mitia an'i 'Aïchâ kokoa mihoatra an'i Fâtimat? Marina fa i 'Aïchâ dia anisan'iray amin'ireo vadiny ka noho izany dia azo antsoina hoe "Oumm-oul-Mou'minîn" (Renin'ireo mpino) mitovy amin'ireo hafa vadin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nefa azo atao ve ny mihevitra fa izy dia mitia an'i 'Aïchâ kokoa noho i Fâtimat izay voalazan'ny Kor'âny fa antery ny fitiavana azy, izy izay antony nidinan'ilay andininy "Fahadiovana" sy anisan'ireo olona dimy tamin'ny fotoan'ny "Moubâhalat"?

Ianareo mahay tsara fa ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo olo-masin'i Allâh dia tsy mba manana fironana mihitsy mankany amin'ny filàna fahafinaretana ara-nofo. Izany toetra izany dia tena marina fa ananan'ilay Mpaminany(s.a.s) farany manokana. Izy dia mitia izay tian'i Allâh.

Moa ve isika mila mitsipaka ireo "hadith" marina ireo izay eken'ireo manam-pahaizana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta no sady mifanaraka amin'ny Kor'âny masina, sa isika mila manaiky ny "hadith" izay efa nolazainareo fa noforonina? Fa ianareo manko mihambo fa ilay Mpaminany(s.a.s)dia niteny ho mitia an'i Abou Bakr kokoa noho ireo lehilahy rehetra. Io fanambarana io dia mifanipaka ihany koa amin'ireo "hadith" marina hafa maro, izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo am-pahamarinana fa i 'Alî(a.s) no tian'ilay Mpaminany(s.a.s) mafy kokoa.

Ilay Mpaminany dia mitia an'i 'Alî kokoa noho ireo sakaiza hafa rehetra.

**Cheikh Soulaymân al-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**" toko faha-55, dia nanambara an'i **al-Tirmizhî** izay nitantara "hadith" iray avy amin'i **Bouraidah**, ka nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa ny tena tiany indrindra amin'ireo vehivavy rehetra dia i Fâtimat(a.s) ary ny tena tiany indrindra amin'ireo lehilahy rehetra dia i 'Alî(a.s).

**Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny "**Kifâyat-out-Tâlib**", toko faha-91, dia nanambara avy tamin'ny Oumm-oul-Mou'minîn, i 'Aïchâ izay niteny hoe: «**Allâh dia tsy nahary zava-boahary iray toa an'ilay Mpaminany izay mitia mafy an'i 'Alî**». Nazavainy koa fa ilay "hadith" dia notantarain'i **Ibn Jarîr** avy tamin'i **'Alî** ( ao amin'ny bokiny "Manâqib") sy **Ibn 'Asâkir al-Damichqî** (ao amin'ny bokiny "**Tarjamat**". **Mouhiy-id-Dîn** sy ny **imâm-oul-Haramayn Ahmad Ibn Abdoullâh al-Châfi'î** dia nitantara avy tamin'i **al-Tirmizhî** ao amin'ny "**Zhakhâ'ir-oul-'Ouqbâ**" fa ireo olona nanontany an'i 'Aïchâizay vehivavy tena tian'ilay Mpaminany, namaly izy hoe: «**i Fâtimat**». Avy eo dia nanontaniana indray taminy izay lehilahy tena tian'ilay Mpaminany ka namaly izy hoe:«**Ny vadiny, dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib**». Ankoatr'izany, dia notantarainy ao amin'ny boky "**Moukhalis**" nosoratan'i **al-Zhahabî** sy **al-Hâfiz Aboul-Qâsim Damichqî** izay nitantara ihany koa avy tamin'i 'Aïchâ nilaza hoe : «**Izaho dia tsy nahita lehilahy izay tena tian'ilay Mpaminany ankoatr'i 'Alî sy vehivavy tena tiany ankoatr'i Fâtimat**».

Avy eo koa, ilay **Cheikh**dia nitantara avy tamin'i **Hâfiz Khajandî** ary izy indray no nitantara avy tamin'i **Ma'âthah al-Ghifâriyyah** nanao hoe:« **Izaho dia nankany an-tranon'i 'Aïchâ mba hifampiresaka amin'ilay Mpaminany. 'Alî dia tao ivelan'ny trano ary hoy ilay Mpaminany tamin'i 'Aïchâ: "*Izy ('Alî) no ilay tena malalako sy tena mendrika amin'ireo lehilahy rehetra. Omeo azy ny zony ary hajao izy amin'izany voninahiny izany*"**».

**Cheikh 'Abdallâh Ibn Mouhammad Ibn 'Âmir al-Chabrânî al-Châfi'î**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony dia nitantara ao amin'ny boky "**Kitâb-oul-Ittihâf Bi Houbb-il-Achraf**" pejy 9, **Soulaymân al-Balkhi** ao amin'ny "**Yanâbi'oul-Mawaddat**" ary koa i **Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny "**Matâlib-ous-Sou'oul**" pejy 6 izao sombin-tantara izao: «**Izaho nankany an-tranon'ny Oumm-oul-Mou'minîn 'Aïchâ, niaraka tamin'ny anabavin-draiko ary nanontany azy izahay izay olona tena tian'ilay Mpaminany. Namaly izy hoe: "*Amin'ireo vehivavy rehetra dia i Fâtimat, ary amin'ireo lehilahy rehetra dia ilay vadiny, i 'Alî Ibn Abi Tâlib*"**».

Io “hadith” io dia notantarain’i **Sayyed ‘Alî al-Hamadânî al-Châfi’î** ao amin’ny “**Mawaddat-oul-Qourbâ**”, **Mawaddat faharoa**, miaraka amin’nyfahasamihafana kely fotsiny, izay nahazoan’i **Jami’ Ibn ‘Omar** valin-teny toy izany avy tamin’ilay anabavin-drainy.

Toy izany koa, **al-Khatîb al-Khawârizmî** dia nanoratra an’io “hadith” avy tamin’i ‘Aïchâ io, ao amin’ny bokiny “**Manâqib**” faramparan’ny toko fahefatra, sy **Ibn Hajar al-Makkî**, ao amin’ny “**Sawâ’iq-oul-Mouhriqat**” faramparan’ny toko faharoa, aorian’ny fitantarana “hadith” miisa 40 mikasika ireo voninahitry ny Imâm ‘Alî, mitantara io “hadith” avy tamin’i ‘Aïchâ io manao hoe: «**Amin’ireo vehivavy rehetra dia i Fâtimat no tena tian’ilay Mpaminanin’i Allâh kokoa ary amin’ireo lehilahy rehetra kosa dia ilay vadiny**».

**Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi’î**, ao amin’ny “**Matalib-ous-Sou’oul**” pejy 7, aorian’ny fitantarana ireo “hadith” manokana maro dia maro mikasika izany lohahevitra izany, izay nofintininy amin’ny fehezanteny toy izao: «**Ireto tantara marina sy mazava ireto dia maneho fa i Fâtimat no tena tian’ilay Mpaminany(s.a.s) kokoa amin’ireo vehivavy rehetra. Izy dia manana voninahitra ambony amin’ireo vehivavy ao am-Paradisa, izy koa no voalohany amin’ireo vehivavy ao amin’ity finoana ity sy ao Madînat**».

Ireo “hadith” azo antoka ireo dia mametraka mazava tsara fa amin’ireo zava-boahary rehetra dia, i ‘Alî(a.s) sy Fâtimat(a.s) no tena tian’ilay Mpaminany(s.a.s) indrindra.

Hadîth al-Tayr (hadith mikasika ny vorona nendasina).

Porofo iray hafa manamarina ny fitiavan’ilay Mpaminany an’i ‘Alî(a.s) dia ilay “hadith al-Tayr” (hadith mikasika ny vorona nendasina). Io “hadith” io dia tena fantatry ny olona sy eken’ny ankamaroan’ny olona ka tsy ilaina intsony ny filazana ireo loharano rehetra niaviany. Sasantsasany amin’izany ihany no ho lazaiko eto.

Ny ankamaroan’ireo manam-pahaizanareo ambony, toa an’i **Boukhârî**, **Mouslim**, **Tirmizhî**, **Nisâ’î** sy **Sijistânî** ao amin’ireo “**Sahîh**” bokin’izy tsirairay avy, **Hanbal** ao amin’ny “**Mousnad**”,

**Ibn Abil-Hadîd** ao amin'ny fanazavany ny "**Nahj-oul-Balâghat**", **Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny "**al-Fousoul al-Mouhimmat**", **Soulaymân al-Balkhîal-Hanafî** ao amin'ny "**Yanâbî'oul-Mawaddat**" toko faha-8 ary ireo mpanoratra maro hafa mendri-pitokisana, dia nitantara ilay "**hadith al-Tayr**" (hadith mikasika ny vorona nendasina) ao amin'ireo bokin'izy ireo tsirairay avy. Izy ireo dia afaka nanamarina fa io "hadith" io dia notantarain'ireo olona miisa 24 mpitantara ireo "hadith" ka anisan'izany i Anas Ibn Mâlik. Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî ao amin'ny "al-Fousoul al-Mouhimmat" dia nanoratra momba izany toy izao: «**Ao amin'ireo boky "hadith" marina sy boky tantara azo antoka, ny "*Hadith al-Tayr*" notantarain'i Anas Ibn Mâlik dia tsy azo lavina ny fahamarinany**». Sibt Ibn al-Jawzî ao amin'ny "al-Tazhkirat" pejy 23, al-Tirmizhî ao amin'ny "Sounan" sy al-Mas'oud ao amin'ny "Mourouj al-Zhahab" boky faharoa pejy 49, dia nandinika manokana mikasika ny faramparan'io "hadith" io izay ahitana ny vavak'ilay Mpaminany sy ny fankasitrahan'i Allâh azy. Ny imâm Abou Abd-oul-Rahmân Nisâ'î ao amin'ny bokiny "Khasâ'is-oul-'Alawî" "hadith" faha-9, al-Hâfiz Ibn 'Iqbah sy Jarîr al-Tabarî dia samy nanamarika ny fitohitohizan'ireo mpitantara tsy misy fahatapahany sy ireo loharano marim-pototra niavian'io "hadith" io ka nahafahan'izy ireo nanambara fa izy io dia notantarain'ireo sakaizan'ilay Mpaminany miisa 35, anisan'izany i Anas Ibn Mâlik. Raha tsorina, ireo manam-pahaizanareo malaza rehetra dia samy nanamarina ny fahamarinan'io "hadith" io avokoa ka nanoratra izany ao amin'ny bokin'izy ireo.

Al-'Allâmat Sayyed Hâmid Housein al-Dehlawî dia nanokana boky iray mihitsy ao amin'ny bokiny """Abaqât-oul-Anwâr" io "hadith" io. Nangoniny avokoa ireo loharano rehetra azo antoka avy amin'ireo manam-pahaizanareo sy nanaporofo mazava tsara ny fahamarinan'io "hadith" io.

Araka ny voalazan'io "hadith" io, dia vehivavy iray no nitondra vorona vita endy ho an'ilay Mpaminany(s.a.s). Nialohan'ny nihinany azy, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanandratra ny tanany nankany amin'ny lanitra ka nivavaka tamin'i Allâh toy izao: «**Allâh ô! Amin'ireo zava-boaharinao rehetra, dia alefaso ho tonga aty**

**amiko izay olona tena tianao sy tiako mba hiaraka hihinana ity vorona vita endy ity**». Tamin'izay indrindra dia niditra i 'Alî ka niara-nihinana an'ilay vorona vita endy tamin'ilay Mpaminany.

Ny sasany amin'ireo bokinareo, toy ny "al-Fousoul al-Mouhimmat" bokin'i al-Mâlikî, "Târykh" nosoratan'i Hâfiz Nichâpourî, "Kifâyat-out-Tâlib" nosoratan'i al-Ganji al-Châfi'î sy "Mousnad" bokin'i Ahmad Ibn Hanbal, dia nanambara araka ny fitantaran'i Anas manao hoe: «**Ilay Mpaminany dia mbola tsy nahavita akory ny vavaka fangatahany no tonga i 'Alî niditra tao an-trano, fa nosakanako ny fahatongavany tampotampoka. Rehefa nitady hiditra fanintelony i 'Alî, dia nandidy ahy ilay Mpaminany mba hamela azy hiditra. Nony tafiditra i 'Alî dia hoy ilay Mpaminany taminy hoe: "ny famindrampon'i Allâh anie ho aminao. Fa iza no nitondra anao taty?" Nilaza taminy i 'Alî fa izy dia tonga tao aminy in-telo kanefa tsy navela niditra raha tsy tamin'ny fanintelony. Ilay Mpaminany nanontany ahy ny antony izany. Namaly aho hoe: "Tena marina fa, rehefa naheno ny fivavakao aho, dia niriko mba ho olona iray avy amin'ny foko niaviako no hahazo izany voninahitra izany**».

Koa manontany anareo aho ry vahoaka hajaina, raha nankasitrahan'i Allâh ny vavaka nataon'ilay Mpaminany sa notsipahiny.

**Cheikh** : Mazava loatra, fa i Allâh dia nankasitraka izany, satria Izy dia efa nampanantena ao amin'ny Kor'âny masina fa Izy dia hanaiky ireo vavaka fangatahan'ilay Mpaminany. Ankoatr'izany, Allâh dia mahalala fa ilay Mpaminany dia tsy mba manao fangatahana tsy mifanandrify. Arak'izany i Allâh dia mankasitraka foana ireo fangatahany.

**Chîrâzî** : Allâh dia nandefa tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), ilay olona mendrika indrindra amin'ny zava-boahariny dia i 'Alî(a.s).

**Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny "**Matâlib-ous-Sou'oul**", toko voalohany, fizarana faha-5 pejy 15, dia nanamafy ny fananan'ny Imâm 'Alî(a.s) voninahitra ambony amin'ny maha-olona tian'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) azy, araka ny fanambaran'ilay "hadith" mikasika ny "Faneva" (Râyat) sy ilay "Vorona nendasina" (Tayr). Hoy izy hoe: «**Ny tanjon'ilay**

**Mpaminany(s.a.s) dia ny mba hahatsapan'ny vahoaka ny voninahitra tsy manam-paharoa sy ambony ananan'ny Imâm 'Alî(a.s), izay tonga amin'ny toerana farany ambony nefa toerana azon'ireo mpino ihany koa hahatongavana** ».

Toy izany koa, Hâfiz Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î (nodimandry tamin'ny taona 658H), nanamarika ireo hatsaran-toetran'ny Imâm 'Alî(a.s) ka nanoratra ao amin'ny bokiny "Kifâyat-out-Tâlib", toko faha-33, fa io "hadith" io dia manaporofo mazava fa ny Imâm 'Alî(a.s) dia olona tena akaikin'i Allâh indrindra. Avy eo izy dia nambara amin'ny pejy somary lavidavitra fa i al-Hâkim Abou Abdoullâh Hâfiz Nîchâpourî dia nitantara ny "Hadith al-Tayr" avy tamin'i Anas tamin'ny alalan'ireo mpitantara izany miisa 86 ka notanisaina avokoa ny anaran'izy ireo (jereo ny toko faha-32).

Ilay "hadith" izay nolazainareo raha ampitahaina amin'ny "hadith" nambaran'ireo manam-pahaizanareo ambony (afa-tsy ireo sasany izay mpiziriziry amin'ny heviny diso) dia tsy azo itokisana ary tsy ankasitrahan'ireo avara-pianarana.

**Cheikh** : Matahotra aho sao ianao dia natao hitsipaka foana izay rehetra hambaranay.

**Chîrâzî** : Ahoana moa no ahafahanareo milaza ny tenako ho mitanila? Afaka milaza amiko ve ianareo fa nisy fotoana ianareo naneho hevitra tsy azo lavina nefa dia notsipahiko fahantany tsy nisy porofo? Mianiana aho fa raha mano ady hevitra ara-pinoana, amin'ireo Jiosy na amin'ireo Kristianina na ireo "Hindous", na ireo "Brahmines", na ireo "Bahaïstes" tsy manam-pahalalana any Iran, na amin'ireo "Qadanis" any Inde, na amin'ireo tsy mino an'Andriamanitra, dia tsy mba mitompo teny fantatra velively aho hiaro ny hevitro. Ny tenako dia tsy mbola nanao fihetsika fanoherana fikomiana teo anatrehan'ireo tsy mpino mihitsy. Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahako hanao izany eo aminareo izay rahalahiko ao amin'ny Islâm?

**Cheikh** : Hitanay ireo ady hevitra nifanaovanareo tamin'ireo "Hindous" sy ireo "Brahmines" tao Lahore tamin'ireo gazety. Tena talanjona mafy tokoa izahay. Na dia mbola tsy nahalala anareo tokoa aza izahay dia nahatsapa fa voasarika nanakaiky anareo ny fonay.

Enga anie i Allâh mba hitarika antsika rehetra amin'ny làla-mahitsy. Heverinay fa raha mampisalasala ny tian'ny "hadith" iray hambara dia tokony hampitahaintsika amin'ny voalazan'ny Kor'âny masina izany, araka ny efa nambaranao. Na izany aza anefa, raha notsikerainao ny voninahitry ny "khalîfat" Abou Bakr sy ny "khilâfat" fitondran'ireo "khalîfa" voalohandohany ary raha heverinao fa mampisalasala ny "hadith" izay nambarako, dia mbola hampisalasala anao koa ve ny porofo mifototra amin'ny alalan'ireo andinin'ny Kor'âny masina?

**Chîrâzî** : Allâh anie hiaro antsika amin'ny fisalasalana momba ireo voalazan'ny Kor'âny masina na ireo "hadith" marina. Nefa na izany aza, rehefa isika no hiady hevitra ara-pinoana miaraka amin'ny vondrona na firenena iray, dia samy mampiasa ireo andinin'ny Kor'âny avokoa izy ireo mba hanamarinany ny heviny. Noho ireo andinin'ny Kor'âny azo hazavaina amin'ny fomba samihafa ary koa mba hialana amin'ny fifanoheran-kevitra dia tsy navelan'ilay Mpaminany(s.a.s) farany ho loharano fitarihana mandeha ila ny Kor'âny, fa hoy indrindra ilay Mpaminany(s.a.s) araka ny voalazan'ireo antokom-pinoana roa tonta (Chiites sy Sunnites), niteny nanao hoe:«**Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin'i Allâh sy ny taranako. Rah mifikitra amin'ireo zavatra roa ireo ianareo dia tsy ho very làlana mihitsy any aoriako. Marina tokoa fa ireo zavatra roa ireo dia tsy hisaraka mihitsy mandra-pihaonan'Izy ireo Amiko any amin'ny Loharanon'i Kawthar** ». Izany no antony hitadiavana ny dikan'ireo fanambaran'ny Kor'âny amin'ny alalan'ilay Mpaminany, izay voalohany nanazava ny Kor'âny na ny taoriany amin'ny alalan'ireo izay tsy misaraka amin'ny Kor'âny masina dia ireo Imâm Ahl-oul-Bayt(a.s), taranak'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

Fa hoy indrindra ny Kor'âny masina hoe: «**Koa anontanio àry ireo "Ahl-oul-Zhikr" raha toa ianareo ka tsy mahalala**»[112].

[112]Kor'âny 21/7.

## Fizarana fahadimy

Ireo "Ahl-oul-Zhikr" dia ireo "Ahl-oul-Bayt"(a.s) ihany.

Ireo "**Ahl-oul-Zhikr**" dia midika hoe "**Olon'ny fahatsiarovana**" ary manondro an' 'Alî(a.s) sy ireo Imâm(a.s) izay mitovy amin'ny Kor'âny masina.

Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny "Yanâbi'oul-Mawwaddat", toko faha-39, milaza momba ny "Tafsîr Kachf-oul-Bayân" nosoratan'ny imâm al-Tha'labî, dia mitantara avy amin'i Jâbir Ibn 'Abdoullâh al-Ansârî fa: «**'Alî niteny hoe: "Izahay, taranak'ilay Mpaminany no Olon'ny fahatsiarovana (Ahl-oul-Zhikr)**». Ny "Zhikr" moa dia iray amin'ireo anarana fiantsoana ny Kor'âny masina, ary midika izany fa ity fianakaviana ity dia miendrika ho Olon'ny Kor'âny. Izany no nahatonga anareo nitantara, sahala amin'ireo manam-pahaizanareo ihany koa, fa i 'Alî(a.s) dia niteny hoe: «**Aoka ianareo hanontany ahy izay tianareo, mialohan'ny handaozako anareo. Anontanio ahy ny mikasika ny Boky masina, fa izaho no mahalala ny hevitry ny andininy tsirairay, raha nampidinina tamin'ny andro izy na tamin'ny alina, tany an-tsaha sa tany an-tendrombohitra. Mianiana amin'i Allâh aho fa tsy misy na dia andininy iray ao amin'ny Kor'âny masina aza no nampidinina ka tsy ho haiko tamin'iza no nidinany sy taiza ary mikasika an'iza. Allâh Ilay Tsitoha dia nanome ahy fahaizana miteny sy saina matsilo**».

Noho izany, ny fiankinana amin'ny fanazavana voalazan'ireo andinin'ny Kor'âny masina dia tokony hatao mifanaraka amin'ny fanazavana marina sy fanazavan avy amin'ireo mpanao fivoasan-teny azo itokisana. Raha tsy izany, dia samy hanazava ireo andinin'ny Kor'âny masina araka ny fahalalany sy ny finoany ny tsirairay, ka hiteraka ny fahasamihafana sy ny fifanoheran-kevitra. Koa ao anatin'izany fitsipika izany no iangaviako anareo amin'ny famakiana ireo andininy avy aminareo.

Fanambaran'ny andinin'ny Kor'âny iray mikasika ny fanendrena an'ireo Khalîfat efatra sy ny fanoherana azy.

**Cheikh** : Allâh dia milaza mazava tsara ao amin'ny Kor'âny masina: «**Mohammad dia Irak'i Allâh. Ary ireo izay miaraka aminy dia masiaka amin'ireo tsy mpino, kanefa mifamindrafo amin'izy samy izy ireo. Hitanao miondrika izy ireo, miankohoka, mitady fahasoavana sy fankasitrahana avy amin'i Allâh. Misy faritra avelan'ny fiankohofana ny tarehin'izy ireo**»[113]. Amin'ny lafiny iray, io andininy io dia manaporofo ny fahambonian'i Abou Bakr. Amin'ny lafiny hafa, dia maneho ny fipetrak'ireo "Khalîfat" efatra izay mifanohitra amin'ny fanambarana ataon'ireo "chiites" fa i 'Alî no voalohany. Io andininy io dia manambara tsy misy ahiahy fa i 'Alî no "kahlîfat" fahefatra.

**Chîrâzî** : Io andininy io dia tsy manambara amin'ny fomba mazava ny fanendrena an'ireo "khalîfat" na ny voninahitr'i Abou Bakr. Moa azonareo hambara amiko mazava tsara ve aiza amin'ireo andininy no milaza izany lohahevitra izany.

**Cheikh** : Eo ampiandohan'ilay andininy, ny fehezanteny hoe: «**Ary ireo izay miaraka aminy** » dia manambara an'ilay olo-malaza izay niara-dia tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tao anaty lava-bato. Ny filaharan'ny "khilâfat" ihany koa dia voalazan'io andininy io. Ny famakiana hoe «**Ary ireo izay miaraka aminy** » dia manondro an'i Abou Bakr izay niara-dia tamin'ilay Mpaminany tao anaty lava-baton'i Thawr, ny alin'ny fifandramonina (Hijrat). Ny fehezanteny hoe «**dia masiaka amin'ireo tsy mpino** » dia manondro an'i 'Omar Ibn Khattâb izay tena nasiaka tokoa tamin'ireo tsy mpino. Ny fehezanteny hoe «**mifamindrafo amin'izy samy izy ireo** » dia manambara an'i Othmân Ibn Affân izay malemy fanahy. Ny fehezanteny hoe «**Misy faritra avelan'ny fiankohofana ny tarehin'izy ireo** » dia maneho an'i 'Alî. Mazava arak'izany fa i 'Alî no ilay "khalîfat" fahefatra fa tsy ilay voalohany, satria Allâh no nanambara mikasik'azy ao amin'ny laharana fahefatra.

**Chîrâzî** : Manontany tena aho, ahoana ny fomba famaliako ka tsy hisy fiampangana izany ho fanazavana avy amin'ny hevitry ny

[113]Kor'âny 48/29.

tenanao samirery manokana. Tsy misy na iray amin'ireo fivoasan-tenin'ny Kor'âny, indrindra moa fa ny avy amin'ireo manampahaizanareo no mba manazava io andininy io araka ny fanazavanareo azy teo. Raha maneho ny filaharan'ny fitondran'ireo "khalîfat" io andininy io dia nahoana i 'Alî(a.s), sy ireo Banî Hâchim ary ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) lehibe ireo no nitsikera mafy sy nanohitra ny fanaovana ny fanekem-pankatoavana an'ilay "khalîfat" voalohany ny ampitson'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s)? Porofo maro anefa no tokony ho natolotr'ilay "khalîfat" vaovao (Abou Bakr). Afaka namaky an'io andininy io imbetsaka izy. Mazava arak'izany fa io fomba fanazavanao io dia vao noforonina taty aorina. Tsy misy na iray aza amin'ireo mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina avy amin'ny antokom-pinoanareo, toa an'i **Tabarî**, ny **imâm Tha'labî**, **Fazil Nîchâpourî**, **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî**, **al-Qâdhî al-Baydhâwî**, **Jâroullâh al-Zamakhcharî**, **Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** na ireo hafa, no mba nanazava azy tahak'izany. Tsy azoko amin'ny fomba ahoana no ahafahanareo manamarina io fanazavana io. Taiza ary tamin'iza no nahazoanao ny fanazavana toy zany? Io andininy io, araka ny haiteny sy fitsipi-pitenenana, dia mifanohitra mihitsy amin'izany fanazavanareo azy izany.

**Cheikh** : Izaho dia tsy nanampo mihitsy ny fizirizirianao manohitra ny hevitra efa mazava tsara sahala amin'ny voalazan'io andininy io. Na izany aza anefa, raha misy tsikera avy aminao mikasika io fanazavana io, dia azonao ampahafantarina anay izany mba hisehoan'ny fahamarinana.

**Chîrâzî** : Araka ny fitsipi-pitenenana mandrafitra an'ilay andininy, raha isika no hanazava azy sahala amin'ny fanazavanareo azy teo, dia midika izany fa i Mouhammad(s.a.s) no Abou Bakr sy 'Omar sy Othmân ary 'Alî(a.s) na i Abou Bakr sy 'Omar sy Othmân ary 'Alî(a.s), izy ireo no Mouhammad(s.a.s)! Eny fa na dia ireo mpianatra any amin'ny kilasy voalohany momba ny fianarana ara-pinoana dia mahalala fa ny fomba fanazavana tahak'izany dia tsy mifanaraka velively amin'ny fitsipi-pitenenana. Avy eo koa, raha manondro an'ireo "khalîfat" efatra io andininy io, dia tokony hisy teny mpampitohy «**sy**» mampifandray ireo hevi-teny ireo sy mba

hanome ny ventin-kevitra hifanaraka amin'ny fanazavanareo azy. Tsy misy akory anefa izany zavatra izany. Ireo mpanao fivoasanteny rehetra avy amin'ny antokom-pinoanareo (sunnite) dia nilaza fa io andininy io dia manondro an'ireo mpino rehetra. Tsy vitan'izany, fa ireo toetra voatanisa ao amin'io andininy io dia miantefa manokana amin'ny olona iray ihany, izay mijanona miaraka amin'ilay Mpaminany(s.a.s) manomboka amin'ny voalohany, fa tsy miantefa amin'ny olona efatra akory. Koa raha lazaina fa io olona iray io dia ilay "Lehiben'ireo mpino", ny Imâm 'Alî(a.s) dia mifanaraka kokoa sy eken'ny saina salama sy ireo "hadith" toy izay ny olon-kafa.

<u>Fanaporofoana miainga avy amin'ilay andininy mikasika ny "Lava-bato" sy ny fanoherana izany.</u>

**Cheikh** : Mahagaga raha ianao no milaza mialoha aminay fa ianao dia hitsipaka ireo fanazavana tsy marim-pototra rehetra, kanefa ny tenanao ihany koa dia mba milaza hevitra tena mahatsikaiky tokoa. Allâh dia miteny ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe: «**Fa na dia tsy nitondra famonjena ho azy aza ianareo, dia efa namonjy azy i Allâh, tamin'ny fotoana nandroahan'ireo tsy mpino azy sy ilay faharoa amin'izy roa;fa izy roa ireo ihany no niery tao anaty lava-bato, ka tamin'izany indrindra no nitenenany tamin'ilay namany nanao hoe : "*Aza matahotra, fa i Allâh no miaraka amintsika*". Fa dia nampidinin'i Allâh taminy ny fahatoniany ary Izy dia nanohana azy tamin'ny alalan'ireo miaramila ( Anjely ) izay tsy hitan'ny masonareo** »[114].

Amin'ny lafiny voalohany, io andininy io dia manohana ny hevitr'ilay andininy teo aloha sy manamarina fa ny fehezanteny hoe «**Ary ireo izay miaraka aminy** » dia manondro an'i Abou Bakr izay niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tao anaty lava-bato, ny alin'ny Hijrat (Fifindramonina). Amin'ny lafiny faharoa, ny fiarahany tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia porofo manambara ny fahamboniany eo anatrehan'ny vahoaka rehetra. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa nahafantatra an'i Abou Bakr ho mpandimby azy, ary ny fisian'ny

[114]Kor'âny 9/40.

“khilâfat” avy aoriany dia tena tsy maintsy ilaina tokoa. Koa dia tsy maintsy hiaro an’i Abou Bakr sy ny tenany manokana izy noho izany. Izany no antony nitondrany an’i Abou Bakr niaraka taminy mba tsy ho voasambotr’ireo fahavalo. Izy dia tsy nanao fihetsika toy izany akory tamin’ireo mpino silamo ireo na iray aza. Porofo mazava tsara izany fa manan-jo amin’ny “khilâfat” izy eo anatrehan’ireo hafa rehetra.

**Chîrâzî** : Raha dinihinareo ilay andininy amin’ny fomba tsy miangatra, dia ho tsapanareo ny mahadiso io fanazavanareo io.

**Cheikh** : Afaka lazainao ve ireo porofo manohitra an’ireo fanazavana avy aminay ireo?

**Chîrâzî** : Tiako ialana izany lohahevitra izany ankehitriny satria ny resaka dia miteraka resaka hafa. Mety misy ny sasany handray an-tendrony ny fanazavana avy aminay amin’ny fomba ratsy. Izaho anefa tsy te hampisy ny fifankahalana. Mety hisy ny mihevitra fa izahay dia manala baraka an’ireo “khalîfat”, kanefa ny tsirairay dia efa samy mitazona ny heviny hatrany, koa tsy dia ilaina ny mifanazava tsy ahitana vokatsoa.

**Cheikh** : Mandositra ianao. Aoka ianao hanana fahatokisana fa ny fanazavana eken’ny saina dia tsy mba miteraka fifankahalana; fa vao mainka aza manaisotra amin’ireo ahiahy tsy hihavanana.

**Chîrâzî** : Noho ianareo nampiasa ny teny hoe “mandositra”, dia voatery aho hamaly anareo mba tsy hahatonga anareo tsy hihevitra ahy ho miala amin’ny ady hevitra. Tiako ho tazomina ny fifankatiavana ao amin’ny ady hevitra ataontsika. Manantena aho fa tsy hanome tsiny ahy ianareo.

Ianareo dia nilaza amin’ny fomba tsy ampy fandinihana fa ilay Mpaminany dia nahafantatra an’i Abou Bakr ho “khalîfat” mpandimby azy. Izany hoy ianareo no antony tsy maintsy niarovany azy sy nitondrany azy niaraka taminy.

## Resaka mikasika an’i Abou Bakr izay niara-dia tamin’ilay Mpaminany(s.a.s).

Mora amiko ny mamaly anareo mikasik’izany. Raha i Abou Bakr irery ihany no “khalîfat” aorian’ilay Mpaminany(s.a.s) dia ekena! Nefa ianareo milaza fa “khalîfat” efatra. Koa raha marina ny

fanazavanareo milaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy maintsy ho niaro ny ain'ny "khalîfat", amin'izay fotoana izay dia tokony ho nentiny niaraka taminy avokoaireo "khalîfat" efatra ireo. Fa nahoana no navelany tao anatin'ny loza ireo telo hafa? Ny iray tamin'izy ireo aza dia tena natory an-driran'antsy tokoa tao an-tranon'ilay Mpaminany(s.a.s) ary teo am-pandriana izy no indreo ireo fahavalony no tonga mba hamono azy?

Araka ny voalazan'i **al-Tabarî (ao amin'ny fizarana fahatelon'ny boky tantara nosoratany**), Abou Bakr dia tsy nahalala akory ny fandehanan'ilay Mpaminany(s.a.s) ho any Makkat. Tonga tao amin'i 'Alî(a.s) izy, nanontany taminy mikasika an'ilay Mpaminany(s.a.s) ary i 'Alî(a.s) no nilaza taminy fa eny an-dàlana mankany amin'ny lava-bato izy, koa raha te hihaona aminy izy dia afaka milomay manatratra azy. Nandeha haingana i Abou Bakr ka nahita an'ilay Mpaminany(s.a.s) teny an-dàlana. Toy izany no nahatonga azy ho tafara-dia tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), ka io tantara io dia maneho mazava fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba nanana fikasana akory ny hitondra an'i Abou Bakr hiaraka aminy. Ity farany (Abou Bakr) moa rehefa nisasaka ny làlana dia niverin-dàlana tsy nisy fierana taminy akory.

Araka ny tantara hafa kosa, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nitondra an'i Abou Bakr niaraka taminy noho ny fahatahorana azy hampiely fanakorontanana na ho lasa fahavalon'ireo fikasany. Ireo manam-pahaizanareo no manaiky izany tantara izany. Ohatra, **Cheikh Aboul-Qâsim Ibn al-Sabbâgh**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo tena malaza, ao amin'ny bokiny "**al-Nour wal-Bourhân**", mikasika an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nanambara avy tamin'ny fitantaran'i **Mouhammad Ibn Is'hâq**, izay nitantara izany koa avy tamin'i **Hasân Ibn Thabît al-Ansârî** fa ity farany dia tonga tao Makkat mba hanao fitsidihana masina ('oumrat) nialohan'ny fifandramonin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka hitany ireo tsy mpino Qouraych fa manenjika matetika an'ireo mpanara-dian'ilay Mpaminany(s.a.s). Ilay Mpaminany dia nanome baiko an'i 'Alî mba hatory eo amin'ny fandriany, ary noho ny fahatahorana an'i Abou Bakr hanambara izany tsiambaratelo izany amin'ireo tsy mpino, dia nentiny niaraka taminy izy.

Farany, tsara kokoa ny hanehoanareo izay tena porofo ao amin'io andininy io, mikasika ny fahambonian'i Abou Bakr na ny fandehanana niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) no porofo ilazana fa akaiky azy kokoa ny ho lasa "khalîfat".

**Cheikh** : Toy izao ny porofo. Voalohany indrindra, ny fiarahana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s)ho azy manokana dia voninahitra ambony. Faharoan'izany, ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no niteny hoe:***"Aza matahotra, fa i Allâh no miaraka amintsika"***.Fahatelo, ny "fahatoniana" nampidinina taminy, araka ny voalazan'io andininy io, dia porofo tsy azo lavina amin'ny fananan'i Abou Bakr voninahitra. Ny fitambaran'ireo hevitra ireo dia midika fa izy dia manana ny fahamboniany noho ireo hafa mikasika ny "khilâfat".

**Chîrâzî** : Tsy misy afaka mandà ny voninahitr'i Abou Bakr amin'ny maha-mpino silamo zokiolona azy, iray amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) miavaka indrindra, ary rafozan'ilay Mpaminany(s.a.s). Na izany aza anefa, ireo antony ireo dia tsy manaporofo ny fahamboniany velively amin'ny "khilâfat". Raha ianareo no miezaka hanamarina ny hevitrareo amin'ny alalan'izany porofo izany eo anatrehan'ireo olona tsy miandany na amin'iza na amin'iza, dia ho voatsikera tokoa ianareo. Hiteny izy ireo fa ny fiarahana amin'ireo olona manana ny maha-izy azy dia tsy porofo maneho ny fahamboniana na fahamendrehana velively akory. Ankoatr'izany, isika dia mahita matetika ireo olon-dratsy tafaraka amin'ireo olon-tsara ary ireo tsy mpino tafara-dia amin'ireo silamo eny am-pandehanana eny.

Hadinonareo angaha ny voalazan'ny Kor'âny mikasika an'ilay Mpaminany Yousouf(a.s) (Josefa) manao hoe:«**Ry namako roalahy ato an-trano maizina! Iza no tsara indrindra: ireo Tompo maromaro sa i Allâh Ilay Andriamanitra Tokana, ilay Mpanjaka ambony**»**[115]**. Mikasika an'io andininy io, ireo mpanao fivoasan-teny dia nanazava fa rehefa nampidirina tao am-ponja i Josefa, tamin'izany fotoana izany koa, ilay mpahandron'ny mpanjaka sy ilay mpikarakara zava-pisotro (izay samy tsy mpino

---

[115]Kor'âny 12/39.

avokoa) dia nampidirina am-ponja niaraka taminy. Nandritra ny dimy taona, izy telolahy ireo (mpino sy ireo tsy mpino) dia tafaraka toy ny mpinamana. Mba ho fitoriam-pinoana, dia niantso azy ireo ho namana i Josefa(a.s). Ny fiarahany tamin'io Mpaminany(a.s) io ve dia azo ilazana an'ireto tsy mpino roalahy ireto ho olona mpino sy mendrika? Ny fiarahana tamin'io Mpaminany io ve dia nampisy fiovana tamin'ny finoan'izy ireo? Araka ny voasoratr'ireo mpanao fivoasan-tenin'ny soratra masina sy mpahay tantara, taorian'ny fiarahana nandritra ny dimy taona, izy ireo dia nifandao nefa samy nitazona ny finoany avy, hatramin'izy ireo tao am-ponja.

Misy andinin'ny Kor'âny hafa koa milaza hoe: «**Hoy ny namany teo am-piresahana aminy: "*Moa tsy hino izay nahary anao avy tamin'ny tany ve ianao, avy eo tamin'ny ranonaina ary farany dia nanamboatra anao ho olombelona?*"**»**[116]**. Ireo mpanao fivoasan-teny dia mitovy hevitra amin'ny filazana fa io andininy io dia mitantara mpirahalahy roalahy: ny iray dia mpino izay antsoina hoe Yahouda, ny iray kosa dia tsy mpino, i Bara'tous. Ity tantara ity dia nosoratan'ny iray amin'ireo manam-pahaizanareo ihany koa, ny **imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** ao amin'ny "**Tafsîr al-Kabîr**". Ireto mpirahalahy ireto moa dia niady hevitra naharitra tokoa ka tsy ho vita tantaraina eto avokoa izany rehetra izany. Na izany aza anefa i Allâh dia niantso azy roalahy ireto (izay mpino ny iray ary tsy mpino kosa ny iray) ho "mpinamana". Koa moa ve ilay tsy mpino nahazo tombontsoa tamin'ilay mpino niarahany? Ny valiny dia tsia. Arak'izany, ny fiarahana dia tsy ampy hanamarinana ny fananan'ny olona voninahitra. Betsaka ireo ohatra maneho izany.

Nilaza koa ianareo teo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i Abou Bakr nanao hoe: **"*Aza matahotra, fa i Allâh no miaraka amintsika*"** ary izany dia manaporofo ny fananan'i Abou Bakr voninahitra sy ny maha-"khalîfat" azy! Ianareo dia tokony hiverina handinika izany fanindroany. Afaka mametraka fanontaniana ny olona, ohatra manao hoe: « Allâh ve miaraka amin'ireo mpino sy ireo olo-masina fotsiny ihany fa tsy mba miaraka amin'ireo tsy mpino? Fantatrareo ve aiza ny toerana tsy misy an'i Allâh? Moa ve

---

[116]Kor'âny 18/37.

Izy tsy miaraka amin'ny olon-drehetra? » Hevero fa misy mpino iray sy tsy mpino iray tafaraka ao amin'ny fivoriana iray. Nilaza ny Kor'âny masina hoe: **« Tsy hitanao va, fa fantatr'Andriamanitra izay any andanitrasy ety an-tany? Tsy misy resaka miafina ataon'olona telo, ka tsy fahefatra amin'izy ireo Izy, na amina dimy, ka tsyfahenina amin'izy ireo Izy, na latsaka noho izany, na mihoatra,dia ho eo amin'izy ireo Izy, amin'izay misy azy ireo.**»[117]. Arak'io andininy io sy araka ny saina salama, i Allâh dia miaraka amintsika tsirairay avy tsy ankanavaka.

**Cheikh** : Ny tiana hambara amin'ny hoe **"Allâh no miaraka amintsika"** dia midika fa i Allâh no mankasitraka manokana azy ireo noho izy ireo mandeha ao anatin'ny làlan'i Allâh mba hiarovana ny finoany. Ireo fahasoavan'i Allâh no miaraka amin'izy ireo.

**Chîrâzî** : Nefa izany dia tsy midika mihitsy fa ho mandrakizay ny fahasoavana azon'izy ireo. Ilay Tsitoha dia mijery ireo asan'ireo olombelona. Misy amin'ny olona no manao asa soa mandritra ny fotoana voafetra ary dia omen'i Allâh fahasoavana, nefa ny tsy fankatoavany Azy aty aoriana kosa dia miteraka ny fahazoany sazy avy Aminy. Ilay Satana, araka ny efa fantatrareo dia nanompo an'i Allâh nandritra ny an'arivony taona ka nahazo ny fahasoavany. Raha vao nanohitr'Azy kosa anefa izy dia lasa voahozona. Hoy ny Kor'âny masina hoe: «**Hoy Izy: "Mialà ato (amin'ny Paradisa) satria indro fa voaroaka ianao. Ary ho aminao ny ozona, mandra-pahatongavan'ny andro farany"**»[118].

Miala tsiny aho fa tsy misy ny maharatsy ny fitanisana ohatra maro. Ny tanjoko dia ny mba hampazava ny resaka. Maro ireo tantara ahitana ireo olona akaikin'i Allâh, nefa aorian'ny fitsapana nahazo azy ireo dia lasa mendrika ny iharan'ny ozona. Bal'am-e-Ba'our, ohatra dia tamin'ny vanim-potoan'i Mosesy(a.s), dia tena akaikin'i Allâh ka nahatonga an'i Allâh nanambara azy ny "al-Ism-oul-A'zam" (anaran'i Allâh manokana ka ny fiantsoana izany anarany izany dia ahazoana valin'ny fangatahana eo noho eo).

[117]Kor'âny 58/7.

[118]Kor'âny 15/35-36.

Niantso an'i Allâh tamin'ny alalan'io anarana "al-Ism-oul-A'zam" io àry izy mba hampahoriana an'i Mosesy tao an-dohasahan'i Tia. Rehefa niharan'ny fitsapana izy, Bal'am dia nivari-lavo any amin'ny fitiavana ny tontolon'ny ara-nofo. Nanaraka ny Satana izy ka voahozona. Ireo mpanao fivoasan-teny dia nitantara antsipiriany izany trangan-javatra izany. Ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ao amin'ny boky "Tafsîr" nosoratany, fizarana fahaefatra, pejy 463 dia nanambara an'io tantara io avy tamin'i Ibn 'Abbâs, Ibn Mas'oud sy Moujahid. Allâh dia milaza amintsika ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe: «**Ary lazao azy ireo ny tantaran'izay nomenay ny Famantarana avy aty Aminay kanefa niataka izany. Koa dia notarihin'ny Satana izy ho mpanaradia azy, ary dia lasa anisan'ireo very làlana**»[119].

Barsisa 'Abid.

Dinihonareo ilay tantaran'i Barsisa Abid izay nanompo an'i Allâh mba ho lasa "Moustajâb-oud-Da'wâ" (olona izay ankasitrahana ny fangatahany). Nefa isaky ny ampiharina aminy ny fitsapana dia tsy tafita foana izy. Voafitaky ny Satana izy ka lasa nijangajanga tamin'ny zazavavy iray, ary dia nahantona tamin'ny hazo fanasaziana olo-meloka ka maty tao anatin'ny tsy finoana izy. Mitantara momba azy toy izao ny Kor'âny masina:«**Sahala amin'ilay Devoly niteny tamin'ny olombelona hoe : "Aza mino ianao !" Koa rehefa tsy nino izy, dia hoy indray izy: "Tsy mifanaraka aminao aho, fa matahotra an'i Allâh Tompon'izao tontolo izao". Any amin'ny Afo no fiafaran'izy roa tonta, mba hipetraka ao mandrakizay. Izany no hamaliana an'ireo mpanao ny tsy rariny**»[120].

Noho izany, raha ny olona iray no manao soa mandritra ny fotoana iray, dia tsy voatery ho toy izany foana no ataony hatramin'ny farany. Izany no mahatonga antsika tokony hiteny ao amin'ny vavaka fangatahantsika manao hoe: «*Aoka anie ireo asanay rehetra mba ho tsara fiafarana* ».

---

[119]Kor'âny 7/175.

[120]Kor'âny 59/16-17.

**Cheikh** : Fa ahoana no ahafahanao maka ohatra an'ilay Satana, amin'i Bal'am-e-Ba'our, sy amin'i Barsisa mikasika izany?

**Chîrâzî** : Miala tsiny aho fa araka ny efa nambarako teo aloha hoe: tsy misy maharatsy ny fitanisana ireo ohatra maro. Voatery koa isika nitantara azy ireo tato anatin'ny ady hevitra ifanaovantsika samy manam-pahaizana mba entina hanaporofoan-javatra. Aoka anie i Allâh ho vavolombelona! Fa izaho dia tsy manana fikasana mihitsy ny haniratsira na iza na iza tamin'ny alalan'ireo fanoharana ireo. Ny tanjoko dia ny mba hiaro ny hevitro.

**Cheikh** : Io andininy io dia manaporofo mazava tsara ny voninahitr'i Abou Bakr satria hoy izy hoe:«**Fa dia nampidinin'i Allâh taminy ny fahatoniany (sakînat)...** »[121]. Ny mpisolo anarana hoe: "**taminy**" dia manondro an'i Abou Bakr; ka izany no manambara ny fahamboniany.

**Chîrâzî** : Tsy azonareo tsara ny heviny. Ilay mpisolo anarana hoe: "**taminy**" dia manondro an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny fahatoniana dia nalefa ho azy fa tsy ho an'i Abou Bakr, ary izany no mitranga amin'ny tohin'ilay andininy rehefa niteny i Allâh nanao hoe: «**...ary Izy dia nanohana azy tamin'ny alalan'ireo miaramila ( Anjely ) izay tsy hitan'ny masonareo** »[122]. Ny tiany hambara dia nalefa ireo Anjely tsy hita maso ireo mba hanohana an'ilay Mpaminany(s.a.s) fa tsy i Abou Bakr.

**Cheikh** : Ekeko fa ny fanampian'i Allâh dia nalefa amin'ilay Mpaminany(s.a.s), nefa noho i Abou Bakr izay niaraka taminy koa dia tsy very anjara amin'izany fahasoavana izany.

<u>Ny fahatoniana nalefan'i Allâh dia voatokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s).</u>

**Chîrâzî** : Raha ireo fahasoavan'i Allâh no nomena ho an'ireo olon-droa, amin'izay fotoana izay ny fitsipi-pitenana arabo dia mitaky ny fisian'ny mpisolo anaran'olon-droa ao amin'ny fehezantenin'ilay andininy manontolo. Ilay mpisolo anarana misy ao anefa dia manondro olona iray, dia ilay Mpaminany ka ireo

[121]Kor'âny 9/40.

[122]Jereo ny lah° 121

fahasoavan'i Allâh noho izany dia voatokana ho azy irery ihany. Raha amin'ny alalany indray no ahazoan'ireo olon-kafa fahasoavana dia tokony nolazaina ny anaran'ireo olon-kafa ireo. Noho izany àry, ny fahatoniana izay nalefa, araka ny voalazan'io andininy io dia natokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) samirery.

**Cheikh** : Ilay Irak'i Allâh dia tsy miantehitra amin'ny fahazoana ny fahatoniana. Tsy mila izany izy satria efa azony antoka fa hahazo ny fiarovana avy amin'i Allâh izy. Izany no antony hiantefan'izany any amin'i Abou Bakr.

**Chîrâzî** : Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao milaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mila ny fahasoavan'i Allâh? Tsy misy olona na iray aza (na Mpaminany, na Imâm, na ireo olo-masina) ka tsy hiantehitra amin'ireo fahasoavan'i Allâh! Angamba hadinonareo ny voalazan'ny Kor'âny masina mikasika ny raharahan'i Hounayn. «**Allâh no nandefa ny fahatoniany tamin'ilay Irany sy ireo mpino**». Sahala amin'izany koa no voalaza ao amin'ny andininy faha-26 toko faha-48 (sourat al-Fat'h). Ireo mpino no anisan'ny mahazo izany manarakaraka an'ilay Mpaminany(s.a.s)izay voalaza ao amin'io andininy io, sy ao amin'ilay andininy mikasika ny "lava-bato".

Raha anisan'ny olona mpino sy mendrika ny fahatoniana avy amin'i Allâh, i Abou Bakr dia tokony ho nampiasaina ny mpisolo anaran'olon-droa mba hanondroana ireo olona anankiroa samihafa anarana. Izany no nahatonga ireo manam-pahaizanareo nanaiky fa ilay mpisolo anarana iantefan'ilay fahatoniana dia tsy manondro an'i Abou Bakr velively.

Azonareo atao ny mamaky ny boky "**Naqdh-oul-'Outhmâniyyat**" nosoratan'ny **Cheikh Abou Ja'afar Mouhammad Ibn Abdoullâh al-Iskâfî**, iray amin'ireo manam-pahaizana ambony sy ireo Cheikh ao amin'ny antokom-pinoana "**Mou'tazilites**". Ity manam-pahaizana ity dia mandà ankitsirano ireo hevi-dravin'i **Abou Othmân al-Jâhiz**. **Ibn Abil-Hadîd** dia nanoratra ihany koa ny sasany amin'ireo valin-teny ireo ao amin'ny bokiny "**Charh Nahj-oul-Balâghat**" fahatelo, pejy 253-281. Ankoatr'izany, dia misy fehezanteny ao amin'io andininy io, izay manohitra izany fomba fiheveranareo izany. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia

niteny tamin'i Abou Bakr nanao hoe: «***Aza matahotra***». Io teny io dia maneho fa nanana fahatahorana i Abou Bakr. Izany fahatahorana izany ve azo deraina sa tsia? Raha azo deraina dia nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no manakana ny olona izay manao fihetsika tsara azo deraina!!! Noho izany, io andininy io dia tsy misy fiderana an'i Abou Bakr velively, fa kosa aza manome tsiny azy sy manameloka. Ary ny olona izay manao fihetsika misy heloka toy izany dia tsy mba mahazo fahasoavana sy fahatoniana avy amin'i Allâh, izay natokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo olona akaikin'i Allâh. Ny olona akaikin'i Allâh dia manana hatsaran-toetra maromaro. Ny tena lehibe amin'izany dia ny tsy fananana fahatahorana mihitsy amin'ireo hetraketraky ny fiainana, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina manao hoe:«**Marina tokoa fa ireo sakaizan'i Allâh dia tsy mba hatahotra na halahelo** »[123].

[123]Kor'âny 10/62.

# Fizahan-takelaka


SASIN-TENY --- 2

FAMPIDIRANA --- 4

FIVORIANA VOALOHANY --- 7

**Fizarana voalohany** --- 8

Rohim-pirazanana misy --- 8

eo amin'ny Sayyed Soultân-oul-Wâ'izîn sy ilay Mpaminany masina. --- 8

Ny taranak'i Fâtimat-ouz-Zahrâ(a.s) no taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). --- 12

Nahoana ireo "Chiite" no manambatra ny fotoam-pivavahana Zohr sy 'Asr ary ny Maghrib sy 'Ichâ? --- 14

**Fizarana faharoa** --- 21

Fomba ahoana no nahitana ny fasan'ilay "Lehiben'ireo mpino", Imâm 'Alî(a.s)? --- 21

Ny fametavetana fasana nataon'ireo "Omayyade" --- 22

Tsy fitovian-kevitra mikasika ny toerana nilevenan'ilay "Lehiben''ireo mpino" --- 25

FIVORIANA FAHAROA --- 27

**Fizarana voalohany** --- 27

Hevi-diso momba ny niandohan'ny finoana "Chy'at". --- 27

Hevi-dravina ny fampidirana an'i 'Abdoullâh Ibn Saba amin'ny fiforonan'ny finoana "Chy'at" --- 29

Inona no atao hoe "Chy'at"? --- 29

Sasantsasany amin'reo voninahitry ny "Chy'at" --- 32

Ireo voninahitra nananan'i Salmân al-Fârisî sy Abou Zharr al-Ghifârî sy al-Milqdâd Ibn Aswad ary 'Ammâr Ibn Yâsir --- 37

Nahoana ireo Iranianina no nanaraka ny finoana “Chiite”?------------38

Ady hevitra nifanaovan’i al-‘Allâmat al-Hillî sy ilay lehiben’ny fitsarana avo------------------------------------------------------------------------------40

**Fizarana faharoa**------------------------------------------------------------43

Ny Islâm dia mandrara ny fireharehana ara-drazana. -------------------43

Ny Islâm dia mandrara ny fanavakavahana. ------------------------------44

Ny Islâm dia mankahala ny fihoaram-pefy. -------------------------------44

Ireo “Chiites” dia miavaka tanteraka amin’ireo “Ghoulât (mpihoa-pefy).--------------------------------------------------------------------------44

Fanazavana mikasika ny fanajana an’ireo Imâm.------------------------47

Ny vahoakan’i Yâsîn dia manondro ireo mpianatr’i Mouhammad(s.a.s). ---------------------------------------------------------------------------48

Ny fandefasana tso-drano (Salawât) ho an’i Mouhammad(s.a.s) sy ny fianakaviany dia “sunna” tsara atao,
fa tsy maintsy atao kosa ao amin’ireo vavaka fanompoana. ----------50

FIVORIANA FAHATELO ---------------------------------------------------------51

**Fizarana voalohany** -----------------------------------------------------------51

Ireo “Chiites” dia tsy mizarazara ho antoko.------------------------------51

Ny Zaïdiyyat (Zaïdite). ----------------------------------------------------52

Ny Kaysâniyyat sy ny finoany. -------------------------------------------53

Ny Qaddahiyyat sy ny finoany. ------------------------------------------54

Ny Ghoulât sy ny finoany. -----------------------------------------------55

**Fizarana faharoa**------------------------------------------------------------55

Ireo “Chiites Imâmites” sy ny finoany. -----------------------------------55

Finoana an’i Allâh sy ireo Mpaminany.------------------------------------55

Finoana ny sazy sy ny valisoa, ny Afobe sy ny Paradisa
ary ny andro Fitsarana.----------------------------------------------------56

Finoana mikasika ireo lalàm-pinoana.------------------------------------56
Finoana mikasika ireo Imâm. ------------------------------------------------57
**Fizarana fahatelo** --------------------------------------------------------58
“Hadith” manohitra ny “hadith” momba ny “Ma’arifatoullâh” (Fahafantarana an’i Allâh). -----------------------------------------------58
Ireo “hadith” milaza hevi-dravina ao amin’ny “Sahîhayn”.-------------59
Ny “Hadith al-Thaqalayn”.----------------------------------------------------67
Ny fanompoan-tsampy sy izay mitovy aminy.----------------------------68
Mikasika ny fanaovana fanatitra sy ny fianianana.-----------------------70
**Fizarana fahaefatra** ------------------------------------------------------71
Fanatitra amin’ny anaran’i Allâh. -------------------------------------------71
Ny fanompoan-tsampy miafina. -------------------------------------------72
Ny fanompoan-tsampy sy ny antony mahatonga izany. ----------------73
Nahoana ireo Mpaminany ireo no nangataka fanampiana avy tamin’ireo olona? ------------------------------------------74
Ny fianakaviana masin’ilay Mpaminany(s.a.s) dia fanoitra hahazoana ny famindrampon’Andriamanitra. ---------------------------76
**Fizarana fahadimy**-------------------------------------------------------77
Ny “Hadith al-Thaqalayn”.----------------------------------------------------77
Al-Boukhârî sy Mouslim no nitahiry “hadith” betsaka avy tamin’ireo mpitantara angano. -----------------------------------------80
Betsaka ireo “hadith” marina mikasika ireo Ahl-oul-Bayt(a.s)no niniana nadinoina. -----------------------------------------------------------------------81
Ireo loharano niavian’ny “Hadith al-Thaqalayn”. -------------------------82
Ny “Hadith al-Safînat”. ------------------------------------------------------84
**Fizarana fahenina** --------------------------------------------------------85

Fitadiavan-dàlana hanatonana an'i Allâh dia tsy fanompoan-tsampy. ---------------------------------------------------------------------------------85

Ny "Dou'â al-Tawassoul".---------------------------------------------------88

Ireo "Chiites" dia tsy mba manaratsy an'ireo "Sunnites". --------------88

Ireo manam-pahaizana "Sunnites" dia manambara fa "kâfir", tsy mpino ireo "Chiites".-------------------------------------------89

Ireo "Chiites" sy ireo antokom-pinoana "Sunnites" efatra. ------------91

**Fizarana fahafito**---------------------------------------------------------------92

Famonoana an'ireo "chiites" tao Iran sy Afghanistan. ------------------92

Ilay maritiora al-Chahîd al-Thânî. -------------------------------------------93

Ny Salât sy ny Ziyârat ary ny Dou'â aorian'ny vavaka.-------------------95

Ny Fiankohofan'ireo rahalahin'i Josefa teo anatrehany.----------------99

Ny miantso an'ireo Imâm dia tsy fanompoana ny maty akory. -------99

**Fizarana fahavalo**------------------------------------------------------------- 103

Ny tsy fananan'i Yazîd finoana.------------------------------------------- 103

Ireo manam-pahaizana "sunnites" dia manaiky ny fanozonana an'i Yazîd.---------------------------------------------------------------------------- 104

Ny fanimbazimbana ny fasana.-------------------------------------------- 108

Maritiora ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) noho izany dia velona izy ireo. --------------------------------------------------------------------------- 109

Ny fahadiovana ara-panahin'ireo Imâm.--------------------------------- 110

FIVORIANA FAHEFATRA---------------------------------------------------------- 111

**Fizarana voalohany** ---------------------------------------------------------- 111

Ady hevitra mikasika ny "Imâmat". --------------------------------------- 111

Ny famerana ny lalàna ho avy amin'ireo sampam-pampianarana ara-pinoana(mazhab) efatra ireo irery ihany dia tsy marim-pototra.--- 113

Ny "chiite" sy ireo sampam-pampianarana ara-pinoana efatra.---- 114

Ireo imâm “sunnites” efatra ireo dia mifanondro ho tsy mpino. --- 115

**Fizarana faharoa** ---------------------------------------------------------------- 116

Fanamelohan’ireo manam-pahaizana “sunnites” an’i Abou Hanîfat. ---------------------------------------------------------------------------------- 116

Ny “Imâmat” dia anisan’ireo foto-pinoan’ny Islâm.-------------------- 118

Ny voninahitry ny “Imâmat” dia ambony kokoa noho ny an’ireo Mpaminany ankapobeny afa-tsy ny an’ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s). ------------------------------------------------------------ 120

Ireo Mpaminany ankapobeny dia manana anjara toerana mitovy avokoa, fa ilay Mpaminany farany kosa dia manana anjara toerana manokana.------------------------------------------------------------------- 121

**Fizarana fahatelo** --------------------------------------------------------------- 122

Fahasamihafan’ny voninahitr’ireo Mpaminany. ------------------------ 122

Ireo toetra manokana hananan’ilay Mpaminany farany.------------- 123

Ny fahamarinan’ny “Hadith al-Manzilat” miainga avy amin’ny loharano mahazatra.--------------------------------------------------------- 125

Al-Amidî dia mpitantara “hadith” tsy azo itokisana. ------------------- 128

Fitantarana miainga avy amin’ny loharano tokana ao amin’ny “sunnite”.------------------------------------------------------------------------ 130

**Fizarana fahefatra** -------------------------------------------------------------- 131

Ireo toetoetran’ny Imâm ‘Alî(a.s). --------------------------------------------- 131

Dikan’ny voninahitry ny Imâm ‘Alî(a.s). ----------------------------------- 132

Hadith izay nanomezan’ilay Mpaminany(s.a.s) baiko mba hanidiana ireo varavaran-trano rehetra misokatra mankany amin’ny Moske, afa-tsy ny varavaran-tranon’ny Imâm ‘Alî(a.s). ----------------------------------- 135

Tao anatin’ny vavaka fanompoana teo ampiondrehana manao “roukou’” no nanomezan’ny Imâm ‘Alî(a.s) ny perany ho an’ilay mahantra. ------------------------------------------------------------------- 139

Anjara toeran'i Harona ho toy ny Mpaminany sy "khaliîfat".-------- 139

FIVORIANA FAHADIMY---------------------------------------------------------- 144

**Fizarana voalohany** ------------------------------------------------------- 144

Hadith al-Manzilat notantaraina imbetsaka.----------------------------- 146

Harona voatendry ho mpandimby an'i Mosesy. ------------------------ 148

Fitovianan'ireo zava-mampalahelo nitranga tamin'ny Imâm 'Alî(a.s) sy tamin'i Harona(a.s). ---------------------------- 148

Hadith mikasika ny "Fanasana an'ireo havana" sy ny fanendrena an'i 'Alî ho Khalîfat. ------------------------------------ 149

Hadith mazava mikasika ny fanendrena an'i 'Alîs.a.s) ho "khalîfat".- 151

**Fizarana faharoa**------------------------------------------------------------- 156

Toetoetran'ireo "sahâbat" sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s).------------ 156

Hadith midera an'i Abou Bakr. -------------------------------------------- 157

Toetoetran'i Abou Houraïrat sy ny fitsipahana azy.-------------------- 159

Fanalam-baraka nataon'Ibn 'Abd Rabbih tamin'ireo "Chiites".----- 161

Fanalam-baraka nataon'i Ibn Hazm. -------------------------------------- 162

**Fizarana fahatelo** ----------------------------------------------------------- 163

Fanalam-baraka nataon'i Ibn Taimiyyat.---------------------------------- 163

Ireo toetoetran'i Abou Houraïrat sy ny "hadith" manameloka azy. 166

Abou Houraïrat, mpiray tetika tamin'i Bousr Ibn Arta'ah tamin'ny famonoana an'ireo silamo.------------------------------------------------ 167

Fanamelohana an'i Abou Houraïrat. Nikapok'azy ny "khalîfat" 'Omar. ---------------------------------------------------------------------------------- 169

Valin'ilay"hadith" izay nolazaina fa i Allâh dia niteny hoe: "Izaho dia afa-po amin'i Abou Bakr. Izy koa ve mba afa-po Amiko?"------------ 172

Ny mahadiso an'ilay "hadith" midera an'i Abou Bakr sy 'Omar.---- 173

Hadith izay milaza fa i al-Hasan(a.s) sy al-Housein(a.s)no "Lehiben'ireo tanora ao am-Paradisa". ---------------------------------------------------- 177

**Fizarana fahefatra** ------------------------------------------------------------ 179

Fanoherana ny Hadith izay milaza fa i Abou Bakr sy i 'Aïchâ no olona tian'ilay Mpaminany(s.a.s) kokoa.------------------------------------------ 179

Ny imâm al-Châfi'î dia niaiky fa antery ny mitia an'ireo Ahl-oul-Bayt(a.s). ------------------------------------------------------------------- 182

Hevi-diso mikasika ny fitiavan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Aïchâ.----- 183

Ilay Mpaminany dia mitia an'i 'Alî kokoa noho ireo sakaiza hafa rehetra.--------------------------------------------------------------------- 183

Hadîth al-Tayr (hadith mikasika ny vorona nendasina).--------------- 185

**Fizarana fahadimy**--------------------------------------------------------------- 190

Ireo "Ahl-oul-Zhikr" dia ireo "Ahl-oul-Bayt"(a.s) ihany. ----------------- 190

Fanambaran'ny andinin'ny Kor'âny iray mikasika ny fanendrena an'ireo Khalîfat efatra sy ny fanoherana azy.--------------------------- 191

Fanaporofoana miainga avy amin'ilay andininy mikasika ny "Lava-bato" sy ny fanoherana izany.-------------------------------------------- 193

Resaka mikasika an'i Abou Bakr izay niara-dia tamin'ilay Mpaminany(s.a.s).------------------------------------------------ 194

Barsisa 'Abid. ------------------------------------------------------------- 199

Ny fahatoniana nalefan'i Allâh dia voatokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s).------------------------------------------------------------ 200